

# NY VOTOATIN' NY FILAZANTSARA



# NY VOTOATIN' NY FILAZANTSARA

Navoakan' ny  
Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany  
Salt Lake City, Utah

© 1999 an' ny Intellectual Reserve, Inc.  
Zo rehetra voatokana.  
Natonta tany Etazonia Amerika.  
Fankatoavana ny tamin' ny teny Anglisy: 7/91  
Fankatoavana ny fandikan-teny: 7/91  
Fandikana ny *Gospel Fundamentals*  
Malagasy

# VOTOATINY

---

Sasin-teny..... vii

## **Ny fiainantsika tany an-danitra niaraka tamin' Andriamanitra**

*Fizarana voalohany*

Toko 1 Misy Andriamanitra.....	2
Toko 2 Ny fiainantsika tany an-danitra <sup>§</sup> .....	7
Toko 3 Ny Mpamonjy antsika <sup>§</sup> .....	11
Toko 4 Afaka misafidy isika.....	16

## **Ny fialana teo anatrehan' Andriamanitra Fizarana 2**

Toko 5 Nanao ny tany i Jesoa .....	23
Toko 6 I Adama sy i Eva.....	27

## **Ny fifandraisana amin' Andriamanitra Fizarana 3**

Toko 7 Ny Fanahy Masina .....	32
Toko 8 Ny firesahana amin' ny Ray any an-danitra .....	37
Toko 9 Ireo mpaminany.....	42
Toko 10 Ny soratra masina <sup>§</sup> .....	48

## **Jesoa Kristy Mpamonjy antsika Fizarana 4**

Toko 11 Ny fiainan' i Jesoa Kristy <sup>§</sup> .....	57
Toko 12 Ny sorompanavotana nataon' i Jesoa Kristy.....	65

## **Ny filazantsaran' i Jesoa Kristy Fizarana 5**

Toko 13 Ny finoana an' i Jesoa Kristy <sup>§</sup> .....	73
Toko 14 Ny fibebahana .....	78
Toko 15 Ny batisa .....	85
Toko 16 Ny fanomezana ny Fanahy Masina <sup>§</sup> .....	89

## **Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy Fizarana 6**

Toko 17 Ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy .....	103
Toko 18 Ny fiangonana natsangan' i Jesoa .....	111
Toko 19 Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ankehitriny <sup>§</sup> .....	117

<sup>§</sup>Afaka mandany fe-potoan-dakilasy mihoatra ny iray ny mpampianatra mba hanadihadiana ireo lohateny ireo.

---

<i>Toko 20</i> Firafitry ny fisoronana <sup>s</sup> .....	125
<i>Toko 21</i> Ôrdônansy <sup>s</sup> .....	135
<b>Fanarahana an' i Jesoa Kristy Fizarana 7</b>	
<i>Toko 22</i> Fankatoavana .....	147
<i>Toko 23</i> Sorona .....	153
<i>Toko 24</i> Ny andro fitsaohana .....	161
<i>Toko 25</i> Ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena .....	167
<i>Toko 26</i> Fahamarinan-toetra .....	173
<i>Toko 27</i> Ny Tenin' ny Fahendrena .....	176
<i>Toko 28</i> Fahafolonkarena .....	181
<b>Famonjentsika ny fianakaviansika Fizarana 8</b>	
<i>Toko 29</i> Zava-dehibe ny fianakaviana .....	189
<i>Toko 30</i> Adidintsika ny manampy ny olona ao amin' ny fianakaviansika <sup>s</sup> .....	195
<i>Toko 31</i> Adidintsika ny mitory ny filazantsara .....	202
<i>Toko 32</i> Fiaraha-miaina toy ny fianakaviana mandrakizay <sup>s</sup> .....	207
<b>Ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany Fizarana 9</b>	
<i>Toko 33</i> Ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany .....	217
<i>Toko 34</i> Ny arivotaona .....	222
<b>Fiainana aorian' ny fahafatesana Fizarana 10</b>	
<i>Toko 35</i> Fiainana aorian' ny fahafatesana .....	227
<i>Toko 36</i> Ny fiainana mandrakizay <sup>s</sup> .....	233
<b>Fanekempinoana<sup>ss</sup></b> .....	240

**Fihirana sy hiran' ny ankizy**

(Nalahatra araka izay hiheverana ny antony hihirana azy ny hira ao anaty fihirana, kanefa azo atao ny mampiasa izany amin' ny antony mihoatra ny iray. Ohatra, azo ampifamadibadihana ny ankamaroan' ny hira fanombohana sy ny hira famaranana.)

*Fanombohana*

Ndao ry olomasina .....	244
Ndao ry Zanakany ny Tompo .....	248

---

<sup>ss</sup>Afaka mampiasa ny fanekempinoana ny mpampianatra mba hampianarana na hanaovana famerenan-desona

Ry Mpanavotra .....	250
Fototra mafy orina .....	252
Isao ireo fitahiana .....	256
Ndao handroso hatrany .....	260
Mila Anao aho .....	264
Tsara ny asa .....	266
Vavaka Voalohany Nataon' i Joseph Smith.....	268
<i>Fanasan' ny Tompo</i>	
Indro fa maty ny Tompo .....	272
Rainay mandrakizay.....	276
Endrey fahendrena, fitia.....	278
Tamim-panetrentena no teraka i Jesoa.....	280
Ray, henoy ny vavakay .....	282
Endrey mahagaga ahy .....	284
Misy havoana iray.....	288
Antsoy i Jesoa .....	290
Amim-panetrentena Tompo .....	292
<i>Famaranana</i>	
Ny Fanahin' ny Ray .....	296
An-Tendrombohitra .....	300
Lazao ny marina.....	302
Mifalia .....	304
Manaova ny marina.....	308
Misaotra Anao noho ny Mpaminany.....	312
Velona ilay Mpanavotra Ahy .....	316
Homba anao hatrany re ny Ray.....	320
Ô! Ry Ray.....	324
<i>Loha-hevitra Manokana</i>	
Fitia ao an-tokantrano (Fianakaviana, tokantrano) .....	328
Ny lâlanao no lâlako (Asa anirahana) .....	332
Moa nivavaka? (Vavaka).....	336
Dera ho an' ilay nandre an' i Jehovah (Joseph Smith) .....	340
Tany an-tsahan' i Jodia (Krisimasy).....	344
Alina masina (Krisimasy) .....	346
Tafatsangana i Kristy (Paska) .....	348
Velona i Jesoa (Paska) .....	350

---

<i>Hiran' ny Ankizy</i>	
Zanaky ny Ray aho .....	352
Velona ny Raiko.....	354
Tsaroako ny tantaran' ny Filazantsara.....	356
Misaotra Anao aho, Ry Ray.....	358
Ny tempoly avy amin' ny Tompo .....	360
Manomboka amiko ny hatsaram-panahy .....	361
Sahia manao ny tsara.....	364
Ny takelaka volamena.....	365
Toroy aho handeha amin' ny mazava.....	368
Fiaraha-mivavaky ny mpianakavy .....	370
<b>Lisitry ny andalana voalohany sy ny lohateny .....</b>	<b>372</b>
<b>Ireo teny tokony ho fantatra .....</b>	<b>374</b>
Ny feon-kira azo ampiarahina amin' ny Fihirana sy Hiran' ny Ankizy vokarina ao amin' ity boky ity dia noraketina amin' ny Kasety (52052), azo afarana amin' ny alalan' ny foibe fanaparitahana ao amin' ny fiangonana.	

---

# SASIN-TENY

---

Hanampy anao hianatra sy hampianatra ny fitsipika fototry ny filazan-tsaran' i Jesoa Kristy ity boky ity. Ny fahafantarana ireo fitsipika ireo dia hanampy anao hahatakatra ny tanjon' ny fiainana sy ny fomba hahatonga anao ho tena sambatra. Marina ireo fitsipika hazavaina ato anatin' ity boky ity. Rehefa mianatra ireo fitsipika ireo ianao ary mandinika lalina sy mivavaka momba azy ireo, dia hahafantatra izany ho azy ianao, ary ny Fanahy Masina no hijoro ho vavolombelona aminao, ny amin' ny fahamarinan' izany.

Tanjona maro samihafa no azo ampiasana ity boky ity. Azonao ampiasaina hampianaran-tena izy ity. Azonao ampiasaina hanomanana toriteny na hanampiana ny fanazavana ny filazantsara amin' ny hafa.

Azonao ampiasaina mandritra ny fampianarana ny fianakaviana na mandritra ny takarivan' ny mpianakavy ity boky ity. Misy fanontaniana isaky ny lesona izay azonao anontaniana ny ankizy madinika, amin' ny maha ray aman-dreny na mpampianatra anao, hahafantarana hatraiza no aha-zoany izany.

Rehefa mpampianatra amin' ity boky ity ianao dia mety hihoatra ny fepotoana hampianarana lesona iray ny fotoana laninao hampianarana toko iray. Ataovy azonao antoka tsara fa mazava amin' ny mpianatra ny fitsipika iray alohan' ny hidiranao amin' ny lohahevitra iray hafa. Raha efa voadika amin' ny tenim-pirenena ny soratra masina dia jereo ny soratra masina voatondro ary hadihadio.

Ataovy ao an-tsaina fa amin' ny maha mpampianatra anao dia mila fepotoana 46 ka hatramin' ny 50 hampianarana kilasy iray ianao ao anatin' ny herintaona. Harafeto tsara ny fandaharam-potoanao mba hanenika ny taona manontolo. Izany hoe mila mandany herinandro iray mahery ianao amin' ny lesona 10 na mihoatra. Mety ho tianao ny manao izany amin' ny toko 2, 3, 10, 11, 13, 16, 19, 20, 21, 30, 32, ary ny 36. Manapaha hevitra amin' izay heverinao fa mifanandrify amin' ny filàn' ny kilasy.



Any amin' ny faraparan' ny taona any dia azonao atao ny manadihady ny fanekempinoana mandritra ny lesona iray na roa raha tianao, ary izany dia voarakitra ato anatin' ity boky ity koa. Azonao ampiasaina koa ny fanekempinoana mba ho famerenan-desona.

Ry mpampianatra sy ray aman-dreny, mivavaha mba hahazo fitarihandalana rehefa manomana na mpampianatra ireo lesona ireo ianareo. Avelao ny Fanahy Masina hitarika anareo amin' ny fahatakaranareo sy ny fampianaranareo. Ny mpikambana tsirairay izay afaka hanao izany dia tokonny hamaky ireo toko ato amin' ity boky ity ary hiomana hizara izany amin' ny mpikambana hafa amin' ny fotoana fiarahana manadihady.

Natao hanampy amin' ny fahatakarana ny fitsipika sy ny fotopampianarana ampianarina ireo sary ato anatin' ity boky ity.

Azonareo atao ny mihira ny hira ato anaty boky any an-trano, ao am-piangonana, amin' ny fivoriana, na amin' ny sehatra hafa mahamety izany. Andriamanitra dia nilaza fa fomba iray hivavahana ny mihira, ary ny vavaka atao amin' izany fomba izany dia hovaliany amin' ny fahasoavana.

Rehefa mahita teny miafara amin' ny marika \* ianao, dia azonao jerena any amin' ny faran' ny boky ny dikan' izany teny izany. Misy teny hafa koa izay hitanao any mba hanampy anao hahazo ny dikany.

Hitahy anareo anie Andriamanitra amin' ny fianarana ny fahamarinana ato amin' ity boky ity izay ataonareo amim-bavaka.

# NY FIAINANTSIKA TANY AN-DANITRA NIARAKA TAMIN' ANDRIAMANITRA

*Fizarana voalohany*



# MISY ANDRIAMANITRA

*T o k o 1*

---

*Manontany tena ny olona indraindray manao hoe: Misy ve Andriamanitra? Raha misy Andriamanitra, dia tahaka an' iza Izy izany? Ahoana no fomba hahafantarako ny momba Azy?*

## **Betsaka ny zavatra maneho amintsika fa misy Andriamanitra**

Rehefa mijery ny hakanton' ny zavatra maro eto an-tany isika, dia fantatsika fa misy olona hendry sy nanana drafitra tsara nanao izany. Amin' ny alina, rehefa mahita ireo kintana marobe sy ny planeta mifindra amin' ny toerany isika, dia fantatsika fa misy olona manan-kery lehibe nanao ireny sy manara-maso ireny. Andriamanitra no ilay olona nanao ireny zavatra rehetra ireny.

Misy ireo olona tsara izay nahita sy niresaka tamin' Andriamanitra. Nilaza tamintsika izy ireny hoe ohatran' iza Andriamanitra, ary nilaza tamintsika koa izay tian' Andriamanitra hataontsika. Nilaza tamintsika izy ireo fa Izy no Raintsika any an-danitra. Nanoratra boky masina izy ireo mba hahafahantsika mianatra ny momba Azy.

Afaka mahafantatra ny tsirairay avy amintsika fa misy Andriamanitra ary Raintsika any an-danitra Izy. Hanampy antsika hahafantatra ny fisiany marina Izy, ary afaka mahalala bebe kokoa ny aminy isika.

## ***Fanadihadiana***

- Inona avy ireo zavatra maneho fa misy Andriamanitra?

## **Ny Raintsika any an-danitra dia Olona tsy misy ho kianina**

Ireo olona tsara izay nahita ny Raintsika any an-danitra no nilaza fa tena misy Izy. Velona Izy. Mitovy endrika amin' ny olona Izy.

Tsy sampy na biby ny Raintsika any an-danitra. Manana vatana nofo sy taolana Izy. Mitovy amin' ny vatan' olombelona ny vatany, kanefa misy fiavahany kely. Tsy mety maty ny vatany sady tsy mandre maharary no tsy mety azon' aretina.

Manana fihetseham-po Izy. Mety ho faly Izy ary mety halahelo. Tiany daholo ny olona rehetra ary tiany ho sambatra. Sady tsara fanahy Izy no tsy miangatra. Tsy manao afa-tsy ny tsara Izy ary tsy milaza afa-tsy ny marina. Fantany daholo ny zavatra rehetra. Azony atao avokoa ny zavatra rehetra. Feno fahazavana manodidina Azy. Ny famirapiratany sy ny hatsarany dia manaoatra lavitra noho ireo zavatra efa fahitantsika.

Ny Raintsika any an-danitra ihany no tokony hotompointsika. Mipetraka any amin' ny toerana atao hoe lanitra Izy. Toerana tsara lavitra noho ny tany izany.

#### *Fanadihadiana*

- Olona tahaka an' iza moa Andriamanitra?
- Inona no maha samy hafa an' Andriamanitra amintsika?

#### **Fomba maro samihafa no hampisehoan' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavany antsika**

Mampiasa ny heriny hanampiana antsika ny Raintsika any an-danitra. Ny Zanany lahy, Jesoa Kristy no nasainy nanao ny lanitra sy ny tany. Nasainy nataony koa ny masoandro, ny volana, ary ny kintana. Nanome toromari-ka Azy Izy mba hampisy zava-maniry sy biby etỳ an-tany. Nataon' ny Raintsika any an-danitra ho antsika avokoa izany rehetra izany, satria tiany isika. Te hanampy antsika mba ho tsara sy ho sambatra Izy.

Mampiasa ny fahalalany ny Raintsika any an-danitra mba hanampiana antsika. Fantany daholo ny zavatra rehetra nitranga tamin' ny fotoan-dasa. Fantany daholo ny zavatra rehetra mitranga amin' izao fotoana izao. Ary fantany koa izay rehetra hitranga amin' ny ho avy. Fantany ny eritre-ritsika tsirairay. Satria fantany ny zava-drehetra, dia fantany koa izay ilaintsika mba hahasambatra antsika. Fantany fa mba hahazoantsika fahasambarana marina dia tsy maintsy manao ny tsara isika. Manampy antsika mba hanao ny tsara Izy satria tia antsika.

#### *Fanadihadiana*

- Ahoana no fomba hanehoan' ny Raintsika any an-danitra amintsika ny fitiavany antsika?

### **Tian' ny Raintsika any an-danitra ny hahafantarantsika Azy**

Satria tia antsika ny Raintsika any an-danitra, dia nomeny aina sy tany tsara tarehy hitoerantsika isika. Tiany ny hahafantarantsika ny zavatra tokony hataontsika. Nampanantena antsika Izy fa azontsika atao ny mahafantatra Azy.

Ny fanaovana ireto zavatra ireto dia mampianatra antsika misimisy kokoa ny momba ny Raintsika any an-danitra:

1. Azontsika atao ny mijery izao tontolo izao izay naoriny sy ny misaotra Azy noho izany.
2. Azontsika atao ny mino fa tena misy marina ny Raintsika any an-danitra ary tia antsika Izy.
3. Azontsika atao ny mamaky ireo zavatra izay nosoratan' ireo olona tsara momba ny Raintsika any an-danitra.
4. Azontsika atao ny mianatra sy manao ny zavatra izay tiany hianarantsika sy hataontsika.
5. Azontsika atao ny miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra ary mangataka fanampiana avy aminy mba hahafantarantsika Azy.

Ny fahafantarantsika ny Raintsika any an-danitra dia hanampy antsika eo amin' ny fiainantsika. Mahatonga antsika ho sambatra sy hahatsiaro fa voaro ny fahalalantsika Azy. Tsara Izy ary tsy hanao zavatra ratsy ho antsika. Azontsika ianarana ny zavatra izay tiany hataontsika. Azontsika ianarana ny fomba atao mba hahafahana mangataka ny fanampiany. Afaka ho tonga tsaratsara kokoa sy sambatsambatra kokoa isika.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no azontsika atao mba hahafantarantsika sy hahatakarantsika ny momba ny Raintsika any an-danitra?
- Amin' ny fomba ahoana no hanampian' ny fahafantarantsika ny Raintsika any an-danitra antsika?

### ***Fanovozan-kevitra***

*Betsaka ny zavatra maneho amintsika fa misy Andriamanitra*

- Asan' ny Apôstôly 7:55–56 (Lehilahy masina iray nahita an' Andriamanitra).

*Ny Raintsika any an-danitra dia Olona tsy misy ho kianina*

- Genesisy 1:26–27 (Nanao olona tahaka ny endriny Andriamanitra).

*Fomba maro samihafa no hampisehoan' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavany antsika*

- Genesisy 1:1–25 (Nanao ny lanitra, ny tany sy izay rehetra eo aminy Andriamanitra)
- Lioka 12:6–7 (Mikarakara ny zavatra rehetra nataony Andriamanitra).

*Tian' ny Raintsika any an-danitra ny hahafantarantsika Azy*

- Deotoronomia 4:29 (Izay te hahalala an' Andriamanitra dia hahalala Azy).
- Jaona 17:3 (Afaka mahafantatra an' Andriamanitra isika).
- 1 Jaona 2:3 (Raha mankatò an' Andriamanitra isika, dia afaka mahalala Azy)
- Môziaha 4:9 (Tokony hino an' Andriamanitra isika).



*Nanome fonenana ho antsika tany an-danitra, izay be voninahitra sy tsara kokoa noho izay toerana misy etỳ an-tany ny Raintsika any an-danitra.*

# NY FIAINANTSIKA TANY AN-DANITRA

*Toko 2*

---

*Taiza isika no nipetraka talohan' ny nahaterahantsika teto an-tany? Inona no nataontsika tany?*

## **Zanaky ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay avy amintsika**

Talohan' ny nahaterahantsika tetỳ an-tany dia niaina tany an-danitra isika. Tsara sy nahafinaritra kokoa noho ny zavatra hitantsika etỳ an-tany ny fonenantsika tany an-danitra. Nanana fianakaviana isika tany. Nifankatia isika ary sambatra. Ny Raintsika any an-danitra no Raintsika ara-panahy, ary noho izany antony izany no hiantsoantsika Azy matetika hoe Ray any an-danitra. Satria Raintsika Izy, tia antsika Izy ary mikarakara antsika.

Ny olona rehetra etỳ an-tany dia rahalahy na rahavavintsika avokoa tany an-danitra. Ny zokintsika lahimatoa tao anatin' ny fianakaviansika tany an-danitra dia i \*Jesoa Kristy. Izy no zokintsika lahimatoa.

Fony isika tany an-danitra dia tsy nanana vatana nofo sy taolana tahaka antsika izao. Fanahy isika tamin' izany. Tahaka ny bikan' ny olona ny bikan' ny Fanahy. Amin' ny maha Fanahy antsika, dia afaka nifampiresaka isika, afaka nihetsika, afaka nisafidy, ary nahafantatra ny tsara sy ny ratsy.

Tsy nitovy daholo isika tany an-danitra. Samy hafa isika, sahala amin' ny fahasamihafantsika izao. Samy hafa ny faniriansika sy ny fahaizantsika. Nianatra nampiasa ny fahaizantsika tamin' ny fomba samihafa isika.

## **Fanadihadiana**

- Ohatran' ny inona ny fonenantsika tany an-danitra?
- Iza no Raintsika?
- Iza no Zokintsika lahimatoa?



**Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa afaka hitovy Aminy isika**

Satria ny Raintsika any an-danitra no Rain' ny fanahintsika dia fantany tsara isika. Tiany isika. Fantany fa azontsika avy aminy ny fahafahana hianatra ireo zavatra fantany, sy ny hitovy Aminy. Tiany ho tsara mandrakariva tahaka Azy isika. Te hanampy antsika hanatsara ny fahafahantsika mba hitovy Aminy Izy.

***Fanadihadiana***

- Azontsika atao ve ny mianatra ny zavatra fantatry ny Raintsika any an-danitra ka hitovy aminy?
- Ahoana no hahatsapanao fa manana Ray any an-danitra ianao?

**Nanao drafitra ny Raintsika any an-danitra mba hanampiana antsika**

Nianatra zavatra maro isika tany an-danitra ary nanezaka araka izay vitantsika mba hanatsarana izany, kanefa nisy ireo zavatra izay tsy azontsika nianarana na natao tany. Nanao drafitra ho antsika ny Raintsika any an-danitra mba hahazoantsika mianatra misimisy kokoa.

Namory antsika Izy tany an-danitra. Teo avokoa isika rehetra. Nazavainy antsika tamin' izany ny drafitra nataony hanampiana antsika hianatra ary nilaza Izy fa raha manaraka izany drafitra nataony izany isika dia hitovy aminy.

Nilaza ny Raintsika any an-danitra fa nanao tany Izy, ary any amin' izany tany izany no hitoerantsika mandritra ny fotoana voafetra. Rehefa tonga etỳ an-tany isika dia tsy ho tsaroantsika intsony ny fiainantsika niaraka tamin' ny Raintsika tany an-danitra. Ho afaka hisafidy ny zavatra tsara na ny zavatra ratsy isika. Ho fitsapana antsika izany mba hijerena na mankatò ny Raintsika any an-danitra isika na tsia rehefa tsy eo anatrehany.

Araka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra dia hahazo vatana nofo sy taolana isika. Ilaintsika io vatana io mba hianarantsika ny zavatra fantany sy ny zavatra ataony. Any aoriana dia ho faty isika, ary handao ny vatantsika nofo sy taolana ny fanahintsika. Kanefa ny fanahintsika dia hikambana indray amin' ny vatantsika, ary tsy ho faty intsony isika. Ireo izay nantanteraka ny zavatra izay nasain' ny Raintsika any an-danitra hotanterahina dia hiverina any aminy ary hiara-hiaina aminy mandrakizay.

Fantatsika fa samy hanana olana ny tsirairay avy amintsika etỳ ambonin' ny tany, tahaka ny aretina, ny fanaintainana, ny alahelo, ary ny fahafatesa-

na. Kanefa takatsika fa avy amin' ireny zavatra ireny no hianarantsika. Ireny olana ireny no hampianatra antsika ho tia sy hanampy ny hafa.

Ny Raintsika any an-danitra no mifidy ny fotoana sy ny toerana hahate-  
rahan' ny tsirairay avy amintsika etỳ an-tany. Fantany ny toerana hande-  
fasana antsika etỳ an-tany mba hahafahantsika mianatra ny zavatra toko-  
ny hianarantsika. Hanana fahafahana hanao zavatra maro avokoa isika.  
Tian' ny Raintsika any an-danitra ny hanaovantsika zavatra tsara ka haha-  
fahantsika miverina any Aminy. Na izany aza anefa dia tsy manery antsi-  
ka hanao na inona na inona mihitsy Izy.

Ny sasany amintsika dia mety hifidy ny hankatò Azy. Raha mankatò Azy  
isika dia hitovy bebe kokoa Aminy ary hiverina hiara-hiaina Aminy. Ny  
sasany amintsika dia mety hifidy ny tsy hankatò Azy. Raha tsy mankatò  
Azy isika dia tsy ho afaka ny hitovy Aminy ary tsy ho afaka ny hiverina  
hiara-hiaina Aminy.

Rehefa nandre ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika isika dia  
faly aoka izany. Te hianatra sy hivoatra isika. Ny olon-drehetra izay mi-  
aina eto an-tany dia manaiky ny hiaina araka ny drafitra nataony.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika?
- Nahoana no tsy maintsy nandao ny fonenantsika tany an-danitra isika?
- Inona no tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika etỳ an-tany?

### ***Fanovozan-kevitra***

*Zanaky ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay avy amintsika*

- Lioka 24:39 (Tsy manana nofo sy taolana ny fanahy)
- Hebreo 12:9 (Andriamanitra no Rain' ny fanahintsika)

*Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa mety hitovy Aminy isika*

- Matio 5:48 (Milaza amintsika ny mba hitoviansika amin' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa).
- 3 Nefia 12:48 (Milaza amintsika i Jesoa fa tokony ho tanteraka tahaka Azy sy Andriamanitra Raintsika isika).
- 3 Nefia 27:27 (Tokony hanaraka ny ohatra nataon' i Jesoa Kristy isika ary hitovy Aminy).

*Nanao drafitra ny Raintsika any an-danitra mba hanampiana antsika*

- Jaona 14:2–3 (Nilaza ny Raintsika any an-danitra fa afaka miverina any Aminy isika)
- Asan' ny Apôstôly 17:26 (Nalefan' ny Raintsika any an-danitra ho etỳ an-tany isika amin' ny toerana sy fotoana voatondro araka ny drafitra nataony).
- 1 Nefia 17:36 (Manana tany naorina honenan' ny zanany ny Raintsika any an-danitra).
- 2 Nefia 9:13; Almà 42 (Manana drafitra ho antsika Andriamanitra)

# NY MPAMONJY ANTSIKA

*Toko 3*

---

*Iza ilay olona afaka mitari-dalana antsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra? Nahoana isika no tokony hanaraka Azy?*


## **Nila mpitarika isika**

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa raha vao tonga etỳ an-tany isika, dia tsy ho tsaroantsika intsony ny fiainana niarahantsika taminy. Tsy ho fantatsika izay zavatra ilaintsika mba hahafahantsika miverina any Aminy indray. Fantany koa fa hanota isika. Vokatry ny otantsika, dia ho voasazy isika ka ho tafasaraka Aminy mandrakizay. Ary rehefa maty isika, dia tsy hanana ny vatantsika nofo sy taolana intsony.

Mila olona hanampy antsika amin' izany olona mianjady amintsika izany isika. Io olona io no hampianatra antsika izay tokony hataontsika mba hahafahantsika miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Hanampy antsika handresy ny zava-dratsy mety hataontsika Izy. Hanoro làlana antsika Izy, mba hahafahantsika indray manana ny vatantsika nofo sy taolana aorian' ny fahafatesana. Io olona io no antsoina hoe Mpamonjy antsika. Izy irery ihany no afaka mamonjy antsika amin' ny sazy vokatry ny ratsy vitantsika. Izy irery ihany no afaka manampy antsika hianatra ho mpankatò ny Raintsika any an-danitra. Izy irery ihany no afaka manatanteraka ny hananantsika indray ny vatantsika nofo sy taolana aorian' ny fahafatesana.

## **Fanadihadiana**

- Inona avy ny sasantsasany amin' ireo olona efa fantatry ny Raintsika any an-danitra fa mety hatrehintsika etỳ an-tany?
- Nahoana isika no mila Mpamonjy hanampy antsika?



*Niaraka tamin' ny fitarihan' ny Raintsika any  
an-danitra no nanaovan' i Jesoa ny tany.*

**Nofidian' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa mba ho Mpamonjy antsika**  
Tia antsika ny Raintsika any an-danitra ary fantany fa mety hila fanampiana isika. Fantany fa halahelo isika raha tsy mba afaka hanana vatana nofo sy taolana, ka tsy ho afaka hiverina hiara-hiaina aminy mandrakizay. Nila olona hanampy antsika isika. Nila olona iray ho Mpamonjy antsika ny Raintsika any an-danitra. Anankiroa amin' ireo rahalahintsika no nanolo-tena mba ho Mpamonjy antsika.

Ny zokintsika lahimatoa i Jesoa no niangavy ny Raintsika mba handefa Azy. Nilaza Izy fa hanaraka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra, ho avy etỳ an-tany ary hampianatra antsika ireo zavatra ilaintsika hivere-nantsika any amin' ny Raintsika any an-danitra. Ho faty Izy mba ho vidin' ireo zavatra ratsy nataontsika. Ary nataony koa izay hananantsika ny fiainana indray aorian' ny fahafatesana. Navelany hisafidy malalaka isika hankatò na tsy hankatò ny Raintsika any an-danitra.

Fantatr' i Jesoa fa zava-dehibe ho antsika ny mifidy izay zavatra hataontsika. Raha misy manery antsika hankatò dia tsy ho afaka hianatra sy ho tahaka ny Raintsika any an-danitra isika. Tian' i Jesoa ny hananan' ny Raintsika any an-danitra ny voninahitra sy ny haja rehetra.

Ny rahalahintsika iray izay antsoina hoe Satana dia nangataka tamin' ny Raintsika tany an-danitra mba hifidy azy ho mpamonjy antsika. Nilaza izy fa ho etỳ an-tany ary hanery antsika hanao izay tokony hataontsika. Nilaza izy fa tsy hisy ho very isika na dia iray aza. Tsy hamela antsika hisafidy izy. Tsy ho faty mba ho vidin' ny otantsika izy. Ary mba ho valisoany dia niriany ny hahazo ny voninahitra sy ny haja rehetra izay an' ny Raintsika any an-danitra. Te ho andriamanintsika i Satana.

Satria tia antsika ny Raintsika any an-danitra, dia i Jesoa no nofidiany ho Mpamonjy antsika. Noho izany antony izany no iantsoana matetika an' i Jesoa hoe Jesoa Kristy. Nofidian' ny Raintsika any an-danitra mba ho Mpamonjy no dikan' ny hoe Kristy. Naleon' ny Raintsika any an-danitra nifidy an' i Jesoa toy izay i Satana satria tsy tian' ny Raintsika any an-danitra ho very tsy ho antsika ny zontsika hisafidy. Fantany fa tsy maintsy manao ny tsara isika, satria tiantsika ny hanao izany, fa tsy hoe terena isika hanao izany.

### *Fanadihadiana*

- Inona no tian' i Jesoa hatao ho antsika?
- Inona no tian' i Satana hatao?
- Nahoana no i Jesoa no nofidian' ny Raintsika any an-danitra ho Mpamonjy antsika?

### **I Jesoa no Mpamonjy sy Mpitarika antsika**

Rehefa nifidy an' i Jesoa ny Raintsika any an-danitra, dia tezitra mafy i Satana. Noreseny lahatra hanaraka azy ny ampahatelon' ireo fanahy tany an-danitra. Nitambatra izy rehetra ireo mba hiady amin' i Jesoa sy ny mpanaraka Azy. Te hanery ny Raintsika any an-danitra izy ireo mba hanaiky ny drafitr' i Satana. Noroahin' ny Raintsika any an-danitra i Satana sy ny mpanaraka azy handao ny lanitra.

Tsy hahazo na oviana na oviana vatana nofo sy taolana i Satana sy ny mpanaraka azy. Tsy ho afaka hiverina sy hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra na oviana na oviana izy ireo. Ireo izay nanaiky an' i Jesoa ho Mpamonjy ihany no afaka manana vatana nofo sy taolana.

Fantatsika fa satria efa nanaiky an' i Jesoa ho Mpamonjy isika, dia izany no hananantsika vatana nofo sy taolana. Nifidy ny tsara isika tany an-danitra ka tokony hanohy hifidy izany tsara izany etỳ an-tany. Tokony hanaraka an' i Jesoa isika. Izy irery ihany no afaka hampianatra antsika ny fomba hiverenantsika any amin' ny Raintsika any an-danitra. Izy no afaka hanampy antsika mandresy ny zava-dratsy ataontsika sy hanampy antsika hianatra hanao ny tsara mandra-pahatongantsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra.

Maniry ny hanarahantsika sy ny hankatoavantsika an' i Jesoa ny Raintsika any an-danitra. Fantany fa hampianatra antsika mandrakariva ny fomba fanaovany zavatra i Jesoa, noho izany raha mankatò an' i Jesoa isika dia mankatò koa ny Raintsika any an-danitra. Ny hafatra na ny didy avy amin' i Jesoa dia hafatra na didy avy amin' ny Raintsika any an-danitra koa.

### *Fanadihadiana*

- Ahoana no ahafantarantsika fa nifidy an' i Jesoa ho Mpamonjy isika?
- Iza no ilay hany tokana afaka manoro antsika ny fomba iverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra?
- Nahoana isika no tokony hanaraka an' i Jesoa?

### ***Fanovozan-kevitra***

#### *Nila mpitarika isika*

- Jaona 14:6 (Jesoa no ilay hany tokana tokony harahintsika mba hahafahantsika miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra).
- 1 Petera 2:21 (Tsy maintsy manara-dia an' i Jesoa Kristy isika).
- 2 Nefia 31:13, 16 (Raha manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika dia ho voavonjy).

#### *Nofidian' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa mba ho Mpamonjy antsika*

- 1 Jaona 4:14 (Nofidian' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa mba ho Mpamonjy izao tontolo izao).
- 2 Nefia 9:6–26 (Maty ho antsika i Jesoa).
- 3 Nefia 27:13–14 (Tonga tetỳ an-tany i Jesoa Kristy mba ho Mpamonjy antsika).

#### *I Jesoa no Mpamonjy sy Mpitarika antsika*

- Matio 1:21 (Tonga hamonjy antsika amin' ny fahotantsika i Jesoa).
- 3 Nefia 11:10–11 (Nijaly noho ny otan' ny olombelona i Jesoa).
- 3 Nefia 18:16 (Nampiseho ohatra mba harahintsika i Jesoa).
- 3 Nefia 27:21 (Nasehon' i Jesoa antsika izay tokony hataontsika).



# AFAKA MISAFIDY ISIKA

*T o k o 4*

---

*Manao safidy avokoa isika isan' andro. Nomen' ny Raintsika any an-danitra zo hisafidy isika. Nahoana no tokony hiezaka hanao safidy tsara isika?*

## **Nomen' ny Raintsika any an-danitra zo hisafidy isika**

Afaka nisafidy malalaka isika tany an-danitra. Nalalaka isika na hanaraka an' i Jesoa na hanaraka an' i Satana. Ny ankamaroan' ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra dia nisafidy ny hanaraka an' i Jesoa. Ny sasany kosa dia nisafidy ny hanaraka an' i Satana. Navelan' ny Raintsika any an-danitra samy hanana ny safidiny ny tsirairay.

Navelan' ny Raintsika any an-danitra hisafidy koa isika etỳ an-tany. Rehefa tonga tetỳ an-tany isika dia nataony tsy tsaroantsika intsony ny fiainana niarahantsika taminy. Ary rehefa tsy miaraka aminy intsony isika dia mila mianatra misafidy samirery.

## ***Fanadihadiana***

- Inona no tsapanao rehefa terena hanao zavatra ianao?
- Inona no tsapanao raha avela hisafidy izay zavatra tianao atao ianao?

## **Mahomby ny drafitry ny Raintsika any an-danitra raha toa ka afaka misafidy malalaka isika**

Anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ny handefa antsika etỳ an-tany izay toerana sady misy zavatra tsara no misy zavatra ratsy. Tiany hisafidy izay tsara isika. Manao izay handresen-dahatra antsika hifidy ny ratsy i Satana. Malalaka isika hisafidy na ny tsara na ny ratsy.

Raha safidy tsara no ataontsika dia ho afaka hanao bebe kokoa ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika isika. Arakaraka ny anaovantsika ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika no mahatonga antsika hiha mitovy aminy. Isika ihany dia efa afaka mizaha izay safidy tsara ataontsika. Ho tsaratsara kokoa ny fahatakarantsika ny zavatra izay mitondra hafaliana sy ny zavatra izay mitondra alahelo ho antsika.

Raha tsy afaka misafidy isika dia tsy ho afaka hitovy amin' ny Raintsika any an-danitra mihitsy. Tsy ho afaka hianatra izay zavatra tsara tokony hosafidianana mihitsy isika. Tsy ho afaka haneho amin' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavantsika Azy sy ny faniriantika hanaraka Azy isika.

### *Fanadihadiana*

- Nahoana isika no tsy maintsy manana zo hisafidy?

### *Mahasambatra antsika ny misafidy ny hankatò ny Raintsika any an-danitra*

Ny safidy tsara dia mitondra vokatra tsara; ny safidy ratsy dia mitondra voka-dratsy. Raha mifidy ny hankatò ny Raintsika any an-danitra isika dia sady ho olona sambatra kokoa no ho olona tsara kokoa. Raha mifidy ny tsy hankatò Azy isika dia sady halahelo no tsy ho tsara kokoa.

Raha marina ny safidintsika dia ho hitantsika fa ho sambatra kokoa isika noho izany. Ho haintsika fa tokony hianatra zavatra tsara bebe kokoa isika. Rehefa hitantsika fa mahasambatra antsika ny mifidy ny tsara dia maniry ny hisafidy araka ny tokony ho izy foana isika. Maniry ny ho tsara hatrany hatrany isika. Ho mora kokoa ny hisafidianantsika satria fantatsika fa tsara ho antsika ny vokatr' izany. Mianatra ireo zavatra tokony ho fantatsika sy hataontsika isika mba hitoviansika kokoa amin' ny Raintsika any an-danitra.

Raha ratsy ny safidintsika dia hahatsiaro alahelo sy henatra isika. Ary raha mitohy manao zavatra ratsy foana isika dia manomboka hanana hery amintsika i Satana. Ary ho mafy hatrany hatrany ny hifidy ny hanao ny tsara. Hijanona tsy hanaraka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra intsony isika.

### ***Fanadihadiana***

- Eritrereto ireo safidy efa nataonao. Inona avy no vokatry ny safidy tsirairay?
- Ahoana no fomba hahafahantsika mifidy ny ho sambatra sy ny hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no ahafahan' ny fifidianana ny tsara hanampy anao hifidy ny tsara hatrany?
- Ahoana no mahatonga anao tsy ho afaka hifidy ny tsara intsony rehefa zatra manao safidy ratsy?

### **Hanampy antsika hifidy ny tsara ny Raintsika any an-danitra**

Tian' ny Raintsika any an-danitra ny hanaovantsika safidy tsara mba hahafahantsika mianatra ny zavatra fantany, manao ny zavatra ataony, ary manana ny zavatra hananany. Fantany fa ho sambatra isika ary ho afaka hiverina hiara-hiaina aminy raha toa ka mifidy ny tsara.

Manampy antsika hifidy ny tsara ny Raintsika any an-danitra. Miaraka amin' ny fanampiany no ahafahantsika misafidy ny hanao ny zavatra rehetra izay hampianaoviny antsika. Hanampy antsika hiady amin' ny fakampanahin' i Satana Izy, raha mangataka aminy isika. Homeny hery isika mba hifidy ny tsara. Hanampy antsika Izy mba hanarahantsika ny drafiny ka hahatonga antsika hitovy aminy.

### ***Fanadihadiana***

- Nahoana ny Raintsika any an-danitra no maniry ny hifidianantsika ny tsara?
- Hanery antsika hifidy ny tsara ve Izy? Nahoana?

### ***Fanovozan-kevitra***

*Nomen' ny Raintsika any an-danitra zo hisafidy isika*

- Jaona 14:15 (Raha tia an' i Jesoa isika dia mankatò ny didiny).
- 2 Nefia 2:27–29 (Malalaka ny safidy hanarahantsika an' i Jesoa Kristy)
- Helamàna 14:30–31 (Navelan' ny Raintsika any an-danitra hanana safidy malalaka isika hifidy ny tsara na ny ratsy).

*Ny fahafahantsika hisafidy malalaka ihany no ahafahan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra miasa*

- 2 Nefia 2:11 (Isaky ny zavatra tsara dia misy zavatra ratsy miasa mba hanoherana azy)
- Almà 41:3–5 (Raha manao ny tsara isika dia hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra. Raha manao ratsy isika dia halahelo mandrakizay).
- 3 Nefia 27:14–15 (Ho tsaraina amin' izay safidy ataontsika isika).

*Mahasambatra antsika ny misafidy ny hankatò ny Raintsika any an-danitra*

- 2 Nefia 9:18 (Ireo izay mino ny Raintsika any an-danitra dia hanana fifaliansa lehibe)
- Môziaha 2:41 (Ireo izay manaja ny didin' ny Raintsika any an-danitra dia sambatra satria tahiana izy ireo)

*Hanampy antsika hifidy ny tsara ny Raintsika any an-danitra*


- Salamo 5:12 (Hitahy ireo izay tsara ny Raintsika any an-danitra).
- Salamo 25:9 (Manampy ireo izay manao ny tsara ny Raintsika any an-danitra)
- Romana 12:9 (Tokony hanao ny tsara isika)
- 1 Korintiana 10:13 (Tsy avelan' ny Raintsika any an-danitra ho mafy loatra amintsika ka tsy ho zakantsika ny fakampanahy).
- Môrônia 7:28 (Ireo izay mino ny Raintsika any an-danitra dia maniry ny hanao ny tsara).



# NY FIALANA TEO ANATREHAN' ANDRIAMANITRA

*Fizarana faharoa*





*Nahary tany tsara tarehy ho antsika i Jesoa.*

# NANAO NY TANY I JESOA

*Toko 5*

---

*Iza no nanao ny tany? Nahoana no nanao izany Izy?*

## **Nilà tany isika**

Anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra nohazavainy tamintsika fony isika tany an-danitra ny handaozantsika ny lanitra mandritra ny fotoana voafetra. Nilà toerana haleha, tsy ho eo anatrehany isika, hahazoantsika vatana nofo sy taolana mba hozahan-toetra raha misafidy araka ny tokony ho izy isika. Nilà olona hampanaovina izany toerana izany ho antsika Izy. Nofidiany hanao izany i Jesoa.

## **Fanadihadiana**

- Nahoana Andriamanitra no namolavola hanao ny tany ho antsika?

## **Nanao ny tany i Jesoa**

Nanao ny tany i Jesoa. Nanao ny andro sy ny alina Izy. Nanao ny masoandro, ny volana ary ny kintana Izy. Nosarahany ny tany maina sy ny rano, ary nanao ny ranomasina, ny ony, ary ny renirano Izy. Namboly bozaka, hazo, voninkazo, ary ny zava-maniry maro karazana teto an-tany Izy. Nametraka ny biby, ny trondro, ny vorona, ny bibikely tetỳ an-tany Izy avy eo. Rehefa avy nanao izany zavatra rehetra izany i Jesoa, dia vonona ny hitoeran' ny olona ny tany.

Rehefa izany dia nanao ny lehilahy sy ny vehivavy ny Raintsika any an-danitra. Adama no niantsoana ilay lehilahy, ary i Eva no niantsoana ilay vehivavy. Samy nanana vatana nofo sy taolana sahala amin' ny vatan' ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay taminy. Ireo asa fanamboarana ny



tany sy fanasiana zava-manan' aina teo amboniny ireo no antsoina hoe fahariana. Faly tamin' ny fahavitan' ny tany sy tamin' ireo zavatra rehetra nasainy nataon' i Jesoa teo amboniny ny Raintsika any an-danitra.

***Fanadihadiana***

- Ahoana no niavahan' i Adama sy i Eva tamin' ny zavatra hafa rehetra noharian' Andriamanitra?

**Nampanao ny tany ny Raintsika any an-danitra satria tiany isika.**

Ankehitriny dia miaina eo amin' izao tontolo izao mahafinaritra, izay nampanaovin' ny Raintsika any an-danitra an' i Jesoa isika. Manome antsika hafanana sy hazavana ny masoandro. Mampaniry ny zava-maniry ny ranon' orana sady manome rano hosotroitsika. Ny zava-maniry sy ny biby etỳ an-tany no manome ny sakafo sy ny fitafiana ho antsika.

Nanao izany zavatra rehetra izany ho antsika i Jesoa, niaraka tamin' ny fitarihan' ny Raintsika any an-danitra. Rehefa hitantsika fa nampanao izany zavatra rehetra izany ho antsika Izy, dia tsapantsika fa tia antsika ny Raintsika any an-danitra ary mikarakara antsika.

***Fanadihadiana***

- Eritrereto ireo zavatra nampanaovin' ny Raintsika any an-danitra ho antsika.
- Ahoana no fomba hahafantarantsika fa tia antsika sady mikarakara antsika ny Raintsika any an-danitra?

**Azontsika atao ny maneho fankasitrahana noho ny nahazoantsika ny tany**

Tokony hotsaroantsika mandrakariva fa nampanao ny zavatra rehetra ho antsika ny Raintsika any an-danitra. Tsy faly Izy rehefa tsy tsaroantsika izany. Tokony hasehontsika Azy ny fankasitrahantsika amin' ny fampiasana amim-pahendrena ny zavatra eto ambonin' ny tany. Tsy tokony handanindany foana ny zavatra etỳ an-tany isika. Tokony hikarakara ny tany sy hanadio azy isika. Tokony hisaotra ny Raintsika any an-danitra isika noho ity tany tsara tarehy ity isaky ny mivavaka Aminy. Azontsika atao koa ny maneho fankasitrahana Azy noho ny tany amin' ny fanaovantsika izay zavatra asainy ataontsika etỳ.

**Fanadihadiana**

- Ahoana no fomba hanehoantsika amin' ny Raintsika any an-danitra ny fankasitrahantsika Azy noho ny tany?

**Fanovozan-kevitra**

*Nila tany isika*

- Isaia 45:18 (Nanao ny tany ho an' ny olombelona Andriamanitra mba hitoerany).
- 2 Nefia 2:15 (Nanao ny tany tao amin' ny drafiny Andriamanitra).

*Nanao ny tany i Jesoa*

- Isaia 45:12 (Nanao ny tany Andriamanitra).

*Nampanao ny tany ho antsika Andriamanitra satria tia antsika Izy*

- Genesisy 1 (Nanao ny zavatra rehetra teto an-tany Andriamanitra ho antsika)
- Romana 8:38–39 (Tsy misy mahasaraka antsika amin' ny fitiavan' Andriamanitra)

*Afaka mampiseho fankasitrahana noho ny tany isika*

- Efesiana 5:20 (Tokony hisaotra an' Andriamanitra noho ny zavatra rehetra isika).
- Môziaha 2:20–25 (Tokony hisaotra an' Andriamanitra izay nanao antsika isika).



*I Adama sy i Eva mandohalika eo amin' ny Alitara*

# I ADAMA SY I EVA

Toko 6

---

*Iza i Adama sy i Eva? Inona no nataony hanampiana antsika?*

## **Adama sy Eva no olona voalohany tonga teto an-tany**

Nantsoin' ny Raintsika any an-danitra hoe Adama sy Eva ny olona voalohany teto an-tany. Izy ireo no anankiroa tsara indrindra tamin' ny zanany. Izy ireo no nahafahantsika ho tonga teto an-tany.

Mikaela no anaran' i Adama tany an-danitra. Iray tamin' ireo mpitarika antsika izy. Nitarika antsika tamin' ny ady nifanaovana tamin' i Satana izy. Olona tsara i Mikaela. Nanao izay tian' ny Raintsika any an-danitra hataony izy, ary izany no nahatonga azy ho olona voalohany tetỳ an-tany.

Zanakavavin' Andriamanitra tokoa i Eva. Nalefan' ny Raintsika any an-danitra tetỳ an-tany i Eva mba ho naman' i Adama sy hanampy azy. Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa tsy tsara ho an' i Adama ny ho irery. Tsy afaka nanao irery izay hahatongavantsika eto an-tany i Adama. Manandanja tahaka ny an' i Adama ny fandraisan' i Eva anjara tamin' ilay drafitra

## ***Fanadihadiana***

- Nahoana no i Adama sy i Eva no nofidian' ny Raintsika any an-danitra ho olona voalohany teto an-tany?
- Nahoana no nalefan' ny Raintsika any an-danitra hiaraka amin' i Adama i Eva?

## **Ny sahan' i Edena no fonenan' i Adama sy i Eva voalohany**

Namboatra toerana tsara tarehy tetỳ an-tany mba honenan' i Adama sy i Eva ny Raintsika any an-danitra. Nantsoina hoe sahan' i Edena izany. Rehefa tao amin' ny sahan' i Edena i Adama sy i Eva, dia samy nanana vatana nofo sy

taolana tsy mety maty avy izy ireo. Tsy nanan-janaka izy ireo. Tsy nila namboly, na nioty na niasa mba hahazoany ny zavatra nilainy izy ireo. Tsy tsa-roany ny fiainana tany an-danitra. Tsy nahalala izay tsara na izay ratsy izy.

Afaka niresaka sy nirihariha niaraka tamin' ny Raintsika any an-danitra i Adama sy i Eva. Nolazainy azy ireo ny zavatra tokony hataony. Nilazany izy ireo mba hikarakara ny saha sy hanao izay hahatsara endrika izany. Nilazany izy ireo mba hiteraka. Nilazany koa izy ireo fa afaka mihinana malalaka ny voan' ny hazo rehetra tao an-tsaha afa-tsy ny anankiray ihany. Tsy navelan' ny Raintsika any an-danitra hihinanany ny voan' ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Nampitandreman' izy ireo fa raha mihinana ny voa amin' izany izy ireo dia ho faty.

### *Fanadihadiana*

- Ahoana no maha samy hafa ny fiainan' i Adama sy i Eva amin' ny fiainana amin' izao fotoana izao?
- Inona no nampanaovin' ny Raintsika any an-danitra an' i Adama sy Eva?

**Nanjary tafasaraka tamin' ny Raintsika any an-danitra i Adama sy i Eva** Noheverin' i Satana fa afaka handrava ny drafitry ny Raintsika any an-danitra izy. Tonga tao amin' ny sahan' i Edena izy ary niezaka nandresy lahatra an' i Eva mba hihinanany ny voan' ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Nolazainy azy fa raha mihinana izany voankazo izany izy dia tsy ho faty. Nolazainy fa ho hainy ny manavaka ny tsara sy ny ratsy, sahalamin' ny ahalalan' ny Raintsika any an-danitra izany. Nino an' i Satana i Eva ka nihinana ny voankazo. Rehefa niteny tamin' i Adama i Eva fa nihinana tamin' ny voankazo dia fantany fa tsy maintsy handao ny saha izy. Nihinana tamin' ny voankazo koa izy mba hahafahany miara-mitoetra.

Rehefa avy nihinana ny voankazo nandran' ny Raintsika any an-danitra azy tsy hohaniny i Adama sy i Eva, dia niova ny fiainany. Noroahin' ny Raintsika any an-danitra tany ivelan' ny saha izy. Tsy afaka niaraka niresaka taminy sy niara-nirihariha taminy intsony izy ireo. Nanomboka teo no nisarahan' ny Raintsika any an-danitra tamin' ny olombelona ka tsy niarahany nirihariha intsony. Izay tsy fahafahana miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra izay no nantsoina hoe \* fahafatesana ara-panahy. Voatery niaina teo amin' izao tontolo izao ivelan' ny sahan' i Edena izy. Tsy maintsy miasa izy mba hahazoany ny zavatra izay nilainy.

Niova ny vatany. Afaka niteraka amin' izay izy. Mety harary, hahatsiaro fanaintainana sy alahelo izy ireo ary indray andro any dia ho faty. Ny fiovana niseho tamin' i Adama sy i Eva no antsoina hoe ny fahalavoan' i Adama.

Niantraika teo amin' ny taranak' i Adama sy i Eva manontolo izany fiovana izany. Tahaka azy ireo koa, dia afaka miteraka isika, mety marary, manaintaina, malahelo, ary ho avy amintsika koa ny fahafatesana.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no nataon' i Satana mba handravana ny drafitry ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no fiovan' ny fiainan' i Adama sy i Eva taorian' ny nihinanany ny voan' ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy?
- Inona no atao hoe fahafatesana ara-panahy?
- Inona no atao hoe fahalavoan' i Adama?

### **Anisan' ny nilaina tao amin' ny ampahan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ny fahalavoan' i Adama**

Drafitry ny Raintsika any an-danitra ho an' ny zanany ny hahatongavany etỳ an-tany ka hananany vatana nofo sy taolana. Rehefa noroahany hiala ny sahan' i Edena i Adama sy i Eva, dia nanomboka niteraka izy ireo. Tatỳ aoriana dia nanambady ny zanany ary niteraka koa. Tamin' izany fomba izany no nanombohan' ny fahatongavan' ny zanaka ara-panahin' ny Raintsika any an-danitra tetỳ an-tany, araka izay efa namolavolany azy. Noho ny nataon' i Adama sy i Eva, dia afaka nanketỳ an-tany ny tsirairay avy amintsika ka nahazo vatana nofo sy taolana.

Nanao drafitra ho an' ny zanany mba hiasany ka hahazoany izay zavatra ilainy koa ny Raintsika any an-danitra. Hatramin' izay nandaozan' i Adama sy i Eva ny sahan' i Edena izay, dia niasa ny zanaky ny Raintsika any an-danitra etỳ an-tany mba hahazoany ny zavatra tiany sy ilainy.

Rehefa avy nihinana ny voankazo nandraran' ny Raintsika any an-danitra azy tsy hohaniny i Adama sy i Eva, dia nahalala ny fahasamihafan' ny tsara sy ny ratsy izy ary nisafidy na hanao ny tsara na hanao ny ratsy.

Rehefa noroahin' ny Raintsika any an-danitra tsy ho ao amin' ny sahan' i Edena i Adama sy i Eva dia niezaka nianatra ny zavatra tiany hataony izy ireo. Nankatò Azy izy ireo ary nampianatra ny zanany hankatò Azy. Isika tsirairay avy koa dia tokony hianatra ny zavatra tian' ny Raintsika any an-

danitra hataontsika ary tokony hankatò Azy sy hampianatra ny zanatsika hankatò Azy isika.

### **Fanadihadiana**

- Ravan' i Satana ve ny drafitry ny Raintsika any an-danitra?
- Nahoana isika no tokony hankasitraka ny zavatra nataon' i Adama sy i Eva?

### **Fanovozan-kevitra**

*Adama sy Eva no olona voalohany tonga teto an-tany*

- Genesisy 1:26–27 (Nanao ny vehivavy sy ny lehilahy Andriamanitra).
- Apôkalipsy 12:7–9 (Nitarika ny fanahy marina hanohitra an' i Satana i Adama izay nantsoina hoe Mikaela tamin' izany fotoana izany).
- 1 Nefia 5:11; 2 Nefia 2:19–20 (I Adama sy i Eva no ray aman-dreny voalohany).

*Ny sahan' i Edena no fonenan' i Adama sy i Eva voalohany*

- Genesisy 2:15 (Nilaza tamin' i Adama sy i Eva ny Raintsika any an-danitra mba hikarakara ny sahan' i Edena).
- Genesisy 2:16–17 (Nilaza tamin' i Adama sy i Eva ny Raintsika any an-danitra mba tsy hihinana ny voan' ny hazon' ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy).

*Nanjary tafasaraka tamin' ny Raintsika any an-danitra i Adama sy i Eva*

- Genesisy 3:1–5 (Naka fanahy an' i Eva i Satana).
- Genesisy 3:23–24 (Nandroaka an' i Adama sy i Eva hiala tao amin' ny sahan' i Edena Andriamanitra).
- Helamàna 14:16 (Tsy nahazo alalana hitoetra amin' ny toerana misy an' Andriamanitra i Adama sy i Eva).

*Anisan' ny nilaina tao amin' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ny fahalavoan' i Adama*

- 2 Nefia 2:22–25 (Tsy tonga teto an-tany isika raha tsy noho ny fahalavoan' i Adama).
- Almà 12:26–32 (Anisan' ny drafitr' Andriamanitra ny fahalavoan' i Adama)

# NY FIFANDRAISANA AMIN' ANDRIAMANITRA

*Fizarana 3*





# NY FANAHY MASINA

*Toko 7*

---

*Nifidy olona iray mba hilaza amintsika izay tiany ho fantatsika ny Raintsika any an-danitra. Iza izany olona izany, ary ahoana no hahafahantsika mianatra hahatakatra ny hafatra avy amin' ny Raintsika any an-danitra?*

## **Miara-miasa amin' ny Raintsika any an-danitra sy amin' i Jesoa ny Fanahy Masina mba hanampy antsika**

Miara-miasa amin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ny Fanahy Masina. Mijoro ho vavolombelona amintsika Izy fa velona Izy ireo ary tia antsika. Manampy Azy ireo hampianatra antsika ny zavatra tokony ho fantatsika sy hataontsika Izy ary manampy antsika hankatò ny didiny. Tsy manana vatana nofo sy taolana tahaka ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Izy. Fanahy Izy. Miendrika olona Izy.

Ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina dia olona telo samy hafa. Miara-miasa izy ireo hanampy antsika hianatra ny zavatra tokony ho fantatsika sy hataontsika. Rehefa mandray hafatra avy amin' ny Raintsika any an-danitra na avy amin' i Jesoa isika, dia ny Fanahy Masina matetika no mitondra izany amintsika. Manampy antsika hankatò ny didy koa Izy.

## ***Fanadihadiana***

- Iza no miara-miasa amin' ny Fanahy Masina?
- Inona no maha samy hafa ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa amin' ny Fanahy Masina?

### **Ny asan' ny Fanahy Masina**

Mampianatra antsika ny momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ny Fanahy Masina. Milaza amintsika Izy fa velona Izy ireo ary tia antsika. Milaza amintsika koa Izy fa ny Raintsika any an-danitra no Rain' ny fanahintsika. Milaza amintsika Izy fa i Jesoa no Mpamonjy antsika.

Manampy antsika hahatakatra ny momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ary ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hiverenantsika any an-danitra ny Fanahy Masina. Manampy antsika koa Izy mba hianatra sy hahatakatra ny fahamarinana rehetra.

Manome hery antsika hankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa koa ny Fanahy Masina. Afaka manampy antsika Izy mba handraisantsika fanapahan-kevitra marina rehefa sendra safidy roa isika. Afaka manome antsika fahatoniana amin' ny fotoana misavorovoro Izy.

### **Fanadihadiana**

- Inona no asan' ny Fanahy Masina?
- Inona no azon' ny Fanahy Masina ampahafantarina antsika?
- Inona no azon' ny Fanahy Masina hanampiana antsika amin' izay ataontsika?

### **Amin' ny fomba mahery no ampianaran' ny Fanahy Masina antsika**

Manaporofa amintsika ny tsara sy ny ratsy ny Fanahy Masina. Marimpototra loatra izany porofa izany ka tsy hohadinointsika mihitsy. Tsy amin' ny feo ren' ny sofina no iresahan' ny Fanahy Masina amintsika matetika. Ho solon' izany dia manao izay hieritreretantsika na hahatsapantsika fa marina izay rentsika na vakiantsika Izy. Mahery vaika izany fahatsapana izany.

Mety ho tsapan' ny olona marobe ao anatin' ny fotoana iray ny herin' ny Fanahy Masina. Mba hahazoantsika izany tsaratsara kokoa, dia alaivo sary an-tsaina ny masoandro. Iray ihany ny masoandro, kanefa ny hafanany sy ny hazavany dia tsapan' ny olona manerana ny toerana maro amin' ny fotoana iray. Azo heverina ho toy izany koa ny Fanahy Masina. Mety ho tsapan' ny olona any amin' ny toerana maro amin' ny fotoana iray ny heriny, na dia eo amin' ny toerana iray ihany aza izy amin' izay fotoana izay.

### ***Fanadihadiana***

- Ahoana no fomba ilazan' ny Fanahy Masina amintsika ny zavatra tokony ho fantatsika?
- Ahoana no fomba ahafahan' ny Fanahy Masina manampy ny olona maro amin' ny fotoana iray?

### **Hanampy ny tsirairay amintsika ny Fanahy Masina**

Rehefa noroahan' ny Raintsika any an-danitra niala ny sahan' i Edena i Adama sy i Eva dia nivavaka sy nangataka Taminy izay tokony hataony. Nalefan' ny Raintsika any an-danitra ny Fanahy Masina hampianatra azy ireo ny momba Azy sy i Jesoa ary ny momba ny zavatra izay tokony hataon' i Adama sy i Eva. Ny Fanahy Masina no nanambara tamin' izy ireo fa marina ny fampianaran' ny Raintsika any an-danitra. Nanome azy ireo hery hanaovany ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataony Izy.

Nanampy azy ireo hanetry tena sy hankasitraka ny zavatra izay nataon' ny Raintsika any an-danitra ho azy Izy.

Tamin' ny alalan' ny fitarihan' ny Fanahy Masina no nahafantaran' i Adama sy i Eva fa mbola ho afaka hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra izy indray andro any raha toa ka manaraka an' i Jesoa mandrakariva ary mankatò ny didiny. Ny fitarihan' ny Fanahy Masina no tena mahasambatra azy ireo.

Tian' ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay amintsika. Nalefany ny Fanahy masina hitarika antsika sy hampianatra antsika ny marina. Na izany aza anefa dia manampy antsika ny Fanahy Masina raha toa isika ka manaraka tsara ny didy sy ny torolalana izay entiny ho antsika avy amin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy. Raha toa isika ka tsy miezaka hankatò ny didiny, na raha toa ka tsy tiantsika ny ampianaran' ny Fanahy Masina antsika, dia tsy hilaza na inona na inona amintsika Izy. Hanana fiainana tsaratsara kokoa isika raha manaraka ny fampianaran' ny Fanahy Masina.

### ***Fanadihadiana***

- Ahoana no nanampian' ny Fanahy Masina an' i Adama sy i Eva?
- Inona no tokony hataontsika mba hahazoantsika ny fanampiana avy amin' ny Fanahy Masina?

### ***Fanovozan-kevitra***

*Miara-miasa amin' ny Raintsika any an-danitra sy amin' i Jesoa ny Fanahy Masina mba hanampy antsika*

- Jaona 14:26; 2 Nefia 33:1 (Hanampy antsika hitadidy ny zavatra izay nianarantsika ny Fanahy Masina).
- Jaona 15:26 (Hampiseho antsika ny fahamarinana mikasika an' i Jesoa ny Fanahy Masina).
- 1 Jaona 5:7 (Miara-miasa amin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy ny Fanahy Masina).
- 3 Nefia 28:11 (Manome fahalalana mikasika ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ny Fanahy Masina).

*Ny asan' ny Fanahy Masina*


- 1 Korintianina 12:3; Hebreo 10:15 (Ny Fanahy Masina no mampianatra antsika hahalala fa i Jesoa no Mpamonjy).
- 2 Nefia 32:5 (Hanampy antsika hahalala ny zavatra tokony hataontsika ny Fanahy Masina).

*Amin' ny fomba mahery no ampianaran' ny Fanahy Masina antsika*

- Môrônia 10:5-7 (Milaza amintsika ny zavatra marina sy ny zavatra tsy marina ny Fanahy Masina).

*Hanampy ny tsirairay amintsika ny Fanahy Masina*

- Jaona 16:13 (Hitondra antsika ho amin' ny fahamarinana rehetra ny Fanahy Masina).
- Romana 8:16-17 ( Ny Fanahy Masina dia manampy antsika hahafantatra fa zanaky ny Raintsika any an-danitra isika).



*Nandefa mpaminany amin' izao androntsika  
izao ny Raintsika any an-danitra.*

# NY FIRESAHANA AMIN' NY RAY ANY AN-DANITRA

*Toko 8*

---

*Tena tia antsika ny Raintsika any an-danitra. Nasiany fomba hahafahantsika miresaka aminy na oviana na oviana hitiavantsika hanaovana izany. Ahoana no ahafahantsika miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra?*

## **Afaka miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika**

Ny firesahana amin' ny Raintsika any an-danitra no atao hoe vavaka. Na dia miaina any an-danitra aza ny Raintsika any an-danitra, dia afaka miresaka aminy isika, ary mandre antsika Izy. Te hanampy antsika Izy. Asainy miresaka aminy isika. Rehefa miresaka aminy isika, dia hanampy antsika hanao izay zavatra tsara tokony hataontsika Izy.

Azontsika resahana ny Raintsika any an-danitra izay eritreretintsika. Azontsika lazaina Azy fa tia Azy isika. Azontsika lazaina Azy fa mankasitraka Azy noho ny zavatra nomeny antsika isika. Afaka mangataka Azy hanampy antsika isika.

Azontsika atao ny miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra rehefa ilaintsika ny manao izany. Tokony hiresaka Aminy isika rehefa manirery. Rehefa irery isika dia afaka miresaka Aminy ny momba izay tsapantsika sy izay olana mahazo antsika manokana. Tokony hiresaka aminy isika farafahakeliny isa-maraina sy isan' alina.

Tokony hiresaka aminy miaraka amin' ny fianakaviansika koa isika. Azontsika atao izany isa-maraina sy isan' alina. Azontsika atao koa izany isaky ny alohan' ny sakafo, rehefa misaotra Azy noho ny sakafo isika.

Tsy hampitsahatra ny fitiavany hiresaka amintsika na oviana na oviana ny Raintsika any an-danitra. Ho tia antsika foana Izy ary maniry ny hanampy antsika. Na dia manao zavatra tsy mety aza isika dia mbola tiany foana. Hihaino antsika Izy ary hanampy antsika.

### *Fanadihadiana*

- Nahoana isika no tokony hiresaka amin' ny Raintsika any an-danitra?
- Rahoviana isika no tokony hiresaka aminy?

**Nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba firesaka aminy** Rehefa mivavaka isika, dia tokony holazaintsika amin' ny Raintsika any an-danitra ny zavatra tena tsapantsika sy ilaintsika. Tsy tokony ho teny mitovy foana no holazaintsika rehefa miresaka aminy isika. Tsy mila manao tononkalo na mihika akory isika.

Nolazainy antsika ny fomba firesaka aminy. Tokony hiresaka mivantana aminy isika manao hoe: "Rainay any an-danitra", na izay teny mitovy amin' izany. Tokony ho amim-pitiavana sy amim-panajana no hiresahantsika aminy.

Avy eo dia tokony hisaotra Azy isika noho ny zavatra izay nataony tamin-tsika.

Indreto misy zavatra izay tokony hisaorantsika Azy:

1. Tokony hisaotra Azy isika noho ny hakanton' ny tany sy noho ny sakafo, ny fitafiana ary ny zavatra hafa ananantsika.
2. Tokony hisaotra Azy isika noho ny fampianarany sy noho ny fahafahantsika mianatra misimisy kokoa ny momba Azy.
3. Tokony hisaotra Azy isika noho ny fianakaviansika sy ny namantsika, noho ny fahasalamantsika ary noho ny asantsika.

Rehefa izany dia mangataka aminy ny zavatra ilaintsika amin' izay isika. Ireto misy karazan-javatra mety ho tiantsika angatahana aminy:

1. Afaka mangataka aminy isika hanampy antsika hahafantatra ny marina sy ny tsy marina.
2. Afaka mangataka aminy ny fiarovana antsika sy ny fianakaviansika ary ny mpifanolo-bodirindrina amintsika isika.

3. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hanao izay zavatra tiany ataontsika.
4. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hifidy ny hanao ny zavatra marina.
5. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hibe-baka amin' ny fahotantsika.
6. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hahazoana sakafo ampy mandritra ny tontolo andro.
7. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hamaha izay olana ao amin' ny fianakaviansika na mianjady amin' ny namantsika.
8. Afaka mangataka ny fanampiany isika mba hamaha ny olana ao amin' ny fianakaviana na ny olana mianjady amin' ny namantsika.

Azontsika atao ny mamarana ny vavaka amin' ny fitenenana hoe: "Amin' ny anaran' i Jesoa Kristy, amena". Mampahatsiahy antsika fa i Jesoa no Mpamonjy antsika ny fanaovana izany. Miasa eo ambany fitarihan' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa, mba hanampy antsika amin' ny zavatra rehetra izay ilaintsika. Tokony ho amim-panajana no hanononantsika ny anaran' i Jesoa.

#### **Fanadihadiana**

- Ahoana no hanombohantsika ny resaka ataontsika amin' ny Raintsika any an-danitra?
- Inona avy ireo zavatra azontsika isaorana Azy?
- Inona avy ireo zavatra azontsika angatahana?
- Inona no tenenintsika rehefa vita ny resaka ataontsika amin' ny Raintsika any an-danitra?

#### **Mamaly antsika foana ny Raintsika any an-danitra**

Azontsika antoka fa mihaino antsika foana ny Raintsika any an-danitra. Fantany ny zavatra tsara ho antsika. Vonona mandrakariva hanampy antsika Izy.

Amin' ny alalan' ny Fanahy Masina matetika no hamalian' ny Raintsika any an-danitra antsika. Ny Fanahy Masina no manampy antsika hahatakatra ny zavatra tokony ho fantantsika sy hataontsika. Indraindray dia mibitsika amin' ny olon-kafa ny Fanahy Masina mba hanampy antsika.



Tokony ho vonona isika hanaiky izay valiny omen' ny Raintsika any an-danitra antsika. Mety tsy homeny antsika ny zavatra izay angatahantsika. Mety tsy ho araka ny fanantenantsika no hamaliany antsika. Kanefa fantany izay tsara ho antsika.

*Fanadihadiana*

- Ahoana no fomba amalian' ny Raintsika any an-danitra antsika?
- Nahoana no tsy omeny antsika foana izay angatahantsika?

**Manjary olona tsara kokoa isika rehefa mivavaka:**

Mety tsy ho fantatsika ny zavatra tsara tokony hatao. Mety hatahotra isika. Mety tsy ho haintsika ny mamaha ny olana misy eo amintsika. Mety tsy ho fantatsika izay zavatra marina sy izay tsy marina. Mety ho fantatsika ny zavatra tokony hatao kanefa tsy ampy hanaovana izany ny herintsika.

Rehefa miresaka matetika amin' ny Raintsika any an-danitra isika, dia hanampy antsika amin' ny olana mianjady amintsika Izy. Hanampy antsika hahafantatra sy hanao ny zavatra tsara Izy, rehefa mahafantatra sy manao ny zavatra tsara isika dia manjary olona tsara kokoa. Miha mitovy bebe kokoa amin' ny Raintsika any an-danitra isika.

*Fanadihadiana*

- Ahoana no mahatonga antsika ho olona tsara kokoa amin' ny firesahana amin' ny Raintsika any an-danitra?

*Fanovozan-kevitra*

*Afaka miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika*

- Salamo 55:16–17; 2 Nefia 32:9 (Tokony hiresaka matetika amin' ny Raintsika any an-danitra isika).
- Lioka 18:1 (Tokony hivavaka mandrakariva isika)
- Almà 37:37 (Tokony hiresaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika amin' ny izay zavatra rehetra ataontsika).

*Nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba firesaka aminy*

- Matio 6:6–13 (Nolazaina antsika ny fomba tokony hataontsika rehefa mivavaka).
- Jakôba 1:5 (Afaka miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika amin' ny zavatra rehetra).
- Almà 34:17–27 (Indreto sasantsasany amin' ny zavatra izay tokony hivavahantsika amin' ny Raintsika any an-danitra).
- 3 Nefia 19:6, 24 (Nampianarin' i Jesoa antsika ny fomba firesahana amin' ny Raintsika any an-danitra).

*Mamaly antsika foana ny Raintsika any an-danitra*

- Ohabolana 15:29 (Maheno vavaka ny Raintsika any an-danitra).
- Matio 7:7 (Mangataha dia homena ianareo).
- Môrônia 7:26; 3 Nefia 18:20 (Izay rehetra angatahantsika ka tsara ho antsika dia ho azontsika).

*Manjary olona tsara kokoa isika rehefa mivavaka:*

- Lioka 22:40 (Mivavaha hahazo hery mba tsy hidiranareo amin' ny fan-kampanahy).
- Jakôba 5:15–16 (Ny vavaky ny marina dia mampitranga zavatra tsara maro).

# Ireo Mpaminany

Toko 9

---

*Iza no miresaka eo amin' ny toeran' ny Raintsika any an-danitra etỳ an-tany amin' izao fotoana izao ka afaka milaza amintsika izay tian' ny Raintsika any an-danitra ho fantatsika sy hataontsika?*

## **Ny mpaminany dia olona miteny eo amin' ny toeran'ny Raintsika any an-danitra**

Nifidy lehilahy hiteny amin' ny toerany ety an-tany ny Raintsika any an-danitra. Io lehilahy io no atao hoe mpaminany. Tia ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany ary manao izay zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataony. Ampianarin' ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany ny zavatra tokony ho fantatsika sy hataontsika. Rehefa izany dia lazain' ny mpaminany amintsika izany zavatra izany. Rehefa miteny eo amin' ny toeran' ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany dia milaza ny zavatra ho notenenin' ny Raintsika any an-danitra, raha ny Raintsika any an-danitra no niresaka tamintsika.


Indreto misy zavatra vitsivitsy lazain' ny mpaminany amintsika:

- Lazainy amintsika fa Zanaky ny Raintsika any an-danitra, sy Mpamonjy antsika i Jesoa, ary marina ny fampianarany.
- Ampianariny antsika ny zavatra lazain' ny Raintsika any an-danitra fa tokony hataontsika.
- Milaza amintsika izy fa tokony hitsahatra tsy hanao zavatra ratsy isika.
- Milaza amintsika ny zavatra ho avy izy.

Ny Raintsika any an-danitra ihany no afaka mifidy ny mpaminany. Tsy afaka mifidy mpaminany ny olona. Tsy misy olona afaka mifidy ny tena-



Joseph Smith



Brigham Young



John Taylor



Wilford Woodruff



Lorenzo Snow



Joseph F. Smith



Heber J. Grant



George Albert Smith



David O. McKay



Joseph Fielding Smith



Harold B. Lee



Spencer W. Kimball



Ezra Taft Benson



Howard W. Hunter



Gordon B. Hinckley

*Naniraka ny mpaminany ny Raintsika any  
an-danitra amin' izao androntsika izao.*

ny ho mpaminany. Nomen' ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany ny fahefana hanao ny asany sy hiteny eo amin' ny toerany. Tsy afaka miso-lotena ny Raintsika any an-danitra ny olona raha tsy efa mahazo ny fahefana avy aminy.

### *Fanadihadiana*

- Eo amin' ny toeran' iza no itenenan' ny mpaminany?
- Inona avy ireo zavatra lazain' ny mpaminany amintsika?

### **Maniraka mpaminany mandrakariva ny Raintsika any an-danitra hanampy antsika**

Mikarakara ny zanany etỳ an-tany mandrakariva ny Raintsika any an-danitra. Hatramin' ny andron' i Adama no efa nandefasany mpaminany hanampy ny zanany. Mandefa mpaminany Izy hampitandrina ny olona amin' ny loza. Mandefa mpaminany Izy hanalavirana ny olona amin' ny fahasahiranana. Mandefa azy ireo koa Izy hanampy ny olona hiomana amin' ny zava-mitranga lehibe. Indreto misy mpaminany vitsivitsy izay nalefan' ny Raintsika any an-danitra.

1. Noa: Nampitandrina ny olona izy fa hampisy tondra-drano ny Raintsika any an-danitra mba handrava azy ireo, raha toa ka tsy mitsahatra ny manao ratsy izy ireo.
2. Abrahama: Nankatò ny Raintsika any an-danitra izy ka nampianatra ny zanany hankatò ny Raintsika any an-danitra. Nampanantena ny Raintsika any an-danitra fa hanome zavatra betsaka an' i Abrahama sy ny taranany.
3. Mosesy: Nitarika ny vahoakan' i Isiraely hivoaka any Egipta ho any amin' ny tany izay efa nomanin' ny Raintsika any an-danitra ho azy ireo izy.

Amin' izao androntsika izao koa dia nandefa mpaminany ny Raintsika any an-danitra. Iray amin' ireo mpaminany izay niaina tsy ela akory izay ilay lehilahy antsoina hoe Joseph Smith. Nipetraka tany Etazonia Amerika izy. Efatra ambin' ny folo taona i Joseph Smith tamin' ny taona 1820. Tamin' izany fotoana izany dia maro ireo olona nanaraka fiangonana samy hafa hitady ny fiangonana marina. Te ho olona tsara i Joseph Smith ka hahita ny fiangonana marin' ny Raintsika any an-danitra.

Indray andro, namaky ny boky masina atao hoe Baiboly i Joseph. Novakiany tao fa raha te hahafantatra zavatra ianao dia tokony hanontany ny Raintsika any an-danitra, ary ny Raintsika any an-danitra no hilaza amina. Nino izy fa tena hilaza marina izay zavatra tokony hataony ny Raintsika any an-danitra. Tapa-kevitra ny hanao vavaka manokana amin' ny Raintsika any an-danitra izy.

Indray maraina, nandeha nankany anatin' ity ala kely i Joseph hivavaka. Rehefa nivavaka izy dia nisy hazavana mazava noho ny masoandro nidi-na avy any an-danitra. Tao anatin' izany hazavana izany no nahitany ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy. Nanondro an' i Jesoa ny Raintsika any an-danitra sady nanao hoe: "Inty no zanako malalako. Izy no henoy!"

Nihaino izay rehetra nolazain' i Jesoa taminy i Joseph Smith, ary nanka-toaviny ny torolalana nomen' i Jesoa azy.

Rehefa nihalehibe i Joseph dia nifidy azy ho mpaminany ny Raintsika any an-danitra. Mpaminany lehibe izy. Nampianariny ny olona ny zavatra izay tian' ny Raintsika any an-danitra hataon' izy ireo.

Maty tamin' ny taona 1844 i Joseph Smith. Taorian' ny nahafatesany dia nifidy olona iray hafa ny Raintsika any an-danitra ho mpaminaniny. Ankehitriny, raha maty ny mpaminany, dia mifidy lehilahy hafa foana ny Raintsika any an-danitra mba hiteny eo amin' ny toerany etỳ an-tany.

### *Fanadihadiana*

- Iza ireo mpaminany sasantsasany nofidian' ny Raintsika any an-danitra?
- Inona no nataon' i Joseph Smith?

### **Misy mpaminany etỳ an-tany amin' izao fotoana izao**

Tian' ny Raintsika any an-danitra ny zanany izay etỳ an-tany amin' izao fotoana izao. Fantany fa maro ny olona mianjady amintsika. Nandefa mpaminany Izy hanampy antsika. Miresaka amin' ny mpaminany amin' izao fotoana izao Izy tahaka ny niresahany tamin' ny mpaminany fahiny. Manome torolalana ho an' ny olona eran' izao tontolo izao ny Raintsika any an-danitra. Ny mpaminany ihany no olona hany afaka mahazo torolalana avy amin' ny Raintsika any an-danitra ho an' izao tontolo izao.

Olona lehibe tokoa ny mpaminany miaina amin' izao fotoana izao. Tia ny Raintsika any an-danitra izy sady te hankatò Azy. Milaza amin' ny mpaminany ny zavatra izay tiany hataontsika ny Raintsika any an-danitra.

***Fanadihadiana***

- Nahoana no mandefa mpaminany ny Raintsika any an-danitra amin' izao fotoana izao?
- Avy amin' iza no hahazoan' ny mpaminany torolalana?
- Nahoana isika no afaka mino izay lazain' ny mpaminany amintsika?

**Manampy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mankatò ny torolalana omeny ny mpaminany isika**

Nandidy antsika ny Raintsika any an-danitra mba hankatoavantsika ny mpaminany rehefa miteny eo amin' ny toerany ny mpaminany. Rehefa mankatò ny torolalan' ny Raintsika any an-danitra nomeny ny mpaminany isika, dia mianatra misimisy kokoa mba ho ohatran' ny Raintsika any an-danitra. Mianatra ireo zavatra tokony hataontsika isika. Afaka mianatra mamaha ny olana mianjady amintsika isika. Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra ary hanana fahatoniana ao am-pontsika isika.

***Fanadihadiana***

- Nahoana isika no tokony hihaino ny zavatra izay lazain' ny mpaminany amintsika?
- Ahoana no hanampian' ny Raintsika any an-danitra antsika rehefa manao ny zavatra nanoroany lalana ny mpaminany ho lazainy antsika isika?

***Fanovozan-kevitra***

*Ny mpaminany dia olona miteny eo amin' ny toeran'ny Raintsika any an-danitra:*

- Nomery 12:6; Lioka 1:70 (Miteny amin' ny alalan' ny mpaminany ny Raintsika any an-danitra).
- Jeremia 1:5,7 (Lazain' ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany izay tokony holazainy).

*Maniraka mpaminany mandrakariva ny Raintsika any an-danitra hanampy antsika*

- Amosa 3:7 (Miteny amin' ny alalan' ny mpaminany mandrakariva ny Raintsika any an-danitra).
- Hebreo 1:1 (Niresaka tamin' ny olona tamin' ny alalan' ny mpaminany ny Raintsika any an-danitra taloha).

*Misy mpaminany etỳ an-tany amin' izao fotoana izao*

- 2 Nefia 3:7-24 (Nampanantena antsika ny Raintsika any an-danitra fa hifidy mpaminany amin' ny andro farany).

*Manampy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mankatò ny torolalana omeny ny mpaminany isika*

- Deotoronomia 18:18-19 (Ireo izay tsy mihaino ny mpaminany dia mbola ho tsaraina amin' izay nampianarin' ny mpaminany).
- 3 Nefia 28:34 (Tsy avelan' ny Raintsika any an-danitra hiara-hiaina aminy indray ireo izay mandà ny tenin' ny mpaminany).



# NY SORATRA MASINA

*Toko 10*

---

*Nanome antsika boky marina efatra ny Raintsika any an-danitra hanampy antsika. Fantatrao ve ny anaran' ireo boky ireo?*

**Nasehon' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavany antsika amin' ny fanomezany antsika ny soratra masina**

Nilaza tamin' ny mpaminany ny Raintsika any an-danitra mba hanoratra ireo zavatra tiany ho fantantsika. Ireny soratra ireny no antsoina hoe soratra masina. Tena masina izy ireny satria ny zavatra ao anatiny dia avy any amin' ny Raintsika any an-danitra. Lehibe kokoa ary manan-danja kokoa noho ny zavatra hafa izay azon' ny olona soratana tsy miaraka amin' ny fanampian' ny Raintsika any an-danitra izy ireny.

Nanome antsika ireny soratra ireny ny Raintsika any an-danitra mba hanampy antsika. Ny famakiana ireny no hahafahantsika mianatra ny momba ny drafitra lehiben' ny Raintsika any an-danitra izay natao ho antsika. Afaka mianatra ny momba ny fiainantsika niaraka taminy talohan' ny nahaterahantsika isika. Afaka mianatra ny momba an' i Jesoa Kristy isika. Afaka mianatra ny zavatra tsy maintsy atao mba hahasambatra antsika ka hahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra isika.

Ireny soratra ireny no manampy antsika hianatra fa tia antsika ny Raintsika any an-danitra ary maniry ny hanaovantsika ny zavatra tsara. Mitantara amintsika momba ireo olona hafa izay nianatra ny momba ny Raintsika any an-danitra. Milaza amintsika izy ireo fa tia ny olon-drehetra Izy. Vakiantsika ao amin' ireny soratra masina ireny fa rehefa nifidy ny hankatò ny Raintsika any an-danitra ny olona dia sambatra ary hampia-

ny. Rehefa tsy mankatò Azy izy ireo, dia sady tsy sambatra no tsy maha-  
zo ny fanampiany.

**Fanadihadiana**

- Inona no atao hoe soratra masina?
- Inona no azontsika ianarana avy ao amin' ny soratra masina?

**Manana bokin' ny soratra masina anankiefatra isika**

Ny Baiboly, ny bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana ary ny Voahangy lafo vidy no bokin' ny soratra masina anankiefatra. Samy mirakitra ny tenin' ny Raintsika any an-danitra sy ny an' i Jesoa Kristy avokoa ireo. Samy mampianatra ny fampianarana marin' ny Raintsika any an-danitra sy ny an' i Jesoa Kristy avokoa ireo.

*Baiboly*

Mirakitra ny tenin' ny Raintsika any an-danitra izay nomena ny olona nanomboka teo amin' i Adama ka hatramin' ny fotoana niainan' ny Apôstôlin' i Jesoa ny Baiboly. Ireny teny ireny dia natao hianarantsika sy harahantsika amin' izao fotoana izao. Misy fizarana roa ao amin' ny Baiboly. Ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao izany.

Manomboka amin' ny tantara milaza ny fomba naharian' ny Raintsika any an-danitra ny tany sy ny nandefasany ny lehilahy sy ny vehivavy voalohany tetỳ an-tany ny Testamenta Taloha. Mirakitra ireo tantaran' ny mpaminany marobe toa an' i Noa, i Abrahama, i Isiraely, i Mosesy ary i Elia ny Testamenta Taloha. Ireo tantara ireo dia milaza ny fomba nanampian' ny Raintsika any an-danitra ny olona rehefa manao ny tsara izy ireo. Manazava koa ireo fa nanao ny tsara izy ireo. Manazava koa ireo fa rehefa sady tsy mihaino ny mpaminany ny olona no tsy mankatò ny fampianaran' ny Raintsika any an-danitra, dia tsy ho afaka hahazo ny fanampiany.

Ampahany faharoan' ny Baiboly ny Testamenta Vaovao. Milaza ny tantaran' ny fahaterahana sy ny fiainan' i Jesoa tetỳ an-tany izany. Mirakitra ny sasany amin' ireo fampianarana mahafinaritra nataon' i Jesoa sy tantara maro momba ny fitiavany ny olona ary ny fomba nanampiany ireny. Hazavainy ao ny fomba niantsoany ny Apôstôly tamin' ireo mpanaraka Azy sy ny fomba nampianarany ireo Apôstôly ka nanomezany Azy ireo ny fahefana hanao ny asany. Fantatr' ireo mpanaraka Azy fa Izy no Tompo. Ny mpanoratra taty aoriana dia niantso Azy ho Jesoa Kristy Tompo.

Milaza ny fomba nijaliana sy ny nahafatesan' i Jesoa ho an' ny olona rehe-  
tra ny Testamenta Vaovao. Mifarana amin' ny tantaran' ny fomba nam-  
pianaran' ny Apôstôliny ny olony mikasika Azy, ireo zavatra hitranga aloh-  
han' ny hahatongavan' i Jesoa indray, ary ny fiafaran' izao tontolo izao ny  
Testamenta Vaovao.

Tsy nanaiky ny Apôstôly ny olona fa nihomehy azy ireo, nanenjika azy  
ireo, ary namono azy ireo. Rehefa tapitra maty avokoa ny Apôstôly sy ny  
mpaminany rehetra dia tsy nisy nanoratra ny tenin' ny Raintsika any an-  
danitra.

Mirakitra ny tenin' ny Raintsika any an-danitra ny Baiboly raha marina ny  
fandikana azy.

*Ny Bokin' i Môrmôna*

Mirakitra ny fampianaran' ny Raintsika any an-danitra ho an' ny olona ni-  
aina tany amin' ny Kaontinanta Amerikana ny Bokin' i Môrmôna. Ny ampa-  
han' izany rakitsoratra izany dia nosoratana 2000 taona talohan' ny nahate-  
rahan' i Jesoa Kristy. Misy ampahany nanomboka tokony ho 600 taona talo-  
han' i Jesoa Kristy ary niafara 400 taona taorian' ny nahaterahany. Mirakitra  
fampianarana lehibe nataon' ny Raintsika any an-danitra ity boky ity. Ny  
Bokin' i Môrmôna dia nosoratana mba hanampiana ny olona aloha sy haha-  
fantarana ankehitriny fa i Jesoa no Mpamonjy izao tontolo izao.

Ny ankamaroan' ny Bokin' i Môrmôna dia milaza ny momba ny antokon'  
olona izay nanao dia lavitra avy any Jerosalema nankany amin' ny  
Kaontinanta Amerikana. 600 taona talohan' ny nahaterahan' i Jesoa Kristy no  
nanaovany izany dia lavitra izany. Notarihan' ny mpaminany atao hoe Leahia  
sy ny zanany Nefia izy ireo tamin' izany. Roa tamin' ireo rahalahan' i Nefia  
no ratsy fanahy ka tsy nankatò ny rainy. Lamàna sy Lemoela no anarany.

Rehefa maty i Leahia dia nizara roa ny fianakaviany. Ireo izay nanaraka an'  
i Nefia no natao hoe Nefita. Ireo izay nanaraka an' i Lamana no atao hoe  
Lamanita. Ireo sokajy kely roa ireo no nitombo ka nanjary firenena lehibe.  
Niady tamin' ny ady maro ny Nefita sy ny Lamanita. Notahian' ny  
Raintsika any an-danitra sy narovany ireo olona izay nankatò ny didiny.

Nifidy mpaminany maro hampianatra sy hitarika ny olona tao Amerika  
ny Raintsika any an-danitra. Ny tantaran' izy ireo sy ny fampianaran' izy  
ireo dia hita ao amin' ny Bokin' i Môrmôna. Anisan' ireo mpaminany lehi-

be ao amin' ity boky ity i Nefia, i Jakôba, i Benjamina, i Almà, i Môrmôna, ary i Môrônia. Ireo lehilahy rehetra ireo dia nanoratra ny tantaran' ny vahoakan' ny Raintsika any an-danitra tany Amerika. Nalain' i Môrmôna ireo rakitsoratra nosoratan' ireo mpaminany ireo ka nakambany ho boky iray.

Nilaza tamin' ny olona ny mpaminany fa ho avy hitsidika ny taniny i Jesoa rehefa nahavita ny asany tany Jerosalema. Niseho tamin' ny olona tsara tao Amerika i Jesoa. Nampianatra azy ireo ny filazantsarany sy ireo zavatra tsy maintsy ataony mba hiverenan' izy ireo any amin' ny Raintsika any an-danitra aorian' ny fahafatesan' izy ireo Izy.

Nino an' i Jesoa ary nankatò Azy nandritra ny taona maro ny olona. Tsara izy ireo ary niaina tamim-pahatoniana. Rehefa izany dia nanomboka nanadino ny momba an' i Jesoa izy ireo. Nitsahatra tsy nihaino ny mpaminany izy ireo. Zava-dratsy ihany no nataon' izy ireo.

I Môrmôna izay mpaminany farany ao amin' ny boky no nanome ny tantaran' ny vahoakany, ny Nefita, ho an' i Môrônia zanany lahy. Rehefa voavono avokoa ireo olona rehetra ireo tamin' ny ady tamin' ny Lamanita dia nalevin' i Môrônia tao amin' ny havoana ny tantara izay nosoratan' ny mpaminany ho an' ny olona.

Nilevina tao amin' io havoana io nandritra ny zato taona ny tantara. Tamin' ny taona 1820 dia nifidy an' i Joseph Smith ny Raintsika any an-danitra mba ho mpaminaniny ary nandefa an' i Môrônia, izay olona nitsangana tamin' ny maty , mba hampiseho amin' i Joseph ny toerana nandevenana ilay tantara. Nadikan' i Joseph tamin' ny teny Anglisy ny tantara. Fantatra ankehitriny amin' ny hoe Bokin' i Môrmôna izany tantara izany.

Nosoratana ny Bokin' i Môrmôna mba hanehoana fa ny Raintsika any an-danitra dia sady mahafantatra no tia ny olony na aiza na aiza no misy azy eto an-tany. Mampianatra ny Bokin' i Môrmôna fa i Jesoa no Mpamonjy ny olona rehetra eto an-tany ary Izy no zanaky ny Raintsika any an-danitra.

*Ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana*

Mirakitra ny tenin' ny Raintsika any an-danitra ho an' ny olona amin' izao andro izao ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana. Mirakitra ireo torolalana hananganana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ity boky ity. Manazava ny adidin' ny mpikambana sy ny mpitarika izany. Mirakitra ny fampianara-

na ho an' ny vahoakan' izao tontolo izao izay very nandritra ny fotoana maro. Manazava ny fampianarana sasany avy ao amin' ny Baiboly izany.

Manana hafatra ho antsika velona amin' izao fotoana izao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Mampitandrina antsika izany amin' ny zavatra mety hitranga raha tsy mankatò ny Raintsika any an-danitra isika. Milaza koa ny zavatra mahafinaritra nomanin' ny Ray any an-danitra ho antsika izany raha mankatò Azy isika.

*Ny Voahangy lafo vidy*

Mirakitra ny bokin' i Mosesy, ny bokin' i Abrahama ary ny tantaran' i Joseph Smith ny Voahangy lafo vidy.

Mirakitra ny fahitana nomen' ny Raintsika any an-danitra an' i Mosesy ny Bokin' i Mosesy. Manazava ny nahariana ny tany izany. Mirakitra ny fampianarana very tamin' ny Baiboly izany.

Ny bokin' i Abrahama dia milaza ny fahariana ny tany sy ny momba ny Raintsika any an-danitra ary ny fahefany.

Ny tantaran' i Joseph Smith dia milaza ny fomba niantsoan' ny Raintsika any an-danitra azy ho mpaminany. Voarakitra ao koa ny fandikany ny sasantsasany amin' ny Baiboly ary ireo fehezanteny manazava ny finoan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany. Ireo fehezanteny ireo no antsoina hoe fanekem-pinoana.

Ny mpaminanin' Andriamanitra izay velona amin' izao fotoana izao koa dia manoratra ny zavatra izay lazain' ny Raintsika any an-danitra Azy. Nampahafantaran' ny Raintsika any an-danitra ny zava-dehibe maro ny mpaminany taloha ary mbola manohy mampahafantatra zava-dehibe maro amin' ny mpaminaniny koa Izy ankehitriny.

***Fanadihadiana***

- Inona avy ireo bokin' ny soratra masina anankiefatra hananantsika ankehitriny?
- Nahoana no zava-dehibe amintsika ireo boky tsirairay ireo?

**Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra raha mianatra ny soratra masina isika**

Ao amin' ny soratra masina dia mampianatra antsika ny drafiny hahafahantsika miverina any aminy ny Raintsika any an-danitra. Amin' ny fia-

narana ny soratra masina no hahafahantsika mianatra ny zavatra izay tiany ho fantantsika sy hataontsika. Raha tsy mianatra ny soratra masina isika, dia tsy ho fantantsika izay ao anatin' izy ireny. Tsy ho fantantsika izay tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika.

Mila mianatra ny soratra masina isan' andro isika. Tokony hamaky teny avy ao amin' ny soratra masina koa isika ho an' ny fianakaviansika . Tokony hanampy ny fianakaviansika hahatakatra ny hevitra ny soratra masina isika. Tokony hampianarintsika ny zanatsika fa boky masina avy amin' ny Raintsika any an-danitra ireny. Tokony hampiansika izy ireo hahalala izay ao anatin' ireny boky ireny ary ho velom-pisaorana noho izany.

### **Fanadihadiana**

- Ahoana no fomba hanampian' ny Raintsika any an-danitra antsika rehefa mamaky ny soratra masina?

### **Fanovozan-kevitra**

*Nasehon' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavany antsika amin' ny fanomezana ny antsika ny soratra masina*

- 2 Timoty 3:16–17 (Nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny soratra masina mba hanampy antsika).
- 2 Nefia 29:3–13 (Nomen' ny Raintsika any an-danitra izay rehetra mankatò Azy ny soratra masina).
- 2 Nefia 33:10 (Manome antsika ny tenin' i Jesoa Kristy ny soratra masina).

*Manana bokin' ny soratra masina anankiefatra isika*

- 2 Nefia 3:12; 2 Nefia 29 (Mandidy mpaminany maro ny Raintsika any an-danitra mba hanoratra ny soratra masina).
- Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:9 (Mirakitra ny filazantsara nampianarin' i Jesoa ny bokin' i Môrmôna).


*Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra raha mianatra ny soratra masina isika*

- Jaona 5:39 (Ianaro ny soratra masina. Hanampy anareo hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra izany).
- Môrmôna 7 (Mampianatra antsika ny zavatra izay tokony ho fantantsika ny soratra masina).
- Môrônia 10:3–5 (Hampahafantatra antsika ny fahamarinan' ny soratra masina ny Fanahy Masina).



# JESOA KRISTY MPAMONJY ANTSIKA

*Fizarana fahefatra*







*Jesoa Kristy, Mpamonjy, teraka tao an-tranon' omby.*

# NY FIAINAN' I JESOA KRISTY

*Toko 11*

---

*Jesoa Kristy no hany olona afaka mitarika antsika hivoerina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Inona no fantatrao momba Azy?*

## **Maro ireo olona niandry tamim-paniriana fatratra ny fahatongavan' i Jesoa Kristy**

Nanolo-tena ho Mpamonjy antsika i Jesoa. Nambarany fa ho avy etỳ antany Izy haneho amintsika ny fomba iverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra. Ireo olona maro niaina talohan' ny nahaterahan' i Jesoa dia nino fa ho Mpamonjy azy ireo Izy. Niandrandra ny fahatongavany izy ireo. Fantany fa afaka hamonjy azy ireo amin' ny sazy hihatra aminy mandrakizay noho ny fahotany Izy.

Ireo mpaminany rehetra niaina talohan' ny nahaterahan' i Jesoa dia nilaza tamin' ny olona fa ho avy Izy. Nandefa anjely ny Raintsika any an-danitra hilaza amin' i Adama fa ho avy etỳ antany i Jesoa.

Taona maro talohan' ny nahaterahan' i Jesoa no nahitan' ilay mpaminany atao hoe Isaia tamin' ny fahitana fa hijaly i Jesoa mba ho vidin' ny otantsika. Nilaza i Isaia fa ho halan' ny olona sy ho lavin' ny olona i Jesoa, ary hahatsiaro alahelo lehibe Izy.

I Nefia, ilay mpaminany izay vakiantsika ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny momba azy, dia nahita ireo zavatra nataon' i Jesoa. Nahita izany zavatra izany taona maro talohan' ny nahaterahan' i Jesoa i Nefia. Hitany i Jesoa zazakely notrontroin-dreniny. Anjely no nilaza tamin' i Nefia fa zanaky ny Raintsika any an-danitra ilay zaza.



*Na dia mbola ankizy i Jesoa dia efa nampianatra ny olon-kendry tao amin' ny tempoly*

Nataon' i Carl Bloch ny tena izy. Sary tao amin' ny Chapel of Frederiksborg Castle, Denmark.  
Nampiasaina rehefa nahazoana lalana tamin' ny Frederiksborgmuseum.

Vakiantsika ao amin' ny Bokin' i Môrmôna ny mikasika ny mpaminany atao hoe Benjamina. Nilaza tamin' ny olona izy fa ho avy tsy ho ela etỳ an-tany i Jesoa. Nolazain' i Benjamina taminy fa hanasitrana ny marary i Jesoa, hampandeha ny mandringa, hampahiratra ny jamba, hampalady ny marenina. Handroaka ny fanahy ratsy koa Izy ary hanangana ny maty. Nolazain' i Benjamina fa hampianatra ny olona ho tia ny Raintsika any an-danitra sy hifankatia i Jesoa.

Ireo mpaminany rehetra niaina taorian' ny nahaterahan' i Jesoa dia nilaza avokoa fa ho avy Izy. Raha tsy misy i Jesoa Kristy, dia ho nandamoka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra.

### *Fanadihadiana*

- Nahoana i Jesoa no nanolo-tena ho avy etỳ an-tany?
- Iza avy ireo mpaminany sasantsasany nijoro ho vavolombelona fa ho avy Izy?

### **Nitondra fifaliam-be ho an' izao tontolo izao ny fahaterahan' i Jesoa**

Tao amin' ilay tanàna kely atao hoe Betlehema no teraka i Jesoa. Nihira ny anjely tamin' ny naterahany, satria faly loatra izy ireo. Nisy kintana vao-vao niseho teny amin' ny lanitra. Nandeha nijery sy nitsaoka Azy ny mpiandry ondry sy ny olon-kendry. Maro ny olona manerana ny tany no mbola mankalaza ny nahaterahany.

Miavaka amin' ny zaza vao teraka rehetra i Jesoa. Ny Raintsika any an-danitra no Rain' i Jesoa. Tsy Rain' i Jesoa ara-panahy fotsiny ihany ny Raintsika any an-danitra fa Rain' ny vatany nofo sy taolana ihany koa. Nahazo ny fahefana izay tsy hananan' olon-kafa avy amin' ny Rainy i Jesoa. Tsy misy afaka mamongotra ny ainy raha tsy efa nomeny alalana hanao izany. Taorian' ny nahafatesany, dia nanana fahefana namelona indray ny vatany Izy.

Maria no renin' i Jesoa. Vehivavy madio izay niaina 2000 taona lasa tany amin' ny tany nantsoina hoe Israely. Fony izy mbola tanora virijiny, mbola tsy nanambady, dia nisy anjelin' ny Ray any an-danitra tonga tao aminy. Nilaza taminy ny anjely fa ny Raintsika any an-danitra no Rain' i Jesoa. Tsy misy olona mety ho Rainy tetỳ ambonin' ny tany.

Tonga tao amin' ilay lehilahy ho vadin' i Maria koa ny anjely. Nantsoina hoe Josefa izany lehilahy izany. Nilaza tamin' i Josefa ilay anjely fa ny zaza

izay ho teraka dia zanaky ny Raintsika any an-danitra fa tsy zanak' olonkafa etỳ an-tany. Nilaza taminy koa ilay anjely fa tokony hanambady an' i Maria izy. Koa dia nivady i Josefa sy i Maria. Rehefa teraka i Jesoa dia nikarakara Azy toy ny zanaka naterany i Josefa.

Satria olona mety maty ny reniny, dia mety hahatsiaro noana, mangetaheta ary marary sy mety maty i Jesoa.

### *Fanadihadiana*

- Ahoana no ahafantarantsika fa vanim-potoana lehibe ny nahaterahan' i Jesoa.
- Inona no fahefana azon' i Jesoa avy amin' ny Rainy?
- Inona no zavatra mety ho tsapan' i Jesoa, noho Izy nanana reny aranofo?

### **Tonga hampianatra antsika ny filazantsarany i Jesoa**

#### *Tsy nanota i Jesoa*

Tsy nanota i Jesoa. Nataony ny zava-drehetra tian' ny Raintsika any an-danitra hampanaovina Azy. Nitombo sahala amin' ny ankizy rehetra i Jesoa. Rehefa nitombo Izy dia nahazo fahendrena. Nahazo ny fahefan' ny Raintsika any an-danitra Izy.

Tamin' ny faharoa ambin' ny folo taonany, dia fantany fa halefa hanao ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hampanaovina Azy Izy. Fantany fa nanana anjara asa lehibe hatao etỳ an-tany Izy.

Indray andro, niaraka tamin' i Josefa sy i Maria tany Jerosalema Izy. Rehefa niverina tany an-trano i Josefa sy i Maria dia nahatsikaritra fa tsy niaraka tamin' izy ireo i Jesoa. Niverina tany Jerosalema izy ireo mba hitady Azy. Hitany tao amin' ny tempoly Izy, telo andro tatỳ aoriana, niresaka sy namaly ny fanontanian' ireo olon-kendry. Izay rehetra nihaino Azy dia talanjona fa mahalala zavatra maro Izy ary voavaliny avokoa ny fanontanian' izy ireo. Faly i Josefa sy i Maria nahita Azy saingy tsy faly izy ireo noho ny tsy niarahany tamin' izy ireo. Nilaza taminy i Jesoa fa tsy maintsy manao ny asan' ny Rainy any an-danitra Izy.

#### *Natao batisa i Jesoa*

Rehefa feno telopolo taona i Jesoa, dia nankany amin' i Jaona mpanao batisa Izy. Nihevitra i Jaona fa tsy tokony hanao batisa an' i Jesoa izy, satria

tsy mbola nanota mihitsy i Jesoa. Kanefa nasain' i Jesoa nataon' i Jaona batisa Izy. Naniry ny hankatò ny didy rehetra an' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa. Nataon' i Jaona batisa i Jesoa, nasitriny manontolo tao anaty rano Izy, ary avy eo dia natsangany avy ao indray. Tamin' ny fotoana nanaovana batisa an' i Jesoa, dia niteny avy any an-danitra ny Raintsika any an-danitra ka nilaza fa i Jesoa no Zanany ary Izy, ilay Raintsika any an-danitra, dia faly aminy tokoa. Tonga teo amin' i Jesoa koa ny Fanahy Masina tamin' ny nanaovana Azy batisa.

*Naka fanahy an' i Jesoa i Satana*

Rehefa vita batisa i Jesoa dia nankany an-tany foana Izy mba hitokana sy hifady hanina ary hivavaka. Rehefa avy nifady hanina nandritra ny efa-polo andro i Jesoa dia tonga naka fanahy Azy i Satana. Fantatr' i Satana fa raha vitany ny mampanota an' i Jesoa indray mandeha, dia tsy ho tantarak' i Jesoa ny zavatra nanirahana Azy hataony. Amin' izany dia handamoaka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra.

Resin' i Jesoa avokoa ny fakam-panahy nataon' i Satana taminy. Farany dia nasainy nandeha i Satana. Rehefa lasa i Satana, dia tonga namangy an' i Jesoa ny anjely.

*Nampianatra antsika ho tia ny Raintsika any an-danitra sy hifankatia i Jesoa*

Rehefa avy nahatohitra an' i Satana Izy dia nanomboka nampianatra ny olona. Anisan' ny antony nahatongavany tetỳ an-tany ny hampianatra antsika ny fomba tokony hiainantsika.

Nampianatra i Jesoa fa tokony ho tiantsika amin' ny fontsika, amin' ny saintsika ary amin' ny herintsika manontolo ny Raintsika any an-danitra. Nampianatra koa Izy fa tokony ho tiantsika tahaka ny tenantsika ny hafa. Tokony hamela ny heloky ny hafa sy hanampy azy isika. Nasehon' i Jesoa antsika ny fomba anatanterahana izany rehetra izany. Nasehony tamin' ny fanaovana ny zavatra rehetra tian' ny Raintsika any an-danitra hataony ny fitiavany ny Raintsika any an-danitra.

*Tia ny olona rehetra i Jesoa*

Nanana fitiavana ho an' ny olona rehetra i Jesoa. Nanasitrana ny marary Izy. Nampahiratra ny jamba Izy ary nampandeha ny malemy. Nitrotro ny ankizy madinika Izy ary nitso-drano.

Nampiseho fitiavana ireo izay nanota i Jesoa. Nampianatra azy ireo Izy mba hanenina ny amin' ny otany ka tsy hanota intsony. Tian' i Jesoa na dia ireo izay namono Azy aza. Nivavaka tamin' ny Raintsika any an-danitra ho azy ireo Izy. Nampianatra i Jesoa fa tokony hifankatia isika tahaka ny itiavany antsika.

### *Fanadihadiana*

- Inona ireo zavatra azontsika atao hanehoana amin' ny Raintsika any an-danitra fa tia Azy isika?
- Inona ireo zavatra azontsika atao amin' ny hafa hanehoana aminy fa tia azy isika?

### *Nanorina fiangonana i Jesoa*

Tian' i Jesoa ho fantatry ny olona rehetra ny lâlana hiverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra. Ny lâlany no antsoina hoe ny filazantsara. Nanorina fiangonana i Jesoa mba hahafahan' ny olona rehetra mianatra ny filazantsara.

Nifidy lehilahy roa ambin' ny folo izay antsoina hoe apôstôly i Jesoa mba hitarika ny fiangonana. Hampianatra ny olona ny filazantsara izy ireo aorian' ny hiverenan' i Jesoa any an-danitra. Nomen' i Jesoa ny apôstôly roa ambin' ny folo ny fahefana hisoloany tena Azy. Afaka mampianatra ny filazantsara sy manao batisa ny olona rehetra izy ireo. Afaka mifidy olonkafa izy ireo hampianatra ny filazantsara sy hanao ny zavatra rehetra tiany hatao.

### *Fanadihadiana*

- Nahoana i Jesoa no nifidy ny apôstôly roa ambin' ny folo?

### **Rehefa mianatra ny momba an' i Jesoa isika dia hahatakatra fa olona manan-kaja tokoa Izy**

Nanampy ny tsirairay avy amintsika i Jesoa amin' ny fanehoana amintsika ny fomba fiaina. Rehefa mianatra ny ho tahaka Azy isika dia mianatra hanao ny zavatra izay maha sambatra antsika. Azontsika atao koa ny mianatra ireo zavatra izay hanampy antsika hiverina any an-danitra hiarahiaina amin' ny Raintsika any an-danitra.

Rehefa fantatsika fa tia antsika i Jesoa, dia hahatsiaro ho sambatra isika. Mahatsiaro voaro sy tsy matahotra isika. Fantatsika fa azontsika ianteherana ho mpitondra antsika Izy. Fantatsika fa mahatakatra ny olona mian-

jady amintsika Izy. Manampy antsika hahatohitra ny olana mianjady amintsika ny fampianarany. Rehefa azontsika ny zavatra rehetra nataon' i Jesoa ho antsika, dia hitombo ny fitiavantsika Azy. Ny fitiavantsika Azy no mahatonga antsika haniry ny hankatò Azy. Manantena ny fotoana aha-fahantsika hiara-hitoetra aminy isika.

***Fanadihadiana***

- Amin' ny fomba ahoana no anampian' ny fianarana ny momba an' i Jesoa antsika?
- Inona no tsapanao rehefa mianatra ny filazantsaran' i Jesoa?

***Fanovozan-kevitra***

*Maro ireo olona niandry tamim-paniriana fatratra ny fahatongavan' i Jesoa Kristy*

- Isaia 53:3-7 (Nilaza ny momba an' i Jesoa i Isaia).
- Môziaha 3:5-7 (Nilaza ny zavatra hataon' i Jesoa i Benjamina).

*Nitondra fifaliam-be ho an' izao tontolo izao ny fahaterahan' i Jesoa*

- Lioka 2; 3 Nefia 1 (Ny fahaterahan' i Jesoa).


*Tonga hampianatra antsika ny filazantsarany i Jesoa*

- Matio 3:15-17 (Natao batisa i Jesoa).
- Matio 4:1-11 (Naka fanahy an' i Jesoa i Satana).
- Matio 25:35-46; Jaona 15:12 (Tian' i Jesoa hanampy ny hafa isika).
- Marka 1:34; Matio 14:14 (Nanasitrana ny olona marary i Jesoa)
- Lioka 2:40 (Nitombo tamim-pahendrena i Jesoa na dia tamin' ny fotoana mbola naha zaza Azy aza).
- Lioka 2:46-47 (Nampianatra ireo olon-kendry tao amin' ny tempoly i Jesoa).
- Jaona 8:28-29 (Nanao ireo zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataony i Jesoa).

*Rehefa mianatra ny momba an' i Jesoa isika dia hahatakatra ny maha olona manan-kaja tokoa Azy*

- Matio, Marka, Lioka, Jaona (Ny fiainana sy ny fampianaran' i Jesoa)





*Tao amin' ny sahan' i Getsemane, no nitondran'  
i Jesoa ny otan' ny olombelona rehetra.*

# NY SOROMPANAVO- TANA NATAON' I JESOA KRISTY

*Toko 12*

---


*Nijaly tokoa i Jesoa noho ny fahotantsika. Nahoana Izy no nifidy ny ho faty ho antsika?*

## **Nalefan' ny Raintsika any an-danitra etỳ an-tany i Jesoa mba ho Mpamonjy antsika**

Ilaintsika ny fananana vatana nofo sy taolana mba hahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra, kanefa fantatry ny Raintsika any an-danitra fa ho faty isika ary ho very ny vatantsika, satria tsy nankatò ny Raintsika any an-danitra i Adama sy i Eva. Tamin' ny fihinanana ny voankazo izay nandrarany ny Raintsika any an-danitra azy tsy hohaniny no nahatonga azy ho mety maty, ka noho izany dia mety maty toy izany koa ny olona rehetra teraka taoriany. Fantatry ny Raintsika any an-danitra koa, fa isika rehetra izao dia hanota avokoa rehefa etỳ ambonin' ny tany, ary noho ny otantsika dia tsy ho afaka hiverina hiaina miaraka aminy isika. Mila fanampiana isika mba handoavantsika ny sazy vokatry ny otantsika, ka ho tonga mpankatò isika mba hahafahantsika miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Mila fanampiana isika mba hahazoantsika indray ny vatantsika nofo sy taolana aorian' ny fahafatesana. Efa nilaza i Jesoa fa hanampy antsika. Ho Mpamonjy antsika Izy.

Mila olona tsy nanota isika handoa ny vidin' ny otantsika. I Jesoa irery no hany afaka manao izany. Tsy nanota Izy. Manana fahefana mihoatra ny fahafatesana Izy, ka afaka manampy antsika mba hananantsika ny vatantsika indray aorian' ny fahafatesana. Tia antsika fatratra Izy. Naniry ny hijaly noho ny otantsika Izy mba hahatonga antsika ho velona indray aorian' ny fahafatesana. Mpamonjy antsika Izy.

---



*Maty teo amin' ny hazo fijaliana i Jesoa  
noho ny fahotan' ny olona rehetra.*

### *Fanadihadiana*

- Nahoana no nilain' ny Raintsika any an-danitra ny nandefasana an' i Jesoa tetỳ an-tany?

### **Mampiseho ny halehiben' ny fitiavan' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fijalian' i Jesoa**

Tia antsika tokoa ny Raintsika any an-danitra ka nalefany i Jesoa Zanany ho etỳ an-tany mba hijaly sy ho faty ho antsika. Tia antsika tokoa i Jesoa ka nijaly sy nangirifiry fatratra ary maty ho antsika. Mihoatra noho izay zakany izany, kanefa tiany ny hahafahantsika ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra.

Nankany amin' ilay toerana atao hoe sahan' i Getsemane i Jesoa. Tany Izy no nandohalika nivavaka nangataka fanampiana tamin' ny Raintsika any an-danitra. Nangataka tamin' ny Raintsika any an-danitra Izy mba tsy hijaly raha azo atao. Kanefa nambarany fa izay tian' ny Raintsika any an-danitra hataony dia hataony. Tsy noterena hijaly i Jesoa. Nifidy ny hijaly Izy, satria anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra izany mba hanadiovana antsika amin' ny otantsika.

Nijaly noho ny otan' ny olombelona rehetra i Jesoa tao Getsemane, sahala amin' ny hoe Azy mihitsy ny ota. Be lavitra noho izay mety hahatakarantsika izany ny fahoriany, noho izany ota rehetra izany. Nangovitra mihi-tsy Izy noho ny fanaintainany. Nivoa-dra ny mason-koditra tsirairay tamin' ny vatany.

Taorian' izany dia tonga ireo olona ratsy fanahy ka nitondra Azy teo amin' ny mpanao lalànan' i Jerosalema. Tany no nandrorany sy nikapohany Azy. Nanao satroka tsilo izy ireo ka nasatrony ny lohany. Nihomehy sy naneso Azy izy ireo.

Nasain' ny mpanao lalàna nanombo an' i Jesoa ny miaramila. Nasain' izy ireo nitondra hazo fijaliana mavesatra be Izy hatrany amin' ny toerana hahafatesany. Nahantony teo amin' ny hazo fijaliana Izy ary nofantsihany teo amin' ny tanany sy ny tongony. Teo amin' ny hazo fijaliana no nama-ranany ny fiaretana ny sazy noho ny tsy fankatoavan' i Adama sy noho ny fahotantsika.

Navela hiantona teo Izy nandritra ny ora maro. Na dia nijaly aza Izy ary noesoin' ny olona, dia nangina sady naharitra. Farany dia nilaza tamin' ny

Raintsika any an-danitra Izy fa hohaveriny any aminy ny fanahiny dia maty Izy.

Nanana fahefana hamonjy ny tenany amin' ny fahafatesana i Jesoa. Mety ho afaka nanohy ny fiainany Izy, kanefa nifidy ny ho faty mba hahafahany miaina miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra indray.

Rehefa maty i Jesoa dia nandao ny vatany ny fanahiny. Tamin' ny andro fahatelo taorian' ny nahafatesany, dia niverina tamin' ny vatany ny fanahiny, ary velona indray Izy. Ny fiverenan' ny fanahy ao amin' ny vatana no atao hoe fitsanganana amin' ny maty.

Niseho tamin' ny apôstôly sy tamin' ny olona hafa i Jesoa taorian' ny fitsanganany tamin' ny maty. Nasehony ny apôstôly ny diam-pantsika tamin' ny tănany sy ny tongony. Nitsapa izany izy ireo ka nahalala fa io ilay mpitarika azy, i Jesoa, velona indray. Niresaka tamin' izy ireo Izy ary niara-nihinana tamin' izy ireo.

#### *Fanadihadiana*

- Ahoana no fomba nanehoan' ny Raintsika any an-danitra ny fitiavany antsika?
- Ahoana no fomba nanehoan' i Jesoa ny fitiavany antsika?

#### **Nataon' i Jesoa izay anadiovana antsika amin' ny fahotana**

I Jesoa ihany no afaka mividy ny otantsika. Ny finoana fa velona Izy sy ny fitandremana ny didiny no hanasiantsika dikany ny fangirifiriany. Tokony hanenina noho ny otantsika isika. Tsy tokony hanota intsony isika. Tokony hanaraka ny fampianaran' i Jesoa isika. Rehefa izany dia hamela ny helontsika ny Raintsika any an-danitra.

#### *Fanadihadiana*

- Nahoana no mila an' i Jesoa ianao hanampy anao handresy ny fahotana?
- Inona no tokony hataonao mba hahatonga ny sorompanavotana hahavidy ny fahotanao.

#### **Nataon' i Jesoa izay ahafahantsika rehetra hahazo ny vatantsika indray**

Maty an-tsitrabo i Jesoa ary Izy no nitsangana tamin' ny maty voalohany. Izy ihany no olona manana hery ka afaka nanangana ny tenany tamin' ny maty. Ary nataony koa izay ahatonga antsika ho afaka hitsangana amin' ny maty.

Na dia maty aza isika dia ho velona indray. Rehefa maty isika dia mandao ny vatantsika ny fanahintsika. Kanefa hatramin' izay nandresen' i Jesoa ny fahafatesana izay dia afaka hikambana mandrakizay indray ny vatantsika sy ny fanahintsika. Tsy ho faty intsony isika. Fanomezam-pahasoavana nomen' i Jesoa ho an' ny olona rehetra teraka etỳ an-tany izany.

### **Fanadihadiana**

- Ahoana no nataon' i Jesoa mba hahazoantsika ny vatantsika indray?
- Iza no hitsangana amin' ny maty?

### **Fanovozan-kevitra**

*Nalefan' ny Raintsika any an-danitra etỳ an-tany i Jesoa mba ho Mpamonjy antsika*

- Matio 16:21 (Nilaza tamin' ny apôstôliny i Jesoa fa ho faty ary hitsangana amin' ny maty)
- Almà 34:9-16 (I Jesoa irery no afaka mividy ny otantsika)

*Mampiseho ny halehiben' ny fitiaovan' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa antsika ny fijalian' i Jesoa*

- Lioka 22:39-46 (Ny tantaran' i Jesoa tao amin' ny sahan' i Getsemane).
- Jaona 3:16 (Tiantsika loatra ny Raintsika any an-danitra ka nandefa an' i Jesoa hamonjy antsika).

*Nataon' i Jesoa izay anadiovana antsika amin' ny fahotana*

- Romana 5:12-17 (Mahazo ny fanomezam-pahasoavan' ny fitsanganana amin' ny maty avy amin' ny zavatra nataon' i Jesoa isika).
- 1 Korintianina 15:21-22 (Noho i Adama no nahatonga ny fahafatesana; noho i Jesoa no nahazoana ny fitsanganana amin' ny maty)
- 1 Petera 1:18-20 (Voavonjy avy amin' ny ran' i Jesoa isika).
- 1 Jaona 1-7 (Nataon' i Jesoa izay anadiovana antsika amin' ny fahotana).
- 2 Nefia 9:21-22 (Hamonjy antsika ny fangirifirian' i Jesoa raha mitandrina ny didiny isika).
- Helamana 14:15-18 (Maty ho antsika i Jesoa mba hahafahantsika ho velona indray)
- Môrmôna 9:12-14 (Manampy antsika handresy ny fahafatesana ny fitsanganana amin' ny maty)

*Nataon' i Jesoa izay ahafahantsika rehetra mahazo ny vatantsika indray*

- Jaona 5:28-29 (Hatsangana amin' ny maty avokoa isika rehetra).
- Almà 11:40-45 (Haverina amin' ny laoniny amin' ny endriny tongalafatra ny vatana).

# NY FILAZANTSARAN' I JESOA KRISTY

*Fizarana fahadimy*







*Tsy maintsy manana fahatokiana an' i Jesoa isika mba hivoerenantsika any amin' ny Raintsika any an-danitra.*

# NY FINOANA AN' I JESOA KRISTY

*Toko 13*

---

*Ahoana no fomba inoantsika an' i Jesoa Kristy na dia tsy hitantsika aza Izy?*

## **Afaka mino sy matoky an' i Jesoa Kristy isika**

Ny fahatokiana dia ny finoantsika olona na zavatra iray izay tsy hitantsika, ary miasa mifanaraka amin' izany finoana izany isika. Ohatra: Matoky ny mpamboly fa haniry ny voa raha toa ka amboleny sy karakarainy. Noho izany dia amboleny ny voa ary tondrahany sy karakarainy. Rehefa manao izany izy dia haniry ny zava-maniry ary hanome sakafo ho azy.

Ny fahatokiana an' i Jesoa dia ny finoantsika fa velona Izy ary mankatò Azy isika, na dia tsy hitantsika aza Izy. Ireto no zavatra hinoantsika momba an' i Jesoa raha manana fahatokiana Azy isika:

1. Mino isika fa nifidy an' i Jesoa ny Raintsika any an-danitra hanampy antsika hanaraka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra.
2. Mino isika fa i Jesoa no Mpamonjy antsika.
3. Mino isika fa teraka teto amin' izao tontolo izao Izy amin' ny maha Zanaky ny Raintsika any an-danitra Azy.
4. Mino isika fa tonga teto an-tany Izy mba hampianatra antsika ny fomba iverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra.
5. Mino isika fa tia antsika Izy.
6. Mino isika fa nijaly noho ny otantsika Izy mba hahafahantsika mibebaka ka tsy ho voasazy noho izany.
7. Mino isika fa maty Izy ary nitsangana tamin' ny maty.

8. Mino isika fa marina ny fampianarany.
9. Mino isika fa raha mankatò an' i Jesoa dia ho afaka miverina miaramiaina amin' ny Raintsika any an-danitra.

Zava-dehibe amin' ny fiverenantsika any amin' ny Raintsika any an-danitra ny fananantsika finoana an' i Jesoa Kristy. Raha mino an' i Jesoa isika dia mitoky aminy ary te hianatra ny momba Azy. I Jesoa ihany no hany tokana afaka mitarika antsika miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Ireo izay mino sy mankatò an' i Jesoa ihany no afaka miverina sy miaina miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra.

### *Fanadihadiana*

- Inona no atao hoe finoana?
- Inona no atao hoe finoana an' i Jesoa?
- Inona avy ireo zavatra mikasika an' i Jesoa inoantsika?
- Nahoana no ilaintsika ny fananana finoana an' i Jesoa Kristy?

### **Nanome antsika fomba hampitomboana ny finoantsika Azy i Jesoa**

Nambaran' i Jesoa tamintsika ny fomba ahafahantsika mianatra ny momba Azy ka hinoantsika Azy. Nasainy namaky ny soratra masina isika ary hianatra izay nosoratan' ny mpaminany mikasika Azy. Nasainy nihaino ny mpaminany velona amin' izao fotoana izao isika. Rehefa manao izany zavatra izany isika dia hianatra misimisy kokoa ny momba an' i Jesoa.

Rehefa mianatra ny momba an' i Jesoa isika dia tokony hivavaka. Tokony hangataka amin' ny Raintsika any an-danitra isika hanampy antsika hahatakatra izay vakiantsika sy renesintsika momba an' i Jesoa. Haniraka ny Fanahy Masina ny Raintsika any an-danitra hanampy antsika hahatakatra ny zavatra izay hianarantsika. Ny Fanahy Masina no hanambara amintsika fa i Jesoa no zanaky ny Raintsika any an-danitra, fa Izy no Mpamonjy antsika, ary marina ny fampianarany.

Nilaza ny mpaminany atao hoe Almà fa raha tiantsika ny hahafantatra ny fahamarinan' ny zavatra iray dia tokony handramantsika izany. Nohariny tamin' ny fambolena voa izany. Raha mamboly voa tsara isika ka mikarakara izany dia haniry izany, ary ho fantantsika fa voa tsara izany. Raha tsy maniry kosa ilay voa, dia ho fantantsika fa ratsy ilay izy. Raha tiantsika ho fantatra ny fahamarinan' ny fampianaran' i Jesoa dia tokony hianarantsika sy hankatoavintsika izany.

Tsy ny fitenenana fotsiny fa mino an' i Jesoa isika no atao hoe fahatokiana Azy. Ny fitokiana aminy fatratra ka mahatonga antsika haniry ny hankatò Azy, na inona na inona handidiany antsika hatao, no tena dikan' izany. Ireo izay tena mankatò an' i Jesoa ihany no manana ny finoana Azy. Ary rehefa mankatò Azy isika dia hanjary matanjaka kokoa ny finoantsika Azy. Fatantsika fa avy amin' ny Raintsika any an-danitra ny fampianarany fa tsy avy amin' ny olona.

Raha tsy mankatò an' i Jesoa isika dia hanjary halemy ny finoantsika. Rehefa manao ny zavatra handidiany antsika isika dia afaka hitombo sy hatanjaka ny finoantsika. Hatanjaka hatrany ny finoantsika mandra-pahalalantsika tsara fa velona Izy, sahala amin' ny hoe hitantsika mihitsy Izy.

#### *Fanadihadiana*

- Ahoana no fomba ananantsika finoana an' i Jesoa na dia tsy hitantsika aza Izy?
- Nahoana no tsy maintsy mankatò an' i Jesoa isika mba hananantsika ny finoana Azy?

#### **Afaka mahazo fahalalana sy hery lehibe isika rehefa mino an' i Jesoa**

Ireo mpaminany vakiantsika ao amin' ny soratra masina dia mino fatratra an' i Jesoa. Izany finoana izany no nanome hery azy hanampiany ny vahoakany. Ary satria nino an' i Jesoa izy ireo dia nanana hery hanao ny zavatra izay tsy vitan' ny herin' ny tenany.

Talohan' ny nahaterahan' i Jesoa tetỳ ambonin' ny tany dia nanoro Azy ny Raintsika any an-danitra mba hampanamboatra sambo ilay mpaminany atao hoe Noa, satria hampisy tondra-drano lehibe ny Raintsika any an-danitra raha ohatra ka tsy mibebaka ny olona ratsy fanahy tamin' ny andron' i Noa. Tsy nibebaka ny olona. Nino an' i Jesoa i Noa ka nanamboatra sambo. Rehefa tonga ny tondra-drano dia maty avokoa ireo olona tsy nibebaka; fa i Noa sy ny fianakaviany kosa voaro tao anaty sambo, satria nino an' i Jesoa izy ireo ary nanao izay nolazainy.

Mosesy dia mpaminany izay nitondra ny vahoaka ho afaka amin' ny fanandevozana. Nandefa an' i Jesoa hanampy an' i Mosesy ny Raintsika any an-danitra, satria nino an' i Jesoa i Mosesy ary nanao izay zavatra nasain' i Jesoa nataony.

Tamin' ny fotoana niainan' i Jesoa tetỳ an-tany, dia nisy vehivavy nanam-pinoana Azy fatratra. Narary nandritra ny fotoana ela izy io, nino anefa izy fa raha mahakasika ny akanjon' i Jesoa fotsiny dia ho sitrana. Nataony izay hahatafidirany tao anatin' ny vahoaka nanaraka an' i Jesoa ary noka-sihany ny akanjony. Sitrana teo no ho eo ihany izy. Nilaza i Jesoa fa ny finoany no nahavonjy azy.

Nanam-pinoana an' i Jesoa Kristy ny mpaminany Joseph Smith. Novakiany tao amin' ny Baiboly fa mamaly ny vavaka ataontsika ny Raintsika any an-danitra, raha mino isika fa hanao izany Izy. Niseho tamin' i Joseph ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa. Nasain' ny Raintsika any an-danitra nihaino sy nankatò izay lazain' i Jesoa aminy i Joseph. Nankatò an' i Jesoa i Joseph ka dia afaka nahazo ny Bokin' i Môrmôna ary nanampy tamin' ny famerenana amin' ny laoniny ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Hanampy antsika koa i Jesoa raha manam-pinoana Azy isika. Hanampy antsika amin' ny olana mianjady amintsika Izy. Hanampy antsika Izy rehefa kivy isika. Hanampy antsika handresy ny ota Izy. Ho afaka hanampy ny fianakaviansika sy ny olon-kafa isika.

Rehefa manam-pinoana an' i Jesoa isika dia manomboka manaraka ny drafitry ny Raintsika any an-danitra. Manomboka miaina sy manao ny zavatra izay hitondra antsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra isika. Raha mitozo amin' izany isika dia ho afaka hiara-hiaina Aminy mandrakizay indray andro any.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no karazana fahalalana sy hery hananantsika rehefa manam-pinoana isika?

### ***Fanovozan-kevitra***

*Afaka mino sy matoky an' i Jesoa Kristy isika*

- Jaona 14:6 (Jesoa irery no afaka mampiseho antsika ny fomba iverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra).
- Asan' ny apôstôly 4:12; 2 Nefia 2:9; 9:23; Môziaha 3:12 (Ireo izay nanam-pinoana an' i Jesoa ihany no azo vonjena amin' ny fahotany).

- Hebreo 11:1; Almà 32:21 (Ny finoana no fahatokiana ny amin' ny zavatra tsy hita).
- Hebreo 11:6 (Tsy afaka manompo ny Raintsika any an-danitra isika raha tsy manana finoana).
- Môziaha 4:10-11 (Tokony hanana finoana an' i Jesoa isika).

*Nanome antsika fomba hampitomboana ny finoantsika Azy i Jesoa*

- Jaona 5:39 (Vavolombelona manambara an' i Jesoa ny soratra masina, ka tokony hianarantsika).
- Jaona 7:16-17 (Raha manao ny zavatra nasain' i Jesoa hataontsika isika dia ho fantantsika fa marina ny fampianarany).
- 1 Korintianina 12:3 (Manampy antsika hanana finoana an' i Jesoa ny Fanahy Masina).
- Jakôba 2:17 (Asehontsika ny finoantsika an' i Jesoa amin' ny fanaovantsika izay zavatra ampanaoviny antsika).
- Almà 32:27-39 (Raha miezaka hankatò an' i Jesoa isika dia ho fantantsika fa tsara ny fampianarany).

*Afaka mahazo fahalalana sy hery lehibe isika rehefa mino an' i Jesoa*

- Lioka 8:43-48 (Nositrarin' i Jesoa ilay vehivavy noho ny finoany Azy).
- Hebreo 11 (Nanampy olona maro i Jesoa noho ny finoan' izy ireo).

# NY FIBEBAHANA

Toko 14

---

*Mampahory antsika ny fanaovana zava-dratsy. Ahoana no ahatonga antsika ho sambatra indray, rehefa avy nanao zavatra ratsy isika?*

## **Nanomana fomba ahafahantsika mandresy ny ota ny Raintsika any an-danitra**

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa mety hanao zavatra ratsy daholo isika rehetra etỳ an-tany. Ota izany zavatra ratsy ataontsika izany. Manota isika rehefa manao ny zavatra nandrarant' Andriamanitra tsy hataontsika. Manota koa isika rehefa tsy manao ny zavatra nasaint' Andriamanitra hataontsika.

Tsy nanota ny Raintsika any an-danitra ary tsy mamela ny olona izay manota hiara-hitoetra aminy. Mba hiarahantsika mitoetra aminy dia tsy maintsy mibebaka amin' ny otantsika isika. Ny manenina amin' ny otantsika ka mitsahatra tsy manao izany intsony no atao hoe mibebaka.

Tia antsika ny Raintsika any an-danitra. Tsy tiany raha ny otantsika no hisakana antsika tsy hiverina any aminy. Noho izany dia nanomana fomba hanampiana antsika Izy.

Nandefa an' i Jesoa hanampy antsika hibe-baka amin' ny fahotantsika ny Raintsika any an-danitra. Ampianarin' i Jesoa antsika ny zavatra tokony hatao mba hifadiantsika ny ota. Manome hery antsika koa Izy hanaovana izany zavatra izany. Raha mino Azy isika ka manaraka Azy, dia manova ny fantsika Izy ka tsy te hanota akory isika, fa ny tsara ihany no tiantsika hatao. Raha tsy te hijaly noho ny otantsika isika dia tokony hino an' i Jesoa. Ireo izay tena mino an' i Jesoa dia mibebaka amin' ny fahotany.

Rehefa mino an' i Jesoa isika ka mibebaka dia voavidin' ny fijalian' i Jesoa ny fahotantsika ka hovoadio. Afaka miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra isika satria efa madio.

### **Fanadihadiana**

- Inona no dikan' ny hoe mibebaka?
- Nahoana no tian' ny Raintsika any an-danitra ny hibebahantsika amin' ny fahotantsika?
- Nahoana no mibebaka amin' ny fahotany ireo olona tena mino an' i Jesoa marina?

### **Nambaran' ny Raintsika any an-danitra antsika ny zavatra tokony hataontsika rehefa mibebaka**

Tsy maintsy mino an' i Jesoa sy ny zavatra nampianariny isika mba hahafahantsika mibebaka. Tsy maintsy mino isika fa nijaly noho ny otantsika Izy. Tsy maintsy mino isika fa Izy irery ihany no afaka mividy ny otantsika. Tsy maintsy mino isika fa tiany ny handresentsika ny otantsika, ary hanampy antsika hanao izany Izy. Tsy maintsy miasa mafy isika hanao izay andidiany antsika.

Rehefa mibebaka isika dia avelantsika hanova antsika i Jesoa ho tahaka izay itiavany antsika. Mitsahatra tsy manao zava-dratsy isika ary manomboka manao zavatra tsara. Raha milaza zavatra tsy marina isika dia tsy hanao izany intsony fa ny marina ihany no ambarantsika. Raha nangalatra isika dia haverintsika any amin' ny tompony izany ary tsy hangalatra intsony isika. Raha ratsy fanahy tamin' ny hafa isika dia tsy hanao izany intsony fa ho tsara fanahy aminy.

Ireto manaraka ireto ny zavatra ataontsika rehefa mibebaka isika:

*Manaiky isika fa nanota.* Fantantsika fa manota isika rehefa tsy mankatò ny Raintsika any an-danitra. Rehefa mibebaka isika dia tsy tokony hanala tena tamin' ny nanaovantsika zavatra ratsy. Miaiky fa nanao zavatra ratsy isika ka te hiova.

*Manenina amin' ny zavatra ratsy nataontsika isika.* Rehefa mibebaka isika dia tena malahelo tokoa noho ny ratsy vitantsika. Tsy am-bava fotsiny no ilazantsika fa malahelo isika noho ny otantsika. Tena nanenina tokoa isika nanao izany ary naniry ho tsy nahavita izany. Te hanao koa ny zavatra ampanaovin' ny Raintsika any an-danitra antsika isika.



*Mitsahatra tsy manao zavatra ratsy isika.* Raha miaiky isika fa nanota, ary ambarantsika fotsiny fa malahelo isika dia tsy tena nibebaka marina isika. Tsy maintsy mitsahatra tsy manao ireo zavatra ratsy isika vao atao hoe tena mibebaka marina. Tsy mora matetika ny mitsahatra amin' izany, kanefa tonga tetỳ an-tany i Jesoa mba hanome antsika ny fanampiana ilaintsika. Tian' ny Raintsika any an-danitra raha avelantsika hanampy antsika i Jesoa, satria izay ihany no lalana hahatonga antsika ho tsy hanantsiny sy hiverina hiaina miaraka amin' Andriamanitra.

*Miaiky ny otantsika isika.* Ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny hoe miaiky dia ny milaza amin' ny Raintsika any an-danitra sy amin' ny mpitarika ny fiangonana ny zavatra ratsy nataontsika. Miatraika amin' ny tenantsika irery fotsiny ny ota sasany ataontsika. Rehefa mivavaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika dia tokony hotenenintsika Azy ireo otantsika ireo, ary mangataka famelan-keloka aminy isika mba hanampy antsika handresy izany. Raha miatraika amin' ny olon-kafa ny otantsika, dia tokony hiaiky izany amin' io olona io sy amin' Andriamanitra isika. Tokony hiaikentsika amin' ny mpi-tondra ny fiangonana izay mety ho ny eveka na ny filohan' ny sampana misy antsika ny ota lehibe toy ny fanitsakitsaham-bady.

*Ataontsika izay azo atao mba hanarenana ny ratsy vitantsika.* Rehefa mibebaka isika dia nanarina ny ratsy vitantsika. Ohatra: raha nangalatra tamin' ny mpiray monina amintsika isika, dia averintsika aminy izay nangalarintsika. Raha efa tsy eo am-pelatanantsika intsony ilay zavatra nangalarintsika, dia solointsika na aloantsika ny vidin' izany.

*Mamela ny heloky ny hafa isika.* Nandidy antsika hamela ny heloky ny hafa ny Raintsika any an-danitra. Raha tiantsika ny hamelany ny helontsika dia tsy maintsy mamela ny heloky ny hafa isika. Raha mankahala ny hafa noho ny ratsy nataony isika ka tsy mamela ny helony, dia tsy hamela ny helontsika koa ny Raintsika any an-danitra.

*Miezaka anim-pahatsorana hankatò ny didin' i Jesoa rehetra amin' ny fiainantsika manontolo isika.* Mitozo hanova ny ratsy ataontsika isika mandrapanaontsika ny zavatra tsara. Ataontsika isan' andro izay azo atao mba hanarenana ny ratsy ataontsika.

Tokony hibebaka isika na inona na inona zavatra ratsy nataontsika. Mety hihevitra isika fa sarotra ny mibebaka amin' izao fotoana izao. Mety hihe-

vitra isika fa ho mora ny mibebaka aoriana kely, kanefa diso izany. Sarotra kokoa ny mibebaka raha mangatak' andro amin' ny fanaovana izany isika. Ny fangatahan' andro amin' ny fibebahana dia misakana antsika tsy handroso ara-panahy, satria tsy afaka hanampy antsika hianatra misimisy kokoa momba ny Raintsika any an-danitra sy hiomana hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra i Jesoa raha toa ka tsy mibebaka amin' ny ratsy nataontsika isika. Na oviana na oviana isika no mahafantatra fa nanao zavatra ratsy dia tokony hibe-baka haingana.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no tokony hataontsika rehefa mibebaka?

### **Afaka mibebaka ny tsirairay amintsika**

Afaka mibebaka ny tsirairay amintsika. Mety tena ho sarotra amintsika indraindray ny mibebaka. Mety hahatsapa ho tsy afa-handresy ny halementsika isika. Tian' i Satana ny hinoantsika izany mba hanohizantsika ny zavatra ratsy ataontsika. Tsy maintsy tsaroantsika fa tokony hibe-baka isika. Tsy vitantsika irery izany. Mila fanampiana isika. Zanaky ny Raintsika any an-danitra isika tsirairay, ary nalefany i Jesoa mba hanampy antsika. Ny fanampian' i Jesoa no ahafahantsika manao ny zavatra rehetra nandidian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika.

Manampy antsika hibe-baka i Jesoa raha mivavaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika ka mangataka ny fanampian' i Jesoa. Tiany sady tian' ny Raintsika any an-danitra ny hanaovantsika ny zavatra tsara. Tsy tiany ireo zavatra ratsy ataontsika. Kanefa mbola tia antsika foana Izy na dia manao zavatra ratsy aza isika. Tiany hibe-baka isika mba hahafahan' ny Raintsika any an-danitra mamela ny helontsika ka hahasambatra antsika.

### ***Fanadihadiana***

- Nahoana no tokony hibe-baka isika na dia sarotra aza ny fibebahana?
- Iza no hanampy antsika hibe-bahana?

**Mamaly soa antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mibebaka isika**  
Rehefa mametraka ny finoantsika amin' i Jesoa isika ka mibebaka, dia mamela heloka antsika tanteraka ny Raintsika any an-danitra. Tsy tokony hiahiahy isika amin' ny fanasaziana ny amin'izany. Tsy mamela heloka antsika fotsiny ihany Izy, fa manampy antsika ihany koa Izy mba tsy haniry ny hanota intsony, ka ny zavatra tsara ihany no ataontsika mandrakariva. Jesoa no manome antsika io fanampiana io.

Tokony hotsaroantsika fa tsy tonga dia ho lasa tahaka ny Raintsika any an-danitra isika. Kanefa raha mitozo amin' ny finoantsika an' i Jesoa isika ary mibebaka amin' ny otantsika sy miezaka hankatò an' i Jesoa, dia manohy hamela heloka antsika ny Raintsika any an-danitra. Manohy ny hanampiany antsika i Jesoa. Manjary tahaka ny Raintsika any an-danitra kokoa hatrany isika. Noho izany dia afaka hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra isika.

Rehefa mibebaka isika dia hahatsiaro faly. Tsy malahelo isika noho ny zavatra ratsy efa vitantsika, fa hahatsiaro sambatra kosa satria nandresy ny fahalementsika tamin' ny fanampian' i Jesoa. Fantatsika amin' izany fa manana hery hanoherana ny fankampanahy sy hanaovana ny zavatra marina isika.

### **Fanadihadiana**

- Inona no valisoa azontsika rehefa mibebaka isika?

### **Fanovozan-kevitra**

*Nanomana fomba ahafahantsika mandresy ny ota ny Raintsika any an-danitra*

- Jakôba 4:17 (Ny manota dia ny manao izay zavatra tsy asain' ny Raintsika hatao).
- 1 Jaona 1:8 (Raha milaza isika: fa tsy nanota, dia mandainga isika).
- 1 Jaona 5:17 (Manota ny manao ny tsy fahamarinana).

*Nambaran' ny Raintsika any an-danitra antsika ny zavatra tokony hataontsika rehefa mibebaka*


- Matio 6:14-15; 3 Nefia 13: 14-15 (Tokony hamela ny heloky ny hafa isika).
- Almà 32: 13-16 (Tsara ho antsika ny manetry tena amin' izao fa tsy ho terena hanetry tena).
- Almà 34:32-36 (Izao no fotoana tsara hibebahana).

*Afaka mibebaka ny tsirairay amintsika*

- 1 Nefia 3:7 (Mbola tsy niangavy antsika hanao zavatra izay tsy ho vitantsika ny Raintsika any an-danitra).
- Almà 42:29-30 (Tsy tokony hanamarinan-tena ny amin' ny otantsika isika).

*Mamaly soa antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mibebaka isika*

- Môziaha 5:5-9 (Manampy izay rehetra mibebaka sy mankatò Azy i Jesoa).
- Môrônia 8:24-26 (Izay rehetra mibebaka dia azo atao batisa).



*Nanao batisa tao amin' ny ranon' i Môrmôna i Almà.*

# NY BATISA

*Toko 15*

---

*Anisan' ny zavatra iray lehibe azonao tanterahana etỳ ambonin' ny tany ny batisa. Inona no maha-zava-dehibe ny batisa? Ahoana no fomba marina fanaovana batisa?*

**Nandidy ny hanaovana batisa antsika ny Raintsika any an-danitra.**

Ny dikan' ny hoe atao batisa dia ny fandrobohana tanteraka ny tena ao anaty rano mandritra ny fotoana fohy ary mampiakatra azy indray avy ao anaty rano, ny olona manana ny fahefana manao batisa no manao izany. Anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika ny batisa. Mandidy antsika Izy mba hanaovana batisa antsika hampisehoana fa mino an' i Jesoa Kristy isika, fa tia sy mankatò Azy isika, ary efa nibebaka tamin' ny fahotantsika.

Fantatr' i Jesoa fa nodidin' ny Raintsika any an-danitra ny zanany rehetra hatao batisa. Natao batisa i Jesoa fony izy tetỳ. Nanao izany Izy satria te hankatò ny Raintsika any an-danitra. Te hampiseho amintsika ihany koa Izy fa tokony hankatò ny Raintsika any an-danitra sy hatao batisa isika.

Izay rehetra feno valo taona, ka mahafantatra ny tsara sy ny ratsy ary izay manana finoana an' i Jesoa sy efa nibebaka dia tokony hatao batisa. Ny zaza latsaky ny valo taona dia tsy mila hatao batisa. Tsy mitsara azy ireo amin' ny zavatra izay ataony ny Raintsika any an-danitra. Ary ireo olona manana kilema ara-tsaina izay tsy mahafantatra ny ratsy sy ny tsara ihany koa dia tsy mila atao batisa. Tokony hatao batisa ny olon-kafa rehetra raha te hiverina hiara-hiaina miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra.



*Tsy maintsy atao batisa asitrika isika mba ho voavela ny fahotantsika.*

Efa nolazain' i Jesoa antsika ny fotoana tokony hanaovana batisa antsika. Nilaza tamin' ireo mpanaraka azy Izy hanao batisa ny olona rehefa avy nianatra ny momba Azy sy efa nino Azy sy nibebaka izy ireo. Nomeny fahefana hanao batisa ny olona ny lehilahy sasany ao amin' ny Fiangonany.

### *Fanadihadiana*

- Nahoana no tian' ny Raintsika any an-danitra ny hanaovana batisa antsika?
- Nahoana no natao batisa i Jesoa?
- Iza no tokony hatao batisa?

### **Anisan' ny zava-dehibe indrindra azontsika atao ny fanaovana batisa**

Mampiseho amin' ny Raintsika any an-danitra isika fa te hanaraka ny drafiny amin' ny fanaovana batisa. Mampanantena isika fa hanaiky an' i Jesoa ho mpitondra antsika ary hankatò ny zavatra rehetra lazainy amin-tsika. Mampanantena isika fa hahatsiaro Azy sy ny zavatra nataony ho antsika mandrakariva.

Rehefa ankinintsika amin' i Jesoa Kristy ny finoantsika ka mibebaka amin' ny otantsika ary hatao batisa isika dia mamela ny helontsika ny Raintsika any an-danitra. Mampanantena antsika Izy fa afaka miverina hiara-hiaina miaraka aminy isika. Ekeny ny maha mpikambana antsika ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa. Mandefa ny Fanahy Masina Izy hanampy antsika hianatra bebe kokoa ny momba Azy sy hanampy antsika hanao ny zavatra tsara. Mahazo ireo fahasoavana rehetra ireo isika raha toa ka manao hatrany ny zavatra nampanantenaintsika hatao tamin' ny nanaovana batisa antsika.

Rehefa vita batisa ihany isika vao afaka mahazo ireo fahasoavana rehetra ireo. Io no lalana iray ho antsika hahatonga antsika ho mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany sy lalana iray hiverenantsika hiaina indray any amin' ny Raintsika any an-danitra. Lalana tokana handraisantsika ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy Masina izany, ilay Fanahy Masina izay zontsika ny hahazo Azy mba hanampy antsika eo amin' ny fiainantsika. Homena antsika izany fanomezana izany rehefa vita batisa isika. Tena ilaintsika ireo zavatra rehetra ireo raha tiantsika ny hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra.



### ***Fanadihadiana***

- Inona no fampanantenana ataontsika amin' ny Raintsika any an-danitra rehefa atao batisa isika?
- Inona no fampanantenana ataon' ny Raintsika any an-danitra amintsika rehefa atao batisa isika?
- Nahoana no zava-dehibe ny batisa?

### ***Tokony hanomana ny tenantsika isika hatao batisa***

Misy zavatra maromaro tokony hataontsika mialohan' ny hivononantsika hatao batisa. Tokony hianatra ny momba an' i Jesoa isika ka hino Azy sy hibebaka noho ny otantsika ary hanao ireo zavatra nandidian' i Jesoa antsika hatao.

### ***Fanadihadiana***

- Inona no tokony hataontsika ho fiomanana amin' ny batisa?

### ***Manome ainga vaovao ho antsika ny batisa***

Mamela antsika hanomboka fiainam-baovao sy hanadio ny otantsika ny batisa. Indray mandeha i Jesoa dia nilaza fa toy ny fahaterahana indray. Nolazainy fa raha tsy hateraka ara-panahy indray ny olona dia tsy afaka hiverina hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra.

Ny mpanaraka an' i Jesoa iray antsoina hoe Paoly dia nilaza fa tokony hanomboka fiainam-baovao isika rehefa natao batisa. Nilaza izy fa rehefa aroboka tao anatin' ny ranon' ny batisa isika dia toy ny mandevina ny otantsika rehetra. Ary rehefa mipoitra avy ao anaty rano isika dia lasa madio sy olom-baovao, vonona ny hanomboka fiainam-baovao. Ny batisa no fanombohan' ny lâlana miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

### ***Fanovozan-kevitra***

*Nandidy ny hanaovana batisa antsika ny Raintsika any an-danitra.*

- 2 Nefia 31:4–7 (Nampiseho antsika i Jesoa fa mila hatao batisa isika).
- 3 Nefia 11:21–27 (Nampianatra ny fomba tokony hanaovana batisa ny olona i Jesoa).
- Môrônia 8:9–22 (Tsy tokony hatao batisa ny zazakely).

*Anisan' ny zava-dehibe indrindra azontsika atao ny fanaovana batisa antsika*

- Romana 6:3-7 (Voadio isika amin' ny alalan' ny fanaovana batisa).
- 3 Nefia 27:16 (Mitahy izay rehetra hatao batisa ny Raintsika any an-danitra).

# NY FANOMEZANA NY FANAHY MASINA

Toko 16

---

*Manampy antsika hamantatra sy hahatakatra izay zavatra marina ny Fanahy Masina. Ahoana no fomba handraisantsika ny Fanahy Masina?*

## **Afaka mitarika antsika ho amin' ny fahamarinana ny Fanahy Masina**

Ny Fanahy Masina dia afaka hanampy ny olona tsirairay hilaza ny fahamarinan' ny fampianaran' i Jesoa alohan' ny hanaovana batisa azy. Milaza amintsika Izy indraindray hoe aiza no ahitana Fiangonan' i Jesoa Kristy marina. Kanefa ny Fanahy Masina dia tsy hitoetra amintsika raha tsy efa natao batisa sy efa nomena ny Fanahy Masina isika.

Ao anatin' ny testamenta vaovao dia ahitantsika ny momba ny lehilahy iray antsoina hoe Kornelio. Lehilahy iray tsy mbola natao batisa izy. Nilaza taminy ny Fanahy Masina fa marina ny fampianaran' i Jesoa. Rehefa izany dia natao batisa izy ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

## **Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba handraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina**

Rehefa mianatra momba ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika isika dia maniry ny hibebaka amin' ny fahotantsika sy hankatò ny zavatra rehetra nasain' i Jesoa hataontsika. Kanefa tsy afaka manao izany isika raha tsy misy manampy. Ny fanomezana ny Fanahy Masina no làlana hahafahantsika mahazo ny fanampiana avy amin' ny Fanahy Masina. Raha vao vita batisa isika dia mahazo io fanomezana io.

Tokony hiomana isika mba handray ny Fanomezana ny Fanahy Masina. Tokony hino an' i Jesoa sy hiezaka mafy hanao izay nandidiany antsika isika. Tokony hibebaka amin' ny fahotantsika isika ary hatao batisa.



*Tsy maintsy mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina  
isika amin' ny alalan' ny fametrahan-tànana.*

Rehefa avy natao batisa isika dia ireo izay manana ny fahefana avy any amin' ny Raintsika any an-danitra ihany no mametraka ny tany eo ambonin' ny lohantsika ary manome antsika ny Fanahy Masina ary milaza amin-tsika fa mpikambana ofisialy ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany isika. Mitso-drano antsika koa izy ireo.

### *Fanadihadiana*

- Ahoana no fomba handraisantsika ny fanomezana ny Fanahy Masina?

Misy fomba maro no ahafahan' ny fanomezana ny Fanahy Masina manampy antsika. Afaka hitondra hafatra avy any amin' i Jesoa sy hampianatra antsika zavatra maro momba an' i Jesoa sy ny Raintsika any an-danitra Izy.

Afaka hankahery sy hanampy amin' ny fomba hamahana ny olana misy eo amin-tsika Izy, handresy ny fahotantsika ary hanampy antsika hanao zavatra tsara.

Afaka hanampy antsika ny Fanahy Masina hitia sy hahatakatra izay manjo ny hafa, hampahafatatra ny fomba hahafahantsika manampy azy ireo sy hahatakatra ny fampianaran' i Jesoa ary hahalala izay ho lazaina sy hampianarina ny olona hafa momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa.


### *Fanadihadiana*

- Inona no anisan' ny lalana ahafahan' ny fanomezana ny Fanahy Masina hampiova zavatra eo amin' ny fiainantsika?

### **Tsy maintsy mibebaka amin' ny fahotantsika isika mba hanana io fanomezana io**

Hanjary ho olona tsara sy hanao zavatra mendrika isika amin' ny alalan' ny fanomezana ny Fanahy Masina. Afaka hitovy amin' ny Raintsika any an-danitra isika. Kanefa tokony hiezaka hatrany isika hanao zavatra tsara, raha tsy izany dia tsy hitoetra amin-tsika ny Fanahy Masina, tokony hiezaka ny hanana eritreritra madio isika, tokony hiezaka hanaraka ny fampianaran' i Jesoa isika, tokony hibebaka isika rehefa manao zavatra ratsy. Raha miezaka manao ireo zavatra ireo isika dia hanampy antsika ny Fanahy Masina.

Ny Fanahy Masina indraindray dia mitarika antsika hanana fihetseham-po mafana sy milamina ao anatin' ny fontsika. Rehefa manomboka manao zavatra ratsy isika dia miala ao amin-tsika io fihetseham-po mahafaly io.



*Joseph Smith mandika ny Bokin' i Môrmôna tamin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina*

Mety handre feo avy ao an-tsaintsika isika indraindray miresaka amintsika, miteny amintsika izay tokony na izay tsy tokony hatao. Tokony ho vonona mandrakariva hihaino sy hanaraka izay lazain' ny Fanahy Masina isika satria milaza amintsika mandrakariva izay tian' i Jesoa hataontsika ny Fanahy Masina ary avy amin' ny fankatoavana an' i Jesoa irery ihany no hahafahantsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Rehefa tsy mankatò ny Fanahy Masina isika ka manomboka manao zavatra ratsy dia mandao antsika ny Fanahy Masina. Tsy hitoetra sy hanampy antsika ny Fanahy Masina raha tsy manao zavatra tsara isika. Kanefa raha mihaino ny fitarihany isika dia hitoetra miaraka amintsika foana ny Fanahy Masina. Manampy antsika hanjary ho olona tsara sy manomana antsika amin' ny fiainana hiaraka amin' ny Raintsika any an-danitra Izy.

#### ***Fanadihadiana***

- Inona no tokony hataontsika mba hanampian' ny Fanahy Masina antsika?

#### **Mahazo fahasoavana hafa manokana isika avy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina**


Ireo fahasoavana manokana azontsika avy amin' ny Fanahy Masina dia antsoina hoe fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy. Jesoa dia manome ireo fanomezam-pahasoavana ireo ho an' ny mpikambana ao amin' ny Fiangonany marina hatramin' izay nisian' ny Fiangonany teto an-tany. Manome antsika ireo fanomezam-pahasoavana ireo Izy avy amin' ny herin' ny Fanahy Masina. Ilaintsika ny hahafantatra ireo fanomezam-pahasoavana ireo mba hahafahantsika hampiasa azy amim-pahendrena.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fahaizana miteny amin' ny fiteny samihafa*

Manampy ny olona hiteny amin' ny fiteny samihafa ny fanomezam-pahasoavana iray. Antony iray nanomezan' i Jesoa io fanomezam-pahasoavana io ho an' ny olona dia ny mba hanampiany azy hampianatra ny filazantsara amin' ny olona izay miteny amin' ny fiteny samihafa.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny filazana ny hevotry ny teny hafa*

Ny fanomezam-pahasoavana sasany dia manampy ny olona izay efa nam-pahafantarina ny momba ny filazantsara. Ny fanomezam-pahasoavan' ny filazana ny hevotry ny teny hafa dia hanampy azy ireo hahatakatra ny hafatra avy any amin' i Jesoa izay notenenina amin' ny fiteny tsy fantany.



*Nanana finoana lehibe tokoa ny rahalahin' i Jareda ka nahita ny ratsan-tanan' i Jesoa talohan' ny nahaterahan' i Jesoa tetỳ ambonin' ny tany.*

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fahalalana fa i Jesoa dia Zanaky ny Raintsika any an-danitra*

Ny fanomezam-pahasoavana hafa dia manampy ny olona hahalala fa i Jesoa dia Zanaky ny Raintsika any an-danitra. Milaza ny soratra masina fa afaka hahalala ny olona fa i Jesoa no Mpamonjy raha ampian'ny Fanahy Masina izy hahalala izany. Vavolombelona manambara avy any amin' ny Fanahy Masina io fanomezam-pahasoavana io fa zanaky ny Raintsika any an-danitra marina i Jesoa ary Izy no Mpamonjy izao tontolo izao.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny finoana ny fijo-roan' ny hafa ho vavolombelona*

Manampy ny olona hahafantatra na marina na tsia ny zavatra lazain' ny olona mikasika an' i Jesoa ny fanomezam-pahasoavan' ny finoana ny fijo-roan' ny hafa ho vavolombelona. Manampy antsika hahafantatra ny fijo-roana ho vavolombelona marina ka hino izany ny Fanahy Masina.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny finoana*

Manampy antsika hankatò ny didin' i Jesoa ny fanomezam-pahasoavan' ny finoana. Raha tsy misy finoana dia tsy afaka mandray ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy hafa isika. Maro ny olona manam-pinoana an' i Jesoa. Niseho tamin' ny mpaminany iray, izay nanam-pinoana Azy tokoa, tao amin' ny Bokin' i Môrmôna i Jesoa. Lehibe ny finoan' ny mpaminany Joseph Smith an' i Jesoa Kristy ka niseho taminy ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fandikan-teny*

Ny fanomezam-pahasoavan' ny fandikan-teny dia manampy ny olona handika ny tenin' ny Raintsika any an-danitra voasoratra sy ny an' i Jesoa Kristy ary ny an' ireo mpanaraka Azy avy amin' ny teny iray ho amin' ny teny iray hafa. Nanana io fanomezam-pahasoavana io ny mpaminany Joseph Smith fony izy nandika ny Bokin' i Môrmôna. Manampy ny mpan-dika teny hahatakatra mazava ny hevitra ny hafatra ary handika izany marina tsara ny fanomezam-pahasoavana.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fahalalana*

Manampy ny olona hahatakatra ny asan' ny Raintsika any an-danitra sy ny an' i Jesoa ny fanomezam-pahasoavan' ny fahalalana. Nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika fa tsy afaka hiverina any aminy isika raha tsy mahafantatra sy mahatakatra ny zavatra tiany hataontsika.



Tokony hahafantatra ny drafitry ny Raintsika any an-danitra izay nomeny antsika mba hahafantsika hiverina any aminy isika.

Nambaran' i Jesoa fa ny fahalalana izay azontsika eo amin' ny fiainana dia hanampy antsika any amin' ny tontolom-panahy rehefa maty isika. Tiany hahalala ny momba ny fampianarany sy ny didiny, ny momba ny lanitra sy ny tany, ny momba ny zava-mitranga sy ny momba ny zavatra eo amin'ny tanindrazantsika ary ny firenena hafa isika. Nolazainy fa tokony hampiasa io fahalalana io amim-pahendrena isika. Tokony hangataka ny fanampian' ny Fanahy Masina isika amin' ny fikatsahana ny fahalalana.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fahendrena*

Manampy ny olona hampiasa amin' ny tokony ho izy ny fahalalana nomen' ny Raintsika any an-danitra azy ireo io fanomezam-pahasoavana io. Tokony hampiasaintsika hanatsarana ny fiainantsika, hampianarana sy hanomezana torohevitra tsara ho an' ny hafa io fanomezam-pahasoavana io.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fampianarana*

Manampy ny olona hampianatra ny filazantsara ny hafa amin' ny fomba hahatakarany azy io fanomezam-pahasoavan' ny fampianarana io. Avy amin' ny fananana finoana an' i Jesoa, sy ny fianarana ary ny vavaka no hahafahantsika hanana io fanomezam-pahasoavana io.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny faminiana*

Manampy ny olona hahalala sy hahatakatra ny zavatra efa nitranga tamin' ny lasa, ny zavatra mitranga amin' izao fotoana izao ary ny zavatra izay hitranga amin' ny ho avy io fanomezam-pahasoavan' ny faminiana io. Nomena io fanomezam-pahasoavana io ny mpaminany kanefa isika ihany koa dia afaka hanana io fanomezam-pasoavana io hitarika antsika eo amin' ny fiainantsika.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fanambarana*

Manambara izay zavatra mety hanampy ny olona ny Fanahy Masina. Samy afaka mahazo fanambarana hahatsara antsika ny tsirairay avy amintsika. Kanefa ny fanambarana rehetra ho an' ny fiangonana dia omena ny mpaminany irery ihany. Tsy afaka mahazo ny fanambarana ho an' ny olona izay mpitarika antsika ao amin' ny fiangonana isika. Ny zavatra rehetra izay ambaran' ny Fanahy Masina amintsika dia mifanaraka amin' ny didin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fanasitrana*

Manampy ny olona marary ho salama ny fanomezam-pahasoavan' ny fanasitrana. Misy ny olona manana fahatokiana ny ho sitrana ary misy manana fahatokiana hanasitrana olona hafa.

*Ny fanomezam-pahasoavan' ny fanaovana fahagagana*

Omena hanampy ny olona ny fanomezam-pahasoavan' ny fanaovana fahagagana. Ny fahagagana dia zavatra ataon' ny Raintsika any an-danitra ho antsika, zavatra izay lehibe indrindra mihoatra noho ny tenantsika ary hananantsika fahefana ny fanaovana azy. Nambaran' i Jesoa ao amin' ny testamenta vaovao sy ao amin' ny Bokin' i Môrmôna fa hisy fahagagana amin' ireo izay rehetra mino Azy.

*Afaka maka tahaka ireo fanomezam-pahasoavan' ny herim-panahy ireo i Satana*

Afaka mampitranga zavatra tahaka ny tena fanomezam-pahasoavam-panahy i Satana. Afaka hampitovy ny tenany amin' ny Anjely izy. Afaka mampiseho ny zavatra ratsy amin' ny endrika tsara sy marina izy. Azony atao ny manao ny mpaminany sandoka ho toy ny mpaminany marina. Afaka manao fahagagana hamitahana ny olona izy: mpamosavy, mpisikidy sy izay rehetra mitovy amin' izany dia mandray izay fahefana hananany avy amin' i Satana sy tsy mpanaraka an' i Jesoa. Tokony hanalavitra ireny isika.

Afaka mampiseho zavatra tena marina i Satana fa lâlana iray ahafahantsika mahafantatra fa diso izy ireny dia ny manontany ny Raintsika any an-danitra. Hahazo fihetseham-po tsy mari-pototra, fihetseham-po tsy milamina isika rehefa i Satana sy ny mpanaraka azy no maka tahaka ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy. Ny atao hoe fanomezam-pahasoavana hamantatra dia ny fanomezam-pahasoavana hahalala na tena izy na hala-tahak' i Satana ilay fanomezam-pahasoavana.

***Fanadihadiana***

- Inona avy ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy?
- Ahoana no ahafahantsika manavaka ny fanomezam-pahasoavana marina sy ny hala-tahak' i Satana?

**Tokony hiasa hampivelatra sy hampiasa ny fanomezam-pahasoavana hananantsika isika**

Afaka mahalala izay fanomezam-pahasoavana hananantsika isika raha mianatra, mifady hanina ary mivavaka. Rehefa mankatò ny didin' i Jesoa

ihany isika vao afaka mampiasa ny fanomezam-pahasoavana hananantsika. Rehefa izany dia maniry ny hampiasa izany hanampiana ny hafa sy hananganana ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany isika. Raha tsy mampivelatra ny fanomezam-pahasoavana isika dia ho very izany.

Nambaran' i Jesoa fa tsy tokony hirehareha amin' ny fanomezam-pahasoavana izay nitahiana antsika isika. Tsy tokony hiresaka izany amin' ny olona izay tsy mihevitra izany ho masina isika. Omena ho antsika io fanomezam-pahasoavana io mba hahatsara antsika sy hanasoavantsika ny hafa. Tokony ho tsaroantsika fa masina io fanomezam-pahasoavana io. I Jesoa dia manome antsika io fanomezam-pahasoavana io avy amin' ny alàlan' ny Fanahy Masina. Ny hany hangatahany amintsika dia ny hisaorantsika Azy sy ny hampiasantsika io fanomezam-pahasoavana io amin' izay hitiavany hampiasana izany.

#### *Fanadihadiana*

- Ahoana no ahafahana mamatatra izay fanomezam-pahasoavana hananantsika?
- Ahoana no hitandremantsika ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy ho masina hatrany?

#### **Afaka hanana lanjany lehibe eo amintsika ny fanomezana ny Fanahy Masina**

Tokony hiezaka hanao zavatra tsara mandrakariva sy hankatò an' i Jesoa isika raha tsy izany dia tsy hitoetra amintsika ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Tokony hiezaka hanana eritreritra tsara isika. Rehefa manao zavatra diso isika dia tokony hibebaka. Tokony hiezaka hahatakatra ny zavatra lazain' ny Fanahy Masina antsika isika ary tokony hanaraka ny torohevitra homeny.

Raha maniry marina ny hanaja an' i Jesoa isika dia hotahian' ny Fanahy Masina ny fiainantsika. Hanampy antsika hanana fiainana sambatra amin' izao fotoana izao ary hanomana ny fiarahana miaina amin' ny Raintsika any an-danitra izany.

#### *Fanadihadiana*

- Inona no tokony hataontsika mba hahafahan' ny Fanahy Masina hanampy antsika?

### **Fanovozan-kevitra**

*Afaka mitarika antsika ho any amin' ny fahamarinana ny Fanahy Masina*

- 2 Nefia 32:5; Môrônia 10:5–7 (Miteny amintsika ny Fanahy Masina na marina na tsia ny zavatra iray).

*Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba handraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina*

- Asan' ny Apôstôly 10: 44-48; 2 Nefia 31:17-18 (Omena aorian' ny batisa fanomezana ny Fanahy Masina).
- Môrônia 8: 25-26 (Afaka mahazo ny Fanahy Masina isika).

*Tsy maintsy mibebaka amin' ny otantsika isika mba hanana io fanomezana io*

- Môziaha 2:36 (Raha tsy mankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra isika dia ho very ny fanomezana ny Fanahy Masina).
- Môrônia 8:28 (Hitsahatra ny hanampy antsika ny Fanahy Masina raha tsy mibebaka isika).

*Afaka mahazo fahasoavana manokana hafa isika avy amin' ny Fanahy Masina*

- 1 Koritianina 12:1-11; Môrônia 10:8-19; Fotopampianarana sy Fanenkempihavanana 46:10-33 (Hanome antsika ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy ny Fanahy Masina).
- Marka 16: 17-18; Môrmôna 9:7-24 (Anisan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy).


*Tokony hiasa hampivelatra sy hampiasa ny fanomezam-pahasoavana hananan-tsika isika*


- Matio 25:14–30 (Omen' ny Raintsika any an-danitra ho antsika io fanomezam-pahasoavana io hiasana amin' ny asany ary raha tsy hampiasaintsika izany dia mety ho very).
- *Afaka hanana ny lanjany lehibe eo amintsika ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy Masina*
- Almà 34:37-38 (Tokony hiezaka ny hanao ny zavatra lazain' ny Fanahy Masina isika).



# NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY

*Fizarana fahenina*





*Abrahama manao fanekempihavanana amin' ny Tompo.*

# IREO MPANARA-DIA AN' I JESOA KRISTY

Toko 17

---

*Miavaka amin' ny olona ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy. Iza ireo mpanara-dia Azy? Inona no mampiavaka azy ireo?*

## **Tia ny Raintsika any an-danitra ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy**

Ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy dia ireo olona izay mino sy mankatò Azy. Mianatra ny drafitry ny Raintsika any an-danitra araka ny nampianaran' i Jesoa izany izy ireo ary te hanaraka izany. Tia ny Raintsika any an-danitra izy ireo ary mino fa tiany ny hananan' izy ireo ny fiainana tsara indrindra ho azy rehetra ireo. Mino izy ireo fa i Jesoa dia Zanakalahin' ny Raintsika any an-danitra, ary mino izy ireo fa i Jesoa no Mpamonjy azy, fa i Jesoa no manao ny fomba mety hiverenan' izy ireo hiaina miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra indray, nino koa izy ireo fa ny fanarahana sy ny fankatoavana irery ihany ny didin' i Jesoa no hahatonga azy ireo ho voavela amin' ny fahotany ary hahafahan' izy ireo hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Velom-pisaorana tamin' ny zavatra rehetra nataon' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ireo izay manaraka an' i Jesoa. Te hankatò an' i Jesoa izy ireo. Mibebaka amin' ny fahotany, natao batisa sy nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo. Takatr' izy ireo fa zava-dehibe amin' Andriamanitra ny olon-drehetra. Miezaka ny hanampy ny olona hafa amin' ny fomba rehetra izy ireo.

Manao fanekena masina ny tena mpanara-dia an' i Jesoa. Mampanantena ny Raintsika any an-danitra izy ireo fa hantsoina amin' ny anaran' i Jesoa Kristy. Izany hoe ho fantatra amin' ny maha mpikambana azy ao amin' ny fiangonana, hanaiky sy hanaraka ny fampianarany rehetra, ary hahatsiaro





*Mosesy manome fisoronana an' i Aharôna amin' ny alalan' ny fametrahany tାନana aminy.*

Azy mandrakariva. Mampanantena koa izy ireo fa hitia ny olona hafa sy hanampy azy.

Fampanantenana masina no ataon' ny Raintsika any an-danitra amin' ny mpanara-dia an' i Jesoa. Anisan' ireo zavatra nampanantenainy fa Izy dia:

1. Hanaiky azy ireo amin' ny maha mpikambana azy ao amin' ny fiangonan' i Jesoa Kristy.
2. Hanome azy ireo ny fanomezana ny Fanahy Masina.
3. Hanampy azy ireo hahazo ny zavatra ilainy.
4. Hanome azy ireo ny fahefany mba hahafahan' izy ireo manao ny asany.
5. Hanome azy ireo ny fitahiana ankehitriny sy ho mandrakizay.
6. Hamela azy ireo hiverina hiara-hiaina aminy raha toa ka mbola mankatò an' i Jesoa izy ireo.

#### ***Fanadihadiana***

- Ahoana no mampiavaka ny mpanara-dia an' i Jesoa amin' ny olona hafa?
- Inona no hampanantenain' ny mpanara-dia an' i Jesoa fa hataony?
- Inona no hampanantenain' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ireo mpanara-dia an' i Jesoa?

#### **Omen' i Jesoa ny mpanara-dia Azy ny fahefan' ny Raintsika any an-danitra**

Omen' i Jesoa ny mpanara-dia Azy ny fahefana hanampy azy ireo hanao ny asany. Izany fahefana izany no atao hoe fisoronana. Ny Raintsika any an-danitra no nanome an' i Jesoa Kristy io fahefana io.

Fahasoavana lehibe ny fananana ny fisoronana. Fahefana masina ny fisoronana. Ireo izay tena mpanara-dia an' i Jesoa sy hiasa amim-pahazotoana hitandrina ny didiny ihany no omen-dalana hanana ny fisoronana.

Rehefa manana ny fisoronana ny lehilahy dia afaka hanao ny zavatra sasany hampanaovin' i Jesoa azy. Afaka hampianatra ny mikasika ny momba ny Raintsika any an-danitra sy ny momba an' i Jesoa izy, hanao batisa sy hanome ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo. Afaka hitso-drano ny fianakaviana ny lehilahy manana ny fisoronana rehefa misy marary na manana olana ao amin' ny fianakaviany. Na oviana na oviana

no mino an' i Jesoa sy mankatò ny didiny ny olona dia omen' i Jesoa azy ireo ny fisoronana sy ny fahasoavana.

**Fanadihadiana**

- Inona no atao hoe fisoronana?
- Nahoana no omen' i Jesoa ny mpanara-dia Azy ny fisoronana?

**Maro ny olona nino an' i Jesoa Kristy sy nanaraka ny didiny talohan' ny nahatongavany tetỳ an-tany**

*I Adama sy i Eva ary ny sasany tamin' ireo zanany dia nino an' i Jesoa sy nanaraka ny didiny talohan' ny nahatongavany teto an-tany*

Niteny tamin' i Adama sy i Eva ny Raintsika any an-danitra mba hinoany an' i Jesoa Kristy sy hankatoavany ny didiny. Nilaza tamin' izy ireo Izy fa ho avy ety an-tany indray andro any. Nampanantena i Adama sy i Eva fa hankatò. Nitana ny fampanantenana nataony izy ireo. Natao batisa izy ireo, ary nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Talohan' ny nahatongavan' i Jesoa Kristy teto an-tany dia nanome ny fisoronana an' i Adama Izy. Nomeny alalana i Adama hanome ny fisoronana ho an' ny zanany izay mankatò an' i Jesoa. Nametraka ny tânany teo ambonin' ny lohan' ny zanany izay nankatò i Adama ary nanome azy ny fisoronana. Mitovy amin' izany koa ny nanomezan' ny zanak' i Adama ny fisoronana ho an' ny zanany.

**Fanadihadiana**

- Inona no nahatonga an' i Adama sy i Eva ho lasa mpanara-dia an' i Jesoa?
- Ahoana no nandraisan' ny mpanara-dia an' i Jesoa ny fisoronana?

*Notahian' i Jesoa sy nanaraka ny didiny i Abrahama*

Nino an' i Jesoa i Abrahama sy ny fianakaviany. Nino izy ireo fa ho avy etỳ an-tany Izy indray andro any. Nampanantena ny Raintsika any an-danitra i Abrahama fa hankatò an' i Jesoa sy hanao ny asany. Nampanantenain' ny Raintsika any an-danitra i Abrahama fa raha mankatò izy dia hotahiany izy sy ny taranany. Ireto ny zavatra sasany nampanantenain' ny Raintsika any an-danitra:

1. Hanome ny fisoronana an' i Abrahama sy ny taranany Izy.
2. Hanome tany hitoeran' i Abrahama sy ny taranany Izy.

3. Hanome taranaka maro an' i Abrahama Izy.
4. Maro ny taranak' i Abrahama mety ho lasa mpanara-dia an' i Jesoa.
5. Maro ny taranak' i Abrahama no hisafidy hanao ny asan' i Jesoa sy hampianatra ny olona ny momba ny Raintsika any an-danitra sy ny momba an' i Jesoa.

Nampianatra ny zanany hino an' i Jesoa sy hankatò ny didiny i Abrahama. Nanome ny fisoronana an' i Isaka zanany i Abrahama. Nanome ny fisoronana an' i Jakôba zanany i Isaka. Taty aoriana dia novain' ny Raintsika any an-danitra hoe Isiraely ny anaran' i Jakôba. Nanan-janaka roambinifolo Isiraely. Nampianariny hino an' i Jesoa sy hitandrina ny didiny izy ireo. Nanana ny fisoronana izy ireo. Ny taranaky ny zanak' Isiraely no nantsoina hoe foko roa ambin' ny folon' i Isiraely.

#### **Fanadihadiana**

- Inona no nampanantenain' ny Raintsika any an-danitra an' i Abrahama?
- Iza i Isiraely?

*Nino an' i Jesoa ary nankatò ny didiny ny vahoakan' i Isiraely*

Satria tsy ampy ny sakafo teo amin' ny tanin' i Isiraely dia nifindra monina tany amin' ny tany atao hoe Egipta i Isiraely sy ny zanany lahy. Nampiasain' ny mponina tany Egipta mafy tokoa izy ireo. Notereny hitoetra tao Egipta izy ireo mba ho mpanompony. Tsy navelany hiverina tany amin' ny tany nampanantenain' i Jesoa fa homena azy izy ireo.

Taona maro tatỳ aoriana dia nifidy lehilahy iray atao hoe Mosesy ny Raintsika any an-danitra mba hitarika ny taranak' i Isiraely hivoaka an' i Egipta. Nampiasain' i Mosesy ny fahefan' ny fisoronana hanampy azy ireo handositra ny vahoakan' i Egipta. Notarihany ho any amin' ny tany nampanantenain' i Jesoa fa homena azy ireo izy. Antsoina hoe Kanana izany tany izany. Ankehitriny dia Isiraely no iantsoana izany tany izany.

#### **Fanadihadiana**

- Inona no fahefana nampiasain' i Mosesy mba hanampiana ny vahoakan' i Jesoa handositra hiala any Egipta?

*Nitsahatra tsy nino an' i Jesoa ny vahoakan' i Isiraely*

Rehefa an-taonany maro no nandaozan' ny vahoakan' i Isiraely ny tany Kanana dia nitsahatra tsy nino sy tsy nitandrina ny didin' i Jesoa intsony izy ireo. Naniraka mpaminany i Jesoa mba hilaza aminy hibebaka sy

hitandrina ny didiny. Anisan' izany mpaminany nalefan' i Jesoa izany Isaia, i Elia, ary i Jeremia. Ary nisy mpaminany maro hafa koa.

Kanefa tsy nibebaka ny vahoakan' i Isiraely. Noho izany dia navelan' ny Raintsika any an-danitra hanjaka amin' izy ireo ny olon-kafa haka ny tani-ny ary hanaparitaka azy ireo any amin' ny tany hafa. Nampanetry tena azy ireo izany toe-javatra izany ka nahatsiarovany an' i Jesoa sy nankatoavany Azy. Kanefa taona maro talohan' ny nahaterahan' i Jesoa tany Betlehema dia nanota indray ny olona, ary tamin' izany dia navelan' i Jesoa ho baboin' ny vahoaka atao hoe Romana ny vahoakan' i Isiraely. Nofeheziny tanteraka ny taniny sy ny tranony masina.

### **Fanadihadiana**

- Inona no mitranga rehefa manadino ny fampanantenana nataony tamin' ny Raintsika any an-danitra ny olona ka mitsahatra tsy mankatò an' i Jesoa?

*Tonga tetỳ an-tany i Jesoa Kristy ary nandrindra ireo mpanaraka Azy*

Rehefa tonga tetỳ an-tany i Jesoa dia nampianatra ny olona fa Izy no Zanak' Andriamanitra. Nampianatra Izy fa raha mankatò ny fampianarany izy ireo dia tsy hijaly mandrakizay noho ny otany. Nasainy nino Azy sy nibebaka izy ireo. Nolazainy fa tokony hatao batsisa izy ireo. Nampanantena ny handefa ny Fanahy Masina Izy hanampy azy ireo. Nampianariny hitia sy hankatò an' Andriamanitra izy ireo. Nampianariny hitia sy hanampy ny hafa izy ireo.

Ireo olona nino an' i Jesoa ka nankatò Azy dia lasa mpanara-dia Azy. Narindrany ny olony mba hivondrona ho fiangonana antsoina hoe Fiangonan' i Jesoa Kristy. Nomeny fisoronana ny lehilahy izay ho mpi-tondra sy ho mpampianatra ao amin' ny fiangonana.

### **Fanadihadiana**

- Ahoana no hanampian' i Jesoa ny olona hanaraka Azy?
- Inona no tokony hataon' ny olona mba hahatonga azy ho mpanara-dia an' i Jesoa?

### **Anisan' ny tombontsoa iray lehibe ny maha mpanara-dia an' i Jesoa**

Sambatra izay rehetra manaraka an' i Jesoa. Mahafantatra ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho azy izy ireo. Mahafantatra izy ireo fa tia Azy ny Raintsika any an-danitra. Fantatr' izy ireo fa tiany hanaraka an' i Jesoa

izy ireo mba hahafahan' i Jesoa manampy azy ireo hiverina any Aminy. Fantany ny zavatra izay mety hahasambatra azy ireo. Manana ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo mba hanampy sy hankahery azy ireo. Rehefa misy ny olana, dia fantatr' izy ireo fa hanampy azy i Jesoa. Fantatr' izy ireo fa hotahian' Andriamanitra izy amin' ny fananana finoana hanaraka an' i Jesoa.

Nisaotra an' i Jesoa noho ireo fahasoavana be dia be nomen' ny Raintsika any an-danitra azy ireo mpanara-dia an' i Jesoa. Rehefa mivavaka izy ireo dia misaotra ny Raintsika any an-danitra noho ny fahasoavana.

Ny olona izay tsy manaraka an' i Jesoa Kristy dia mety ho lasa mpanara-dia Azy. Afaka mianatra ny momba Azy amin' ny alalan' ny famakiana ny soratra masina sy ny fihainoana ny mpitarika ny fiangonana. Afaka mino Azy izy ireo, mibebaka sy atao batisa. Raha mankatò an' i Jesoa izy ireo dia afaka handray zavatra mitovy amin' ny nampanantenain' ny Raintsika any an-danitra ireo mpanara-dia an' i Jesoa.

#### **Fanadihadiana**

- Nahoana no hahazoana tombon-tsoa lehibe ny ho an' isan' ny iray amin' ny mpanaraka an' i Jesoa?

#### **Fanovozan-kevitra**

*Tian' ireo mpanara-dia an' i Jesoa Kristy ny Raintsika any an-danitra*

- Jaona 8:12 (Tian' i Jesoa ny hanarahantsika Azy).
- 2 Nefia 31:12 (Nodidiana hanaraka an' i Jesoa Kristy sy hanao izay nataony isika)
- Môziaha 2:41 (Izay rehetra mankatò ny didin' i Jesoa Kristy dia ho voatahy amin' ny fomba rehetra).
- 3 Nefia 18:37 (Nanome fahefana ny mpianany hanome ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny hafa i Jesoa).

*Omen' i Jesoa ny mpanara-dia Azy ny fahefan' ny Raintsika any an-danitra*

- Eksodosy 3 (Nandray fahefana avy amin' ny Raintsika any an-danitra i Mosesy).
- Nomery 27:18-23 (Nametra-tànana tamin' i Josoa sy nanome fahefana azy avy amin' Andriamanitra i Mosesy).

*Maro ny olona nino an' i Jesoa Kristy sy nanaraka ny didiny talohan' ny nahatongavany tetỳ an-tany*

- Genesisy 12:1–2; 17:1–8 (Fampanantenana nomena an' i Abrahama, ny mpanara-dia an' i Jesoa).
- Deotoronomia 28:9–10 (Nampanantena ny vahoakan' i Isiraely Andriamanitra).
- Jeremia 23:3–4 (Hangonin' i Jesoa ny vahoakan' i Isiraely aorian' ny fibebahana).
- Ezekielà 20:33–36 (Hangonina ny vahoakan' i Isiraely).
- Lioka 6:13 (Nifidy ny apôstôly roa ambin' ny folo i Jesoa Kristy).
- Jaona 15:16 (Nanome fahefana sy hery ny apôstôly i Jesoa).
- 3 Nefia 21:26–29 (Hangonina ny mpanara-dia an' i Jesoa Kristy avy amin' ny faritra rehetra).

*Anisan' ny tombon-tsoa iray lehibe ny maha mpanara-dia an' i Jesoa*

- 2 Nefia 31:13 (Fahasoavana manokana no miandry ireo izay manaraka sy manao izay nampianarin' i Jesoa).
- Almà 5:57 (Anisan' ny marina izay rehetra manaraka an' i Jesoa Kristy).
- Môrônia 7:48 (Lasa tahaka ny Raintsika any an-danitra ny mpanara-dia an' i Jesoa Kristy).

# NY FIANGONANA NATSANGAN' I JESOA

*Toko 18*

---

*Nanorina fiangonana i Jesoa raha mbola tetỳ ambonin' ny tany. Inona no niantsoana izany fiangonana izany? Iza no mitarika ny fiangonany?*

## **I Jesoa no lohan' ny fiangonana naoriny**

Raha mbola tetỳ an-tany i Jesoa dia nanorina fiangonana. Izany fiangonana izany no nantsoina hoe Fiangonan' i Jesoa Kristy. Ny mpikambana tao amin' ny Fiangonan' i Jesoa dia nantsoina hoe olomasina. I Jesoa mihitsy no lohan' ny fiangonana. Izy no nitarika izany. Nifidy roa ambin' ny folo lahy Izy hanampy Azy hitarika ny fiangonana. Izy ireo dia nantsoina hoe apôstôly. Mpaminany ihany koa ireo apôstôly ireo. Nametrahan' i Jesoa tănana tsirairay izy ireo ary nomeny ny fisoronana. Notendreny hanao ny asany izy ireo. Ireo apôstôly sy mpaminany ireo no mpitarika ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Ny olona mihazona ny fisoronana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy dia mametra-tănana eo ambonin' ny lohan' ireo olona tsara ankoatran' izy ireo ary manome azy ny fisoronana. Amin' izany fomba izany ihany no hanomezana ny fisoronana avy amin' ny olona iray mankany amin' ny olona iray hafa. Tsy vidiana ny fisoronana.


## **Fanadihadiana**

- Iza no mpitarika ny Fiangonan' i Jesoa Kristy?
- Iza no iantsoana ireo olona nanampy an' i Jesoa?

## **Nitohy tetỳ an-tany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy taorian' ny niverenany tany an-danitra**

Rehefa niverina tany an-danitra i Jesoa dia nitohy tetỳ an-tany ny fiangonana. Tarihan' ny apôstôly roa ambin' ny folo izany fiangonana izany.





*Nanendry ny apôstôly i Jesoa Kristy*

Rehefa maty ny apôstôly iray dia mifidy olona hisolo azy i Jesoa. Amin' ny alalan' ny Fanahy Masina no hampahafantaran' i Jesoa amin' ny apôstôly hafa izay tokony ho apôstôly vaovao. Mifantina olona tsara ny apôstôly roa ambin' ny folo ary manome azy ireo ny fisoronana mba hahafahany manampy amin' ny fanaovana ny asan' ny Fiangonan' i Jesoa. Ireo olona tsara ireo no antsoina hoe ny fitopololahy, ny mpisoronabe, ny loholona, ny eveka, ny mpisorona, ny mpampianatra ary ny diakona. Hazavaina ao amin' ny toko 20 ny andraikitr' izy ireo.

*Tarihan' i Jesoa amin' ny alalan' ny fanambarana ny fiangonana*

Ny hafatra ampitain' i Jesoa amin' ny alalan' ny Fanahy Masina ho an' ny olona etỳ an-tany no atao hoe fanambarana. I Jesoa no manoro ny lâlana hitondrana ny fiangonana amin' ny fanambarany amin' ny mpaminany na amin' ny mpitondra ny fiangonana ny zavatra izay tokony hataon' izy ireo.

Talohan' ny niverenan' i Jesoa nankany an-danitra dia nilaza tamin' ny mpiainany Izy fa hiaraka amin' izy ireo mandrakariva. Hanoro lâlana azy ireo amin' ny alalan' ny Fanahy Masina no tian' i Jesoa ho lazaina amin' izany.

#### **Fanadihadiana**

- Ahoana no fomba nitarihan' i Jesoa ny fiangonana taorian' ny niverenany nankany an-danitra?

*Mirakitra ny fampianarany marina ny fiangonan' i Jesoa Kristy*

Mahazo fanambarana avy amin' i Jesoa amin' ny alalan' ny Fanahy Masina ny mpitarika ny Fiangonan' i Jesoa Kristy. Ohatra, nilaza tamin' ny apôstôly Petera i Jesoa fa tokony hampianarina ny olona rehetra fa tsy ho an' ny vahoakan' i Isiraely ihany ny filazantsara. Nilaza zavatra maro izay tokony hampianariny ny olona tamin' ny apôstôly Paoly i Jesoa. Nilaza zavatra maro momba ny ho avy tamin' ny apôstôly Jaona i Jesoa.

Nampianarin' i Jesoa hino Azy, hibebaka, ary hatao batisa ny vahoaka fony Izy tetỳ an-tany. Nomeny azy ireo ny fanomezana ny Fanahy Masina. Nampianariny azy ireo ny hitia ny Raintsika any an-danitra sy ny hankatò Azy. Nampianariny hitia sy hanampy ny hafa izy ireo.

Rehefa niverina tany an-danitra i Jesoa dia nampianatra ny zavatra mitovy amin' ny nampianariny ny apôstôly. Tsy maintsy matoky an' i Jesoa Kristy, mibebaka amin' ny fahotany ary atao batisa ireo izay te ho mpi-

kambana ao amin' ny fiangonan' i Jesoa Kristy. Nandray ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy Masina izy ireo. Nianatra ny hitia ny Raintsika any an-danitra sy hankato Azy izy ireo. Nianatra ny hitia sy hanompo ny hafa.

### **Fanadihadiana**

- Inona no tsy maintsy ataon' ny olona mba hanarahany ny fiangonan' i Jesoa Kristy?

*Ireo izay mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy dia mandray ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy*

Ireo izay mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy dia mandray ny fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy. Anisan' izany fanomezam-pahasoavana izany ny finoana hanasitrana ny marary, ny fahafahana milaza ny zavatra ho avy, ary ny fahefana hahita fahitana.

### **Fanadihadiana**

- Inona avy ireo fanomezam-pahasoavan' ny Fanahy?

### **Tsy tetỳ an-tany intsony ny Fiangonan' i Jesoa Kristy**

Rehefa niverina tany an-danitra i Jesoa dia ny Apôstôly no nitarika ny fiangonana. Nitombo ny mpikambana tao amin' ny fiangonana kanefa ny sasany tamin' ireo mpikambana dia nanomboka nampianatra sy nino zavatra diso ho solon' ny zavatra nampianarin' i Jesoa sy ny mpianany. Ohatra, nampianatra ny olona sasany fa tsy manana vatana nofo sy taolana ny Raintsika any an-danitra.

Nanomboka nanenjika ny mpitarika sy ny mpikambana tao amin' ny fiangonana ny olona ratsy fanahy. Namono ny Apôstôly sy ny mpitarika ny fiangonana izay nanana ny fisoronana ireo olona ratsy fanahy ireo. Namono ny mpikambana maro tao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy koa izy ireo.

Niha-nampianatra fampianarana diso hatrany ny olona mandra-pahatonga ny olona tsy hino ny fampianarana marina nataon' i Jesoa. Tsy nisy nanana fisoronana, noho izany dia tsy nisy afaka nanao ny asan' i Jesoa tetỳ an-tany na nandray torolalana avy amin' i Jesoa ho an' ny zanaky ny Raintsika any an-danitra rehetra. Izany vanim-potoana tsy ninoan' ny olona ny fampianarana marina nataon' i Jesoa izany sy ny tsy nananan' ny olona ny fahefana no antsoina hoe apôstazia.

Nandritra ny apôstazia dia nanorina fiangonana ny olona, fiangonana izay tsy mitovy amin' ny nanorenan' i Jesoa azy. Nampianatra zavatra izay tsy nampianarin' i Jesoa izy ireo. Tsy nanana ny fisoronana izy ireo. Nanao ny fanompoam-pivavahana amin' ny fomba hafa tsy araka ny fomba fanaovana azy ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa izy ireo. Tsy nanana ny fanambarana avy amin' i Jesoa izy ireo. Tsy nampianatra ny didin' ny filazantsara araka ny nampianaran' i Jesoa sy ny apôstôly azy izy ireo. Nanambara ny mpaminany fa nitranga daholo izany rehetra izany.

### ***Fanadihadiana***

- Ahoana no fomba nitrangan' ny apôstazia?

### **Nampanantena i Jesoa fa hamerina amin' ny laoniny indray ny Fiangonany etỳ an-tany**

Fantatr' i Jesoa fa tsy hisy eo amin' ny olona ny fampianarana marina sy ny fahefana, noho izany dia nanomana làlana Izy mba hanorenana indray ny fiangonana marina etỳ an-tany.

Hitany i apôstôly Jaona tamin' ny fahitana ny fotoana hiverenan' ny filazantsara indray etỳ an-tany. Hitany fa handefa anjely i Jesoa hampianatra ny olona ny marina momba ny Raintsika any an-danitra. Tian' i Jesoa mihitsy ny hahazoan' ny zanaky ny Raintsika any an-danitra ny filazantsara, ny fisoronana, ny fitahiana, ary ny zavatra ilain' izy ireo mba hiverenany any amin' ny Raintsika any an-danitra.

### ***Fanadihadiana***

- Nahoana no nanomana làlana hanorenana indray ny fiangonana etỳ an-tany i Jesoa?

### ***Fanovozan-kevitra***

*I Jesoa no lohan' ny fiangonana naoriny*

- Lioka 9:1 (Nanome fahefana ny apôstôly i Jesoa).
- 3 Nefia 27:8 (Antsoina amin' ny anarany ny fiangonan' ny Jesoa Kristy).

*Nitohy tetỳ an-tany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy taorian' ny niverenany tany an-danitra*

- Matio 16:16-18 (Voafidy hitarika ny fiangonana i Petera tao aorian' ny nahafatesan' i Jesoa).
- Matio 28:20 (Nampanantena ny apôstôliny i Jesoa fa hiaraka aminy mandrakariva).

- Marka 3:14 (Nifidy roa ambin' ny folo lahy i Jesoa ho apôstôly).
- Marka 16:17-18 ; 1 Korontianina 12:4-11 (Hanana ny fanomezana ny Fanahy Masina ny mpanara-dia an' i Jesoa).
- Lioka 10:1 (Nifidy fitopolo lahy i Jesoa hitory ny filazantsara).
- Jaona 14:26 (Hiaraka amin' ny apôstôly mandrakariva i Jesoa amin' ny alalan' ny fitaoman' ny Fanahy Masiny).
- Asan' ny Apôstôly 1:23-26 (Ny apôstôly vao voafidy dia hisolo toerana izay efa nodimandry).
- Asan' ny Apôstôly 8:18-20 (Nilaza tamin' ny lehilahy iray i Petera fa tsy afaka hovidiana ny fisoronana).
- Asan' ny Apôstôly 10 (Nahafantatra tamin' ny alalan' ny fanambarana i Petera fa natao ho an' ny olona rehetra ny filazantsara).
- Asan' ny Apôstôly 14:23 (Tendrena eo amin' ny isam-piangonana ny loholona).
- Efesiana 2:19-20 (Jesoa Kristy no fehizoron' ny Fiangonany, izay ampian' ny apôstôly sy ny mpianany).
- Efesiana 4:11-13 (Nomena anarana ireo lehilahy lehibe nofidian' i Jesoa).
- Jakôba 5:14-15 (Azo omen' ny olona izay manana ny fahefan' ny fisoronana fanomezam-pahasoavana ny marary).

*Tsy tetỳ an-tany intsony ny Fiangonan' i Jesoa Kristy*

- Amosa 8:11-12 (Hitady ny fahamarinana ny olona, nefa tsy ahafantatra hoe aiza no mety ahitana izany).
- Matio 24:9-12 (Hisy hamono ny apôstôly).
- 2 Tesaloniana 2:3-4 (Efa voambara ny apôstazia).
- 2 Petera 2:1 (Mampianatra lainga ireo mpaminany sandoka).

*Nampanantena i Jesoa fa hamerina amin' ny laoniny indray ny Fiangonany etỳ an-tany*

- Asan' ny Apôstôly 3:20-21 (Hiverina etỳ an-tany i Jesoa hamerina amin' ny laoniny indray ny filazantsarany).
- Apokalipsy 14:6 (Hisy anjely hanatrika ny famerenana amin' ny laoniny indray ny filazantsara).
- Daniela 2:44-45 (Hiorina ny fanjakan' ny Raintsika any an-danitra amin' ny andro farany).

# NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY ANKEHITRINY

*Toko 19*

---

*Aiza no mety ahitantsika ny tena filazantsaran' i Jesoa Kristy ankehitriny?*


**Tsy teto an-tany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy nandritra ny taona maro** Naorin' i Jesoa ny Fiangonany fony Izy teto an-tany. Nitoetra teto an-tany nandritra ny fotoana fohy ny Fiangonany taorian' ny niverenany any andanitra. Rehefa natsahatry ny olona ny fampianarana sy ny finoana ny tena fampianarany dia nesorin' i Jesoa teto an-tany ny fisoronany sy ny Fiangonany.

Niaina tany ivelan' ny tena filazantsara sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ny olona nandritra ny taona maro. Naorin' ny olona ny fiangonana maro, nifototra tamin' ny heviny ihany sy ny fampianarana sasantsany avy ao amin' ny baiboly. Saingy tsy nanana ny fisoronan' ny Ray any an-danitra ireo fiangonana ireo. Tsy nananany avokoa ny fampianaran' i Jesoa. Tsy nananany ny fanambarana tsy tapaka avy amin' i Jesoa. Tsy nananany avokoa ireo fanomezam-pahasoavan' ny fanahy.

Nanomboka nitady ny hahafantatra ny marina momba ny Ray any andanitra ny olona. Natombony ny fikarohana ny marina momba ny Ray any an-danitra sy ny fampianarany. Nahatsapa ny sasany taminy fa tsy eto an-tany intsony ny tena filazantsara sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy. Fantatry ny Ray any an-danitra fa efa tonga ny fotoana hamerenana indray ny tena filazantsara sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy eto an-tany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no nesorin' i Jesoa teto an-tany ny fisoronana?
- Nahoana no tsy Fiangonan' i Jesoa Kristy ireo fiangonana izay naorin' ny olona?



*Nitsidika an' i Joseph Smith ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa*

**Nitana ny fampanantenany ny hamerina indray ny tena fiangonana ny Raintsika any an-danitra.**

Tian' ny Raintsika any an-danitra avokoa ny zanany. Tiany izy ireo hahafantatra izay tsy maintsy ataon' izy ireo mba hiaina miaraka Aminy rehefa maty sy atsangana amin' ny maty. Talohan' ny nanesorana ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy teto an-tany dia nilazan' i Jesoa ny mpaminany sy ny apôstôly fa hitranga izany. Nampanantenainy koa fa haveriny indray eto an-tany ny fiangonana indray andro any. Hataony izany rehefa misy indray ireo olona izay vonona ny handray ny tena filazantsara.

*Efa naverin' i Jesoa indray eto an-tany ny Fiangonany*

Efa naverin' i Jesoa indray eto an-tany ny Fiangonany mbamin' ny fahefana sy ny fitahiana nitoviany tamin' ny Fiangonana naoriny fony Izy niaina teto an-tany. Ny olona tsirairay izay vonona ny hankatò ny didiny dia mety ho tonga mpikambana amin' ny Fiangonany.

*Nifidy an' i Joseph Smith ny Raintsika any an-danitra mba hanampy amin' ny famerenana indray ny fiangonana.*

Nanomboka namerina indray ny tena filazantsara sy ny Fiangonana teto an-tany i Jesoa tamin' ny taona 1820. Tovolahy iray natao hoe Joseph Smith no te hahafantatra izay fiangonan' i Jesoa Kristy. Novakiany tao amin' ny baiboly fa raha te hahafantatra zavatra ny olona dia tokony hanontany ny Raintsika any an-danitra izy. Notapahiny ny hevitra hanontany ny Raintsika any an-danitra ny amin' izay fiangonana tokony hikambanany. Nandeha tao anaty ala akaikin' ny tranony izy ary nanontaniany ny Raintsika any an-danitra izay fiangonana tokony hikambanany. Niseho tamin' i Joseph Smith ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa. Nilazan' i Jesoa i Joseph tamin' izay mba tsy hikambana amin' izay fiangonana misy. Nolazainy fa tsy eto an-tany ny fiangonana marina.

Tsy nisy nandray fanambarana avy amin' ny Raintsika any an-danitra toy izany hatramin' ny nanesorana ny tena filazantsara sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy teto an-tany. Hatramin' ny nisian' io fanambarana io, dia fanambarana hafa no tonga. Nofidian' ny Raintsika any an-danitra i Joseph Smith hisolo tena Azy eto an-tany. Naverin' i Jesoa indray ny tena filazantsara sy ny Fiangonan' i Jesoa Kristy tamin' ny alalany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana i Joseph Smith no nahita fahitana?



*Naverina indray ny fisoronana.*

Naverina indray teto an-tany ny fisoronana tamin' ny taona 1829. Nidina avy tany an-danitra i Jaona mpanao batisa ary nanome an' i Joseph Smith ny sasany tamin' ny fahefan' ny fisoronana tamin' ny nametrahany ny tânana teo ambony lohan' i Joseph. Antsoina hoe: Fisoronan' i Aharôna io fahefan' ny fisoronana io. Jaona mpanao batisa izay namerina io fahefan' ny fisoronana io, dia ilay olona izay efa nanao batisa an' i Jesoa ihany. Tonga koa i Petera, i Jakôba ary i Jaona, ireo Apôstôly telo an' i Jesoa fahiny, ary nanome an' i Joseph ny fahefan' ny fisoronana ambonimbony kokoa. Antsoina hoe Fisoronan' i Melkizedeka io fahefan' ny fisoronana io.

Tonga koa ireo mpaminany hafa, nahitana an' i Mosesy sy i Elia, ary nanome an' i Joseph Smith ny fahefana hanao ireo asa masina hafa. Ny fahefana avy amin' ny Raintsika any an-danitra mba hampianatra ny filazantsara, hanaovana ny asa masina, ary hitarihana ny fiangonana dia nisy teto an-tany indray.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana no nandraisan' i Joseph Smith voalohany ny fisoronana?

*Naorin' i Jesoa indray ny Fiangonany*

Tamin' ny alalan' ny fanambarana no nitarihan' i Jesoa an' i Joseph Smith hanorina indray ny Fiangonany, ny 6 Aprily 1830. Jesoa no lohan' ny fiangonany fony Izy niaina eto an-tany. Izy no lohan' ny Fiangonany ankehitriny. Antsoina hoe Olomasina ny mpikambana amin' ny Fiangonany.

Nantsoin' i Jesoa hoe: Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny fiangonany ankehitriny. Ny teny hoe andro Farany dia midika fa io no Fiangonan' Jesoa Kristy amin' izao fotoana farany misy ny tany izao. Nilaza i Jesoa fa io Fiangonana io no hany fiangonana marina eran' izao tontolo izao ary Izy dia finaritra aminy.

Nifidy mpaminany iray i Jesoa hitarika ny Fiangonany eto an-tany. Manoro lalana io mpaminany io i Jesoa. Omeny fahefana io mpaminany io hitarika ny fiangonana. Joseph Smith no mpaminany voalohany an' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Ny mpaminanin' ny fiangonana dia nantsoina koa hoe ny Filohan' ny fiangonana. Manana olona izay manampy azy ny Filoha. Antsoina hoe mpanolotsaina

izy ireo. Rehefa maty ny mpaminany dia mifidy mpaminany vaovao i Jesoa handray ny toerany.

Nifidy Apôstôly roa ambin' ny folo koa i Jesoa mba hanampy amin' ny fitarihana ny fiangonana. Ny lehilahy sy tovolahy tsara hafa koa dia mandray ny fisoronana. Manampy ny Apôstôly sy ny mpaminany izy ireo. Izy ireo dia antsoina hoe mpisorona avo, fitopololahy, loholona, eveka, mpisorona, mpampianatra ary diakona, dia tahaka ny niantsoina ireo izay tao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy fahiny.

Nolazain' i Jesoa an' i Joseph Smith ny fomba tsy maintsy andaminana ny fiangonana. Rehefa voaorina tanteraka eo amin' ny faritra iray ny fiangonana, izany faritra izany dia fantatra amin' ny hoe tsatòka. Filoha iray no mitarika ny tsatòka. Manana mpanolotsaina roa izy hanampy azy.

Zaraina ho faritra kelikely ny tsatòka. Ireo faritra ireo dia fantatra amin' ny hoe paroasy. Miantso eveka iray ny mpitarika ny fisorona mba hitarika ny paroasy. Manana mpanolotsaina roa izy hanampy azy.

Eo amin' ny faritra izay tsy mbola nananganana tsatòka, dia mety hisy distrika izay fitambaran' ireo sampana. Tarihin' ny filoha iray sy ny mpanolotsaina roa ny sampana. Ny faritra izay misy misionera maro mpampianatra ny filazantsara dia antsoina hoe misiona.

*Ireo lehilahy izay manana Fisoronana dia haorina ho kolejy*

Ireo lehilahy izay manana fisoronana dia haorina amina vondrona antsoina hoe kolejy. Ny kolejin' ny fisoronana dia fikambanan-dehilahy izay misahana asa iray ihany ao amin' ny fisoronana. Miara-mivory izy ireo mba hifanampy ary hanampy ny olona hafa.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no lohan' ny fiangonan' i Jesoa Kristy ankehitriny?
- Lehilahy toa inona ireo nantsoina mba hifanampy amin' ny fitarihana ny fiangonana?

**Ny fiangonana ankehitriny dia haorina hiray fomba amin' ny fiangonana izay naorin' i Jesoa fony Izy teto an-tany**

*Mbola mitarika ny Fiangonany amin' ny alalan' ny fanambarana i Jesoa*

Itenenan' i Jesoa ny fomba tokony hitarihany ny fiangonana ny mpaminany amin' ny alalan' ny Fanahy Masina. Ambarany koa amin' ny

Apôstôly ary ireo mpitarika hafa amin' ny fiangonana izay tiany ataon' izy ireo. Manoro lâlana lalandava ny mpikambana amin' ny fiangonany i Jesoa amin' ny alalan' ny fanambarana.

*Na iza na iza dia mety ho tonga mpikambana amin' ny fiangonana*

Na iza na iza dia mety ho tonga mpikambana amin' ny fiangonan' i Jesoa Kristy ankehitriny, dia tahaka ny olona izay nikambana tamin' ny fiangonany fony Izy teto an-tany. Na lahy na vavy dia tsy maintsy manampinoana an' i Jesoa ary mibebaka. Tsy maintsy atao batisa ilay olona. Rehefa vita batisa ilay olona dia mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no tsy maintsy ataontsika mba hikambanantsika amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ankehitriny?

*Mandray fanomezam-pahasoavan' ny fanahy ny mpikambana amin' ny fiangonana ankehitriny.*

Omen' i Jesoa mandrakariva ny mpikambana amin' ny fiangonany ny fanomezam-pahasoavan' ny fanahy. Ao amin' ny fiangonana avokoa ireo fanomezam-pahasoavan' ny fanahy ankehitriny.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no sasany amin' ireo fanomezam-pahasoavan' ny fanahy? (Jereo toko 16).

*Naverin' i Jesoa indray ny tena fampianarany*

Efa naverin' i Jesoa indray ny tena fampianarana izay nampianariny niaraka tamin' ny Apôstôly. Ny fampianarana fototra dia ny finoana an' i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa ary ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ireo fahamarinana mavesa-danja vitsivitsy izay nomen' i Jesoa ny Fiangonany dia:

1. Manana vatana nofo sy taolana ny Raintsika any an-danitra.
2. Isika dia zanaka ara-panahin' ny Raintsika any an-danitra. Niara-niaina Taminy toy ny fanahy isika tany an-danitra talohan' ny nahatera-hantsika teto an-tany

3. Hofaizina noho ny otantsika ihany isika fa tsy noho izay nataon' i Adama. Mino ny olona maro fa, noho i Adama sy i Eva nihinana tamin' ny voankazo voarara, isika izay zanany dia feno fahotana rehefa teraka. Tsy marina izany. Tsy feno fahotana ny zaza rehefa teraka. Zaza bodo izy, koa tsy tokony hatao batisa raha tsy feno valo taona.
4. Tsy maintsy manana ny fisoronana ny lehilahy vao manatontosa ny ôrdônansin' ny fiangonan' i Jesoa Kristy

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no sasantsasany amin' ny fampianaran' i Jesoa izay efa nomena ny olona indray?

**Tsy hoesorina na oviana na oviana eto an-tany intsony ny fiangonan' i Jesoa Kristy**

Koa satria efa naverina eto an-tany ny tena Fiangonan' i Jesoa Kristy, ny fahefan' ny fisoronana ary ny filazantsara, dia tsy hoesorina na oviana na oviana ety an-tany intsony ireo. Nilaza ny Raintsika any an-danitra fa hatsangany ny fanjakana izay tsy horava na oviana na oviana. Izany fanjakana izany dia ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Hitohy mandrakizay izany.

Efa nikambana tamin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ny olona maro. Misy mpikambana amin' ny fiangonana amin' ny firenena maro maneran-tany. Mihabetsaka hatrany hatrany ny olona mikambana amin' ny fiangonana. Handre ny filazantsara avokoa ny zanaky ny Raintsika any an-danitra ary hanana fotoana hanekena izany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no azonao atao hanampiana ny hafa handre ny momba ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ka hahafahany mikambana amin' ny fiangonany?

***Fanovozan-Kevitra***

*Tsy teto an-tany ny Fiangonan' i Jesoa Kristy nandritra ny taona maro*

- Isaia 24:5 (Novain' ny olona ny fampianarana marina.)
- Amosa 8:11–12 (Nilaza ny mpaminany fa tsy ho hain' ny olona ny fomba hahitana ny teny marina avy amin' ny Raintsika any an-danitra.)
- 4 Nefia 1:26–29 (Nanao fiangonana ho an' ny tenany ihany ny olona)

*Nitana ny fampanantenany ny hamerina indray ny tena fiangonana ny Raintsika any an-danitra*

- Isaia 2:2–4 (Hanorina ny fanjakany amin' ny Andro Farany ny Raintsika any an-danitra.)
- 2 Nefia 3:6–15 (Mpaminany iray atao hoe Joseph no hanampy amin' ny famerenana ny fahamarinana eto an-tany.)

*Ny fiangonana ankehitriny dia haorina hiray fomba amin' ny fiangonana izay naorin' i Jesoa fony Izy teto an-tany*

- Asan' ny Apôstôly 3:20–21 (nolazain' ny mpaminany fa haverina indray ny zava-drehetra.)
- 2 Nefia 29:9 (Jesoa no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay.)
- Môrônia 10:7–19 (omen' i Jesoa ireo fanomezam-pahasoavan' ny fanahy izay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay.)

*Tsy hoesorina na oviana na oviana eto an-tany intsony ny fiangonan' i Jesoa Kristy*

- Daniela 2:44–45; Matio 21:43 (Nampanantena ny Raintsika any an-danitra fa hanangona fanjakana iray izay tsy horavana na oviana na oviana.)

# FIRAFITRY NY FISORONANA

*Toko 20*

---

*Ahoana no mety ahazoan' ny olona ny fahefana hanao ny asan' ny Raintsika any an-danitra?*


**Rehefa manana ny fisoronana ny lehilahy iray dia afaka miasa ho an' ny Raintsika any an-danitra izy**

Ny fisoronana dia ny fahefana omen' ny Raintsika any an-danitra ny lehilahy sy ny tovolahy mendrika hanao ny asany eto an-tany. Nomeny an' i Jesoa io fisoronana io. Efa nomen' i Jesoa ny lehilahy teto an-tany io fisoronana io. Ny lehilahy sy ny tovolahy izay manana ny fisoronana dia misolo tena ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa. Azony atao ny zavatra izay tsy azon' ny lehilahy sy ny tovolahy hafa atao. Mety ho lasa ho misionera izy ireo ka hampianatra ny tena filazantsaran' i Jesoa Kristy. Afaka mitso-drano olona marary izy ireo. Afaka manao asa masina ao am-piangonana izy ireo.

Efa nolazain' i Jesoa antsika ny fomba hanomezan' ny lehilahy iray ny fisoronana ho an' ny lehilahy na tovolahy iray hafa. Ny lehilahy izay mihazona ny fisoronana dia mametraka ny tãnany eo ambony lohan' ny lehilahy na tovolahy. Dia omeny azy ny fisoronana amin' ny anaran' i Jesoa Kristy sy amin' ny fahefan' ny fisoronana izay hazoniny.

Ny lehilahy na tovolahy izay mankatò ihany ny didin' i Jesoa no afaka mandray ny fisoronana. Tsy hamela ireo lehilahy sy tovolahy hanao ny asany i Jesoa raha tsy mankatò ny didiny izy ireo.

Eto an-tany dia tsy misy olona lehibe kokoa noho ny lehilahy na ny tovolahy izay mampiasa araka ny tokony ho izy ny fisoronana.



*Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy dia azo ampitahaina amin' ny trano iray ka i Jesoa Kristy no vato fehizoro ary ny apôstôly sy ny mpaminany no fototra.*

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no atao hoe fisoronana?
- Iza no afaka mandray ny fisoronana?

**Mizara roa ny fisoronana**

Ireo fizarana roa amin' ny fisoronana dia ny Fisoronan' i Aharôna sy ny Fisoronan' i Melkizedeka. Antsoina hoe ny fisoronana ambanimbany ny Fisoronan' i Aharôna matetika. Antsoina hoe ny fisoronana lehibe kokoa ny Fisoronan' i Melkizedeka matetika.

*Fisoronan' i Aharôna*

Ny fisoronan' i Aharôna dia mitondra ny anaran' i Aharôna rahalahin' i Mosesy mpaminany. Mpitarika tamin' ny andron' i Mosesy i Aharôna.

Ny lehilahy na tovolahy izay feno roa ambin' ny folo taona farafahakeliny no afaka mihazona ny fisoronan' i Aharôna. Afaka mampianatra ny olona ireo lehilahy na tovolahy izay manana ny fisoronan' i Aharôna. Afaka manao batisa ny sasany amin' ireo izay manana ny fisoronan' i Aharôna. Manampy ny olona hahatsiaro an' i Jesoa izy ireo. Afaka manampy ny olona amin' ny fomba maro izy ireo.

*Fisoronan' i Melkizedeka*

Ny fisoronan' i Melkizedeka dia mitondra ny anaran' ny lehilahy iray antsoina hoe Melkizedeka. Melkizedeka dia lehilahy marina tokoa sady nanana ny fisoronana. Niaina tamin' ny andron' i Abrahama izy sady mpisorona avo. Talohan' ny nitondran' ny fisoronana ny anarany dia nantsoina hoe ny Fisoronana Masina araka ny Lamin' ny Zanak' Andriamanitra izany. Novaina ho Melkizedeka ny anaran' ny fisoronana mba hisorohana ny fampiasan' ny olona be loatra ny anaran' ny Raintsika any an-danitra.

Tsy maintsy feno valo ambin' ny folo taona ny lehilahy vao mihazona ny fisoronan' i Melkizedeka. Manana fahefana hanome tsodrano ny mpi-kambana amin' ny fiangonana ny lehilahy izay mihazona ny fisoronan' i Melkizedeka. Ambaran' i Jesoa aminy ny zavatra ilainy ho fantatra sy holazaina rehefa manome ireny tsodrano ireny.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona ireo fisoronana roa ao amin' ny fiangonana?



**Ireo asa sy fahefana ao amin' ny fisoronana tsirairay avy**

Ny lehilahy sy ny tovolahy izay manana ny fisoronan' i Aharôna ary efa notendrena ho ao amin' ny asan' ny mpisorona ao amin' izany fisoronana izany dia manana ny fahefana hanao ireto zavatra ireto:

1. Hampianatra ny filazantsara
2. Hanao batisa
3. Hanomana, hanamasina ary hitantana ny fanasan' ny Tompo.
4. Hanampy ireo izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka hitsidika sy hanohana ireo mpikambana amin' ny fiangonana.
5. Hanolotra ny hafa ny fisoronan' i Aharôna

Ny lehilahy izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka dia manana fahefana hanao ireto zavatra ireto:

1. Hitarika ny fiangonana
2. Hitory ny filazantsara
3. Hanolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina
4. Hanome tsodrano manokana
5. Hanome anarana sy hitso-drano ny zaza
6. Hanasitrana ny marary
7. Hanome ny hafa ny fisoronana
8. Hanao ny zava-drehetra izay azon' ny lehilahy sy ny tovolahy manana ny fisoronan' i Aharôna hatao

Rehefa mandray fisoronana ny olona iray dia tendrena ho amin' ny asa ao amin' ny fisoronana izy. Na ny fisoronan' i Aharôna na ny fisoronan' i Melkizedeka dia samy manana asa maro. Samy manana ny andraikiny manokana avy izy ireo.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no fahefana azon' ireo manana ny fisoronan' i Melkizedeka tantarahana?
- Inona no fahefana azon' ireo izay manana ny fisoronan' i Aharôna tanterahana?

*Ireo asan' ny fisoronan' i Aharôna mbamin' ny andraikiny*

Ireo asan' ny fisoronan' i Aharôna dia diakona, mpampianatra, mpisorona ary eveka

### *Diakona*

Mety handray ny fisoronana ny lehilahy mpikambana amin' ny fiangonana ka tendrena ho diakona rehefa feno roa ambin' ny folo taona farafahakeliny. Tsy maintsy mankatò ny didin' i Jesoa sy ny fitsipiky ny fiangonana izy.

Ireto avy no andraikitry ny diakona:

1. Mizara ny fanasan' ny Tompo
2. Manampy ny mpitarika azy
3. Manampy ny mpampianatra ao amin' ny fisoronan' i Aharôna hanatontosa ny andraikiny rehefa voazara izany.

Tsy afaka manome ny fisoronana olona iray hafa ny diakona. Tsy afaka manao batisa izy. Tsy afaka manamasina ny fanasan' ny Tompo izy.

### *Mpampianatra*

Mety handray ny fisoronana ny lehilahy mpikambana amin' ny fiangonana ka tendrena ho mpampianatra rehefa feno efatra ambin' ny folo taona farafahakeliny. Tsy maintsy mankatò ny didin' i Jesoa sy ny fitsipiky ny fiangonana izy.

Ireto avy no andraikitry ny mpampianatra:

1. Mikarakara ny mpikambana amin' ny fiangonana, manampy azy hahazo fahafaham-po eo amin' ny hetahetan' ny vatana sy ny fanahy.
2. Manampy ny mpikambana hankatò ny didin' i Jesoa.
3. Manampy ireo izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka ka miaraka aminy mitsidika ny fianakaviana ary manampy azy ireo hampianatra ireo fianakaviana ireo hankatò ny didin' i Jesoa.
4. Manomana ny fanasan' ny Tompo
5. Raha ilaina dia manao ny zavatra rehetra ataon' ny diakona

Tsy afaka manome ny fisoronana olona iray hafa ny mpampianatra. Tsy afaka manao batisa izy. Tsy afaka manamasina ny fanasan' ny Tompo izy.

### *Mpisorona*

Mety handray ny fisoronana ny lehilahy mpikambana amin' ny fiangonana ka tendrena ho mpisorona rehefa feno enina ambin' ny folo taona farafahakeliny. Tsy maintsy mankatò ny didin' i Jesoa sy ny fitsipiky ny fiangonana izy.

Ireto avy no andraikitry ny mpisorona:

1. Mampianatra ny filazantsara
2. Mamporisika ny mpikambana hankatò ny didin' i Jesoa
3. Manao batisa
4. Manamasina ny fanasan' ny Tompo
5. Manendry ny diakona, mpampianatra ary mpisorona hafa
6. Mitarika fivoriana rehefa tsy misy olona manana ny fisoranan' i Melkizedeka eo amin' ny mpivory.

Afaka manao ny zavatra rehetra izay ataon' ny mpampianatra sy ny diakona ny mpisorona. Tsy afaka manendry olona ho amin' ny asan' ny eveka na ho amin' izay mety ho asan' ny fisoranan' i Melkizedeka izy.

*Eveka*

Ny eveka no mpitarika ny paroasy

Ireto avy no andraikitry ny eveka:

1. Mitarika ireo mpihazona ny fisoranan' i Aharôna ao amin' ny paroasiny.
2. Mitarika ny kolejin' ny mpisorona ao amin' ny paroasy
3. Manampy ny mpikambana amin' ny fiangonana hahazo hanina, fitafiana ary ireo zavatra hafa atao vonjy taitra.
4. Mandanjalanja ny fahamendrehan' ny mpikambana amin' ny fiangonana ho amin' ny fitahiana sy ny tombon-tsoa sasany.
5. Mandray sy mikarakara ny vola sy zavatra hafa izay omen' ny olona ny fiangonana.
6. Manoro hevitra ny mpikambana ao amin' ny paroasy rehefa mangataka ny fitarihan' ny fanahy izy ireo na tsapany fa ilain' izy ireo ny torohevitra.

Ny filohan' ny fiangonana no mitarika ireo filohan' ny tsatòka hanendry ireo lehilahy ho eveka

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona ireo andraikitry ny diakona, ny mpampianatra, ny mpisorona ary ny eveka?

*Ireo asan' ny fisoranan' i Melkizedeka mbamin' ny andraikiny*

Ireo asan' ny fisoranan' i Melkizedeka dia loholona, mpisorona avo, patriarika, Fitopololahy ary Apôstôly. Manana andraikitra manokana ny tsirairay avy amin' ireo asa ireo.

### *Loholona*

1. Manao batisa
2. Manolotra ny fanomezan' ny Fanahy Masina
3. Mitarika fivoriana
4. Miadidy ny fivoriana rehefa tsy misy mpisorona avo manatrika eo
5. Mitory ny filazantsara
6. Mitso-drano ny marary
7. Mitso-drano ny zaza
8. Manome ny hafa ny fisoronana ary manendry azy ho amin' ny asan' ny lohohona, mpisorona, mpampianatra na diakona.
9. Raha ilaina dia manatontosa ny andraikitra rehetra an' ny mpisorona, ny mpampianatra na ny diakona

### Mpisorona avo

Ny andraikitra voalohany an' ny mpisorona avo dia ny ho mpitarika ny vahoaka ao am-piangonana ary ny ho mpiahy ny zava-panahy. Azon' ny mpisorona avo tontosaina koa rehefa mety ho andraikitra ny lohohona, ny mpisorona, ny mpampianatra na ny diakona raha ilaina.

### Patriarka

Ny patriarka dia mpisorona avo izay manome tsodrano manokana ny mpikambana amin' ny fiangonana. Ireny tsodrano ireny no antsoina hoe tsodranon' ny patriarka. Manampy ny mpikambana hahatakatra ny zavatra tian' i Jesoa hataon' izy ireo ny tsodranon' ny patriarka.

### Fitopololahy

Ny andraikitra voalohany an' ny fitopololahy dia ny mitory ny filazantsara amin' ny olona tsy mpikambana amin' ny fiangonana. Manampy koa ny apôstôly amin' ny fitondram-piangonana ny fitopolahy.

### Apôstôly

Ny apôstôly dia vavolombelona manokan' i Jesoa Kristy manerana izao tontolo izao. Mitantana ny raharaham-piangonana manerana izao tontolo izao ny Apôstôly. Manana ny fahefana rehetra an' ny fisoronana ny apôstôly tsirairay, saingy ny filohan' ny fiangonana ihany izay apôstôly koa no afaka mampiasa ny fahefana rehetra an' ny fisoronana. Tsy mampiasa ny fahefana ny apôstôly raha tsy ny filoham-piangonana no mitarika azy hanao izany.

*Ireo fanalahidin' ny fisoronana*

Ny fisoronana dia fahefana hanaovana zavatra amin' ny anaran' i Jesoa ary hitondra antsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Ny fanalahidin' ny fisoronana dia fahefana hanomezan-dalana mba hampiasa izany fahefana izany. Izany hoe na dia maro aza ny lehilahy mety hanana ny fisoronana, dia tsy maintsy manana ny fahefana ny olona iray mba hanome lalana azy ireo hampiasa ny fisoronana. Ohatra: manana ny fahefana hanao batisa ny mpisorona iray. Saingy tsy afaka manao batisa izy raha tsy omen' ny eveka lalana hanao izany. Mihazona ny fanalahidin' ny fisoronan' i Aharôna ao amin' ny paroasy ny eveka. Ohatra iray hafa: ny olona izay manana ny fisoronana dia afaka manome olona iray hafa ny fisoronana raha toy izy ka mahazo lalana avy amin' ny lehilahy izay manana ny fanalahidin' ny fisoronana eo amin' izany toerana izany. Mety ho eveka, filohan' ny tsatòka na filohan' ny misiona izany.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no atao hoe fanalahidin' ny fisoronana?

*Fikambanan-dehilahy sy tovolahy izay manana ny fisoronana*

Ny lehilahy sy ny tovolahy izay manana asa mitovy ao amin' ny fisoronana dia arindra ho fikambanana. Antsoina hoe kolejy ireny fikambanana ireny. Ao amin' ny fisoronan' i Melkizedeka dia misy ny kolejin' ny loholona sy ny kolejin' ny mpisorona avo.

Ao amin' ny fisoronan' i Aharôna dia misy ny kolejin' ny diakona, ny kolejin' ny mpampianatra ary ny kolejin' ny mpisorona

Rehefa tendrena ho amin' ny asa iray ao amin' ny fisoronana ny lehilahy na ny tovolahy iray dia lasa mpikambana amin' ny kolejin' ny fisoronana izy, izay ahitana ireo lehilahy manana asa mitovy. Mijanona ao amin' izany kolejy izany izy ambara-panendrena azy ho amin' ny asa hafa. Mampianatra sy manampy ny mpikambana tsirairay ao amin' ny kolejy ny mpitarika ny kolejy.

*Ireo kolejin' ny fisoronan' i Melkizedeka*

Kolejin' ny loholona

Ny kolejin' ny loholona dia mety hisy loholona hatrany amin' ny 96 isa ka tafiditra ao anatin' izany avokoa ny loholona monina eo amin' ny paroas-

sy iray. Raha mihoatra ny 96 ny loholona dia atsangana ny kolejy iray hafa an' ny loholona. Azon' ireo lehilahy izay tsy mbola nandray ny fisoronan' i Melkizedeka ny mivory miaraka amin' ny loholona mba hianatra, na hirotsaka amin' ny asa aman-danonana eo amin' ny fiarahamonina na hanao anjara asa.

Filoha iray sy mpanolotsaina roa no mitarika ny kolejin' ny loholona

Kolejin' ny mpisorona avo

Tafiditra ao amin' ny kolejin' ny mpisorona avo avokoa ny mpisorona avo ao amin' ny tsatòka iray. Ny filohan' ny tsatòka sy ireo mpanolotsaina roa no mitarika ny kolejin' ny mpisorona avo.

*Kolejin' ny fisoronan' i Aharôna*

Kolejin' ny diakona

Ny kolejin' ny diakona dia mety hanana diakona hatramin' ny 12. Raha misy diakona mihoatra ny 12 ao amin' ny paroasy iray, dia atsangana ny kolejy iray hafa ho an' ny diakona. Manana filoha iray sy mpanolotsaina roa ny kolejin' ny diakona.

Kolejin' ny mpampianatra

Ny kolejin' ny mpampianatra dia mety hanana mpampianatra hatramin' ny 24. Raha misy mpampianatra mihoatra ny 24 ao amin' ny paroasy iray dia atsangana ny kolejy iray hafa ho an' ny mpampianatra. Manana filoha iray sy mpanolotsaina roa ny kolejin' ny mpampianatra.

Kolejin' ny mpisorona

Ahitana mpisorona hatramin' ny 48 ao amin' ny kolejin' ny mpisorona. Raha misy mpisorona mihoatra ny 48 ao amin' ny paroasy iray dia atsangana ny kolejy iray hafa ho an' ny mpisorona. Ny filohan' ny kolejin' ny mpisorona dia ny eveka na ny filohan' ny sampana. Manendry mpisorona roa ao amin' ny kolejy izy mba ho mpanampy azy.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no atao hoe kolejy?
- Mpikambana firy no mandrafitra ny kolejin' ny loholona, ny mpisorona avo, ny diakona, ny mpampianatra, ny mpisorona?
- Ahoana no ahafahan' ireo mpikambana ao amin' ny kolejy iray mifanampy?

*Fanoroan-teny*

- Hebreo 7; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 84:6–30 (azavaina ny fisoronan' i Melkizedeka sy ny fisoronan' i Aharôna.)
- Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 20:38–60; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 107 (Voasoritra ny asa aman' andraikitry ny fisoronana.)

# ÔRDÔNANSY

*Toko 21*

---

*Inona no azon' ny lehilahy sy ny tovolahy atao noho ny fisoronana?*

**Noho ny fisoronana dia manana fahefana nitovy tamin' ilay nananan' i Jesoa ny lehilahy mba hanatontosana ireo ôrdônansy.**

Ny ôrdônansy dia fombam-pivavahana masina tanterahin' ireo izay efa nomena ny fahefan' ny fisoronana. Ny batisa, ny fandraisana ho mpi-kambana, ny fametrahan-tànana amin' ny marary mba hahasitrana azy, ary ny fanamasinana sy ny fandraisana ny fanasan' ny Tompo dia anisan' ireo ôrdônansy.

Fony i Jesoa teto an-tany dia nanatontosa ôrdônansy Izy mba hanampiana ny olona. Nositraniny ny marary ary nampahiratin' ny jamba. Nampaladiany ny marenina, ary natsangany ho velona na dia ny maty aza. Nomeny ny fanasan' ny Tompo ireo mpanaradia Azy.

Efa nomen' i Jesoa ireo lehilahy izay mihazona ny fisoronana ny hery sy ny fahefana hanatontosana ny ôrdônansy. Afaka manatontosa ireo ôrdônansy ny lehilahy sy ny tovolahy mendrika. Tontosainy ireo ôrdônansy mba hitsofan-drano sy hanampiana antsika ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra. Manampy antsika hiomana mba hiverina hiaina miaraka Aminy ny ôrdônansy.

Noho i Jesoa efa nanome ny lehilahy eto an-tany ny fisoronana ankehitriny, dia afaka mandray fitahiana maro isika eo amin' ny fiainantsika. Azo atao batisa isika, azontsika raisina ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary azo fehezina mandrakizay miaraka amin' ny fianakaviansika isika.



Tokony hampianarin' ireo filohan' ny kolejy ny mpikambana ao amin' ny kolejy ny fomba fanatontosana ny ôrdônansy. Raha tokony hanatontosa ôrdônansy ny lehilahy iray izay manana ny fisoronana nefa tsy hainy ny fomba fanaovana izany, dia tokony hangatahiny ny filohan' ny kolejy misy azy hampianatra azy izany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no tontosaina ireo ôrdônansy?

**Ireo ôrdônansy izay tontosaina mba hanampiana antsika**

*Batisa*

Ny batisa no ôrdônansy voalohany amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Alohan' ny atao batisa ny olona iray dia tsy maintsy manam-pinoana an' i Jesoa izy, mibebaka amin' ny fahotany, ary te hanao ny zavatra izay nampianarin' i Jesoa.

Ny olona manana ny fisoronana ihany no afaka manao batisa ny hafa. Tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana avy amin' ny eveka na ny filohan' ny sampana izy vao manao batisa. Ny olona manao batisa dia midina ao anaty rano miaraka amin' ny olona hatao batisa. Miantso ilay olona hatao batisa amin' ny anarany ilay manao batisa ary manonona vavaka fohy. Rehefa izany dia asitriny tanteraka ao anaty rano ilay hatao batisa ary avoakany avy ao anaty rano indray.

Ny vavaka izay tononin' ilay olona dia izao: "Rehefa nahazo fahefana avy tamin' i Jesoa Kristy aho, dia manao batisa anao amin' ny anaran' ny Ray sy ny an' ny Zanaka, ary ny an' ny Fanahy Masina. Amena."

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no ôrdônansy voalohany amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy?

*Fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina*

Rehefa vita batisa ilay olona dia ametrahan' ireo lehilahy izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka tàmàna eo ambony lohan' ilay olona ary manonona vavaka manokana ny anakiray aminy. Amin' io vavaka io dia raisiny ho mpikambana amin' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany ilay olona ary ilazana hoe: "Raiso ny Fanahy Masina." Izany hoe, raisin' ilay olona ny zo hanana mandrakariva ny fitarihan' ny Fanahy Masina arakaraka ny iezahany amim-pahamarinana



*Nanolotra ny fanasan' ny Tompo i Jesoa tamin' ny  
sakafo farany niarahany tamin' ny Apôstôlîny.*

An' i Carl Bloch. Ny dikany tena izy dia ao amin' ny Fiangonan' i Frederiksborg Castle ao Denmark.  
Nampiasaina rehefa nahazoana alalana tao Frederiksborg Museum.

tokoa hankatò ny didin' i Jesoa. Io fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina io no ôrdônansy faharoa amin' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Ny olona izay manatontosa ny ôrdônansy amin' izay dia manome ilay olona tsodrano araka izay anindrian' ny Fanahy Masina azy. Tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana avy amin' ny evekany na ny filohan' ny sampany ireo lehilahy vao manolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no afaka manolotra ny fanomezana ny Fanahy Masina?

#### *Fanendrena ho amin' ny fisoronana*

Ny fanomezana olona iray ny fisoronana dia ôrdônansy. Tsy maintsy ataon' ireo lehilahy hafa izay manana ny fisoronana izany. Tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana avy amin' ny eveka na ny filohan' ny sampana vao manome ny fisoronan' i Aharôna, ary avy amin' ny filohan' ny tsatòka vao manome ny fisoronan' i Melkizedeka. Voninahi-dehibe ho an' ny lehilahy na ny tovolahy ny mandray ny fisoronana. Ireo izay mitana ny voady izay ataony rehefa mandray ny fisoronana dia hanana ny fisoronana mandrakizay.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no afaka manome ny hafa ny fisoronana?

#### *Ny fanasan' ny Tompo*

Manonona vavaka ny olona izay manana ny fisoronana mba hanamasina ny mofo sy ny rano. Avy eo izy na ny olona iray hafa izay manana ny fisoronana dia manome ireo mpikambana amin' ny fiangonana poti-mofo hohanina ary rano hosotroina. Izany no atao hoe fanasan' ny Tompo. Ny fanasan' ny Tompo dia ôrdônansy.

Ny mofo sy ny rano dia tandindon' ny nofo sy ny ran' i Jesoa. Mahatonga antsika hahatsiaro ireo fa nafoiny ho antsika ny ainy. Tokony ho tsaroantsika ny fitiavany antsika. Tokony ho feno fisaorana isika satria efa nataony izay hahazoana hamela ny fahotantsika ka hahatonga antsika hiarahaina indray amin' ny Raintsika any an-danitra.

Isaky ny mandray ny fanasan' ny Tompo isika dia manao indray ny voady izay nataontsika tamin' ny Raintsika any an-danitra fony isika natao batisa. Mivoady indray isika fa hahatsiaro mandrakariva an' i Jesoa, fa vonona isika ny hantsoina amin' ny anarany ary hankatò mandrakariva ny didiny. Alohan' ny andraisantsika ny fanasan' ny Tompo, dia tokony hibe-



*Mandray ny fanasan' ny Tompo isika mba hahatsiarovantsika  
an' i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotany.*

bahantsika ny zavatra diso efa vitantsika ka hosaintsainintsika ny voady efa nataontsika.

Mampanantena antsika ny Raintsika any an-danitra fa raha ataontsika ny zavatra nivoadintsika hatao dia halefany ny Fanahy Masina hiaraka mandrakariva amintsika.

Fanamasinana ny mofo

Efa nomen' i Jesoa ny vavaka manokana ho an' ny fanasan' ny Tompo. Iza no vavaka ho an' ny mofo:

"Ry Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, mba hitahy sy hanamasina ity mofo ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay mandray amin' izany, mba hihinana-ny ho fahatsiarovana ny vatan' ny Zanakao, ka hijoroany ho vavolombelona Aminao, Ry Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo ny hitondra ny anaran' ny Zanakao, ka hahatsiaro Azy mandrakariva sy hitandrina ny didiny izay nomeny azy ireo; mba hananany ny Fanahiny miaraka aminy. Amena."

Fanamasinana ny rano

Iza no vavaka amin' ny rano:

"Ry Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, mba hitahy sy hanamasina ity rano ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra misotro amin' izany, mba hahazoany manao izany ho fahatsiarovana ny ran' ny Zanakao izay nalatsaka ho azy ireo, ka hahazoany mijoro ho vavolombelona Aminao, Ry Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mba hahatsiarovany Azy mandrakariva, mba hananany ny Fanahy miaraka aminy. Amena."

*Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no atao hoe fanasan' ny Tompo?
- Inona no tokony hosaintsainintsika raha mbola manamasina sy mizara ny fanasan' ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana?
- Inona no voady ataontsika rehefa mandray ny fanasan' ny Tompo isika?

*Ny fitsofan-drano ny zaza*

Ny lehilahy izay manana ny fisoronana dia afaka mitso-drano ny zaza, mazana dia herinandro vitsivitsy aorian' ny ahaterahan' ny zaza. Tsy

maintsy manana fahazoan-dalana avy amin' ny eveka na ny filohan' ny sampana izy vao manao izany. Afaka mitso-drano ny zanany ny rainy raha manana ny fisoronan' i Melkizedeka. Raha tsy manana ny fisoronan' i Melkizedeka izy dia tsy afaka mitso-drano ilay zaza na afaka mangataka olona iray manana ny fisoronan' i Melkizedeka izy mba hitso-drano ilay zaza. Ny ray, raha mihazona ny fisoronan' i Melkizedeka izy ary mendrika, na ny olona iray hafa izay mihazona ny fisoronan' i Melkizedeka, dia mametraka ilay zaza eo an-tsandriny, ampian' ireo hafa izay mihazona kosa ny fisoronan' i Melkizedeka, ary manonona vavaka. Miresaka amin' ny Raintsika any an-danitra izy amin' ny vavaka ataony ka milaza fa manatontosa ilay ôrdônansy amin' ny alalan' ny fahefan' ny fisoronan' i Melkizedeka izy ary dia omeny ilay zaza ny anarana izay efa finidin' ny ray aman-dreniny. Dia mitso-drano ilay zaza izy araka izay anindrian' ny Fanahy Masina azy.

#### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no ataon' ny olona izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka rehefa mitso-drano zaza izy?

#### ***Ny fitsofan-drano ny marary***

Raha marary ny olona iray dia afaka mangataka ireo lehilahy izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka izy hitso-drano azy. Voalohany, dia manosotra diloilo azy ny anankiray aminy. Ataony izany amin' ny fanosorana menaka kely ny lohany amin' ilay menaka voatokana; avy eo dia apetra-ny eo amin' ny lohan' ilay olona ny tanany ary manonona vavaka manokana izy. Rehefa izany dia apetrak' izy ireo eo amin' ny lohan' ilay olona ny tanan' izy ireo, ary ny anankiray aminy dia mifehy ilay fanosorana ary mitso-drano ilay olona araka izay anindrian' ny Fanahy Masina azy. Tsapan' ny olona maro fa nihatsara kokoa izy ireo na nositranina rehefa avy nandray izany tsodranon' ny fisoronana izany. Ny fitsofan-drano ny marary dia ôrdônansy.

Ny menaka ampiasaina mba hahosotra ny marary dia atokana ho amin' izany tanjona izany amin' ny alalan' ny ôrdônansy iray hafa. Ny lehilahy izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka dia mihazona tavoahangy iray tsy misarona sady misy menaka ka manonona vavaka manokana ho fano-kanana ilay menaka.

Tsy mila fanomezan-dalana avy amin' ny eveka, ny filohan' ny sampana na ny filohan' ny tsatòka ny lehilahy izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka mba hanatontosana ireo ôrdônansy ireo.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no afaka mitso-drano olona marary?

*Afaka mitso-drano ny olona ao amin' ny ankohonany ny raim-pianakaviana*

Afaka mitso-drano ny olona ao amin' ny ankohonany ny raim-pianakaviana izay manana ny fisoronan' i Melkizedeka. Azony atao izany raha marary ilay olona na mila fanampiana manokana. Tsy mila fanomezan-dalana avy amin' ny eveka, ny filohan' ny sampana, na ny filohan' ny tsatòka izy mba hanaovana izany. Mametraka ny tanany eo ambony lohan' ilay olona ny raim-pianakaviana ary manonona vavaka. Omeny tsodrano ilay olona amin' ny vavaka izay ampitenenin' ny Fanahy Masina azy. Ny fitsofan-drano ny olona ao amin' ny ankohonana dia ôrdônansy.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Rahoviana no afaka mitso-drano ny olona ao amin' ny ankohonany ny raim-pianakaviana?

**Manan-danja loatra ny ôrdônansy sasany ka tokony handray izany ny tsirairay**

Ilain' ny olona ny ôrdônansin' ny fisoronana sasany mba hiverenana ary hiarahana miaina amin' ny Raintsika any an-danitra. Ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina no anankiroa amin' ireo ôrdônansy ireo. Tsy mandray koa ny fisoronana ny lehilahy sy ny tovolahy. Ny ôrdônansy hafa, toy ny fitsofan-drano ataon' ny raim-pianakaviana amin' ny ankohonany, dia tontosaina rehefa mila fanampiana sy fampaherezana isika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona avy ireo ôrdônansy?
- Inona no fitahiana entin' izy ireny tsirairay avy?

***Fanoroan-teny***

*Noho ny fisoronana dia manana fahefana mitovy tamin' ilay nananan' i Jesoa ny lehilahy mba hanatontosana ireo ôrdônansy.*

- Matio 16:19; Marka 3:14 (Nomen' i Jesoa ny mpianany ny fisoronana.)

- Marka 1:34 (Nositrarin' i Jesoa ny marary ary noroahiny hiala ny fanahy maloto.)
- Asan' ny Apôstôly 9:1–6 (Notontosain' ny apôstôlin' i Jesoa ireo ôrdônansy.)

*Ireo ôrdônansy izay tontosaina mba hanampiana antsika*

- Matio 19:14–15 (Nitso-drano ny ankizy madinika i Jesoa)
- Matio 26:26–28 (Nanamasina ny fanasan' ny Tompo ho an' ny mpianany i Jesoa.)
- Asan' ny Apôstôly 8:17 (Nanome ny Fanahy Masina ny apôstôliny i Jesoa.)
- Jakôba 5:14 (Tokony hanisy menaka kely eo amin' ny lohan' ny marary ny loholona ary hitso-drano azy.)
- 3 Nefia 11:23–28 (Omena ny fomba tokony hanaovana batisa.)
- Môrônia 4,5 (Nomen' i Jesoa ireo olona izay niaina tany aloha ela ny vavaka hanamasinana ny fanasan' ny Tompo.)
- Môrônia 6:1–3 (Ny fepetra takiana amin' ireo izay tokony hatao batisa.)





# FANAHARAHANA AN' I JESOA KRISTY

*Fizarana Fito*





*Naneho fankatoavana ny Rainy i Jesoa tamin' ny nanaovana batisa Azy.*

# FANKATOAVANA

Toko 22

---

*Efa notenenin' ny Raintsika any an-danitra antsika ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hahasambatra antsika ka hiverenantsika hiara-hiaina Aminy. Ahoana no ahafahantsika mianatra mba hanaovantsika ireo zavatra ireo?*

## **Omen' ny Raintsika any an-danitra lalàna isika satria tiany.**

Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hahasambatra antsika eto an-tany satria tiany isika. Tadiaviny ny hiverenantsika any Aminy mba hananantsika ny fifaliana izay ananany. Tsy afaka manao izany isika raha tsy mam-piasa ny fahaizana izay efa nomeny antsika mba ho tonga tahaka Azy.

Fantatry ny raintsika any an-danitra izay tsy maintsy ataontsika mba ho tonga tahaka Azy. Efa nomeny antsika ny didy izay milaza amintsika ny tsara tokony hataontsika. Milaza amintsika koa izay tsy tsara ka tsy tokony hataontsika Izy.

Ny didy rehetra izay efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika dia natao mba hahasoa sy hanampy antsika. Mety ho mpitari-dalana antsika eo amin' ny fiainantsika ireny didy ireny, ary raha ankatoavintsika ireny dia ho sambatra isika.

Efa nandika ny didin' ny Raintsika any an-danitra avokoa isika. Koa satria efa nandika ny didin' ny Raintsika any an-danitra isika dia efa nanota isika. Koa satria efa nanota isika dia voasaraka amin' ny Raintsika any an-danitra. Ny famaizana ara-drariny antsika noho ny fahotantsika dia ny ho voasaraka mandrakizay amin' ny Raintsika any an-danitra.

Saingy tia antsika ny Raintsika any an-danitra. Efa namboariny ny lalana hanefana ny sazy noho ny fahotantsika. Efa nalefany ny Zanany, dia Jesoa

mba hanefa ny sazy noho ny fahotantsika. Efa nefain' i Jesoa io sazy io ka afaka miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra isika amin' ny fananana finoana an' i Jesoa. Ny fananana finoana an' i Jesoa dia ny fitokiana Azy ka mahatonga antsika ho mpanara-dia sady mpankatò Azy. Ireo izay manam-pinoana an' i Jesoa dia mankatò ny didiny. Ny dingana voalohany amin' ny fiverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra dia ny fananana finoana an' i Jesoa, ka ezahina marina tokoa ny hankatò Azy. Raha mitozo isika amin' izany ka mahatoky an' i Jesoa dia hampiany isika ho tonga mpankatò ny didy rehetra an' ny Raintsika any an-danitra, ary hamela ny fahotantsika ny Raintsika any an-danitra.

Natao ho an' ny mpikambana rehetra amin' ny fiangonana ny sasantsasany amin' ny didin' i Jesoa. Omeny ao amin' ny soratra masina sy amin' ny alalan' ny mpaminany ireny. Omeny antsika isam-batan' olona, amin' ny alalan' ny Fanahy Masina ny didy sasany. Ohatra: Lazain' ny soratra masina sy ny mpaminany amintsika fa tokony hanampy amin' ny fampianarana ny hafa ny filazantsara avokoa ny mpikambana amin' ny fiangonana. Saingy ny Fanahy Masina dia hampianatra ny tsirairay avy amintsika izay azon' ny isam-batan' olona atao mba hampianarana ny ankohonantsika, ny namantsika ary ny mpifanolo-bodirindrina amintsika ny filazantsara. Raha dinihantsika ny soratra masina, henointsika ny tenin' ny mpaminany ary arahintsika ny fitaoman' ny Fanahy Masina dia ho fantantsika mandrakariva ny zavatra tokony hataontsika.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Ahoana no anehoan' ny didin' ny raintsika any an-danitra sy ny an' i Jesoa ny fitiavan' Izy ireo antsika?
- Ahoana no ahafantarantsika izay efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa antsika mba hatao?

### **Manan-danja avokoa ny didin' ny Raintsika any an-danitra.**

Tokony ho vonona isika ny hanao ny zavatra rehetra izay andidian' i Jesoa antsika hatao. Manan-danja avokoa ny didiny ary manampy antsika hio-mana mba hiaina miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra. Milaza ny tantaran' ny lehilahy iray natao hoe Namana ny Baiboly. Tena narary izy ka nitady ny mpaminany iray natao hoe Elisa mba hanasitrana azy. Nilaozany ny fonenany ary nankany any amin' izay nonenan' i Elisa izy. Nandefa iraka i Elisa hilaza amin' i Namana mba handro impito ao amin' ny ony iray atao hoe Jordana, dia ho sitrana izy.

Tezitra i Namana rehefa nilazana mba hanao izany. Te hahalala ny antony tokony hankanesany any amin' ny onin' i Jordana izy satria nisy renirano lehibe maro tany amin' izay nonenany. Fa na dia tezitra aza i Namana dia nanapa-kevitra ihany izy tato aoriana ny hankatò dia sitrana. Raha tsy nankatò izy dia tsy ho sitrana.

Heverin' ny olona sasany fa sarotra loatra ny mankatò ny didin' i Jesoa. Indray maka dia nisy tovolahy iray natao hoe Nefia izay nangatahina nia-raka tamin' ny rahalahiny hanao zavatra tena sarotra. Nilazan' i Jesoa izy ireo hiverina any an-tanànan' i Jerosalema haka soratra masina sarobidy. Nilaza ny rahalahiny fa tsy ho vitany izany. Sarotra loatra izany. Nefa nilaza i Nefia fa hanao araka izay nolazain' i Jesoa taminy izy. Nilaza izy fa raha ilazan' i Jesoa isika hanao zavatra, na toa inona na toa inona mety ho mahasarotra izany amintsika dia manampy antsika hanao izany Izy.

Efa nilazan' i Jesoa isika fa tokony ho ezahantsika ny ho tonga tahaka Azy sy ny Raintsika any an-danitra. Tsy ho nilaza izany tamintsika Izy raha tsy fantany fa vitantsika izany.

Tahaka ny Raintsika any an-danitra i Jesoa satria tsy nanota Izy. Efa nano-ta avokoa isika, saingy mety ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra isika amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa sy ny fibebahana.

Mety tsy ho azontsika indraindray ny antony iray amin' ny didin' i Jesoa. Saingy raha tiantsika i Jesoa ary matoky Azy isika dia hataontsika izay lazainy antsika mba hatao . Hankatò isika na dia tsy azontsika aza ny antony nilazany tamintsika mba hanao zavatra iray. Izany no nataon' i Adama sy i Eva. Nilazan' i Jesoa i Adama sy i Eva mba hanolotra fanatitra ho an' ny Ray any an-danitra. Indray andro dia tonga teo amin' i Adama ny anjely iray ary nanontany azy ny antony nanolorany fanatitra. Nilaza i Adama fa tsy mahafantatra afa-tsy izao izy: fa i Jesoa no efa nilaza taminy hanao izany. Nolazain' ilay anjely tamin' i Adama tamin' izay ny anton' ny lalàna ary nampianariny an' I Adama ny filazantsara. Finaritra tamin' i Adama i Jesoa satria nankatò Azy izy na dia talohan' ny nahafantarany ny antony mampisy ny lalàna.

Tokony hankatoavintsika ny didin' i Jesoa satria tiantsika Izy ary satrin-tsika ny hankatò Azy. Efa nilaza ny Raintsika any an-danitra fa finaritra amin' ireo izay te hankatò an' i Jesoa Izy. Malahelo Izy rehefa tsy mankatò an' i Jesoa ireo ambara-pitrangan' ny zavatra izay manery azy ireo han-

katò. Satrin' ny Raintsika any an-danitra mba hianatra ny ho tia an' i Jesoa ary hankatò Azy avokoa ireo zanany, satria izay ihany no làlana ahafahan' izy ireo miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no zava-dehibe ny mankatò ny didin' i Jesoa na dia toa sarotra loatra aza ny mankatò azy ireny?
- Nahoana isika no tokony hankatò ny didy na dia tsy takatsika aza izy ireny?
- Nahoana no zava-dehibe ny mankatò raha satrintsika hankatò?

### **Rehefa tiantsika ny Raintsika any an-danitra dia satrintsika hankatò an' i Jesoa**

Nataon' i Jesoa avokoa ny zavatra nandidian' ny Raintsika any an-danitra Azy hatao. Nankatò ny Raintsika any an-danitra i Jesoa satria notiaviny ny Raintsika any an-danitra. Nalain' i Satana fanahy i Jesoa mba tsy hankatoavany ny Raintsika any an-danitra. Tsy nataon' i Jesoa ny zavatra nakan' i Satana fanahy Azy mba hataony.

*Ny didy voalohany sady manan-danja indrindra dia izao: Tiavo ny Raintsika any an-danitra.*

Rehefa tia ny Raintsika any an-danitra isika dia satrintsika hankatò Azy tahaka ny nataon' i Jesoa. Mety ho tiantsika bebe kokoa ny Raintsika any an-danitra rehefa ianarantsika bebe kokoa ny Aminy. Tokony hianarantsika ny Aminy sy izay ataony ho antsika. Haintsika izany amin' ny famakiana ny soratra masina sy ny fihainoana ireo mpitarika ny fiangonan' i Jesoa Kristy. Rehefa tiantsika ny Raintsika any an-danitra dia ho tia an' i Jesoa koa isika noho izay nataon' i Jesoa mba hanampiana antsika hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Mianatra ny ho tia an' i Jesoa isika amin' ny fanaovana ny zavatra izay andidiany antsika hatao. Arakaraka ny mahalehibe kokoa ny fitiavantsika ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa no mahamora kokoa ny fankatoavana ny didiny.

*Ny didy lehibe faharoa dia izao: Tiavo ny olon-drehetra*

Nilazan' i Jesoa isika ho tia sy hanampy ny olona hafa. Efa nilazany isika hitondra azy ireo toy izay itiavantsika ny hitondrany antsika koa. Nolazainy fa tsy tokony hilaza zava-dratsy momba azy ireo isika. Tokony havelantsika izy ireo noho ny hadisoany. Tokony hanampy ny hafa amin' ny fomba rehetra azontsika atao isika.

Rehefa tiantsika ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa dia tia sy manampy ny hafa isika. Arakaraka ny itiavantsika sy anompoantsika an' i Jesoa sy ny olona hafa no mahamora kokoa ny fankatoavana ny didin' ny Raintsika any an-danitra sy ny an' i Jesoa.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona ireo didy lehibe roa?
- Ahoana no ahafahan' ny ohatra nasehon' i Jesoa manampy antsika hankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no ahafahantsika mianatra mba ho tia ny Raintsika sy i Jesoa ary mba hankatò ny didiny?

### **Ny fitahiana tsirairay raisintsika dia avy amin' ny fankatoavantsika.**

Mitahy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa ankatoavintsika ny didiny. Mampanantena fitahiana Izy ho an' ny didy tsirairay ankatoavintsika. Isaky ny ankatoavintsika ny didy iray dia mandray fitahiana isika noho ny fankatoavantsika. Raha tsy ankatoavintsika ny didy dia tsy azontsika antenaina ny handray ny fitahiana nampanantenaina.

Ny sasany amin' ireo fitahiana izay azo avy amin' ny fankatoavana ny didin' ny Raintsika any an-danitra dia ny fahasambarana, ny fahafahana amin' ny tahotra, toe-pahasalamana tsara, ary fahalalana amam-pahaizana bebe kokoa. Ny fitahiana lehibe indrindra izay ampanantenain' ny Raintsika any an-danitra antsika dia ny hahatonga antsika toa Azy ary ny hiainantsika mandrakizay miaraka Aminy. Azontsika raisina izany fitahiana izany amin' ny fankatoavana ny didy rehetra.

Rehefa miezaka amin' ny zotom-po tokoa isika mba hankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra dia zava-dehibe ny ahatsiarovantsika fa tsy afaka manao izany isika raha tsy miaraka amin' ny fanampian' i Jesoa. Tokony hotsaroantsika koa ny fametrahana ny finoantsika ao amin' i Jesoa Kristy ary mibebaka. Koa satria efa nanota avokoa isika dia tokony ho tena feno fankasitrahana isika noho ny sorompanavotan' i Jesoa Kristy. Noho ny sorompanavotany dia afaka mamela sy mitahy ka manampy antsika ho tonga mpankatò ny Raintsika any an-danitra. Tsy ho mendrika ny fitahian' ny Raintsika any an-danitra na oviana na oviana isika noho ny tenantsika fotsiny.



### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no fitahiana mety ho tonga aminao noho ny fankatoavanao ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no anampian' i Jesoa antsika mba hahazo ireo fitahiana ireo?
- Ahoana no ahafahantsika mandray ny fanomezana lehibe indrindra avy amin' ny Raintsika any an-danitra?

### *Fanoroan-teny*

*Omen' ny Raintsika any an-danitra lalàna isika satria tiany*

- Jaona 15:10–14 (Raha mankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra isika dia hotohizantsika ny fahalalana fa tiany isika).

*Manan-danja avokoa ny didin' ny Raintsika any an-danitra*

- Mpanjaka Faharoa 5:1–14 (Nolazain' ny mpaminany Elisa tamin' i Namana izay tokony hataony mba ho sitrana).
- 1 Nefia 3:1–7 (Manomana fomba ho antsika i Jesoa mba hankatoavantsika ny didiny).
- 3 Nefia 12:48 (Notenenin' i Jesoa isika mba ho tanteraka).

*Rehefa tiantsika ny Raintsika any an-danitra dia satrintsika hankatò an' i Jesoa*

- Matio 22:37–40 (Omen' i Jesoa didy lehibe roa isika)
- Jaona 8:29 (Nataon' i Jesoa mandrakariva ireo zavatra izay nahafinaritra ny Rainy).
- Jaona 14:15, 21–24 (Raha tiantsika ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa , dia hankatoavantsika ny didiny).
- Korintiana voalohany 2:9 (Efa nanomana fitahiana lehibe ho an' ireo izay tia Azy ny Raintsika any an-danitra).

*Ny fitahiana tsirairay raisintsika dia avy amin' ny fankatoavantsika*

- Ohabolana 3:1–4; Jeremia 7:23 (Nampanantena ny hitahy ny olona ny Raintsika any an-danitra raha mankatò Azy izy).
- 2 Nefia 2:3–9; Almà 22:14; Môrônia 6:4 (Tsy mety ho mendrika ny fitahian' ny Raintsika any an-danitra amin' izao fotsiny isika, fa manampy antsika ny Mpamonjy).
- Môziaha 2:24 (Mitahy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mankatò Azy isika).
- Môziaha 2:41 (Mandray fitahiana maro ary sambatra ireo izay mankatò ny didy).

# SORONA

Toko 23

---

*Ny fahafoizana zavatra mba hanampiana ny hafa dia anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra mba hanampiana antsika ho tonga tahaka Azy. Mba efa nahatsiaro fifaliana ve ianao vokatry ny fahafoizana zavatra hanampiana ny hafa?*

## **Nafoin' i Jesoa ho antsika ny ainy**

Tsy maintsy mahafoy tena isika matetika mba hankatoavantsika ny Raintsika any an-danitra. Ny sorona dia fahafoizana zavatra hanampiana ny hafa. Jesoa no nanao ny sorona lehibe indrindra. Nijaly Izy noho ny fahotantsika. Rehefa izany dia natolony ny ainy ho antsika.

Koa satria natolotr' i Jesoa ho antsika ny ainy dia ho velona indray ny tsirairay any aorian' ny fahafatesana. Hanana vatana tomombana izay tsy ho faty na oviana na oviana intsony isika. Izay no atao hoe fitsanganana amin' ny maty. Ireo izay manam-pinoana koa an' i Jesoa, ka mibebaka amin' ny fahotany rehetra no havela ny fahotany noho ny nataon' i Jesoa ary ho afaka hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Hatramin' ny fotoana niainan' i Adama ka hatramin' ny fotoana niainan' i Jesoa Kristy dia nataon' ny olona sorona ho an' ny Raintsika any an-danitra ny biby. Nofidian' ny olona ny biby tsara indrindra tamin' ny andiana biby fiompiny mba hatao sorona. Ny lahy sady voalohan-teraka izany mandrakariva. Rehefa voafidy ilay biby mety amin' izany dia novonoin' ny olona izany ary nodorany ny ampahany taminy ho fanatitra ho an' ny Raintsika any an-danitra.

Nataon' ny olona sorona ireny biby ireny ho fankatoavana ny lalàn' ny Raintsika any an-danitra. Nasehony tamin' izany fomba izany ny finiavana ny hankatò ny Raintsika any an-danitra na dia fahafoizana zavatra mave-



*Tsy ampy ny finoan' ilay tovolahy mpanefofo mba  
hahafoizany ny fananany ka hanarahany an' i Jesoa.*

sa-danja ho azy ireo aza no heviny. Nodidian' ny Raintsika any an-danitra izy ireo hanao sorona biby mba hampahatsiahy azy ireo fa hatao sorona ho azy ireo ny zanany. Jesoa ilay Zanaka Lahimatoan' ny Raintsika any an-danitra dia ho tonga eto an-tany ary ho tanteraka amin' ny lafiny rehetra. Havelany hatao sorona ny tenany noho ny fahotantsika.

Taorian' ny nanomezan' i Jesoa ny ainy dia nodidiany ny olona tsy hanao sorona biby intsony. Nomeny antsika ny fanasan' ny Tompo mba hampahatsiahy antsika ny sorona lehibe nataony ho antsika. Ny mofo sy ny rano amin' ny fanasan' ny Tompo dia tandindon' ny nofo sy ny ran' i Jesoa, izay nomeny antsika rehefa ho faty Izy.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Tandindon' ny inona ny fanaovana sorona biby tamin' ny fahagolantany?

### **Anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika ny sorona**

Takian' ny Raintsika any an-danitra ankehitriny ny hanaovantsika sorona amin' ny fomba samy hafa. Didiany isika hanao sorona ny fo torotoro sy ny fanahy manenina. Izany hoe hafointsika ny fahotantsika sy ny avonavontsika, ka vonona isika ny hahatsiaro an' i Jesoa mandrakariva sy hitandrina ny didiny, na toa inona na toa inona ho vokany. Midika izany fa:

1. Manam-pinoana an' i Jesoa isika, mibebaka amin' ny fahotantsika isika, atao batisa isika ary mitandrina ny didin' i Jesoa.
2. Lazaintsika ny olona hafa ny finoantsika an' i Jesoa mba hahatongavan' ny ho mpanaradia Azy ka hikambanany amin' ny fiangonany.
3. Vonona isika hanao ny asa ao amin' ny fiangonan' i Jesoa ka tiany hataontsika.
4. Vonona ny lehilahy ny hanaiky ny fisoronana sy hanampy ny ankohonany ary ny hafa mba hanana ny fombam-piainana izay hahatonga azy ireo ho vonona ny hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra amin' ny fiainana manaraka.

Tsy maintsy mivonona isika ny hanome ny zavatra rehetra angatahin' i Jesoa amintsika mba hiverenantsika any amin' ny Raintsika any an-danitra. Nilaza ny Apôstôly Paoly fa isika dia tokony handany ny fotoantsika eto an-tany amin' ny fanaovana izay rehetra azontsika atao hoentimanampy ny asan' i Jesoa.



*Nanana finoana fatratra i Abrahama ka efa niomana izy hanao sorona an' i Isaka zananilahy noho ny didin' ny Tompo.*

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana ny fomba anehoanao fa tsaroanao ankehitriny ny sorona nataon' i Jesoa?

Nanontanian' ny mpanefoefo iray an' i Jesoa izay tokony hataony mba hiarahany miaina mandrakizay amin' ny Raintsika any an-danitra. Nilazan' i Jesoa izy hankatò ny didy rehetra an' ny Raintsika any an-danitra. Namaly ilay mpanefoefo fa efa nankatoaviny hatramin' ny fahatano-rany izany. Nilazan' i Jesoa izy fa mbola misy zavatra iray loha tokony hatao. Tokony hamidiny ny zavatra rehetra ananany. Rehefa izany dia tokony homeny ny mahantra ny vola ary hanara-dia an' i Jesoa izy. Nalahelo ilay mpanefoefo nony nandre izany. Tsy sitrany ny hamoy ny zavatra rehetra ananany ka hanaraka an' i Jesoa.

Lehilahy tsara ilay mpanefoefo. Efa noezahany tamin' ny zotom-po tokoa ny nankatò ny didy. Saingy rehefa nangatahin' i Jesoa izy hamoy ny zavatra rehetra nananany ka hanaraka Azy dia tsy te hanao izany.

Ireo roa lahy Apôstôlin' i Jesoa, i Petera sy i Andrea dia vonona ny hamoy ny zava-drehetra nananany mba hanaraka an' i Jesoa. Rehefa nangatahin' i Jesoa izy ireo hanaraka Azy dia navelany ny asany ary narahiny Izy.

Abrahama koa dia vonona ny hamoy ny zava-drehetra nananany ho an' ny Raintsika any an-danitra. Niaina teto an-tany talohan' ny nahaterahan' i Jesoa i Abrahama. Notakian' ny Raintsika any an-danitra tamin' ny olona, tamin' izany fotoana izany ny hanaovany sorona ny biby. Nodidiany i Abrahama hanao sorona ny zananilahy, ho fitsapana hahitana raha toa ka hankatò i Abrahama. Vonona ny hankatò i Abrahama. Naoriny ny alitara iray ary nataony teo ambonin' izany ny zanany. Vonona ny hamono ny zananilahy i Abrahama raha nosakanan' ny anjely izy. Nilazan' ilay anjely i Abrahama fa tsy voatery hanao sorona ny zananilahy izy. Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa vonona i Abrahama ny hanome izay rehetra handidiany azy mba homena, na dia ny zanany mihitsy aza. Tian' i Abrahama loatra ny Raintsika any an-danitra ka vonona izy hanao ny zavatra nandidian' ny Raintsika any an-danitra azy. Notahian' ny Raintsika any an-danitra i Abrahama satria vonona i Abrahama hanao sorona ny zavatra rehetra ho Azy.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no ho ohatry ny olona tsy vonona hanome ny zavatra rehetra nandidian' i Jesoa azy mba homeny?
- Iza no noraisina ho ohatry ny olona vonona hanome ny zavatra rehetra nandidian' i Jesoa azy mba homeny?
- Inona no nataonao tamin' ireo toe-javatra ireo?

**Mety ho voatery hanao sorona zavatra isika ho an' ny asan' i Jesoa**

Mety hotsipahin' ny fianakaviansika isika raha manara-dia an' i Jesoa. Mety hihomehy antsika ny olona hafa na hiezaka ny hanafintohina antsika rehefa ankantoavintsika ny didiny. Mety hahavery ny asantsika isika noho ny nikambanantsika tamin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy.

Mety ho voatery handany ny volantsika sy ny fotoantsika isika handehana mampianatra ny hafa momba an' i Jesoa. Mety ho voatery handany ny fotoantsika isika hanampiana ny mpitarika ny fiangonana hanao ny asany. Mety ho voatery handany ny fotoantsika sy ny volantsika isika hanampiana ny hafa amin' ny fianakaviansika raha mbola manao ny asan' i Jesoa izy. Mety ho tian' ny Raintsika any an-danitra ny hanomezantsika ny aintsika toy izay ny handavantsika ny fijoroantsika ho vavolombelona ny amin' i Jesoa.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no mety ho fihetseham-ponao raha angatahina ianao hamoy ny fananana lalainao indrindra?
- Toa inona ny fahavononanao hatao sorona ho an' ny asan' i Jesoa?

**Tsy mety ho azo amin' ny fomba hafa ny fitahiana entin' ny fahafoizan-tena**

Mahatonga antsika tsy ho tia tena ny fahafoizan-tena. Ianarantsika ny manompo ny Raintsika any an-danitra ary manampy ny olona hafa. Ianarantsika fa mahatonga antsika ho sambatra ny fanaovan-javatra ho an' ny hafa. Ianarantsika fa ny fanaovana ny zavatra izay andidian' i Jesoa antsika hatao dia manan-danja kokoa noho ny zavatra hita maso mety ho azontsika eto amin' ity tany ity. Ianarantsika fa ny fanompoana ny hafa dia tsaratsara kokoa noho ny tsy fiheverana afa-tsy ny tenantsika ihany. Rehefa mahafoy tena an-tsitrapo isika dia hitantsika koa fa omen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fitahiana izay tsara lavitra noho izay nafointsika.

Ny fahafoizan-tena ho an' ny hafa dia manampy antsika hahatakatra tsaratsara kokoa izay nataon' i Jesoa ho antsika. Notiaviny fatratra isika ka nomeny ny ainy ho antsika. Arakaraka ny hahafaoizantsika zavatra ho an' ny Raintsika any an-danitra na ho an' ny olona hafa no hitiavantsika azy ireo bebe kokoa. Manomboka ho manam-pitiavana isika ary mitovy bebe kokoa amin' i Jesoa sy ny Raintsika any an-danitra.

Tsy ratsy ny fananana zavatra maro. Omen' ny Raintsika any an-dranitra antsika matetika ireny zavatra ireny mba hahafahantsika manampy ny hafa. Saingy sarotra izany tsy ho tia ny fananan' ny tena sy ny vola izany. Miasa mafy isika mba hahazo azy ireny. Ilaina ny sasantsasany amin' ireny zavatra ireny ho fivelomantsika. Tsy tokony hikarakara fatratra tokoa ireny zavatra ireny anefa isika ka tsy hahafoy izay rehetra ilain' ny Raintsika any an-danitra mba hanampiana ireo zanany hafa.

Tokony hataon' ny mpikambana rehetra amin' ny fiangonana ho zava-dehibe indrindra eo amin' ny fiainany ny fanompoana ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa. Asehontsika fa tiantsika mihoatra noho ny itiavantsika ny fananantsika ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa rehefa ataontsika izay angatahin' ny mpitarika ny Fiangonan' i Jesoa amintsika mba hataontsika. Tokony hahafoy fotoana isika hanampiana azy ireo hampianatra sy hanampy ny hafa. Mba hahatonga antsika ho mendrika ny hiarahiaina amin' ny Raintsika any an-danitra dia tsy maintsy vonona isika ny hahafoy ny zavatra rehetra ananantsika mba hanampiana ny asan' i Jesoa raha izany no angatahiny amintsika.

Efa nampanantenain' i Jesoa fitahiana lehibe ireo izay mankatò sy manompo Azy. Efa nolazainy fa tsy haintsika saintsainina ireo zava-mahagaga horaisintsika any aoriana raha mahafoy tena ho amin' ny asany ankehitriny.

### ***Fanoroan-teny***

*Nafoin' i Jesoa ho antsika ny ainy*

- Lioka 9:57–62 (Ny fankatoavana an' i Jesoa dia manan-danja kokoa noho ny zavatra eo amin' ny fiainantsika.)
- Jaona 15:12–13 (Nasehon' i Jesoa antsika ny fitiavany lehibe tamin' ny nanomezany ny ainy ho antsika.)



*Anisan' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika ny sorona*

- Genesisy 22:1–14 (Nilazana i Abrahama mba hanolotra an' i Isaka zana-nilahy ho fanatitra.)
- Matio 4:18–20 (Niantso an' i Petera sy i Andrea ho mpianany i Jesoa.)
- Romana 12:1 (Tokony holaniantsika ny fotoantsika hanompoana ny Raintsika any an-danitra.)

*Mety ho voatery hanao sorona zavatra isika ho an' ny asan' i Jesoa*

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:23 (Izao no fotoana ho an' ny sorona.)
- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:8 (eken' ny Raintsika any an-danitra ireo izay vonona ny hatao sorona ho azy.)

*Tsy mety ho azo amin' ny fomba hafa ny fitahiana entin' ny fahafoizan-tena*

- Matio 19:29 (Nampantenain' i Jesoa fitahiana lehibe ireo izay nahafoy tena noho ny amin' ny filazantsara.)
- Lioka 12:16–34 (Tokony hokantsahintsika aloha ny fanjakan' ny Raintsika any an-danitra mialohan' ny zavatr' izao tontolo izao.)

# NY ANDRO FITSAOHANA

Toko 24

---

*Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika hanokana andro iray ao anatin' ny herinandro hitsaohana Azy. Mandray fitahiana maro isika rehefa ataontsika ho masina io andro io.*

## **Nomen' ny Raintsika any an-danitra andro fitsaohana iray isika hanampy antsika**

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa manana olana maro isika. Tsy maintsy manao zavatra maro isika isan' andro. Tsy maintsy miasa isika mba hahazo hanina sy fitafiana. Tsy maintsy mikarakara ny sakafo sy ny kenokenona andavanandro isika.

Koa satria maro ireo zavatra hatao ireo dia mora ny manadino ny momba ny Raintsika any an-danitra. Mora koa ny manadino ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika. Eritreretintsika bebe kokoa ny filantsika andavanandro toy izay ny momba ny Raintsika any an-danitra.

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa mila fotoana isika hieritretana ny momba Azy. Mila fotoana isika hianarana izay tiany hataontsika. Noho izany dia efa nilazany isika handany andro iray ao anatin' ny herinandro mba hitsaharana amin' ny asantsika ka hianarantsika ny momba Azy.

Noharian' ny Raintsika any an-danitra tamin' ny alalan' i Jesoa Kristy tao anatin' ny vanim-potoana enina ny tany. Nantsoiny hoe andro ireny vanim-potoana ireny. Tamin' ny andro fahafito dia nitsahatra tamin' ny asa fahariana ity tany ity Izy. Efa nolazainy antsika ny tokony hitsaharantsika amin' ny asantsika andavanandro amin' ny andro iray isan-kerinandro.



*Andro fitsaohana ny Alahady*

**Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny andro natao ho andro fitsaohana.**

Nolazain' ny Raintsika any an-danitra ireo olona tamin' ny fahagolan-tany ny handany ny andro fahafito amin' ny herinandro ho andro fitsaohana. Izany andro izany dia natao hanampy ny olona hahatsiaro fa taorian' ny nahariany ny tany dia nitsahatra Izy.

Taorian' ny nahafatesan' i Jesoa Kristy no nananganana Azy tamin' ny maty tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro. Noraisin' ireo mpanaraka an' i Jesoa ho andro fitsaohana ny andro voalohany amin' ny herinandro hanampy ny olona hahatsiaro sy hanome voninahitra ny andro nitsanganan' i Jesoa tamin' ny maty. Antsointsika hoe andron' ny Tompo izany (atao hoe ny Tompo i Jesoa indraindray). Antsointsika koa hoe ny andro sabata izany. Na dia andro iray amin' ny herinandro samy hafa tamin' izay noraisina fahiny ho andro fiderana aza izany dia mbola andro iray amin' ny herinandro ihany izany. Mbola manao ny asa mahazatra antsika ihany isika mandritra ny enina andro ao anatin' ny herinandro. Rehefa izany dia mitsaoka ny Raintsika any an-danitra isika ny andro fahafito.

Amin' izao androntsika izao, ny ankamaroan' ny olona dia manokana ny andro voalohany amin' ny herinandro, dia ny alahady, ho andro fitsaohana. Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra ny mpaminany tamin' ireo fisehoan-javatra vitsivitsy fa azon' ny olony any amin' ny firenena sasantsany atokana ny andro iray hafa ho andro fitsaohana.

**Azontsika tanana ho masina ny andron' ny Tompo**

Misy zavatra maro tokony hataontsika amin' ny andron' ny Tompo. Ny zavatra mavesa-danja indrindra azontsika atao dia ny misaintsaina ny momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa mandritra io andro io. Tokony hosaintsainintsika ny zavatra tiany ho fantatsika sy hataontsika. Ny sasany amin' ny zavatra azontsika atao amin' ny andro fitsaohana ka hanampy antsika hahatsiaro sy hianatra momba ny Raintsika any an-danitra dia ny:

1. Mandinika ny soratra masina izay mampianatra momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa.
2. Manampy ny olona hafa hianatra momba ny fiangonana.
3. Mampianatra ny fianakaviansika momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ary ny momba izay tiany hataontsika.

4. Manatrika ny fivoriam-piangonana sy ny an' ireo vondrona mpikambana izay ahafahantsika miara-mianatra ny filazantsara. Afaka mianatra ireo tantara momba an' i Jesoa, sy ireo fampianarana hafa ao amin' ny filazantsara isika, ary afaka mifampiresaka momba ny zavatra efa nataon' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ho antsika.
5. Mitsahatra amin' ny asa ataontsika amin' ireo andro hafa ao anatin' ny herinandro.
6. Mivavaka.
7. Mamangy ny olona izay marary ka manampy azy hihatsara.
8. Mitana an-tsoratra ny zavatra sasany izay nanjo ny fianakaviansika mba hahatsiarovantsika izany any aoriana.

Tokony handray ny fanasan' ny Tompo ny mpikambana amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy amin' ny andro fitsaohana. Afaka miomana ho amin' izany izy amin' ny fisaintsainana ny momba an' i Jesoa sy ny zavatra nataony ho antsika. Tokony hangatahiny ny Raintsika any an-danitra hanampy azy hahatsiaro an' i Jesoa. Rehefa raisiny ny fanasan' ny Tompo dia tokony hotsaroany ny voady masina efa nataony. Tokony hosaintsaininy ny zavatra efa nampanantenain' ny Raintsika any an-danitra azy raha ankatoaviny i Jesoa.

Misy zavatra maro izay tsy tokony hataontsika amin' ny andro fitsaohana. Tsy tokony hiasa isika. Tsy tokony hampiasa ny fianakaviansika, ny mpanompontsika, na ny bibintsika isika. Tsy tokony hamaky zavatra, hijery fandaharana amin' ny fahitalavitra na hihaino mozika izay hisakana antsika tsy hisaintsaina ny momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa isika. Tsy tokony hanatrika fivoriam-panatanjahan-tena isika. Tsy tokony hividy na hivarotra zavatra isika. Toa zava-dehibe ireny zavatra ireny saingy tsy manampy antsika hisaintsaina ny momba ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa amin' io andro masina io ireny.

Mety hisy fotoana izay tokony hiasantsika amin' ny andro fitsaohana, saingy tokony hoezahantsika ny tsy hiasa. Raha tsy maintsy ilaina ny hiasantsika dia tokony hoezahantsika ny mieritreritra an-dRaintsika any an-danitra sy i Jesoa eo am-piasana.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no tokony hataontsika amin' ny andron' ny Tompo?
- Inona no tsy tokony hataontsika amin' ny andro fitsaohana?

### **Mitahy antsika ny Raintsika any an-danitra noho ny fitandremantsika ny andron' ny Tompo ho masina**

Iray ihany hatrany ny tanjon' ny andro fitsaohana. Andro natao hitsaharana amin' ny asa ataontsika isan' andro izany andro izany. Andro natao hianarana ny momba ny Raintsika any an-danitra izany ary hiomanana amin' ny fiaraha-miaina Aminy. Andro natao hanatsarana ny fiainantsika izany ka hianarana misimisy kokoa ny momba izay tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika.

Soa ho antsika izany andro izany. Manampy antsika izany hahatsiaro ny Raintsika any an-danitra ary ny antom-pisiantsika eto an-tany. Mandray fitahiana isika rehefa ataontsika ny zavatra tian' ny Raintsika any an-danitra hataontsika amin' ny andron' ny Tompo. Sambatra kokoa ny fianakaviansika. Velombelona ny vantantsika. Manaiky kokoa ny Raintsika any an-danitra sy ny fampianarany isika. Ho haintsika ny hahatsapa ny fitaoman' ny Fanahy Masina mahery kokoa mandritra ny herinandro. Koa satria efa nankatò isika dia hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra mba hahazoantsika hanina, fitafiana, ary ireo zavatra hafa ilaintsika. Hanampy antsika Izy hianatra misimisy kokoa ny Aminy ary ho sambatra.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona ireo antony vitsivitsy izay tokony hitandremantsika ny andro fitsaohana ho andro masina?

### ***Fanoroan-teny***

*Nomen' ny Raintsika any an-danitra andro fitsaohana iray isika hanampy antsika*

- Genesisy 2:2–3 (Nitsahatra tamin' ny asany ny Raintsika any an-danitra tamin' ny andro fahafito.)
- Eksodosy 20:8 (Nodidian' ny Raintsika any an-danitra isika hitandrina ny andro fitsaohana ho masina.)
- Eksodosy 35:1–3 (Tokony hitsahatra isika amin' ny andro fitsaohana.)
- Marka 2:27 (Nomen' ny Raintsika any an-danitra andro fitsaohana iray isika hanampy antsika.)
- Môziaha 18:23 (Tokony hitandrina ny andro fitsaohana ho masina isika.)

*Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny andro natao ho andro fitsaohana.*

- Asan' ny Apôstôly 20:7 (Nandray ny fanasan' ny Tompo ny Apôstôly tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro.)
- Korintiana Voalohany 16:2 (Niomana ho amin' ny fitsaohana ny olona tamin' ny andro voalohany.)

*Azontsika tanana ho masina ny andron' ny Tompo.*

- Eksodosy 20:9–10 (Nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika fa tsy ilaintsika ny miasa amin' ny andro fahafito.)

*Mitahy antsika ny Raintsika any an-danitra noho ny fitandremantsika ny andron' ny Tompo ho masina.*

- Isaia 58:13–14 (Hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra noho ny fitandremantsika ny andron' ny Tompo ho masina.)

# NY LALÀNAN' NY FAHADIOVAM- PITONDRANTENA

*Toko 25*

---

*Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny hery masina hananana zanaka. Efa nolazainy antsika ny fomba hampiasana io hery io. Raha ampiasaintsika araka ny hitsiny izany dia mety ho tena sambatra isika.*

**Efa notenenin' ny Raintsika any an-danitra isika mba hanan-janaka ary hankatò ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.**

Rehefa nivady i Adama sy i Eva dia notenenin' Andriamanitra izy ireo hanan-janaka. Noteneniny i Adama sy i Eva andefimandriny hanan-janaka mba hahafahan' ireo fanahy any an-danitra midina eto an-tany ary mandray vatana nofo sy taolana. Ny vatana nofo sy taolana dia anankiray amin' ireo fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika. Manana vatana nofo sy taolana ny Raintsika any an-danitra, ary tiany ireo zanany hanahaka Azy.

Tena masina ny hery hananana anaka. Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny lalàna iray izay milaza amintsika ny fomba hampiasana io hery io. Atao hoe lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena io lalàna io. Milaza izany fa amin' ny olona izay vadintsika ara-dalàna ihany isika no tokony hanana firaisana ara-nofo. Izany hoe tsy tokony hanana firaisana ara-nofo isika alohan' ny fanambadiana, ary aorian' ny fanambadiana dia tsy tokony hanana firaisana ara-nofo isika afa-tsy amin' ny vadintsika na ny andefimandrintsika.

Ny fanalana zaza na ny famelana izany ho faty na ny famonoana izany raha mbola ao am-bohoka dia hadisoana raha tsy misy toe-javatra manokana izay ilana fandinihina fatratra tokoa ombam-bavaka sy ny fanam-



pian' ny eveka na ny filohan' ny sampana. Tsy tokony hampiantsika ny olona hanala zaza.

Ny ray aman-dreny no olona tokony hampianatra ny zanany ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena. Tokony hampianarin' ny ray aman-dreny fa masina ny vatany ka tokony tsy hisy olona havelany hikasika ny fari-tra sasany amin' ny tenany. Tokony hahitsiny ireo hevitra sy teny diso ianaran-janany noho ny fifampikasohany amin' ny hafa.

Arakaraka ny hitomboan' ny zanany no tokony hampianarana azy ireo fa efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny hery hananana anaka ka tsara ny fampiasana izany ao anatin' ny fanambadiana. Amin' ny fotoana mahafeno 12 na 13 taona ny zanatsika dia tokony hampiantsika izy ireo hahatakatra ny fomba fiforonan' ny zaza. Tokony hampianarintsika mialoha ary amin' ny fomba voalanjalanja tsara izy ireo mba hiarovana azy ireo tsy ho simba na amin' ny fampianaran-diso.

#### *Fifanakalozan-kevitra*

- Nahoana isika no nomen' ny Raintsika any an-danitra hery hananana anaka?
- Inona no atao hoe lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?
- Inona no tokony hampianarantsika ny zanatsika momba ny vatany?

#### **Tadiavin' i Satana handika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena isika.**

Tadiavin' i Satana hosakanana isika tsy hiverina any amin' ny Raintsika any an-danitra. Tadiavin' i Satana handika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena isika. Tadiaviny isika hieritreritra fa tsy masina ny hery hananana anaka. Tadiaviny isika hieritreritra fa tsy fahotana ny mandika ny lalànan' ny fadiovam-pitondrantena.

Ampiasain' i Satana ny hakingana mba handresen-dahatra antsika handika io lalàna io. Iezahany ny hampieritreritra antsika fa azo ekena ny fame-lana ny hafa hahita sy hikasika ny vatantsika. Tadiavin' i Satana ny hananantsika eritreri-dratsy. Amporisihany isika hijery sary, sarimihetsika ary dihy izay misintona antsika tsy hadio fitondrantena. Amporisihiny koa isika handray anjara amin' ny dihy ary hihaino tantara, hatsikana ary mozika izay misintona antsika ho amin' ny tsy fahadiovam-pitondran-tena. Tadiavin' i Satana ny hanaovantsika ireny zavatra ireny ka dia toa

tsy masina ny vatantsika ary hampiasantsika amin' ny fomba diso ny hery hananana anaka.

Maka fanahy antsika amin' ny alalan' ny fihetseham-pontsika i Satana indraindray. Fantatr' i Satana rehefa manirery, very hevitra ary ory isika. Fidiiany ireny fotoam-pahalementsika ireny mba hahatonga antsika hitady ny handika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena. Tadiaviny ho eritreretintsika fa manan-jo isika hampiasa ny herin' ny fananana anaka araka izay fomba iriantsika hampiasana izany. Iezahany ny hahatonga antsika hieritreritra fa tsy misy na inona na inona ratsy ho tonga amintsika raha dikaintsika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.

Afaka manome hery antsika ny Raintsika any an-danitra mba hanoherana ny fakampanahin' i Satana. Tsy tadiaviny ny hahitantsika zavatra ratsy na ny hananantsika eritreri-dratsy. Efa nampanantenainy ny tsy hamela an' i Satana haka fanahy antsika mihoatra ny mety ho zakantsika. Efa nomaniny ho antsika ny fomba handresena ny fakampanahy.

Afaka mivavaka amin' ny Raintsika any an-danitra isika hanampiana antsika hanohitra an' i Satana. Rehefa mivavaka isika dia halefan' ny Raintsika any an-danitra ny Fanahy Masina hanampy antsika. Hanampy antsika ny Fanahy Masina hahatsiaro fa masina ny vatantsika ary masina ny hery mba hananana anaka. Hanampy antsika ny Fanahy Masina tsy hampiasa io hery io amin' ny fomba diso. Hampiany isika hifidy ny zavatra tsara ho hita sy hovakiana ary hosaintsainina. Hampiany isika hahatsiaro fa ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena dia hahatonga antsika halahelo ary ny fankatoavana io lalàna io dia mahatonga antsika ho faly.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no tadiavin' i Satana isika handika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?
- Inona no azontsika atao hanoherana ny fakampanahin' i Satana?
- Ahoana no hanampian' ny Raintsika any an-danitra antsika hankatò ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?

### **Tena fahotana ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.**

Tsara sy madio ny firaisana ara-nofa rehefa mitranga eo amin' ny lehilahy sy ny andefimandriny izany ka mifankatia sy mifanaja izy ireo. Izy ireo no

lâlana efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika mba hanana anaka, izay lâlana ihany koa anehoan' ny ray aman-dreniny ny fifankatiavany ka mahatonga azy ireo hifankahazo am-po bebe kokoa. Saingy tena fahotana ny firaisana ara-nofo ivelan' ny fanambadiana.

Mahatonga antsika ho ory ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena. Rehefa hitantsika fa tsy nankatò ny Raintsika any an-danitra isika dia hahatsapa hadisoana sy henatra. Hahatsapa isika fa efa nampiasaintsika tamin' ny fomba diso ny hery masina izay nomeny antsika ka efa nahatonga ny hafa ho ory. Ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena dia mety mahatonga ny zaza ho teraka tsy ao anatin' ny fianakaviana sahaza azy.

Fahotana roa ihany no lehibe kokoa noho ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena. Izany dia ny fandavana ny Fanahy Masina sy ny famonoana olona. Azo avela heloka ireo izay efa nandika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena. Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra fa raha manam-pinoana an' i Jesoa izy ireo ka mibebaka amin' ny fahotany dia havelany izy ireo. Tsy ho afaka ny hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra ireo izay mandika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena ary tsy mibebaka.

Ireo izay nosavihina na noviraviraina ara-nofo dia tsy meloka amin' ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.

Amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa sy ny fibebahana ihany no ahaton-gavan' ny famelana. Tsy maintsy tsapantsika fa efa nanota isika ary mala-helo marina tokoa noho ny hadisoana efa vitantsika. Tsy maintsy atsahatsika ny fanaovana zavatra diso ary ibabohantsika amin' ny Raintsika any an-danitra, amin' ny olona mety ho noratraintsika, ary amin' ny fahefan' ny fisoronana voakasik' izany ilay ota (eveka, filohan' ny sampana, filohan' ny tsatòka, na filohan' ny misiona). Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra fa havelany ireo izay manam-pinoana an' i Jesoa, mibaboka ny otany amin' ny Raintsika any an-danitra sy amin' ny mpitarika ny fiangonana voakasik' izany, ary mibebaka amin-tsitrampo tokoa. Izay rehetra tsy manao ireo zavatra rehetra ireo ka tsy mibebaka marina tokoa dia tsy ho voavela heloka.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Nahoana no tena fahotana tokoa ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?
- Inona no mety hanjo antsika rehefa mandika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena isika?
- Nahoana isika no tokony hankatò ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?
- Inona no tokony hataontsika mba hibebahantsika noho ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?

### **Mahatonga antsika ho sambatra ny fankatoavana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena**

Rehefa ankatoavintsika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena dia mampiseho ohatra tsara harahin' ny ankizy isika. Mahafantatra isika fa finaritra amintsika ny Raintsika any an-danitra noho ny nankatoavantsika Azy. Rehefa nankatoavintsika izany dia fantatr' ireo izay ao amin' ny ankohonantsika fa tiantsika izy ireo ary tsy misy antony tokony hiheverantsika ny tenantsika ho meloka na ho menatra. Ho tonga bebe kokoa tahaka ny Raintsika any an-danitra isika. Ny Raintsika any an-danitra dia mitahy antsika sy ny zanantsika na ny zanaka izay ho azontsika rehefa ankatoavintsika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.

Hitondra fahasambarana eo anivon' ny fanambadiana ny fampiasana ny hery izay efa napetraky ny Raintsika any an-danitra ao amin' ny vatantsika. Afaka mitondra fahasambarana ho an' ny mpivady ny firaisana aranofo. Afaka mampifanatona azy ireo bebe kokoa izany miaraka amin' ny fihetseham-pom-pitiavana mahery, ka fitahiana avy amin' ny Raintsika any an-danitra ny zaza mety hateraka. Na dia mety hitondra ahiahy na alahelo ho an' ny ray aman-dreny aza ny ankizy matetika, dia mitondra fifaliana lehibe koa izy ireny. Anisan' ny fahasambarana lehibe indrindra ho tojo antsika eo amin' ny fiainantsika dia ny fahitana ny zanantsika mitombo, mianatra, manambady ary manana ny zanany koa.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no fitahiana raisintsika rehefa ankatoavintsika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?
- Nahoana isika no sambatra kokoa rehefa ankatoavintsika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena toy izay rehefa tsy ankatoavintsika izany?

### **Fanoroan-teny**

*Efa notenenin' ny Raintsika any an-danitra isika mba hanan-janaka ary hankatò ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena .*

- Genesisy 1:28 (Nodidian' ny Raintsika any an-danitra i Adama sy i Eva hanan-janaka).
- Eksodosy 20:14 (nandidy antsika ny Raintsika any an-danitra tsy hijangajanga).
- Levitikosy 20:10–23 (Manafay ireo izay mandika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena ny Raintsika any an-danitra ary mitahy ireo izay mankatò izany.)
- Koritiana voalohany 6:19 (masina ny tenantsika.)
- Môrônia 9:9 (sarobidy noho ny zavatra rehetra ny fahadiovam-pitondrantena.)

*Tadiavin' i Satana handika ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena isika.*

- Matio 5:27–28 (Tsy tokony hoheverintsika akory ny hanao zava-dratsy.)
- Korintiana voalohany 10:13 (Homen' ny Raintsika any an-danitra ny hery hanoherana ny fankampanahy.)
- Almà 12:14 (Tokony hoheverintsika sy holazaintsika ny zavatra tsara.)

*Tena fahotana tokoa ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.*

- Ohabolana 6:25–32 (Hampalahelo antsika ny fandikana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.)
- Isaia 1:16–18 (Hamelà ireo izay mibebaka ny Raintsika any an-danitra .)
- Korintiana voalohany 6:9 (Tsy afaka miditra ny fanjakan' ny Raintsika any an-danitra ireo izay mijangajanga.)
- Almà 39:5 (fahotana roa ihany no lehibe kokoa noho ny fandikana ny fahadiovam-pitondrantena.)

*Mahatonga antsika ho sambatra ny fankatoavana ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena.*

- Galatiana 5:16–24 (Hitahy ireo izay mankatò ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena ny Raintsika any an-danitra.)
- Titosy 2 (Mahasambatra antsika ny fiainana araka ny fahamarinana.)

# FAHAMARINAN- TOETRA

Toko 26

---

*Marin-toetra ny Raintsika any an-danitra amin' izay rehetra ataony. Moa tiany koa ve ny hahatonga antsika ho marin-toetra?*

**Tenenin' ny Raintsika any an-danitra isika mba ho marina amin' izay rehetra ataontsika**

Ny fahamarinan-toetra dia midika ho filazana ny marina. Ny atao hoe marina dia tsy mandainga na mangalatra. Mandainga isika rehefa milaza zavatra tsy marina. Mandainga isika rehefa tsy milaza afa-tsy ampahany amin' ny fahamarinana. Tsy olom-banona isika rehefa mitarika ny olona hino ny zavatra tsy marina.

Ny fangalarana dia ny fakana zavatra izay an' ny olona hafa ka tsy nieran-taminy. Fangalarana ny fakana zavatra eny amin' ny mangazay nefa tsy mandoa vola. Efa notenenin' ny Raintsika any an-danitra isika tsy hangalatra.

Miasa mafy mandritra ny ora rehetra anaramana azy ny olom-banona. Ny mpampiasa vanona dia mandoa ny karaman' ireo izay miasa ho azy araka izay sahaza azy ireo. Ny olom-banona dia mampandoa vola ny hafa araka ny hitsiny tokoa noho ny asa ataony na ny zavatra varotany. Tsy maintsy olom-banona izy raha tiany ny hiraha-miaina amin' ny Raintsika any an-danitra.

Iezahan' i Satana ny handresy lahatra antsika mba tsy ho marina. Rehefa tsy marina isika, na manao ahoana na manao ahoana izany dia manaradia an' i Satana isika. Tia lainga i Satana. Tadiavin' i Satana ny hieverantsika fa hakingana ny tsy fahamarinan-toetra. Iezahany ny hahatonga antsika hihevitra fa ho sambatra isika rehefa tsy marina. Tadiaviny ny hie-

verantsika fa tsy fahotana ny tsy fahamarinan-toetra. Tadiavin' i Satana ny tsy hahamarinan-toetra antsika mba tsy hahasambatra antsika.

Efa nampianarin' ny Raintsika any an-danitra isika mba ho marina amin' ny fotoana rehetra. Malahelo Izy rehefa mandainga isika. Tiany ny hahafantantsika fa hadisoana mandrakariva ny mandainga. Hadisoana mandrakariva ny tsy fahamarinan-toetra ka mahatonga antsika tsy ho sambatra.

Mangalatra ny olona sasany satria heveriny fa ananany ny zo hanana ilay zavatra. Mangalatra mijery lesona ny tanora sasany any am-pianarana mba hahazo isa tsaratsara kokoa na satria manao izany ireo mpianatra hafa. Mandainga ny olona sasany mba hiheveran' ny hafa azy ho tsara. Tsy misy na inona na inona amin' ireo antony ireo manome rariny ny fangalarana na ny fandangaina. Rehefa miala tsiny isika noho ny fandaingana dia tsy olo-marina isika.

#### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no atao hoe fahamarinan-toetra?
- Iza no arahintsika rehefa marina isika?

#### **Azontsika atao ny mba ho marina amin' izay ataontsika rehetra**

Azontsika atao ny mba ho marina amin' ny fananana fahasahiana hilaza ny marina na dia sarotra aza ny manao izany. Hanampy antsika ho marina ny Raintsika any an-danitra raha mangataka aminy isika. Handefa ny Fanahy Masina Izy hanampy antsika ho marina. Hampian' ny Fanahy Masina isika hahafantatra fa ny fahamarinan-toetra no zavatra tsara tokony hatao.

Rehefa takatsika ny fampianaran' i Jesoa dia hotadiavintsika ny ho marina amin' izay rehetra ataontsika. Efa nampianarin' i Jesoa isika fa zanaky ny Raintsika any an-danitra isika ary mpirahalaha sy mpianadahy avokoa. Efa nampianariny fa tsy mety ho sambatra marina tokoa isika raha tsy efa marin-toetra. Tsy handry ny saintsika raha manana zavatra isika ao antokantranontsika ao izay tsy antsika. Efa nampianariny antsika koa fa raha manam-pinoana Azy isika, raha mibebaka ary mahatoky marina tokoa dia afaka miverina mba hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra isika ka ho sambatra mandrakizay.

Rehefa takatsika avokoa ireo zavatra ireo dia rafitra isika hitady ny ho marina. Tsy tiantsika ny handainga amin' ny olon-kafa. Tadiavintsika ny hahafanaritra ny Raintsika any an-danitra mba hahafahantsika miverina

hiara-hiaina any Aminy. Tadiavintsika ny hiaiky ny hadisoantsika ary ny hanarina azy ireny mba hamelan' ny Raintsika any an-danitra antsika.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Raha mandainga isika, na dia kely ihany aza, nahoana isika no tokony hibe-baka?
- Ahoana no mety hahatonga antsika ho marina amin' izay ataontsika rehetra?
- Ahoana no hanampian' ny Raintsika any an-danitra antsika mba ho marina?

### **Mahatonga antsika ho sambatra ny fahamarinan-toetra**

Rehefa marina isika dia mahatsiaro finaritra. Faly amintsika ny Raintsika any an-danitra. Tsy mahatsiaro tena ho diso isika. Mahatsiaro finaritra isika satria fantatsika fa tsy manan-javatra aferina amin' ny hafa. Tsy manana ahiahy isika fa ho fantatry ny olona hoe nandainga.

Rehefa marina isika dia manahaka bebe kokoa ny Raintsika any an-danitra. Fantantsika fa eo am-piomanana ny hiverina hiara-hiaina Aminy isika. Matoky antsika ny olona hafa rehefa marina isika. Rehefa marina isika dia hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra hanao ireo zavatra tiantsika hatao sady tsara.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Ahoana no fihetsempontsika rehefa marina isika?
- Ho toa inona moa izao tontolo izao raha tahiny ka marina avokoa ny olona?

### ***Fanoroan-teny***

- Eksodosy 20:15–16; Matio 19:18 (Notenenin' ny Raintsika any an-danitra isika tsy hangalatra na handainga.)
- Ohabolana 19:5 (Tsy afaka mandositra ny famaizana ireo izay mandainga.)
- Jaona 8:44; 2 Nefia 2:18 (Satana no rain' ny lainga rehetra. Tadiaviny izay hahatonga antsika ho ory.)
- Asan' ny apôstôly 5:1–10 (Manafay ireo izay mandainga ny Raintsika any an-danitra.)
- Filipiana 4:8 (na inona na inona marina na manan-kaja, dia tokony hoe-zahantsika hatao.)
- Hebreo 6:18 (Tsy mandainga ny Raintsika any an-danitra.)



# NY TENIN' NY FAHENDRENA

Toko 27

---

*Ny anankiray amin' ireo fitahiana lehibe indrindra izay efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika dia ny vatantsika nofo sy taolana. Efa nomeny antsika ny lalànan' ny fahasalamana mba hoentintsika mikarakara ny vatantsika. Inona no fantatrao momba io lalànan' ny fahasalamana io?*

## **Masina ny vatantsika**

Antony iray mavesan-danja amin' ny fahatongavana eto an-tany ny fandraisana vatana nofo sy taolana. Ilaintsika ny vatana mba hanahafantsika ny Raintsika any an-danitra. Amin' ny fananantsika vatana nofo sy taolana ihany no ahafahantsika mianatra ny zavatra ilaintsika ho fantatra hanahafana Azy. Mety hanan-janaka isika. Azontsika raisina ny ôrdônansy ilaintsika mba hiverenana miaina amin' ny Raintsika any an-danitra. Tsy afaka manao ireo zavatra ireo isika raha tsy manana vatana.

Masina ny vatantsika satria mitoetra ao amin' ny vatantsika ny fanahintsika. Rehefa manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika ary miezaka ny mankató Azy dia halefan' ny Raintsika any an-danitra ny Fanahy Masina hiaraka amintsika. Tsy afaka miara-mitoetra amintsika ny Fanahy Masina raha tsy mpankatò isika ary tsy mikarakara ny vatantsika.

Rehefa maty isika dia mandao ny vatantsika ny fanahintsika. Nony maty i Jesoa dia nandao ny vatany ny fanahiny. Niditra ny vatany indray ny fanahiny rehefa afaka telo andro ka dia nitsangana tamin' ny maty Izy. Nananan' i Jesoa ny hery nampody indray ny ainy; ary noho ny sorona nataony ho antsika, dia hatsangana amin' ny maty koa isika aorian' ny fahafatesantsika. Haverina hikambana indray ny fanahintsika sy ny vatantsika. Fantatr' i Jesoa fa ilaintsika ny manana vatana nofo sy taolana

tsy mety maty mba hanahafantsika ny Raintsika any an-danitra ary ho velona mandrakizay.

Tian' ny Raintsika any an-danitra ny hikarakarantsika tsara ny vatantsika. Raha karakaraintsika tsara ny vatantsika dia mety ho salama sy matanjaka isika ka hanao ny zavatra hafa tiany hataontsika. Tsy maintsy tapahintsika rehetra ny hevitra, na hokarakaraintsika ny vatantsika na hataontsika ny zavatra izay manimba azy. Fantantsika fa zava-dehibe ny vatantsika mandritra ity fiainana ity sy aorian' ity fiainana ity. Tokony hotadiavintsika ny hikarakara azy tsara. Tsy faly ny Raintsika any an-danitra rehefa tsy karakaraintsika tsara ny vatantsika.

Tokony hampianarin' ny ray aman-dreny ny zanany fa fanomezana masina avy amin' ny Raintsika any an-danitra ny vatantsika ary hazavainy aminy ny antony maha-zava-dehibe loatra ny vatany. Rehefa azon' ny ankizy ny antony maha-zava-dehibe ny hikarakarany ny vatany dia tsy ho tiany ny hiditra amin' ny fakampanahin' i Satana.

#### *Fifanakalozan-kevitra*

- Nahoana isika no manana vatana nofo sy taolana?
- Nahoana no masina ny vatantsika?
- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny hampianarana ny zanantsika ny mahalehibe ny fikarakarany ny vatany?

#### **Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny lalànan' ny fahasalamana**

Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny zavatra sasantsasany izay tsara ho an' ny vatantsika ary ny zavatra sasantsasany izay tsy tsara ho azy. Voasoratra ao amin' ny soratra masina izany ary antsoina hoe Tenin' ny Fahendrena.

Nambaran' ny Raintsika any an-danitra tamin' i Joseph Smith mpaminany ny Tenin' ny Fahendrena. Lalàna izany. Tsy maintsy ankatoavintsika izany lalàna izany mba hananantsika vatana sy saina matanjaka.

Mampianatra antsika izay tsara ho an' ny vatantsika ny Tenin' ny Fahendrena. Tsy tokony hihinana afa-tsy izay zavatra tsara ho an' ny vatantsika isika. Tokony hihinana voankazo, legioma ary voamaina isika. Tokony hihinana ny fatra sahaza antsika isika amin' ireo hanina ireo ary tsy hihinana be loatra. Tsy tokony hihinan-kena be loatra isika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no hanina tsara ho an' ny vatantsika?
- Inona no ifandraisan' ny fialan-tsasatra sy ny fampiasam-batana amin' ny lalànan' ny fahasalamana an' ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no tokony hitehirizantsika ny vatantsika hadio?

**Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika izay tsy tsara ho an' ny vatantsika**

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa hiezaka i Satana handresy lahatra antsika hanaram-batana. Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny zavatra sasany izay tsy tsara ho an' ny vatantsika. Tsy ho tsara ho an' ny vatantsika ny misotro taoka. Efa nodidian' ny Raintsika any an-danitra isika tsy hisotro labiera, lalikera, ary ireo zava-pisotro hafa misy alkaola. Mety hiteraka faharariana sy disadisa ao an-tokantrano izany. Tsy afaka mieritreritra tsara ny olona rehefa misotro ireo zavatra ireo. Ireo zava-pisotro ireo mazàna dia mitarika ny olona hifidy ny zava-dratsy, ny handainga, ny handany ny vola rehetra ary ny handika ny lalànan' ny fahadiovampitondrantena. Mety hanimba ny zaza ao am-bohoka ny vehivavy mavesatra rehefa misotro ny zava-pisotro misy alkaola. Mahatonga olana sarotra maro ny olona misotro zava-pisotro misy alkaola.

Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra koa isika fa manimba ny vatana ny paraky aman-tsigara. Tsy tokony hifoka sigara isika na hihinam-paraky. Efa noporofoin' ny manampahaizana fa miteraka aretina ny paraky aman-tsigara ary mety hanimba ny zaza ao am-bohoka.

Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika tsy hisotro kafe na dite. Tsy tokony hisotro kafe na dite isika satria mitahiry zava-manimba ireny. Tsy tokony hampiasa fanafody isika afa-tsy izay omen' ny dokotera antsika.

Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika fa mety hanampy antsika ny alkaola, ny paraky ary ireo fanafody raha haintsika ny fomba fampiasana azy ireny araka ny tokony ho izy. Nolazainy fa ho fanasana ny vatana ihany no tokony hampiasana ny alkaola. Azo ampiasaina ny paraky mba hanasitrana ny ferin' ny biby fiompy marary. Mety hanampy antsika hanasitrana matetika ny fanafody rehefa marary isika. Nefa mialoha ny hampiasantsika ireny zavatra ireny dia tokony hianarantsika amin' ny olo-mahay ny fomba tokony hampiasana azy ireny. Raha ampiasantsika amin' ny fomba diso izy ireny dia mety hanimba.

Tsy tokony hampidirintsika ny vatantsika na inona na inona zavatra izay tsy tsara ho antsika. Milaza amintsika ny sasany amin' ireo zavatra hanimba indrindra ny Tenin' ny Fahendrena. Lalàna mavesa-danja izany.

Tsy milaza amintsika ny zavatra rehetra tsy tokony ampiasaintsika ny Tenin' ny Fahendrena. Tokony ho azontsika fa na inona na inona zavatra manimba ny vatantsika na ny saintsika, na dia tsy voalaza ao amin' ny Tenin' ny Fahendrena aza izany, dia tsy tokony hampiasaina. Tokony hokarakaraintsika amin'ireo fomba hafa ny vatantsika, toy ny fanasana izany matetika mba hitanana azy hadio ary ny fampiasam-batana sy ny fialan-tsasatra ampy.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana no ahafantarantsika fa ny zavatra sasany dia tsy tsara ho an' ny vatantsika?
- Inona no zavatra sasany izay tsy tokony hampidirintsika ny vatantsika?

### **Fitahiana lehibe no azo amin' ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena**

Raha ankatoavintsika ny Tenin' ny Fahendrena dia hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra ka hatanjaka kokoa ny vatantsika noho ilay vatanamety ho nananantsika raha toa ka tsy mankató io didy io isika. Ho haintsika tsaratsara kokoa ny hanao ny asany eto an-tany. Nolazainy fa raha ankatoavintsika io lalàna io dia ho vitantsika ny mandeha ka tsy ho reraka ary mihazakazaka ka tsy ho trotraka. Fitahiana lehibe izany.

Efa nampanantena koa ny Raintsika any an-danitra fa ny fitahiany antsika dia omban' ny fahendrena sy ny fahalalana lehibe raha ankatoavintsika ny Tenin' ny Fahendrena. Hanambara zava-dehibe maro amintsika ny Fanahy Masina, izay tsy ho fantatsika amin' ny fomba hafa. Tsy hanankery amintsika i Satana. Raha ankatoavintsika ny Tenin' ny Fahendrena dia ho salama kokoa isika ary ho eo am-panomanana ny fiainana mandrakizay miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra.

### *Fifanakalozan-kevitra*

Inona no fitahiana azo amin' ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena?

### ***Fanoroan-teny***

#### *Masina ny vatantsika*

- Koritiana voalohany 3:16–17 (Afaka miaraka amintsika ny Fanahy Masina).

#### *Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny lalànan' ny fahasalamana*

- Mpitsara 13:13–14 (Nodidiana ny renin' i Samsona tsy hihinana na hisotro zavatra sasany mba hahatonga an' i Samsona ho zaza salama.)
- Isaia 5:11–12 sy Ohabolana 20:1 (Tsy tsara ho antsika ny divay sy ny zava-pisotro misy alkaola.)
- Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 89:5–17 (Tsara ho antsika ny hanina sy ny zava-pisotro sasantsasany; ny hafa kosa dia tsy tsara.)

#### *Fitahiana lehibe no azo amin' ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena*

- Daniela 1:8–17 (Nihinana ny hanina izay tsara ho azy ireo i Daniela sy ny namany ka dia nanjary salama sy hendry kokoa izy ireo noho izay nihinana ny hanina tsy mahasalama.)
- Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 89:1–4, 18–21 (Voatanisa ny fitahiana noho ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena.)

# FAHAFOLONKARENA

Toko 28

---

*Inona no atao hoe fahafolonkarena sy fanatitra ary ahoana no itahian' ny Raintsika any an-danitra antsika rehefa omentsika an-tsitrapo ireo?*

**Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika handoa fahafolonkarena.**

Ny fahafolonkarena dia ny iray ampahafolon' ny vola sy ny zavatra azon-tsika. Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra ny olona fahiny, taloha ela be handoa fahafolonkarena. Nankatò io didy io i Abrahama, i Jakôba ary ireo maro hafa.

Raha mahazo na mandray vola isika dia tokony homentsika ny iray ampahafolony ho fahafolonkarena. Raha manana biby na vokatra isika dia afaka mandoa fahafolonkarena ihany koa. Omentsika ny iray ampahafolon' ny vokatra na ny iray ampahafolon' ny biby fiompy vaovao tamin' ny taona. Raha azo atao dia hamidintsika ireny ka ho solon' ny fanomezantsika vokatra na biby fiompy ny fiangonana dia vola kosa no omentsika azy. Aloantsika amin' ny eveka na ny filohan' ny sampana ny fahafolonkarena. Raha tsy fantatsika izay tokony homentsika dia tokony hangatahintsika ny eveka na ny filohan' ny sampana hanazava amintsika ny lalànan' ny fahafolonkarena.

Arakaraka ny handoavantsika ny fahafolonkarena no anampiantsika ny fielezan' ny filazantsara manerana izao tontolo izao. Ny fahafolonkarena dia ampiasaina hanorenana trano fiangonana, hanotana boky, ary handoavana ireo zavatra hafa tena ilain' ny fiangonan' i Jesoa.

Na dia ny ankizy aza dia tokony handoa fahafolonkarena. Hianarany izany rehefa hitany mandoa fahafolon-karerna ny ray aman-dreniny.

Raha atombony ny fandoavana ny fahafolonkarena dieny mbola tanora izy ireo dia ho tiany ny handoa izany rehefa be taona kokoa izy ireo ka manana ny ankohonany.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Ohatrinona no voalaza antsika fa tokony haloantsika ho fahafolonkarena?
- Ahoana no ahazoantsika mampianatra ny zanantsika handoa fahafolonkarena?

**Asehontsika ny fitiavantsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mandoa ny fahafolonkarena isika.**

Tokony handoa fahafolonkarena an-tsitrapo isika mba haneken' ny Raintsika any an-danitra izany ka hitahiany antsika noho izany. Tokony handoa fahafolonkarena isika satria te handoa izany.

Raha tsy manam-paniriana handoa fahafolonkarena isika dia tokony hoeritretintsika avokoa ny fitahiana efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika. Amin' ny fandoavantsika an-tsitrapo ny fahafolonkarena no anehoantsika fa tiantsika ny Raintsika any an-danitra sy ny olon-kafa.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Vakio Korintiana faharoa 9:6–7
- Nahoana no zava-dehibe ny manome an-tsitrapo?

**Efa nampanantena ny hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra raha mandoa fahafolonkarena isika**

Faly ny Raintsika any an-danitra rehefa mandoa fahafolonkarena isika. Efa nampanantena ny hitahy antsika Izy raha mandoa izany isika. Efa nolazainy fa homeny fitahiana maro tokoa isika ka tsy ho haintsika izay tokony hanaovana izany. Efa nolazainy koa fa tsy hofongorana miaraka amin' ny olon-dratsy isika raha mandoa fahafolonkarena an-tsitrapo.

Hotahian' ny Raintsika any an-danitra isika mba hahafantarantsika Azy tsaratsara kokoa. Hotahiany isika mba hahafantarantsika misimisy kokoa ny filazantsara. Homeny tanjaka bebe kokoa isika hiainantsika isan' andro ny fampianaran' ny filazantsara, ary ny hanampiantsika ny ankohonantsika hiaina ny filazantsara. Mahafaly Azy koa rehefa ampiantsika ny hafa hianatra ny filazantsara.



*Mitondra fitahiana ny fifadian-kanina sy ny vavaka*



Rehefa aloantsika ny fahafolonkarena dia ianarantsika ny mitantana tsatsara kokoa ny volantsika ka ho latsa-danja ny fitiavan-tenantsika ary dia ho hitantsika amin' izany fa hotahian' ny Raintsika any an-danitra isika ka ho haintsika ny hitantana izay ambiny mba hananantsika ny ampy ho an' ny fianakaviana.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Inona ireo fitahiana telo raisintsika noho ny fandoavana fahafolonkarena?

**Manampy ny hafa isika rehefa aloantsika ny fanatitry ny fifadian-kanina**

Mifady hanina indray mandeha isam-bolana isika amin' ny maha-mpikambana antsika amin' ny fiangonana. Izany hoe tsy mihinana sakafo roa isika. Tsy mihinana na misotro na inona na inona isika mandritra ny 24 ora. Inoantsika fa manampy antsika hanana fanahy mahery ny fifadian-kanina.

Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika hanome fanatitra atao hoe ny fanatitry ny fifadian-kanina. Io fanatitra io dia tokony ho izay nolaniantsika ho an' ny sakafo tsy nohanintsika tamin' ny andro nifadiantsika hanina. Tokony hanome mihoatra noho io vola io isika raha azo atao. Hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra raha ataontsika izany. Ireo fanatitra ireo dia ampiasaina mba hovatsiana hanina, toeram-pialofana, fitafiana ary zavatra hafa ireo izay sahirana. Asehontsika ny fitiavantsika ny mpiarabelona amintsika rehefa mandoa ny fanatitry ny fifadian-kanina isika.

Omentsika ny eveka na ny filohan' ny sampana ny fanatitry ny fifadian-kanina, ary ampiasainy ny vola hanampiana ny mahantra sy ireo izay mila fanampiana manokana. Efa nilaza ny Raintsika any an-danitra fa raha manampy ny mahantra isika dia hotahiany. Hovaliany ny fitiavantsika ary hampiany isika rehefa mila fanampiana. Hampiany isika hahatakatra tsatsara kokoa ny filazantsara ary hotarihany mandrakariva isika.

Ampiasain' ny fiangonana ny fahafolonkarena sy fanatitra.

1. Hampianarana ny hafa ny filazantsara
2. Hanorenana sy hikorakorana ny tempoly, ny trano fivoriana ary ireo trano hafa an' ny fiangonana
3. Hanontana boky misy lesona sy ireo zavatra hafa ilain' ny vahoakan' ny fiangonana mba hianarana ny filazantsara sy hanaovana ny asan' ny Raintsika any an-danitra.

Hanampiana ireo izay tsy afaka miahy ny tenany

***Fifanakalozan-kevitra***

- Ahoana no ahafahantsika maneho ny fankasitrahantsika ny Raintsika any an-danitra noho ny fitahiana rehetra efa nomeny antsika?
- Nahoana no mahasambatra antsika noho ny fandoavana ny fanatitry ny fifadian-kanina?

***Fanoroan-teny***

*Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra isika handoa ny fahafolonkarena*

- Genesisy 14:20; Hebreo 7:1–10 (Nandoa fahafolonkarena tamin' i Melkizedeka i Abrahama).
- Genesisy 28:20–22 (Nampanantena ny hamerina ny ampahafolon' izay efa nomen' ny Raintsika any an-danitra azy i Jakôba).
- Tantara faharoa 31:5–6, 12; Nehemia 10:37–39 (Nandoa fahafolonkarena sy fanatitra ny zanak' i Isiraely.)

*Asehontsika ny fitiavantsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mandoa fahafolonkarena isika*

- Malakia 3:8–10 (Mandroba ny Raintsika any an-danitra isika rehefa tsy mandoa fahafolonkarena.)
- Koritiana faharoa 9:6–7 (Tokony hatolontsika an-tsitrabo ny fanomezana hahafaly ny Raintsika any an-danitra.)

*Efa nampanantena ny hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra raha mandoa fahafolonkarena isika*

- Genesisy 14:19–20 (Notahian' ny Raintsika any an-danitra i Abrahama noho ny fandoavana ny fahafolonkarena.)
- Malakia 3:10 (Hotahian' ny Raintsika any an-danitra amin' ny fitahiana manana amby ampy isika.)

*Manampy ny hafa isika rehefa aloantsika ny fanatitry ny fifadian-kanina*

- Isaia 58:6–11 (Efa nangatahin' ny Raintsika any an-danitra isika mba hanao soa amin' ny hafa amin' ny fanomezana azy ny zavatra ilainy.)



# FAMONJENTSIKA NY FIANAKAVIANTSIKA

*Fizarana valo*





*Afaka miaraka mandrakizay ny mpianakavy.*

# ZAVA-DEHIBE NY FIANAKAVIANA

Toko 29

---

*Nahoana no efa novolavolain' ny Raintsika any an-danitra ny hiainantsika ho toy ny fianakaviana eto an-tany?*

## **Novolavolain' ny Raintsika any an-danitra ny hiainantsika ho toy ny fianakaviana**

Tahaka ny fianakaviansika any an-danitra ny fianakaviana eto an-tany. Nanana ny fianakaviansika tany an-danitra isika talohan' ny nahatonga-vantsika teto an-tany. Isika dia zanaka ara-panahin' Andriamanitra izay Raintsika any an-danitra. Tiany sy karakarainy isika. Tadiaviny ho antsika ny zavatra tsara indrindra ary tiany ny hiverenantsika hiara-honina Aminy indray andro any.

Naorin' ny Raintsika any an-danitra ny fianakaviana voalohany fony Izy nampanambady an' i Adama sy i Eva. Nilazany izy ireo hanan-janaka. Izany no natao dia ny mba hahafahan' ny zanaka ara-panahin' ny Raintsika any an-danitra mandray vatana nofo sy taolana. Nilazany izy ireo hanome ny zanany ny zavatra nilainy. Nilazany koa izy ireo hampianatra ny zanany ny filazantsara ka hanampy azy handray ny ôrdônansin' ny filazantsara.

Napetraky ny Raintsika any an-danitra tao amin' ny fianakaviana isika noho ny antony maro

Voalohany, dia mandray vatana nofo sy taolana avy amin' ny ray amandrenintsika isika. Iaintsika ny vatana nofo sy taolana hianarantsika ny zavatra tokony hataontsika mba hahafahantsika miara-monina mandrakizay amin' ny Ray any an-danitra.

Faharoa, dia afaka mamatsy ny zavatra ilaintsika eto an-tany ny fianakaviana. Afaka mamatsy ny zanany hanina, fitafiana, toeram-pialofana, fitiavana mbamin' ireo zavatra ilaina hafa ny ray aman-dreny. Any aoriana dia afaka mikarakara ny ray aman-dreniny ny ankizy rehefa antitra izy ireo ka tsy mahava-tena.

Fahatelo, afaka mampianatra ny zanany ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ny ray aman-dreny. Azony hampianarina azy ny hankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra. Ary ataony azo antoka fa raisin' ny ankizy ny ôrdônansy izay efa nolazain' i Jesoa fa tokony horaisintsika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no novolavolain' Andriamanitra ny hahatongavantsika eto an-tany ho toy ny fianakaviana?
- Iza no fianakaviana tonga voalohany teto an-tany?
- Inona no novolavolain' ny Raintsika any an-danitra fa hataon' ny fianakaviantsika ho antsika?

**Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hifankatiavan' ny mpianakavy.** Ny fianakaviantsika eto an-tany dia mety ho tonga tahaka ny fianakaviantsika tany an-danitra. Mety ho entanim-pitiavana ny mpianakavy ka mahatonga azy ho te hifanampy izany ka hanao sy hilaza zavatra tsara eo amin' izy samy izy.

Ny lehilahy sy ny andefimandriny dia tokony hifankatia. Tokony halemy fanahy sy hifanampy izy ireo. Tsy tokony hilaza na hanao zavatra izay hahatonga ny iray halahelo.

Tokony ho tia ny zanany ny ray aman-dreny. Tokony hampianariny hifankatia ny zanany. Tokony hampianariny izy ireo mba hifanampy sy hifanohana.

Tokony ho tia ny ray aman-dreny ny ankizy. Tokony hajainy, hankatoaviny ary hampiany ny ray aman-dreniny.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Vakio Efesiana 4:29–32
- Ahoana no ahafahantsika manampy ny fianakaviantsika mba hifankatia?
- Nahoana no tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hampifankatia ny olona amin' ny fianakaviana?

**Ny zavatra manan-danja indrindra azontsika atao dia ny miasa mba hananantsika fianakaviana sambatra sy mandala fahamarinana.**

Ny miasa mba hanana fianakaviana mandala ny fahamarinana no asa lehibe indrindra azontsika atao. Na dia eo aza ny fahombiazantsika amin' ny fanaovana zavatra hafa, raha tsy ampianarintsika ho tia sy hankatò ny Raintsika any an-danitra ny fianakaviansika dia efa niamboho ny adidintsika lehibe indrindra isika. Indraindray dia mety hifidy ny tsy ho tia sy hankatò ny Raintsika any an-danitra ny zanatsika, saingy tsy maintsy ataontsika izay rehetra azontsika atao mba hampianarana azy ireo ny lâlany. Raha ataon' ny ray aman-dreny izay rehetra azony atao mba hampianarana ny zanany araka ny hitsiny dia tsy hotanan' ny Raintsika any an-danitra ho tompon' andraikity ny hadisoan-janany izy ireo. Tsy manao an-tsirambina ny ray aman-dreny raha tsy efa mitsahatra ny ho ray aman-dreny tsara.

Afaka manome antsika ny fifaliana lehibe indrindra eo amin' ny fiainantsika ny fianakaviansika. Manao soa fatratra isika rehefa miasa amimpaharisihana tokoa hanabe ny zanatsika, hahatongavany ho mpikambana tsara amin' ny fiangonana ary hahatongavany ho olom-pirenena vanona eo amin' ny firenena onenany.

Ny fianakaviana no lafiny manan-danja indrindra amin' ny fiangonana. Naorin' ny Raintsika any an-danitra ny Fiangonany hoenti-manampy ny fianakaviana ka hanaovany izay rehetra tokony hatao mba hiverenana any Aminy. Tadiavin' ny Fiangonana ny hanampy ny fianakaviana tsirairay mba ho tafaraka mandrakizay.

Fantatr' i Satana ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana ao amin' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra. Iezahany ny mampanao antsika zavatra izay hampisaraka ny fianakaviansika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Toa inona no maha-zava-dehibe ny fianakavianao aminao?

**Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba hananantsika fianakaviana tsara.**

Tadiavin' ny tsirairay avy amintsika ny hanana fianakaviana tsara sy sambatra. Indreto ny vitsivitsy amin' ireo zavatra izay hanampy ny fianakaviana:



1. Tokony hiara-mivavaka ny mpianakavy amin' ny maraina sy ny alina.
2. Tokony hiara-mivavaka isan' andro ny ray aman-dreny.
3. Tokony hampianarin' ny ray aman-dreny ny zanany ny filazantsara.
4. Tokony hiara-mamaky ny soratra masina isan' andro ny mpianakavy.
5. Tokony hiara-manatrika ny fivorian' ny fiangonana isan' Alahady ny mpianakavy.
6. Tokony hiara-mifady hanina indray mandeha isam-bolana ny mpianakavy rehefa lehibe ny ankizy ka mahafady hanina sy mahatakatra ny tanjon' ny fifadian-kanina .
7. Ny mpianakavy dia tokony hiara-mivory isan-kerinandro amin' ny fivoriana atao hoe takarivan' ny mpianakavy mba hiresaka ny momba ny zavatra tsara efa vitan' ny mpianakavy . Tokony hodinihiny koa ny fomba hamahana izay mety ho olana ananan' ny tsirairay. Mandritra io fivoriana io dia afaka mihira koa izy ireo, ary manana zavatra manokana mba hohanina sy hosotroina.
8. Tokony hiara-miasa sy hiara-mamaky teny ny mpianakavy.
9. Tokony ho malemy fanahy sy mifandrefitra ny mpianakavy.
10. Tokony hirakitra an-tsoratra ny zavatra ataony ny mpianakavy.

Raha mahatsiaro ny hitokana hivavaka isika na hiara-mivavaka amin' ny mpianakavy dia hakekezin' ny Raintsika any an-danitra. Hohenoiny ny fivavatsika ary hovaliany ireny amin' ny fomba izay tsara indrindra ho antsika.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no zavatra vitsivitsy azontsika atao mba hananantsika fianakaviana tsara?

### ***Fanoroan-teny***

*Novolavolain' ny Raintsika any an-danitra ny hiainantsika ho toy ny fianakaviana*

- Matio 19:3–8 (Novolavolain' ny Raintsika any an-danitra ny hijanonan' ny lehilahy sy ny andefimandriny ho mpivady mandrakizay.)

*Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hifankatiavan' ny mpianakavy.*

- Genesisy 2:21–24 (Nanao an' i Adama sy i Eva ny Raintsika any an-danitra ary nataony mpivady izy ireo.)

*Ny zavatra manan-danja indrindra azontsika atao dia ny miasa mba hananan-tsika fianakaviana sambatra sy mandala fahamarinana.*

- Efesiana 5:25 (Ilazana ny lehilahy mba ho tia ny vadiny.)
- Efesiana 6:1 (Ilazana ny ankizy ho tia ny ray aman-dreniny.)
- Titosy 2:4 (Ilazana ny vehivavy ho tia ny vadiny.)
- Môziaha 4:14–15 (Ilazana ny ray aman-dreny mba hisahana ny filan-janany ary hampianatra azy ireo ho marina.)

*Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra antsika ny fomba hananantsika fianakaviana tsara.*

- Koritiana voalohany 13:1–7 (Lazaina antsika ny maha-zava-dehibe ny fitiavana.)
- Efesiana 6:4 (Didiana ny ray mba tsy hampahatezitra ny zanany.)



*Mihamatanjaka ny fianakaviana amin' ny fiarahana miasa.*

# ADIDINTSIKA NY MANAMPY NY OLONA AO AMIN' NY FIANAKAVIANTSIKA

*Toko 30*

---

*Ahoana no ahafahan' ny tsirairay manampy mba hahatonga ny fianakaviana ho sambatra?*

## **Manan-danja ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana.**

Mitaky asa ny fananana fianakaviana tia sy sambatra. Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra andraikitra ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana. Ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana dia tokony ho vonon-kanampy sy hamalifaly ary ho malemy fanahy amin' ny hafa. Rehefa miaraka mivavaka, miasa, mihira ary milalao isika dia mety ho sambatra ny fianakaviansika.

Ny fitiavantsika ny olona hafa ao amin' ny fianakaviansika dia manamora kokoa ho antsika ny fanaovana ny zavatra tadiavin' ny Raintsika any an-danitra hataontsika. Rehefa tia ny fianakaviansika isika dia tadiavintsika ny hanao ny zavatra rehetra hanampiana azy. Na dia ny zavatra izay sarotra aza dia manjary mora kokoa raha ataontsika amim-pitiavana izany. Mitaky fotoana sy asa ny hahatonga ny olona ao amin' ny fianakaviana ho tsara.

## ***Fifanakalozan-kevitra***

- Ahoana no ahafahan' ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana mandray anjara mba hahatonga ny tokenrano ho toerana sambatra kokoa?
- Nahoana no manan-danja ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana?

*Efa nomen' ny Ray any an-danitra andraikitra manokana ny ray aman-dreny.*

Tokony hiara-miasa ny ray sy ny reny amin' ny fikarakarana ny zanany sy amin' ny famatsiana ny zavatra ilainy. Tokony hampianariny ny zanany ny filazantsara. Tokony hampianariny hivavaka sy hankatò ny didin' ny Raintsika any an-danitra izy ireo.

---

Tokony ho azon' ny ray aman-dreny fa mazàna dia hanao safidy diso ny zanany na dia efa nampianarina azy aza ny marina.

Rehefa manao zavatra diso ny zanany dia tsy tokony hitsahatra ny manampy azy ny ray aman-dreny. Tokony ho tohizan' ny ray aman-dreny ny ho tia sy hampianatra ny zanany. Izy ireo dia tokony ho ohatra tsara ho azy ka hifady hanina sy hivavaka ho azy.

Tokony ho vonona amin' ny zavatra sasantsasany ho an' ny ankohonany ny ray aman-dreny:

1. Tokony ho tiany ny zanany ka hampianariny ho tia ny hafa.
2. Tokony hampianariny ny zanany ny filazantsara.
3. Tokony hampianariny ny ankohonany ny fomba fivavaka.
4. Tokony hampianariny ny zanany handoa fahafolonkarena sy fanatitra amin' ny fandoavan' izy ireo ny fahafolonkareny sy ny fanatiny ihany.
5. Tokony hampianariny ny zanany ny fomba fiasa.
6. Tokony hovanoniny ny tokantrano madio, ny fitafiana ary ny hanina.
7. Tokony hataony azo antoka ny fianaran' ny zanany mamaky teny, manoratra ary manao kajy fototra amin' ny fandefasana azy any antsekoly na ny fampianarana azy ao an-tokantrano.
8. Tokony hataony avokoa izay azony atao mba hahafahan' ny zanany mianatra asa ary hiomana ny handray ny vola ampy ho an' ny zavatra ilainy.
9. Tokony hampianariny ny zanany ny fomba fandanium-bola amimpahendrena ary ny mitahiry vola ho fitsinjovana ny ho avy.
10. Tokony hampianariny ny zanany hanatsara ny fahaizany sy ny talentany. Izany dia mety ho zavatra toy ny fahaizana mampianatra, mitendry zava-maneno, mihira, manamboatra zavatra, na ny mifankahazo amin' ny hafa.

Tokony ho vonona ny hiasa mafy ny ray aman-dreny mba hanampy ny zanany. Efa nilaza ny Raintsika any an-danitra fa tokony hataon' ny ray aman-dreny azo antoka ny hifampitondran' ny zanany tsara ary ny hananany hanina sy fitafiana.

Tokony hovolavolain' ny ray aman-dreny mialoha ny hahaizany mamonona ireo zavatra ireo na dia marary aza izy ireo, na mamery ny asany, na manana olana hafa. Afaka manao izany izy ireo amin' ny alalan' ny fitehirizam-bola, sy ny fanobiana fanampian-tsakafo, fitafiana ary fandrehitra amin' ny toerana mahamety izany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no azon' ny ray aman-dreny atao mba hamonona ny zavatra ilain' ny fianakaviany?
- Inona no azon' ny ray aman-dreny atao mba hiomanana amin' ny fotoana izay mety hananany olana?

*Manana andraikitra manokana ny raim-pianakaviana*

Ny ray no mpitarika ny fisoronana ao amin' ny ankohonana. Tokony hitarika ny ankohonany amim-pitiavana sy amin' ny halemem-panahy ny ray. Tokony hasehony ny ankohonany ny fomba fiaina ny didin' ny Raintsika any an-danitra amin' ny fanarahan' ny tenany azy ireny. Tokony hampianariny ny ankohonany koa ny filazantsara. Tokony hovoriany miaraka ny ankohonany amin' ny fiarahan' ny mpianakavy mivavaka amin' ny maraina sy amin' ny hariva. Tokony hanampy azy hanatanteraka ireo zavatra ireo ny andefimandriny.

Tokony hampiasain' ny ray ny fisoronany mba hitsofan-drano ny olona ao amin' ny ankohonany. Afaka mitso-drano sy manome anarana ny ankiziny madinika izy. Azony atao batisa ireny rehefa feno valo taona. Afaka manendry ny zananihany ho amin' ny fisoronana izy ary manome azy ireo tsodrano manokana rehefa ilain' izy ireo izany. Azony tsofin-drano izy ireo rehefa marary.

Tokony handany fotoana ny ray hiarahany mitokana amin' ny zanany tsirairay. Tokony hiresaka aminy ary ho hainy ny hahatakatra ny hetahetany sy ny vetsovetso-pony. Tokony hamporisihany izy ireo ary hilazany fa tiany izy ireo. Tokony hilazany izy ireo fa afaka manatona azy mandrakariva izy ireo ho fanampiana amin' izay mety ho olana hanjo azy ireo.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona avy ireo andraikitry ny ray?
- Ahoana no ahafahany mampiasa ny fisoronana hazoniny mba hanampiana ny ankohonany?

*Manana andraikitra manokana ny reny*

Ny andraikitra mavesa-danja indrindra an' ny reny dia ny miteraka ny zanany sy ny mikarakara azy ary ny mampianatra azy. Adidy masina ny manome vatana nofo sy taolana ny zanaka araka ny fanahin' ny Raintsika any an-danitra. Rehefa manao izany ny reny dia mpiombina antoka amin'

ny Raintsika any an-danitra izy. Ny fiterahana zaza dia anankiray amin' ireo fitahiana lehibe indrindra rehetra.

Ny reny dia tokony ho feno fitiavana. Tokony hanampy izy amin' ny fampianarana ny ankizy tsirairay ny filazantsara. Ilainy ny manampy sy miasa miaraka amin' ny ankizy tsirairay. Tokony hataony izay hahatsapan' ny zanany tsirairay avy ny maha-zava-dehibe ny tsirairay ary tokony hampiany izy ireo hahatakatra ny zavatra manodidina azy ireo. Tokony ho mpiara-miasa amin' ny vadiny izy amin' ny fanatanterahana ireo zavatra ireo.

Ny Bokin' ny Môrmôna dia milazalaza ny momba ny vondrona zatovolahy mandala fahamarinana izay nankatò ny fampianaran' ny reniny. Nampianarin' ny reniny ireo zatovolahy ireo ny ho mahitsy toetra, ny ho mahery fo, ary ny handala fahamarinana. Nampianarin' ny reniny azy ireo koa fa ny Raintsika any an-danitra no hiaro azy amin' ny loza raha manam-pinoana an' i Jesoa izy ireo. Tsy maintsy nilatsaka ho miaramila ireo zatovolahy ireo mba hiaro ny taniny. Koa satria niainan' ireo zatovolahy ireo ny fampianaran-dreniny ary nananany ny finoana dia nananany ny herim-po hanao ny adidy nanoloana ny loza lehibe. Mety hanana akony lehibe eo amin' ny fiainan-janany ny reny tsirairay.

#### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona avy ireo andraikitra ny reny?
- Nahoana no atao hoe fiombonan' antoka amin' ny Raintsika any an-danitra ny fomba aman-toetran' ny reny?

#### *Rehefa tsy misy afa-tsy ny ray na ny reny*

Tavela ho irery ny ray na ny reny indraindray amin' ny fitazaina ny ankohonany ka tsy maintsy sady manao ny asan' ny ray no manao ny an' ny reny. Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa sarotra izany. Raha mangataka ny Raintsika any an-danitra ny olona toy izany izay antsoina hoe ray amandreny tokantena, ny Raintsika any an-danitra dia hanampy io olona io amin' ny fikarakarana ny ankohonany.

Mety hahazo koa ny fanampian' ny mpampianatra isan-tokantrano ny ray amandreny tokantena. Ny mpampianatra isan-tokantrano dia mpikambana ao amin' ny fiangonana, izay voatendry hiahy ireo mpikambana hafa ao amin' ny fiangonana.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no afaka manampy ireo ray amandreny tokantena?

*Manana andraikitra manokana koa ny ankizy?*

Tokony hanampy ny ray aman-dreny ny ankizy mba hahatonga ny tokantranony ho toerana sambatra. Tokony hanampy ny ray aman-dreniny hanadio ny trano sy ny tokotany manodidina ny ankizy. Afaka manampy izy ireo amin' ny fanomanana sakafo ho an' ny mpianakavy, fanasana vilia, ary fanasana fitafiana. Afaka manampy koa izy ireo amin' ny fikarakarana ny zandriny lahy na vavy.

Tokony hoezahiny mafy ny hianatra ny zavatra ampianarin' ny ray amandreniny azy ireo. Tokony hianarany ny miasa mafy sy manao zavatra tsara. Tokony hianarany ny manao ny asa omena azy ireo hataony.

Tokony hankatò ny didin' i Jesoa ny ankizy. Tokony hanampy ny olona hafa ao amin' ny fianakaviana izy ireo. Tsy finaritra ny Raintsika any an-danitra rehefa miady ny ankizy. Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra ny ankizy hankatò sy haneho fitiavana ny ray aman-dreniny.

Tokony ho tia ny ray aman-dreniny ny ankizy. Tokony hankatoaviny sy hajainy izy ireo. Tokony hokarakarainy izy ireo rehefa marary na rehefa antitra ka tsy afaka miahy intsony ny tenany.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no antenain' ny Raintsika any an-danitra hataon' ny ankizy?
- Inona no tokony hataon' ny ankizy amin' ny ray aman-dreniny rehefa antitra izy ireo?
- Inona no tokony hataon' ny ankizy ho fankatoavana sy ho fanehoampanjana ny ray aman-dreniny?

### **Ny ilaina mba hanamafisana ny fianakaviana**

Olona ratsy maro eo amin' izao tontolo izao ankehitriny no miezaka ny hanova ny hevintsika momba ny fianakaviana. Maneho hevitra hafahafa sy diso momba ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny fomba ifampitondran' izy ireo ny fahitalavitra, ny sarimihetsika ary ny gazetim-boky. Ampianarina ny hevitra mamohetra amin' ny alalan' ny fandaharam-potoana izay atao ho toy ny mahatsikaiky sy manala voly. Aseho ho toy ny zavatra mampitsiriritra sy manaitaitra ny tsy fahadiovam-pitondrantena.



Alain-tsary ny tsy fanajana lehibe asehon' ny zanaka ny ray aman-dreny. Arabiana ireo fianakaviana tsara. Indraindray dia tsy hitan' ny zanatsika na oviana na oviana amin' ny sarimihetsika na amin' ny fahitalavitra ny hoe toa inona marina izany fiainan-tokantrano tsara izany.

Tokony hoezahin' ny ray aman-dreny ny hiaro ny zanany tsy hijery sarimihetsika sy fahitalavitra mampiseho sary toy izany. Tokony hampianariny ny zanany ny antony tsy tokony hijeren' izy ireo fandaharam-potoana na sarimihetsika mamohetra. Ny tena zava-dehibe indrindra dia ny tokony hanehoan' ny ray aman-dreny mandrakariva ohatra tsara ao antokantranony. Raha mahita ohatra tsara isan' andro ao an-tokantrano ny ankizy, dia hanjary ankizy tsara izy ireo ary hanjary ray aman-dreny tsara rahatrizay. Raha hitany mampiseho fifankatiavana ny ray aman-dreny dia hotadiaviny ny ho tonga ray aman-dreny toy izany.

#### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no tokony hofantenantsika amim-pitandremana tokoa ny zavatra havela hojeren' ny zanatsika amin' ny fahitalavitra na amin' ny sarimihetsika?

#### **Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hifanampiansika**

Tokony hifankatia sy hifanampy ny olona rehetra ao amin' ny mpianakavy. Ianarantsika ny manampy ny hafa amin' ny fanampiansika voalohan' ny ray aman-drenintsika sy ny rahalahintsika ary ny anabavintsika. Tokony hanampy ny havantsika koa isika rehefa mila fanampiana izy ireny. Tsy tokony hangatahintsika ny fanampian' ny hafa raha mbola mahavita tena isika. Raha hangatahintsika izany dia tsy ho finaritra amin-tsika ny Raintsika any an-danitra.

Notiavin' i Jesoa ny olona tsirairay ary tonga teto an-tany Izy mba hanampy antsika. Nampianariny isika ho tia sy hanampy ny olona tsirairay. Rehefa tiantsika ny hafa, tahaka ny nataon' i Jesoa dia hataontsika izay rehetra azontsika hatao hanampiana azy.

Mangataka ny Raintsika any an-danitra ny sasany amintsika mba hanampy ireo izay mila fanampiana, ary dia tsy manao na inona na inona isika avy eo. Tsy mety izany. Tsy maintsy tadidiantsika fa manampy ny hafa amin' ny alalantsika ny Raintsika any an-danitra. Voalohany dia tokony hivavaka ho an' ireo izay mila fanampiana isika ary avy eo dia tokony hanampy azy ireo amin' ny fomba rehetra azontsika hatao.

Samy mila ny fanampian' ny hafa isika rehetra. Fony mbola ankizy isika dia ny ray aman-drenintsika no namahana, nampitafy ary nikarakara antsika. Arakaraka ny itomboantsika ho lehibebe kokoa dia ny hafa no mampianatra antsika ny zavatra ilaintsika ho fantatra sy hatao. Mila ny fanampian' ny hafa ny maro amintsika rehefa marary.

Rehefa manampy ny hafa isika dia mahazo fitahiana. Mitombo ny fahai-zantsika hoenti-mitia, mihen-danja ny fitiavan-tenantsika, ary toa manjary tsy dia manahirana ny olana manjo antsika. Efa nolazain' ny Raintsika any an-danitra fa ireo izay te hiara-hiaina Aminy dia tsy maintsy tia sy manampy ny zanany rehetra.

#### *Fifanakalozan-kevitra*

- Nahoana no tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ary ilainy isika hanampy ny hafa?
- Iza no mahita tombon-tsoa amin' ny fanampiana ny hafa?

#### *Fanoroan-teny*

##### *Manan-danja ny olona tsirairay ao amin' ny fianakaviana*

- Eksodosy 20:12; Efesiana 6:1 (Ilazana isika hanaja ny ray aman-drenintsika.)
- 2 Nefia 1:14–32; Almà 36–42 (Mananatra ny ankizy mba hanao ny marina ireo mpaminany ao amin' ny Bokin' i Môrmôna.)
- Môziaha 4:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28 (Tokony hohononin' ny ray aman-dreny ireo zavatra ilain' ny zanany eo amin' ny fiainany ka hampianariny izy ireo handala fahamarinana.)

##### *Ny ilana ny fanamafisana ny fianakaviana*

- Timoty faharoa 3:1–4 (Hisy faharatsiana lehibe amin' ny andro farany ka tsy maintsy miomana isika.)

##### *Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny hifanampiantsika.*

- Lioka 22:27; Matio 20:26–27; Jaona 13:15–16 (Nomen' i Jesoa ny ohatry ny tena fanompoana.)
- Kolosiana 3:18–20 (Samy tompon' andrikitra amin' ny tsirairay avy ny mpianakavy.)
- Môziaha 2; Kolosiana 3:23–24; Matio 25:32–45 (Ireo izay manompo ny hafa dia manompo koa ny Raintsika any an-danitra.)

# ADIDINTSIKA NY MITORY NY FILAZANTSARA

*Toko 31*

---

*Ahoana no ahafahantsika manampy avokoa ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra mba hahare ny filazantsara?*

**Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra hahafantatra ny filazantsara avokoa ny zanany.**

Tian' ny Raintsika any an-danitra avokoa ny zanany. Manan-danja Aminy ny tsirairay avy amintsika ary mety ho tonga tahaka Azy ny tsirairay. Tadiaviny ny hiverenantsika hiara-hiaina Aminy ka hanana ilay fahasambarana sy voninahitra izay ananany.

Manana drafitra ny Raintsika any an-danitra hanampiana ny tsirairay avy amintsika hiverina sy hiara-hiaina Aminy. Atao hoe ny filazantsaran' i Jesoa Kristy ilay drafitra. Rehefa dinihintsika ny filazantsara dia haintsika ny maha manan-danja antsika. Haintsika ny antony mampisy antsika eto amin' ity tany ity. Haintsika koa ny toerana halehantsika rehefa maty isika. Haintsika izay tsy maintsy ataontsika mba hiverenana any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Jesoa Kristy no rahalahintsika araka ny fanahy. Zanaka Lahimatoan' ny Raintsika any an-danitra araka ny fanahy Izy. Tonga teto an-tany Izy ho toy ny Zanaka Lahitokan' ny Raintsika any an-danitra tao amin' ny nofo. Tia antsika fatratra Izy ka nijaly sy maty ho antsika. Nampianariny izay tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ho fantatsika sy hataontsika. Naoriny ny Fianganany mba hanampy antsika. Nomeny ny olona teto antany ny fisoronany mba hahafahan' izy ireo manao ny asany.

Ny Fianganan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany no hany fianganana izay manana ny fisoronan' ny Raintsika any an-danitra

---

sy ny drafitra marina. Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra ny olona rehetra hianatra ny drafiny ary hanaiky izany. Ilaintsika ireo ôrdônansin' ny Fiangonana marina mba hiverenana ka hiarahana miaina amin' ny Raintsika any an-danitra.

Efa nilazan' ny Raintsika any an-danitra ny mpikambana tsirairay amin' ny Fiangonany mba hilaza amin' ny hafa ny momba ny filazantsara. Ny mpaminany rehetra nanomboka tamin' i Adama, dia efa nandany fotoana be nampianarana ny hafa ny filazantsara. Efa nilazany isika fa ny mpi-kambana tsirairay ao amin' ny Fiangonana dia tokony ho iraka mpitory. Ampahany tamin' ny voady nataontsika izany fony isika natao batisa. Nivoady isika ny hilaza amin' ny olona ny momba an' i Jesoa na rahoviana na rahoviana hahafahantsika.

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no tokony handre ny filazantsara ny olona rehetra?
- Iza no manan' andraikitra hitory ny filazantsara amin' ny olona rehetra?

Tokony hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fitoriana ny filazantsara ny fianakaviana tsirairay. Fantatsika ny maha-zava-dehibe ny drafitry ny filazantsara. Tokony hokarakaraintsika tsara ny hafa ka hataontsika izay rehetra ilaina hanampiana azy hahatakatra ny drafitry ny Raintsika any an-danitra.

Afaka manao zavatra maro ny mpianakavy hanampiana ny hafa hianatra momba ny filazantsara. Ny sasany amin' ireo zavatra ireo dia ny:

1. Manao zavatra tsara ho an' ny hafa.
2. Miteny amin' ny hafa fa sambatra ianao satria ankatoavinao ny fam-pianaran' ny filazantsara.
3. Manazava ny filazantsara amin' ny namana sy ny mpifanolo-bodirindrina. Manasa azy ireo hiara-mandeha aminao ho any amin' ny fivo-riam-piangonana.
4. Manasa ny olona ho tonga ao an-tokantranonao hiaraka aminao amin' ny takarivan' ny mpianakavy na rehefa afaka mampianatra azy ny iraka mpitory.
5. Manome ny iraka mpitory ny anarana sy ny adiresin' ny namanao na ny havanao izay mety te hianatra ny momba ny filazantsara.



*Nodidian' i Jesoa ny Apôstôliny hampianatra ny filazantsara manerana izao tontolo izao.*

6. Mampianatra ny ankizy ny maha-zava-dehibe ny fanompoana amin' ny maha-iraka mpitory. Manampy azy hanangom-bola mba handehana ny manao asa fitoriana.
7. Mandoa ny fahafolonkarena.
8. Mandrotsaka vola ao amin' ny tahirim-bola ho an' ny misionera.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Eritrereto ny fomba hilazana amin' ny olona izay tsy mpikambana ao amin' ny Fiangonana ny momba ny filazantsara.
- Inona no azon' ny fianakavianao atao mba hanampiana ny hafa hianatra ny filazantsara?

### **Afaka mandray anjara amin' ny asa fitoriana lehibe an' ny Fiangonana ny fianakaviana.**

Efa nandefa iraka mpitory an' arivony tany amin' ny firenena maro ny Fiangonana mba hampianatra ny filazantsara. Ny ankamaroany dia tanora eo anelanelan' ny 19 sy 25 taona. Manompo koa toy ny iraka mpitory ireo efa zokiolona. Mpikambana mahatoky, mpankatò ao amin' ny Fiangonana izy ireo sady manam-paniriana ny hanompo ny Raintsika any an-danitra.

Iraka mpitory misimisy kokoa hatrany no ilaina. Afaka mandray anjara amin' izany asa lehibe izany ny fianakavianao amin' ny fanomanana ny olona ao amin' ny fianakavianao handeha hitory. Afaka manampy ny zanany hanana fijoroana ho vavolombelona ny amin' ny filazantsara ny ray aman-dreny ary hianatra ny fomba hanazavana ny filazantsara amin' ny hafa. Afaka mampianatra ny zanany izy ireo mba ho tia ny olona avy amin' ny kolontsaina rehetra. Tokony hanoman-tena koa ny ray aman-dreny mba handeha hitory rehefa lehibe ny ankizy.

Mbola maro ny olona tsy nandre ny momba ny filazantsara. Monina any amin' ny firenena izay tsy mbola nahatongavan' ny iraka mpitory na oviana na oviana ny sasany aminy. Tokony hanana fotoana handrenesana sy hanekena ny filazantsara ireny olona ireny. Hanomana lalana hanatante-rahana izany ny Raintsika any an-danitra. Tokony hivavahantsika Izy mba hamelan' ny mpitondra ireny firenena ireny ny iraka mpitory hiditra ary hampianatra ny vahoakany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Amin' ny fomba ahoana no efa nanatanterahan' ny fianakaviana ao anatin' ny Fiangonana ny andraikiny amin' ny fampianarana ny olon-drehetra ny filazantsara?
- Nahoana no mbola iraka mpitory misimisy kokoa hatrany no ilaina?

**Fitahiana lehibe no tonga amin' ireo milaza amin' ny hafa ny momba ny filazantsara.**

Hitahy antsika ny Raintsika any an-danitra raha misahirana amin' ny hafa isika ka milaza aminy ny momba ny filazantsara. Hitahy antsika Izy noho ny fankatoavantsika ny didiny ary noho ny hasambarana entintsika ho an' ireo izay manaiky ny filazantsara. Efa nilazany isika fa ho sambatra isika na dia anankiray monja amin' ny zanany aza no ampiantsika mba hianatra ny filazantsara ka hiverina any Aminy. Mainka ho lehibe kokoa ny hafaliantsika raha ampiantsika hiverina any Aminy ny maro amin' ny zanany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no fitahiana azo amin' ny fitondrana ny filazantsara ho an' ny hafa?
- Efa nandramanao ve ny sasany tamin' ireo fitahiana ireo?

***Fanoroan-teny***

*Tadiavin' ny Raintsika any an-danitra hahafantatra ny filazantsara avokoa ny zanany.*

- Matio 24:14 (Tsy maintsy torina amin' ny firenen-drehetra ny filazantsara.)
- Marka 16:15–16 (Nilazan' i Jesoa ny Apôstôliny hampianatra ny filazantsara amin' ny olona rehetra.)
- Asan' ny Apôstôly 5:42 (Nampianatra ny olon-drehetra ny filazantsara ireo Apôstôly voalohany.)

*Afaka mandray anjara amin' ny asa fitoriana lehibe an' ny Fiangonana ny fianakavianao.*

- Timoty voalohany 4:12 (Mety ho ohatra ho an' ny hafa ny tanora.)
- Môziaha 4:15 (Ampianaro ny zanakao mba hifankatia.)

*Fitahiana lehibe no tonga amin' ireo izay milaza amin' ny hafa ny momba ny filazantsara.*

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16 (Hanam-pifaliana lehibe isika hiaraka amin' ireo izay ampiantsika hanaiky ny filazantsara.)

# FIARAHAN-MIAINA TOY NY FIANAKAVIANA MANDRAKIZAY

*Toko 32*

---

*Ahoana no ahafahan' ny mpianakavy miaraka mandrakizay, na dia aorian' ny fiainana eto an-tany aza?*

**Novolavolain' Andriamanitra ny hiarahan' ny mpianakavy mandrakizay.**

Ny fianakaviana no vondron' olona tena manan-danja indrindra eto an-tany. Ny fianakaviansika eto an-tany dia manahaka ny fianakaviansika any an-danitra. Mpirahalahy sy mpianadahy avokoa isika tany an-danitra. Zanak' Andriamanitra isika. Andriamanitra no mpitarika ny akanintsika tany an-danitra. Nandray fiahiana sy fitarihana feno fitiavana avy amin' ireo Ray aman-drenintsika any an-danitra isika.

Nalefan' Andriamanitra tany anivon' ny fianakaviana ny tsirairay avy tamintsika teto an-tany. Efa nomeny andraikitra ny ray aman-dreny hikarakara ny tsirairay avy amin' ny zanany raha mbola eto an-tany izy ireny. Tokony ho tia ny zanany ny ray aman-dreny ka hohononiny ho azy ireo ny hanina, ny fitafiana ary ny trano. Tokony hampianariny ny zanany ny momba an' Andriamanitra ary ny fomba mety hahatongavan' izy ireo ho tahaka Azy.

Notanterahin' Andriamanitra ny hahafahan' ny fianakaviana miaraka mandrakizay. Efa nomeny fahefana ireo mpitarika ny Fiangonana mba hifehy ny mpianakavy hiaraka mandrakizay. Io famatorana miaraka io no atao hoe famehezana. Any amin' ny tempoly ihany no azo tanterahina io famehezana io. Ny tempoly dia trano masina ka ny mpikambana mahatoky ao amin' ny fiangonana no mahazo mankany. Rehefa fehezin' ny olona izay mihazona ny fisoronana sady manana fahefana manokana mba hamehy, ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray, dia tsy mifarana ny

---





*Ny tempolin' i Portland, Oregon, USA.*

fanambadiany rehefa maty izy ireo. Haharitra mandrakizay ny fanambadiany raha tanany ny voady nataony tany amin' ny tempoly. Izany no atao hoe fanambadiana mandrakizay.

Raha tsy fehezina any amin' ny tempoly ny olona dia mifarana ny fanambadiany rehefa maty ilay lehilahy na maty ny andefimandriny. Tsy afaka hiaraka aorian' ity fiainana ity ny mpianakavy toy izany. Raha fehezina any amin' ny tempoly isika, ary mahatoky amin' ny fanarahana an' i Jesoa Kristy hatramin' ny fara fofonaintsika, dia mety ho afaka hiaraka mandrakizay isika.

Afaka mandeha any amin' ny tempoly ny mpivady mba hofehezina raha mpanara-dia mahatoky an' i Jesoa izy ireo. Rehefa any, dia ny mpihazona ny fisoronana izay manana fahefana manokana no afaka mampifamehy azy ireo. Afaka mampifamehy ny zanany aminy koa izy. Rehefa vita ny fampifamehezana azy ireo dia afaka miaraka mandrakizay izy ireo, toy ireny vao avy natao fanambadiana tao amin' ny tempoly hatrany ampiandohana ireny.

Tadiavin' Andriamanitra ny hieritreretana ny zanany rehetra ny mba hofehezina any amin' ny tempoly ka hotazaina ho mpianakavy mpankatò. Tokony hotarihan' ny ray aman-dreny ny zanany ho vonona ny handeha hankany amin' ny tempoly mba hofehezina rehefa hanambady. Rehefa avy nampifamehezina tao amin' ny tempoly ny lehilahy iray sy ny vehivahy iray, dia hifamehy ho azy aminy ny zaza rehetra haterany aorian' ny fampifamehezana azy ireo.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Tamin' ny fomba ahoana no nanatanterahan' Andriamanitra ho antsika ny hahafahantsika miaraka mandrakizay?
- Nahoana no zava-dehibe ny ampifehezana antsika any amin' ny tempoly?

### **Ny mpikambana mahatoky ihany ao amin' ny fiangonana no mahazo miditra ny tempoly.**

Toerana masina ny tempoly. Ny mpikambana ihany ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany, ka efa naneho ny finoany an' i Jesoa Kristy tamin' ny fankatoavana ny didiny, no mahazo miditra izany. Manana ny fahamendrehana hiditra ny tempoly ireny olona ireny. Mialohan' ny hahazoan' ny olona miditra ny tempoly dia tsy maintsy efa mpikambana ao amin' ny fiangonana mandritra ny

heritaona izy fara fahakeliny. Tsy maintsy efa nandray ny Fisoronan' i Melkizedeka ny lehilahy.

Samy tsy maintsy mitafasiry amin' ny eveka na ny filohan' ny sampana ny lahy sy ny vavy mba ho hita raha mendrika izy ireo rehefa tiany ny ho any amin' ny tempoly. Raha hitan' ny eveka na ny filohan' ny sampana fa mendrika ilay olona, dia homeny taratasy voasonia atao hoe fahazoan-dalana miditra ny tempoly ilay olona. Avy eo dia tsy maintsy miara-midinika koa amin' ny mpikambana iray ao amin' ny fiadidian' ny tsatòka na ny filohan' ny misiona ilay olona. Hosoniaviny koa ny fahazoan-dalana miditra ny tempoly raha hitany fa mendrika ilay olona. Tsy maintsy entin' ilay olona mandeha any amin' ny tempoly ny fahazoan-dalana miditra ny Tempoly mba hidirany any.

Ireto fanontaniana manaraka ireto dia iray tarika amin' ireo izay hataon' ny eveka na ny filohan' ny sampana mba hahalalana raha mendrika ny hiditra ny tempoly ny mpikambana iray:

1. Mino an' Andriamanita va ianao? Mino an' i Jesoa Kristy Zanany va ianao? Ary mino ny Fanahy Masina va ianao?
2. Efa nahavita fahotana mamohetra izay tsy nibabohanao tamin' ny mpi-tarika ny fisoronana tandrify izany va ianao?
3. Moa va ekenao ho toy ny mpaminany, mpahita ary mpanambara ny Filohan' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin' ny Andro Farany? Moa va ekenao izy ho toy ny olona tokana aman-tany izay manana fahefana hampiasa ny fanalahidy rehetra amin' ny fisoronana?
4. Moa va omenao ny Fiangonana ny iray ampahafolon' ny harinao.
5. Moa va ankatoavinao ny Tenin' ny Fahendrena?
6. Moa va ezahinao ny ho marina amin' ny olon-kafa?
7. Moa va ezahinao mafy ny mamita ny adidinao ao am-piangonana amin' ny famonjena fivoriana sy ny fankatoavana ny didy?
8. Moa va ankatoavinao ny lalànan' ny fahadiovam-pitondrantena?

Zo masina ny fidirana ny tempoly. Tsy maintsy mendrika isika ary vonona ny hanatanteraka ny voady masina rehetra izay ataontsika amin' Andriamanitra ao an-tempoly. Tsy maintsy tadidintsika fa masina ny fam-

pifamehezana vita tao an-tempoly. Izany no lalan-tokana hahafahantsika miaraka ho toy ny fianakaviana mandrakizay. Izany no lalan-tokana handraisantsika ny fitahiana rehetra izay efa ao amin' Andriamanitra mba ho antsika. Tena zava-dehibe ny ho fahasambarantsika mandrakizay raha miezaka ny mandeha any amin' ny tempoly mba hampifamehezana antsika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Iza no afaka miditra ny tempoly?
- Inona no zavatra tsy maintsy ataon' ny olona iray mba ho mendrika ny hiditra ny tempoly izy?
- Nahoana no zava-dehibe ny handehanantsika any amin' ny tempoly mba hampifamehezana?

**Ny fanomananao ny fianakavianao mba hiara-monina mandrakizay**

Ny fahavitan' ny fampifamehezana any amin' ny tempoly dia ahafahana miara-monina mandrakizay eo anivon' ny fianakaviana, saingy misy ireo zavatra hafa tsy maintsy ataontsika raha tiantsika ny handray izany fitahiana lehibe izany. Tsy maintsy tohizantsika ny fanarahana an' i Jesoa amim-patokisana tokoa. Tsy maintsy mitana ny voady ataontsika any amin' ny tempoly isika. Tsy maintsy mianatra ny ho olona tsara eo anivon' ny mpianakavy izay mifankatia sy mifanompo isika. Tsy maintsy mivavaka amin' Andriamanitra isika mba hanampian' ny Fanahy Masina antsika hahay misafidy amin' ny zavatra rehetra ataontsika. Tokony hoezantsika mandrakariva ny hanampy ny fianakaviansika ho mendrika ny hiara-honina amin' Andriamanitra.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Ankoatra ny fampifamehezana any amin' ny tempoly dia inona no tsy maintsy ataon' ny mpianakavy mba hiarahany monina mandrakizay?

**Efa nataon' Andriamanitra izay ahafahantsika mamonjy ny razantsika**

Zanak' Andriamanitra an-tapitrisa no efa nodimandry tsy nandre ny filazantsara. Tsy nahazo ny ôrdônansy ilaina izy ireny mba hamelana ny fahotany ka ho afaka hiara-honina amin' Andriamanitra indray. Tian' Andriamanitra avokoa ny zanany ary tadiaviny hiverina any Aminy izy ireny, noho izany dia efa nomaniny ny lalana mba hanaovana ny ôrdônansin'ny filazantsara ho azy ireny. Tsy maintsy atao any amin' ny tempoly izany asa izany.

Ny sasany amin' ireo ôrdônansy izay atao any amin' ny tempoly ho an' ireo izay efa nodimandry dia: ny batisa, ny fanolorana ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ny fampifamehezana ny mpianakavy ho amin' ny mandrakizay. Koa satria ilaina ireo ôrdônansy ireo ho an' ireo rehetra izay te hiara-honina amin' Andriamanitra indray dia afaka manao izany asa izany isika ho an' ny razantsika.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana no ahafahan' ireo izay nodimandry sady tsy nandre ny filazan-tsara mandray ny ôrdônansy ilaina mba hiverenana any amin' Andriamanitra?
- Iza no tompon' andraikitra manara-maso fa efa natao ho an' ireo izay efa nodimandry ny ôrdônansy ilainy?

### **Ny velona no manao ny ôrdônansy ho an' ny maty**

Misy zavatra vitsivitsy azontsika atao mba hahafahana manao ny ôrdônansy ho an' ireo havantsika izay efa nodimandry. Ilaina ny hamantarana azy ireo, ny anarany mbamin' ny daty sy ny toerana nahaterahany ary nahafatesany. Raha tsy mety ho hitantsika izany filazalazana izany dia mbola ho haintsika ny mamantatra azy ireo amin' ny alalan' ny registra fantatsika mikasika ny fianakaviana fototra (Ny ray, ny reny ary ny zanany.)

Ny asa ikarohana ny anaran' ny razantsika izay efa nodimandry ary ny filazalazana hafa rehetra momba azy ireo no atao hoe tetiarana, na ny tantaram-pianakaviana.

Misy karazan-taratasy roa atao hoe: sarin' ny rohim-pihavanana sy firaketana momba ny fianakaviana izay azonao anoratana izany filazalazana izany. Azonao alaina any amin' ny mpitarika ny fisoronana misy anao ny dikasoratr' ireo taratasy ireo. Homeny olona ianao hanampy anao hanoratra izany filazalazana izany. Rehefa izany dia azonao entina na alefa any amin' ny tempoly izay hanatanterahana ny ôrdônansy ny filazalazana.

Raha tsy misy manana ny filazalazana ilaintsika ireo havantsika velona dia mety ho azontsika any amin' ny registry ny fiangonana izay mety ho niangonany, na any amin' ny fasana na ny amin' izay mety toerana hisy ny filazalazana.

Raha mendrika isika dia afaka mandeha any amin' ny tempoly manao ny ôrdônansy ho an' ireo havantsika. Raha tsy afaka mandeha any amin' ny

tempoly isika dia ny hafa no hanao ny ôrdônansy ho azy ireny. Tokony handeha matetika any amin' ny tempoly isika hanao ny ôrdônansy ho an' ny maty.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no tsy maintsy hataontsika mialohan' ny ahafahantsika manao ny ôrdônansy ao amin' ny tempoly ho an' ireo havantsika izay efa nodimandry?
- Inona no filazalazana ilaina mba hahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy ireo?
- Iza no afaka manatanteraka ny ôrdônansy ho an' ny havantsika izay efa nodimandry?

**Zava-dehibe ny tantaram-piainan' ny tsirairay.**

Rehefa vakantsika izay nosoratan' ny olona iray tao amin' ny fianakaviansika momba ny tenany dia ho fantatsika sy ho tiantsika bebe kokoa ilay olona. Ankoatra ny fahafantarantsika ny momba ny havantsika nodimandry sy ny fanaovantsika ôrdônansy ho azy ireny, dia tokony hitana diary momba ny fiainantsika isika. Tokony hosorantantsika ny momba ny ray aman-drenintsika, ny fahaterahantsika ary ny zavatra izay efa nanjo antsika nandritra ny fiainantsika. Tokony hosorantantsika koa ny eritreritsika mba hahafantaran' ny zanatsika sy ny zafikelintsika ny momba antsika ka hamporisihana azy ireo hanao ny zavatra tsara nataontsika ihany.

Nilazan' Andriamanitra i Adama hanoratra ny tantaram-piainany ho an' ny zanany. Nanoratra toy izany koa ireo mpaminany ary tokony hataontsika koa izany. Ny famakiana ny tantara izay nosoratan' i Adama sy ireo mpaminany hafa no ahafantarantsika ny fitahiana sy ny didy noraisiny avy tamin' Andriamanitra. Manampy antsika hanao ny marina izany. Tokony hampiansika ny zanatsika amin' ny fanoratantsika ny tantaram-piainantsika.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no nilazan' Andriamanitra ny olony mba hanoratra ny tantaram-piainany?
- Inona no fitahiana mety ho azon' ny zanakao sy ny zafikelinao avy amin' ny tantaram-piainanao?

***Fanoroan-teny***

*Novolavolain' Andriamanitra ny hiarahan' ny mpianakavy mandrakizay*

- Matio 18:18 (Izay fehezin' ny fahefana marina eto an-tany dia hofehezina any an-danitra.)
- Matio 19:4–6 (Izay nakamban' Andriamanitra dia tsy natao hosarahina.)

*Ny mpikambana mahatoky ihany ao amin' ny fiangonana no miditra ny tempoly.*

- Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 88:119–121 (Tsy maintsy mibebaka amin' ny fahotantsika isika mba hidirana ny tempoly.)

*Ny fanomananao ny fianakavianao mba hiara-monina mandrakizay*

- Petera voalohany 3:1–9 (Ny lehilahy sy ny andefimandriny dia nilazana mba hiara-miaina amim-pilaminana.)

*Efa nataon' Andriamanitra izay ahafahantsika mamonjy ny razantsika*

- Malakia 3:23 (Hanjary hisahirana amin' ny razany ary koa amin' ny fianakaviana izay hiaina rahatrizay ny olona.)
- Hebreo 11:40 (Tsy mety ho tanteraka isika raha tsy eo ireo izay efa nodimandry talohantsika.)

*Ny velona no manao ny ôrdônansy ho an' ny maty.*


- Korintiana voalohany 15:29 (Natao batisa ho an' ny maty ny olona niaina tamin' ny andron' ny Apôstôly fahiny.)

*Zava-dehibe ny tantaram-piainan' ny tsirairay*

- Malakia 3:16 (Notanana ny boky iray izay nanoratana ny anaran' ireo izay tia an' Andriamanitra.)

# NY FIAVIAN' I JESOA KRISTY FANINDROANY

*Fizarana fahasivy*







*Manambara ireo famantarana maro fa efa antomotra  
ny fiavian' i Jesoa Kristy fanindroany.*

# NY FIAVIAN' I JESOA KRISTY FANINDROANY

*Toko 33*

---

*Ho tonga eto an-tany indray i Jesoa Kristy. Inona no famantarana ny fiaviany ary ahoana no ahafahantsika miomana mba hitsena Azy rehefa avy Izy?*

## **Nampanantena i Jesoa ny ho tonga indray eto an-tany**

Efapolo andro taorian' ny nananganana Azy tamin' ny maty dia nihaona teo amin' ny havoana iray atao hoe ny tendrombohitra oliva Izy sy ny Apôstôly. Efa tonga ny fotoana hiverenan' i Jesoa any an-danitra. Efa vitany avokoa ny zavatra nanirahan' ny Raintsika any an-danitra Azy hataony. Nitazana ireo Apôstôly raha mbola niakatra any an-danitra i Jesoa. Raha mbola nitazana ireo Apôstôly ireo dia tonga ny anjely roa ary nilaza taminy fa hiverina indray eto an-tany i Jesoa. Hatramin' izay fotoana izay ka mandrak' ankehitriny no efa niandrandran' ireo izay nino an' i Jesoa ny fiverenany. Ny fiverenany no atao hoe ny fiavin' i Kristy fanindroany.

Hidina avy any an-danitra amin-kery lehibe i Jesoa amin' ny fiaviany fanindroany. Hodiovin' amin' ny faharatsiana rehetra ny tany ka tsy hanana fahefana intsony amin' ny olona i Satana. Hanapaka ny olon-drehetra mandritra ny arivo taona i Jesoa, dia ireo izay efa nahatoky Azy.

## ***Fifanakalozan-kevitra***

- Ahoana no ahafantarantsika fa hiverina indray eto an-tany i Jesoa?

## **Efa nolazain' i Jesoa antsika izay hitranga mialohan' ny hiaviany**

Efa nolazain' i Jesoa antsika ireo zavatra maro izay hitranga mialohan' ny hiaviany indray. Ireo zavatra ireo no atao hoe ny famantarana ny amin' ny fiaviany fanindroany. Efa nilazany isika mba hiandrandra ireo famantarana ireo ka ho vonona amin' ny fiaviany. Nolazainy fa rehefa hitantsika

mitranga ireo zavatra ireo dia ho fantatsika fa ho avy tsy ho ela Izy. Saingy tsy ho fantatsika ny fotoana hentitra hiaviany.

Raha dinihintsika ny soratra masina ary mahatoky ny amin' i Jesoa isika, dia ho fantatsika hoe inona avy ireo famantarana ny fiavian' i Jesoa fanindroany. Maro ny zavatra hitranga mialohan' ny hiavian' i Jesoa eto antany indray. Efa nitranga sahadry ny sasany, ny sasany dia mitranga ankehitriny ary ny sisa dia hitranga amin' ny ho avy.

Hotoriana amin' ny firenen-drehetra ny filazantsara mialohan' ny fiavian' i Jesoa fanindroany. Hahasambatra ny olona maro izany sady hitondra fitahiana. Hizahan-toetra ny finoantsika ny zavatra hafa izay hitranga. Hisy faharatsiana, horohoron-tany lehibe ary karazana fandravana hafa.

*Hisy horohoron-tany lehibe eto an-tany*

Nilaza i Jesoa fa ho fantatsika fa antomotra ny fiaviany rehefa mahita faharatsiana, ady ary fijaliana betsaka isika eto an-tany. Izany dia fotoan' ny fikorontanana lehibe. Hisy horohoron-tany, oram-baratra lehibe, aretina ary mosary. Horavain' ny havandra ny vokatry ny tany.

Hatsahatry ny olona maro ny fitiavany ny Raintsika any an-danitra ka hitodihany i Satana. Hatsahany koa ny fitiavana sy ny fanompoana ny olona hafa ka hatombony ny fanimbana azy. Hisy ady maro eto an-tany. Hiady ny firenena samy firenena. Hitohy ireny ady ireny ambaram-pitrangan' ny ady lehibe sady farany, izay tena handravaravana indrindra noho ireo ady natao teto an-tany. Rehefa izany dia ho avy i Jesoa.

*Efa naverina indray ny filazantsara*

Nolazain' ny mpaminany fa haverina indray eto an-tany ny filazantsara mialohan' ny hiavian' i Jesoa indray. Efa naverina indray tamin' ny alalan' ny mpaminany Joseph Smith ny filazantsara. Efa naverina indray eto antany ny fampianarana rehetra avy amin' ny filazantsara izay ilaina ho fantatsika ka hampiharintsika mba hahafahantsika miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra.

Nolazain' i Jesoa fa ho fantatsika fa ho avy tsy ho ela Izy rehefa havoaka ny Bokin' i Môrmôna ka homena izao tontolo izao. Nilaza momba ny Bokin' i Môrmôna i Isaia sy i Ezekiela mpaminany taloha elabe. Nadikan' i Joseph Smith mpaminany ho amin' ny teny anglisy ny Bokin' i Môrmôna.

Hatramin' izay dia efa voadika ho amin' ny teny maro izany. Homena ny firenen-drehetra eto an-tany izany mialohan' ny hiavian' i Jesoa.

*Hangonina indray ny fianakavin' i Isiraely.*

Nolazain' ny Raintsika any an-danitra fa tsy maintsy mandre sy manaiky ny filazantsara ny taranaky ny fianakavin' i Isiraely ary miomana mba hitsena an' i Jesoa rehefa avy indray Izy. Ireo izay manaiky ny filazantsara dia tsy maintsy mampianatra izany ny olon-drehetra, manorina tempoly, ary manao ny ôrdônansy ho an' ny maty.

Maro ny olona avy amin' ny fianakavin' i Isiraely, na izy nateraka na natsangana, no efa niova fo ka miditra ny Fiangonana rehefa manaiky ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Efa notahiana ny Tany Masina noho ny fanangonana ny ankamaroan' ny taranak' i Abrahama. Anisan' ny taranak' i Abrahama ny olona toy ny Arabo sy ny Jiosy ary ny hafa. Ireo taranaky ny olona ao amin' ny Bokin' i Môrmôna any Amerika, izay taranak' i Abrahama koa, dia manaiky ny filazantsara ary manjary vahoaka matanjaka sy mandala fahamarinana.

*Hotoriana eran' izao tontolo izao ny filazantsara*

Nilaza i Jesoa fa ho fantatsika fa efa ho avy tsy ho ela Izy rehefa avy notorian' ireo mpanara-dia Azy eran' izao tontolo izao ny filazantsara. Hatramin' ny fotoana namerenana indray ny Fiangonana dia efa nirahana ireo iraka mpitory mba hitory ny filazantsara any amin' ny firenena samy hafa. Iraka mpitory maro ankehitriny no mitory ny filazantsara saika manerana izao tontolo izao. Angatahina ny mpikambana tsirairay ao amin' ny Fiangonana mba hilaza amin' ny havany sy ny namany ny momba ny filazantsara, ary maro no mandeha any amin' ny firenena hafa mba hitory ny filazantsara ka hananan' ny olon-drehetra sehatra handrenesana izany.

*Efa nandalo i Elia*

Nolazain' i Malakia mpaminany ao amin' ny Baiboly fa mialohan' ny fiavian' i Jesoa fanindroany dia hamangy ny tany i Elia mpaminany. Haverina indray ny fahefana hampifamehezana ny fianakaviana mandrakizay. Hataony izay hahatonga ny olona ho te hahalala ny momba ny razany sy ny taranany ka hanampy azy ireny mba ho voavonjy. Tonga i Elia tamin' ny volana Aprily 1836 ary namerina izany fahefana izany tamin' i Joseph Smith

mpaminany. Koa satria nandalo i Elia dia azo ampifamehezina miaraka any amin' ny Tempoly ankehitriny ny mpianakavy.

*Haorina ny tanàna vaovao' i Jerosalema.*

Nolazain' i Jesoa fa ho fantatsika fa tsy efa ho ela Izy rehefa avy nanorina tanàna iray atao hoe Jerosalema vaovao ny Fiangonany. Nolazain' i Jesoa fa Izy no hanapaka ao amin' io tanàna io ary honina ao ny olo-marina. Efa nolazainy antsika ny toerana hanorenana io tanàna io. Ho ao amin' ny fanjakan' i Missouri izany, eo afovoan' i Etazonia.

Tsy misy afa-tsy famantarana vitsivitsy ihany no haneho amintsika fa ho avy tsy ho ela i Jesoa. Milaza amintsika ny momba ireo famantarana hafa ny soratra masina. Na dia famantarana maro aza no efa hita, tsy fantatsika ny fotoana marina hiavian' i Jesoa indray.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana no ahafantarantsika fa efa antomotra ny fiavian' i Jesoa fanindroany?
- Inona no famantarana ny amin' ny fiavian' i Jesoa fanindroany?

*Mety hanana fiadanana sy fanantenana isika na dia manodidina antsika aza ny faharatsiana sy ny korontana.*

Tokony hiomana ho amin' ny fiavian' i Jesoa fanindroany isika. Ny fomba fiomanana tsara indrindra ho antsika ho amin' ny fiaviany dia ny mankatò isan' andro ny fampianarany. Tokony hankatoavintsika koa ny didy sy ny toromarika omeny ny Filohan' ny Fiangonana mba ho antsika ankehitriny. Tokony ho mendrika ny hanana ny Fanahy Masina miaraka amintsika amin' ny fotoana rehetra isika mba hitarika ny eritreritsika sy ny ataontsika. Nilaza i Jesoa fa raha vonona isika rehefa avy Izy dia tsy hatahotra. Ho sambatra isika ka hotadiavintsika ny hiaraka Aminy. Tsy hofongorana ny olona tsara rehefa avy Izy. Honina eto an-tany ireny ka hitombo ny zanany fa tsy ao anatin' ny ota. Jesoa no hiaraka aminy ka hitahy sy hitarika azy ireny.

Rehefa tonga avy any an-danitra indray i Jesoa dia hofongorana ny olondratsy. Ny olona tsara izay efa nodimandry dia hitsangana avy any ampasana ka hitsena Azy rehefa midina avy any an-danitra Izy. Tsy hitsangana avy any am-pasany ny olon-dratsy raha tsy aorian' ny fotoan' ny arivo taona. Io fotoan' ny arivotaona io dia fantatra amin' ny hoe ny arivotaona.

Fony i Jesoa niaina teto an-tany dia vitsikely no nahafantatra fa Izy, Ilay Mpamonjy izao tontolo izao dia efa tonga. Rehefa ho avy indray i Jesoa dia ho fantatry ny rehetra fa Izy no Jesoa Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, ilay mpamonjy izao tontolo izao.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Ahoana no mety hanampian' ny fahalalana ny famantarana ny amin' ny fiaviana fanindroany antsika?
- Inona no hanjo ny olona tsara eto an-tany rehefa miverina i Jesoa?
- Inona no hanjo ny olon-dratsy izay hiaina eto an-tany amin' izany fotoana izany?

### *Fanoroan-teny*

*Nampanantena i Jesoa ny ho tonga indray eto an-tany*

- Matio 24:36,42–44 (Tsy fantantsika ny andro sy ny ora hiverenan' i Jesoa).
- Matio 26:64 (Ho avy eny amin' ny rahon' ny lanitra i Jesoa).
- Jaona 14:2–3 (Mampanantena ny hiverina i Jesoa)
- Asan' ny apôstôly 1:11 (nilazan' ny anjely ny apôstôly fa ho avy indray i Jesoa).

*Efa nolazain' i Jesoa antsika izay hitranga mialohan' ny hiaviany*

Matio 24 (Hazavaina ny famantarana izay ho tonga mialohan' ny fiavian' i Jesoa fanindroany)

*Mety hanana fiadanana sy fanantenana isika na dia manodidina antsika aza ny faharatsiana sy ny korontana.*

- Matio 13:40–43 (Hodorana ny olon-dratsy fa hovonjena kosa ny olomarina).
- Zakaria 14:9 (Hanapaka ny tany i Jesoa rehefa miverina).

# NY ARIVOTAONA

Toko 34

---

*Inona no atao hoe arivotaona? Ho toa inona ny fiainana eto mandritra ny arivotaona?*

## **Honina eto an-tany ny olo-marina mandritra ny arivotaona**

Rehefa ho avy indray i Jesoa dia hanapaka ny tany Izy mandritra ny arivotaona. Io vanim-potoana io dia ho fantatra amin' ny hoe *arivotaona*.

Ho fotoan' ny fiadanana sy ny fahamarinana ny arivotaona. Hodiovin' i Jesoa amin' ny ota ny tany mialohan' ny hanombohan' ny arivotaona. Hofongorana ny olon-dratsy rehetra. Ny olo-marina ihany no hovonjena mba hiaina eto an-tany amin' izay fotoana izay. Tsy hanam-pahefana amin' ny olona intsony i Satana raha tsy any akaikin' ny faran' ny arivotaona.

Nolazain' i Joseph Smith mpaminany fa hitsidika ny tany matetika ny olona avy any an-danitra mandritra ny arivotaona. Hanampy amin' ny asa atao any amin' ny tempoly sy ny asa fitoriana izy ireny.

## ***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no atao hoe arivotaona?
- Iza no hiaina eto an-tany mandritra ny arivotaona?
- Alao sary an-tsaina hoe mba tahaka ny ahoana izany miaina amin' ny toerana izay tsy misy faharatsiana izany?

## **Asa lehibe roa no hatao mandritra ny arivotaona**

Ny asa lehibe voalohany hatao dia ny manatanteraka ny ôrdônansy ao amin' ny tempoly na ho an' ny velona na ho an' ny maty. Ny olona iray efa natsangana tamin' ny maty dia hanampy ny velona eto an-tany hahita ny

anaran' ireo havany nodimandry sy hanitsy izay mety ho diso ao amin' ny registra.

Hotanterahina any amin' ny tempoly ny ôrdônansy rehetra ilaina mba hampifamehezana miaraka ny fianakaviana. Hampifampitohizina ireo fianakaviana, avy amin' ny taranaka iray mankamin' ny iray hafa ka miakatra hatrany amin' i Adama.

Ilay asa lehibe hafa dia ny fitoriana ny filazantsara. Ho afaka handre ny filazantsara ny tsirairay ary hanaiky izany. Ny olona tsara sasany izay tsy isan' ny fiangonan' i Jesoa dia mbola honina eto an-tany rehefa manomboka ny arivotaona. Ho fantatry ny olon-drehetra anefa amin' ny farany sady holazainy fa i Jesoa no Mpamonjy izao tontolo izao.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona ireo asa roa lehibe hatao mandritra ny arivotaona?

### **Ho toa inona ny fiainana mandritra ny arivotaona?**

Mandritra ny arivotaona ny tany dia ho tahaka ny tamin' ny fotoana nonenan' i Adama sy i Eva tao amin' ny sahan' i Edena. Tsy hisy ady. Jesoa no sady hanapaka ny Fiangonana sy ny governemanta. Hifototra amin' ny fitsipika marina sy mahitsy avokoa ny lalàna. Hisy renivohitra roa. Ny iray dia ho ao Jerosalema. Ilay iray hafa dia ho ao Jerosalema vaovao, any Etazonia.

Hiara-honina ao amin' ny fiadanana sy ny fifankatiavana ny olona. Ny biby rehetra, na dia ireo izay mpifahavalo aza ankehitriny dia hiara-honina amim-pilaminana. Tsy hifandramatra intsony izy ireo.

Tsy hisy aretina, ary tsy hisy fahafatesana. Rehefa antitra ny olona dia tsy ho faty toa antsika ankehitriny. Hiova ao amin' ny indray mipy maso izy ireo, avy amin' izao isika izao ho amin' ny toetry ny tsy fahafatesana, izany hoe tsy ho faty na oviana na oviana intsony izy ireo.

Ho tombon-tsoa lehibe ny miaina mandritra ny arivotaona. Hanjary hazava amintsika ny zavatra izay tsy azontsika ankehitriny. Ny fiainana dia tena hitovy tokoa amin' izay misy ankehitriny, saingy ny zava-drehetra dia hotontosaina amim-pitiavana sy amim-pilaminana. Tsy hitsahatra ny olona amin' ny fananana sy ny fikolokoloana zanaka, voly, vokatra mba hihinanany izany, ary amin' ny fanorenana trano.



***Fifanakalozan-kevitra***

- Ho toa inona ny tany mandritra ny arivotaona?

**Hipoaka ny ady farany rehefa antomotra ny fiafaran' ny arivotaona**

Any akaikin' ny fiafaran' ny arivotaona dia hanomboka hanam-pahefana eto an-tany indray i Satana. Hino azy ny olona sasany. Satana sy ireo izay manaraka azy dia hifandramatra amin' ireo mpanara-dia an' i Jesoa. Amin' izany ady izany, Satana sy ireo mpanara-dia azy dia horavana mandrakizay. Aorian' io ady io dia hotsaraina ny olona ka ny olona tsirairay dia halefa honina any amin' ny fanjakana izay efa nomanin' ny tenany ihany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no hitranga any amin' ny fiafaran' ny arivotaona?

***Fanoroan-teny***

*Honina eto an-tany ny olo-marina mandritra ny arivotaona*

- 2 Nefia 30:10 (hofongorana ny olon-dratsy).
- Mosesy 7:64 (ho afaka amin' ny faharatsiana ny tany).

*Asa lehibe roa no hatao manditra ny arivotaona*

- Jeremia 31:34 (Tsy mila mifampianatra ny momba an' i Jesoa ny olona satria ho fantatr' izy rehetra Izy).

*Ho toa inona ny fiainana mandritra ny arivotaona?*

- Isaia 2:3–4 (Ho anankiroa ny renivohitr' izao tontolo izao, ary handry fahalemana ny tany manontolo).
- Isaia 11:6–9 (Hifandray tsara ireo biby).
- Apokalipsy 20:1–3 (Hafatotra i Satana).

*Hipoaka ny ady farany rehefa antomotra ny fiafaran' ny arivotaona.*

- Apokalipsy 20:7–10 (ho resy amin' ny ady farany i Satana sy ny mpanaraka azy).

# FIAINANA AORIAN' NY FAHAFATESANA

*FIZARANA FAHAFOLO*





*Handeha hamonjy ny fianakaviansika mbamin' ireo olona tiansika  
any amin' ny tontolon' ny fanahy isika aorian' ny fahatesana.*

# FIAINANA AORIAN' NY FAHAFATESANA

*Toko 35*

---

*Ahoana no ahafahantsika miomana ho amin' ny fiainana any ankoatra*

## **Velona ny fanahintsika na dia maty aza isika**

Zanaky ny Raintsika any an-danitra araka ny fanahy isika. Raha mbola niara-niaina Taminy isika amin' ny maha-fanahy antsika dia tsy nanana vatana nofo isika. Anisan' ny drafitra nataony ho antsika ny hahaterahantsika eto an-tany ary ny handraisan' ny fanahintsika vatana nofo sy taolana. Ny fanahintsika no manome aina ny vatantsika nofo raha mbola velona eto an-tany isika.

Koa satria ao anatin' ny drafitry ny Raintsika any an-danitra ho antsika ny ho teraka, dia ao anatin' ny drafitra nataony ho antsika koa ny ho faty. Rehefa maty ny olona iray dia mandao ny vatany ny fanahiny. Ny vatana tsy misy fanahy dia tsy manan' aina ka apetraka ao am-pasana

Saingy niaina talohan' ny nahaterahantsika ny fanahintsika ary mbola hanohy ny fiainany aorian' ny fahafatesana. Rehefa maty isika dia handeha mankany amin' ny tontolon' ny fanahy ny fanahintsika miandry ny fitsanganana amin' ny maty raha mbola mijanona ao am-pasana kosa ny vatana.

Hanana ilay endrika izay nananany teto an-tany ihany ny fanahintsika any amin' ny tontolon' ny fanahy, tsy hanana vatana nofo sy taolana. Hitovy amin' izao isika izao ihany isika. Hieritreritra araka ny fomba fisainantsika ihany isika ary hino ny zavatra toy izay nataontsika teto ihany. Ireo izay marina eo amin' ity fiainana ity dia mbola ho marina hatrany. Ireo izay tsy marina dia mbola ho tsy marina hatrany. Rehefa maty isika

dia mbola hanana ny faniriantika toy izay nananantsika ihany raha mbola teto an-tany.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Avy taiza ny vatan' ny fanahintsika?
- Inona no manjo azy rehefa maty isika?
- Mitovy amin' ny inona ny vatan' ny fanahy?

**Ny tontolon' ny fanahy dia toerana iasana, ianarana ary iandrasana**

Ireo mpaminanin' ny Raintsika any an-danitra dia efa nilaza zavatra maro tamintsika momba ny tontolon' ny fanahy. Antsoina hoe paradisa ny toerana iray. Rehefa maty ny olona iray izay efa nanaiky ny filazantsara ary efa nahatoky tamin' ny fanarahana an' i Jesoa, dia mandeha any am-paradisa ny fanahiny. Izany no toerana misy ny olona sambatra sy miadana. Ao izy ireo dia tsy manana fahasahiranana, alahelo ary fanaintainana. Afaka manao zavatra mendri-kaja maro izy ireo, toy ny mampianatra ny hafa ny filazantsara, na ny mianatra izany misimisy kokoa.

Ny toerana iray hafa dia atao hoe tranomaizin' ny fanahy. Karazan' olona telo no handeha any. Ao ireo izay olon-dratsy teo amin' izao fiainana izao, ireo izay mitondra tena tsara saingy tsy nanaiky ny filazantsara ary ireo izay tsy nanana sehatra na oviana na oviana mba handrenesana ny filazantsara.

Ireo mpaminanin' ny Raintsika any an-danitra dia efa nilaza tamintsika fa avy any anivon' ireo marina ao amin' ny tontolon' ny fanahy no hiaingan' ireo misionera handeha hitory ny filazantsara amin' ny fanahin' ireo olona maty rehetra. Hanaiky ny filazantsara ny maro ka hibebaka. Hotanterahin' ny velona ho azy ireny ao amin' ny tempolin' ny Raintsika any an-danitra ireo ôrdônansy ilaina ho azy ireny. Ny havana na ny mpikambana hafa ao amin' ny fiangonana no manao izany ôrdônansy izany ho azy ireny. Afaka mandao ny tranomaizin' ny fanahy izy ireny avy eo. Amin' izany fomba izany no anomezan' ny Raintsika any an-danitra ny zanany rehetra sehatra mba handraisany ny fitahiana avy amin' ny filazantsara, ka tsy mampianina izay fomba niainany teto an-tany.

Hatsangana amin' ny maty avokoa amin' ny farany ireo izay ao amin' ny tontolon' ny fanahy. Hakambana indray ny fanahy sy ny vatana amin' ny fitsanganana amin' ny maty. Na dia ny vatana izay efa simba ka nanjary

vovoka aza raha mbola tao am-pasana dia hanjary vatana tsy mety maty sy tomombana. Hoy i Almà mpaminany: 'Ny rantsambatana sy ny tonontaolana tsirairay dia haverina indray amin' ny vatany; eny, na dia singambolo iray amin' ny loha aza dia tsy ho very fa ny zava-drehetra dia haverina indray amin' ny endriny tsirairay sy tomombana''.

Hakambana ny vatana sy ny fanahy amin' ny fitsanganana amin' ny maty ka tsy hosarahina na oviana na oviana intsony. Natolotr' i Jesoa ny olona tsirairay izay miaina eto an-tany izany fanomezana mahatalanjona ny amin' ny fitsanganana amin' ny maty izany noho ny fitiavany sy tamin' ny alalan' ny sorona lehibe nanonerany ho antsika.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Inona avy ireo fizarana roa misy ao amin' ny tontolon' ny fanahy?
- Iza no hankao am-paradisa? Inona no ataon' ireo fanahy ao am-paradisa?
- Iza no hankao an-tranomaizin' ny fanahy? Inona no mitranga ao?

### **Hotsaraina amin' ny fitsarana farany isika rehetra**

Tsaraina imbetsaka isika mandritra ny fiainantsika mandrakizay. Notsaraina isika fony isika niara-niaina tamin' ny Raintsika any an-danitra mba hahitana raha toa ka mendrika ny ho tonga atỳ an-tany ary hahazo vatana. Tsaraina isika raha mbola etỳ mba hahitana raha toa isika ka mendrika ny hatao batisa. Tsaraina ny olona mba hahitana raha toa izy ka mendrika ny homena ny fisoronana. Tsaraina isika mba hahitana raha toa ka mendrika ny hiditra ny tempoly mba handray ireo fitahiana manokana. Tsaraina isika rehefa maty ary ny valiny raisintsika dia hiankina amin' ny fomba niainantsika teto an-tany.

Rehefa atsangana amin' ny maty isika dia hoentina eo anoloan' ny Raintsika any an-danitra mba hotsaraina farany. Izany no atao hoe fitsarana farany. Izany fitsarana farany izany no hanapaka izay halehantsika mba honenantsika mandrakizay. Eto isika dia hotsaraina araka ny zavatra notenenintsika sy nataontsika teo amin' izao fiainana izao. Hotsaraina araka ny fomba nanarahantsika tsara ny fampianaran' i Jesoa isika. Hitsarana antsika ny boky izay efa notanana na teto an-tany na tany andanitra. Jesoa no asain' ny Raintsika any an-danitra mitsara antsika.

Tian' i Jesoa fatratra tokoa isika, fa mpitsara marina Izy ary tsy maintsy mitsara antsika araka ny fomba nitondrantsika ny fiainantsika. Izay rehe-

tra efa noeritreretintsika, na nolazaintsika na nataontsika dia efa sady voasoratra ao an-tsaintsika no amina boky izay efa notanana. Fantatr' i Jesoa avokoa ny ataontsika, ary rehefa mijoro eo anoloany isika dia ho tadidintsika koa izany.

### *Fifanakalozan-kevitra*

- Tanisao ireo fotoana vitsivitsy itsarana antsika?
- Inona no sasantsasany amin' ireo zavatra hitsarana antsika?

### **Ny ataontsika isan' andro no anapahantsika izay hanjo antsika rehefa maty isika.**

Raha ataontsika izay marina mandritra ny fiainantsika dia homanintsika ny tenantsika hiara-hiaina mandrakizay amin' ny Raintsika any an-danitra ary olona tsara teto an-tany. Raha tsy narahintsika ny didin' ny Raintsika any an-danitra dia hahatsiaro tena ho ratsy isika rehefa mijoro eo anoloan' i Jesoa mba hotsaraina.

Efa nilaza ireo mpaminany hoe: "Hanameloka antsika ny tenintsika, eny, hanameloka antsika ny asantsika rehetra; tsy ho hita tsisy pentina isika, ary hanameloka antsika ny eritrerintsika. "Efa nolazainy fa ny olon-dratsy dia hijoro eo anoloan' i Jesoa amin-kenatra sy amin' ny fahatsiarovana mahatsiravina ny helony ka haniry ny hianjeran' ny vatolampy sy ny tendrom-bohitra eo amboniny mba hanafina azy amin' ny fanatrehana Azy.

Ho an' ny olona tsirairay izay efa niaina teto ambonin' ny tany ny andron' ny fitsarana farany, izany dia na ho andro mahafinaritra na ho andro manjombona. Tokony hiomana amin' izany fotoana ho avy izany isika mba ho andro mahafaly ny antsika. Tadiavintsika ny ho afaka mijoro eo anoloan' ny Raintsika any an-danitra tsy amin-kenatra ka handre Azy miteny fa ankatoaviny izay nataontsika nandritra ny fiainantsika.

Tokony hosaintsainintsika ny momba ity fitsarana farany ity. Tokony ho mahatoky an' i Jesoa Kristy isika ary hibebaka amin' ny fahotantsika hatrany amin' ny fiainantsika farany mba ho vonona ny amin' izany. Izany no hany lalana ahafahantsika miala amin' ny ota rehefa tonga ilay fotoana. Raha manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika ka mibebaka amin' ny fahotantsika rehetra, ny Raintsika any an-danitra dia hamela antsika amin' ny fahotantsika ka hanampy antsika hahatonga antsika tsy hanana ota na dia kely aza. Raha mahatoky an' i Jesoa Kristy isika, dia holanian-

tsika ny fotoantsika hanaovana zavatra tsara, hananana eritreritra tsara, ary hilazana teny tsara. Handosirantsika ny olona, boky, ary toerana izay hahatonga antsika hanana eritreri-dratsy na ho tsy marina na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona izany.

Tian' ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay avy amintsika ary tadiavi-ny isika hiaina ka ho mendrika ny hiverina eo anatrehany. Raha iriantsika ny hiaina miaraka Aminy sy ireo olona tsara tiantsika dia tsy maintsy manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika ary manao ny zavatra andidiany antsika hatao. Tsy maintsy hampiantsika koa ny fianakaviansika mba ho tsara ny fitondrany ny fiainany. Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra. Efa nomeny antsika ny filazantsara mba haseho antsika ny lalana ary efa nilazany isika fa afaka mivavaka Aminy mandrakariva isika mangataka ny fanampiany.

#### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no zava-dehibe loatra ny eritrerintsika sy ny ataontsika isan' andro?
- Inona no azonao atao mba hanatsara ny eritreritrao, ny teninao ary ny ataonao?
- Nahoana no ilaintsika ny fanampian' ny Raintsika any an-danitra mba hahatonga antsika ho lavorary?
- Nahoana no amin' ny alalan' ny finoana an' i Jesoa Kristy ihany no ahafahana mitsara antsika raha mendrika ny hiara-miaina amin' ny Raintsika any an-danitra isika?

#### ***Fanoroan-teny***

*Velona ny fanahintsika na dia maty aza isika*

- Lioka 23:43 (Nampanantena an' ilay mpangalatra teo amin' ny hazofijaliana i Jesoa fa hiara-hihaona any am-paradisa izy ireo.)
- Almà 40:11 (Miverina any amin' ny Raintsika any an-danitra ny fanahintsika rehefa maty isika.)

*Ny tontolon' ny fanahy dia toerana iasana, ianarana ary iandrasana.*

- Petera voalohany 3:18–20 (Nitory tamin' ireo fanahy tao an-tranomaizina i Jesoa.)
- Almà 40:12–14 (Ny marina dia ho sambatra ao am-paradisa fa ny olondratsy kosa dia ho tojo alahelo be ao an-tranomaizina.)



*Hotsaraina amin' ny fitsarana farany isika rehetra.*

- Asan' ny Apôstôly 17:31; Romana 14:10 (Hitsara ny olon-drehetra i Jesoa Kristy indray andro any.)
- Apokalypsy 20:12 (Hotsaraina araka ny boky notanana teto an-tany sy tany an-danitra isika.)

*Ny ataontsika isan' andro no anapahantsika izay hanjo antsika rehefa maty isika*

- Matio 25:31–46 (Hitsara antsika araka ny asantsika i Jesoa Kristy.)
- 2 Nefia 29:11 (Hotsaraina araka ny soratra masina isika.)
- Jakôba 6:9 (Hijoro amin-kenatra sy ao amin' ny fahatsapana mahatsiravina ny helontsika isika raha tsy mibebaka.)
- Almà 12:14 (Hanameloka antsika ny tenantsika, ny eritrerintsika ary ny ataontsika raha ratsy ireo.)
- 2 Nefia 31:19–20 (Tsy maintsy miezaka ny ho mahatoky an' i Jesoa Kristy hatrany amin' ny fiafaran' ny fiainantsika isika, ka mibebaka amin' ny otantsika rehetra mba hahazo ny fiainana mandrakizay.)

# NY FIAINANA MANDRIKAZY

Toko 36

---

*Aiza no halehantsika ka honenantsika aorian' ny fitsarana farany?*

**Ny tsirairay avy amintsika dia handeha any amin' ny toerana izay efa nanomanana azy.**

Nampianarin' i Jesoa fa efa nanomana toerana maro mba honenantsika ny Raintsika any an-danitra. Hotendrena ny tsirairay avy amintsika hankany amin' ny iray amin' ireo toerana efatra araka ny habean' ny fahatokisana nasehontsika ny Tompo. Handeha hankany amin' ny fanjakana efa nomanintsika tamin' ny safidy efa nataontsika isika. Ireo toerana efatra ireo dia: ny fanjakana selestialy, ny fanjakana terestialy, ny fanjakana telestialy ary ny haizina any ivelany.

*Ny fanjakana selestialy.*

Io no toerana onenan' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy. Io no toerana hahasambatra ny olona, ary ho tsara kokoa noho izay haintsika eritreretina izany. Ny olona izay honina ao amin' io fanjakana io dia ho tia ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa ka hifidy ny hankatò Azy ireo. Tsy maintsy efa nibebahany ny fahotany rehetra ary tsy maintsy efa nekeny ho Mpamonjy azy i Jesoa. Tsy maintsy efa natao batisa izy ary efa noraisiny ny fanomezana ny Fanahy Masina. Tsy maintsy manana tenivavolombelona avy amin' ny Fanahy Masina izy fa i Jesoa no mpamonjy.

Ny fiainana any amin' ny faritra ambony amin' ny fanjakana selestialy no atao hoe fisandratana na fiainana mandrakizay. Mba hahafahany miaina ao amin' izany faritry ny fanjakana selestialy izany dia tsy maintsy efa natao tany amin' ny tempoly ny fanambadian' ny olona ary tsy maintsy efa



*Ireo izay mahatoky hatramin' ny farany dia hasandratra miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy.*

notanany ny voady masina nataony tao amin' ny tempoly. Ho azony ny zava-drehetra ananan' ny Raintsika any an-danitra ary izy ireo dia hanjary tahaka Azy. Ho afaka ny hanan-janaka araka ny fanahy aza izy ireo ka hanao ny tontolo vaovao ho azy ireo mba honenana, ary hanao ny zavatra rehetra efa nataon' ny Raintsika any an-danitra. Ny olona izay tsy atao any amin' ny tempoly ny fanambadiany dia mahazo monina amin' ireo faritra hafa ao amin' ny fanjakana selestialy saingy tsy hasandratra izy ireo.

#### *Ny fanjakana terestialy*

Tsy dia mahafinaritra ohatra ny fanjakana selestialy ity fanjakana ity. Na dia hotsidihan' i Jesoa aza ny fanjakana terestialy dia tsy hiara-monina amin' ny Raintsika any an-danitra ireo izay monina ao ary tsy hahazo izay rehetra ananany izy ireo. Ireo izay mandeha any amin' ny fanjakana terestialy dia olona mihaja. Ny sasany aminy dia ho mpikambana ao amin' ny Fiangonana ary tsy ho izy ny hafa. Izy ireo dia ireo izay tsy nanaiky an' i Jesoa teto an-tany saingy nanaiky Azy kosa tatỳ aorina tany amin' ny tontolon' ny fanahy. Ny olona izay honina ao dia tsy isan' ny fianakaviana mandrakizay fa hiaina mitoka-monina kosa, tsy ombam-pianakaviana. Homen' ny Raintsika any an-danitra ireo olona ireo ny hasambarana izay iomanan' izy ireo horaisina.

#### *Ny fanjakana telestialy*

Tsy dia mahafinaritra ohatra ny fanjakana selestialy na ny fanjakana terestialy io fanjakana io. Tsy hitsidika ireo izay monina ao na ny Raintsika any an-danitra na i Jesoa. Hitsidika ireo olona ireo ny anjely ary hanana ny fitaoman' ny Fanahy Masina izy ireo. Ny olona izay monina ao amin' ny fanjakana telestialy dia ireo izay tsy nanaiky na ny filazantsara na ny tenivavolombelona momba an' i Jesoa, na teto an-tany na tany amin' ny tontolon' ny fanahy. Hijaly noho ny fahotany ihany izy ireo ao amin' ny tronomazin' ny fanahy mandra-pahalasan' ny arivotaona. Rehefa izany dia hatsangana amin' ny maty izy ireo amin' ny farany.

Raha mbola teto an-tany dia mpandainga, mpangalatra, mpamono olona, mpaminany sandoka, mpijangajanga, ary ireo izay nanaraby ny zava-masina izy ireo. Izy ireo no olona izay nanaiky ny finoan' izao tontolo izao toy izay ny fampianaran' i Jesoa. Maro ny olona no honina ao amin' io fanjakana io. Homen' ny Raintsika ireo olona ireo ny hafaliana niomanany horaisina.

*Ny haizina any ivelany*

Ny haizina any ivelany dia izay misy an' i Satana ka honenan' ireo izay efa nanaraka azy. Ireo olona ireo no ireo izay nifidy ny hiara-monina amin' i Satana. Tsy havela heloka izy ireo. Hiaina mandrakizay ao amin' ny haizina, ny alahelo ary ny fijaliana ireo olona ireo miaraka amin' i Satana sy ireo fanahy izay nanaraka azy.

*Fifanakalozan-kevitra*

- Inona no fanjakana tsy maintsy hiomanantsika mba hahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra?
- Inona no sasany amin' ireo zavatra tsy maintsy ataontsika eto an-tany mba ho mendrika ny hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra isika?

**Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny filazantsara mba hiomanantsika ho amin' ny fiainana mandrakizay ao amin' ny fanjakana selestialy.**

Omen' ny Raintsika any an-danitra ny tsirairay avy amintsika izay ahafahantsika manana ny fiainana mandrakizay miaraka Aminy. Ny fiainana mandrakizay no toetry ny fiainana iainan' ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa. Fanaperana ny Raintsika any an-danitra. Fantany ny zava-drehetra. Manam-pahefana amin' ny zavatra rehetra Izy. Manapaka ny zavatra rehetra Izy. Miaina araka ny fahamarinana sy ny lalàna mandrakizay Izy.

Nankatò ny Raintsika any an-danitra i Jesoa, noho izany dia miara-miainana amin' ny Raintsika any an-danitra Izy. Raha ataontsika ireo zavatra nampianarin' i Jesoa antsika mba hatao, dia ho haintsika ny miaina tahaka ny iainany sy iainan' ny Raintsika any an-danitra. Ny fahazoana ny fiainana mandrakizay miaraka amin' ny Raintsika any an-danitra no fanomezana lehibe indrindra azony omena antsika. Hitondra hasambarana kokoa ho antsika izany noho ny zava-drehetra hafa.

Ny filazantsara dia milaza amintsika izay rehetra tokony ho fantantsika sy izay rehetra tokony hataontsika mba handraisana ny fiainana mandrakizay. Manampy antsika hahafantatra ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa izany. Izany dia mampianatra antsika ny fomba fiainan' Izy ireo. Azontsika fantarina tsaratsara kokoa Izy ireo amin' ny alalan' ny vavaka sy ny fandinihana ny soratra masina. Rehefa fantatsika sy tiantatsika Izy ireo dia hotadiavintsika ny hankatò ny teniny. Arakaraka ny ankatoavantsika no ahafahantsika mitovy amin' Izy ireo ka hahatonga antsika ho mendrika ny hiara-hiaina amin' Izy ireo mandrakizay.

***Fifanakalozan-kevitra***

- Inona no atao hoe fiainana mandrakizay? Iza no handray izany?
- Ahoana no anampian' ny filazantsara ny fiomanantsika ho amin' ny fiainana mandrakizay?

**Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mifidy ny hankatò ny filazantsara isika.**

Fantatry ny Raintsika any an-danitra fa azontsika rehetra atao ny miaina ny filazantsara ka mandray ny fianana mandrakizay. Koa satria zanany isika dia manana hery ho tonga tahaka Azy isika. Fantany ny fahalemena ananan' ny tsirairay avy amintsika ary ny zavatra hanangoly antsika. Efa navelany ho tonga teto an-tany isika tamin' ny fotoana sy ny toerana izay hanome antsika sehatra hanaovana soa sy hianarana.

Izao no fotoana anaovantsika izay rehetra tokony hatao mba handraisana ny fiainana mandrakizay. Tian' ny Raintsika any an-danitra isika ary tiany isika mba hahomby. Efa nataony avokoa izay azony atao ho antsika. Efa nomeny tany izay ahafahantsika mianatra sy mitombo isika. Efa nalefany i Jesoa Kristy Zanany mba ho Mpamonjy antsika, ho Mpampianatra antsika ny filazantsara. Efa nasainy isika hivavaka Aminy. Efa nataony izay nahafahan' ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana. Ankehitriny dia tokony hataontsika ny zavatra marina. Raha fidiantsika ny hanam-pinoana an' i Jesoa Kristy sy ny hankatò Azy dia hanampy antsika Izy ka homeny hery isika handresena ny fankampanahy sy ireo olana hafa izay tonga eo amin' ny fiainantsika.

Efa nangatahin' ny Raintsika any an-danitra isika hanaiky ny filazantsara. Tsy maintsy manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika eo am-panaovana izany. Avy eo dia tsy maintsy mibebaka amin' ny fahotantsika isika mba hahazoana manao batisa sy handraisana antsika ho mpikambana ao amin' ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. Rehefa voaray ho mpikambana isika dia mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina avy amin' ny olona izay manana ny fisoronana. Tenenin' ny Fanahy Masina amin' ny tsirairay avy amintsika izay tian' i Jesoa hataontsika, ary mba handraisantsika ny fiainana mandrakizay dia tsy maintsy laniansika ny androntsika sisa hankatoavana sy hanompoana Azy.

Takian' i Jesoa amintsika rehetra ny hankatoavantsika ireo didy hoenti-manomana antsika hiverina sy hiara-hiaina amin' ny Raintsika any an-danitra. Ao anatin' izany ny fankatoavana ny lalànan' ny fahadiovam-

pitondrantena, ny fandoavana ny fahafolonkarena ary ny fonolorana ny fanatitra, ny fankatoavana ny Tenin' ny Fahendrena, ny fahitsian-toetra amin' ny fotoan-drehetra ary ny fitandremana ny andro sabata ho masina.

Mba hahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra dia tsy maintsy raisintsika koa ireo ôrdônansy omena any amin' ny tempoly fantatra amin' ny hoe fanafiana masina. Tokony hampifamehezina any isika mba hiarahantsika mandrakizay amin' ny fianakaviansika. Tokony hokarohintsika amin' izany ireo anarana sy filazalazana momba ny havantsika nodimandry ka homentsika ny Fiangonana izany mba hanatanterahina ireo ôrdônansy ilaina ho azy ireny any amin' ny Tempoly.

Efa nodidian' i Jesoa isika hanao zavatra maro. Ao anatin' izany ny filazana amin' ny hafa ny momba ny filazantsara, ny fitiavana sy ny fanampiana azy ary ny fanehoana ohatra tsara aminy.

Tokony hotanantsika koa ny voady rehetra ataontsika amin' ny Raintsika any an-danitra, hatrehantsika tsy tapaka ny fivorian' ny fiangonana, hampianarintsika ny fianakaviansika ny filazantsara amin' ny alalan' ny fandinihina isan' andro ny soratra masina ary tokony hitokana hivavaka sy hiara-mivavaka amin' ny fianakaviansika isika isan' andro.

Raha manam-pinoana an' i Jesoa Kristy isika ary miezaka ny hankatò ny didiny rehetra dia handray ny fiainana mandrakizay ary ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra.

Mitovy amin' ny fiakarana tohatra iray ny ahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra. Tsy maintsy manomboka etỳ ambany isika ka miakatra ny zanatohatra tsirairay mandrapahatratrarantsika ny tampony. Nilaza i Joseph Smith mpaminany fa raha tadiavintsika ny ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra dia tsy maintsy iainarantsika ny fomba fahatsapany, fiheverany ary fiasany. Rehefa takatsika ireo zavatra momba Azy ireo dia afaka mianatra ireo zavatra hafa momba Azy isika, mandrapahaizantsika ny fomba hahatonga antsika ho tahaka Azy.

Hanampy antsika hahatsiaro izany fa ny Raintsika any an-danitra dia lehilahy izay niaina teto an-tany fahiny, dia tahaka izao ataontsika izao ihany. Nanjary Raintsika any an-danitra Izy tamin' ny fandresena ireo olana, dia tahaka izay tsy maintsy ataontsika eto amin' ity tany ity. Nilaza anefa i Joseph Smith mpaminany fa tsy hianatra ny zava-drehetra tokony ho haintsika isika raha mbola eto amin' ity tany ity. Fotoana maharitra

aorian' ny fahavitantsika ity fiainana ity no ilaintsika mba hahafantarantsika ny zava-drehetra tokony ho haintsika ka hahatonga antsika ho tahaka ny Raintsika any an-danitra.

Rehefa ianarantsika tokoa ny mitandrina ny didy rehetra an' ny Raintsika any an-danitra dia mba eritrereto hoe endrey izany hafaliantsika raha miverina any Aminy isika ka ilazany fa faly Izy tamin' ny fitondrantsika ny fiainantsika ary dia ho tonga tahaka Azy isika ka hiara-honina Aminy mandrakizay

### ***Fifanakalozan-kevitra***

- Nahoana no azon' ny tsirairay avy amintsika atao ny ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra?
- Inona avy ireo zavatra tsy maintsy ataontsika mba hananantsika ilay toe-piainana ananan' ny Raintsika any an-danitra?
- Ahoana no anampian' ny Raintsika any an-danitra antsika mba hahatonga antsika ho tahaka Azy?
- Mba lazalazao izay mety ho fihetseham-ponao raha mandre ny Raintsika any an-danitra ianao miteny aminao fa tsara ny nataonao ary tia anao Izy?

### ***Fanoroan-teny***

*Ny tsirairay avy amintsika dia handeha any amin' ny toerana izay efa nanomanana azy.*

- Jaona 14:2 (Efa nomanin' i Jesoa ny toerana ho antsika ao an-tranon-drainy.)

*Efa nomen' ny Raintsika any an-danitra antsika ny filazantsara mba hiomanantsika amin' ny fiainana mandrakizay ao amin' ny fanjakana selestialy.*

- Môziaha 4:26–27 (Ilazana ireo zavatra tsy maintsy ataontsika isika mba handovana ny fiainana mandrakizay.)
- Almà 34:32–34 (izao no fotoana hiomanana mba hiarahana miaina amin' ny Raintsika any an-danitra.)

*Hanampy antsika ny Raintsika any an-danitra rehefa mifidy ny hankatò ny filazantsara isika.*

- Matio 25:23 (Hataon' ny Raintsika any an-danitra ho mpanapaka ny maro ireo mahatoky.)



# FANEKEMPINOANA

---

Tamin' ny lohataonan' ny 1842, dia nandefa taratasy tamin' i John Wentworth izay mpanao fanitsiana ny gazety atao hoe Chicago Democrat ny Mpaminany Joseph Smith. Izany taratasy izany dia ahitana ny fitantarana ireo zava-nitranga marobe amin' ny tantaran' ny Fiangonana taloha. Izany taratasy izany koa dia ahitana fanambarana teloambinifolo milaza ny finoan' ny Olomasin' ny Andro Farany. Fantatra amin' ny hoe Fanekekempinoana izany, ary omena etsy ambany.

Ny Fanekekempinoana dia fotopampianarana ofisialin' ny Fiangonana, ary efa voambara ho isan' ny soratra masin' ny Andro Farany. Izy ireo dia fanambarana mazava ny finoana izay manampy ny mpikambana hahazo ny finoana fototry ny Fiangonana, ary hanazava izany finoana izany amin' ny hafa. Na izany aza anefa dia tsy fanakambanana feno ny fotopampianaran' ny Fiangonana akory izy ireo. Voatarika amin' ny fanambarana sy aingam-panahy tsy tapaka amin' ny alalan' ny mpaminany velona ny Fiangonana.

**1** Isika dia mino an' Andriamanitra Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina.

**2** Mino isika fa hoheloina noho ny fahotany ihany ny olombelona fa tsy noho ny tsy fankatoavan' i Adama tsy akory.

**3** Mino isika fa amin' ny alalan' ny sorompanavotana nataon' i Kristy, dia mety ho voavonjy ny olombelona rehetra, amin' ny fankatoavana ny lalàna sy ny ôrdônansin' ny filazantsara.

**4** Mino isika fa ny fitsipika sy ny ôrdônansy fototry ny filazantsara dia: voalohany, ny Finoana an' i Jesoa Kristy Tompo; faharoa, ny Fibebahana; fahatelo, ny Batisa asitrika mba ho famelan-keloka; fahefatra, ny fametrahan-tanana ho fanomezana ny Fanahy Masina.

**5** Mino isika fa tsy maintsy voantson' Andriamanitra ny olona iray, amin' ny alalan' ny faminiana sy ny fametrahan-tanana avy amin' ireo izay manana ny fahefana hanao izany, mba hitory sy hanatanteraka ny ôrdônansin' ny filazantsara.

**6** Isika dia mino ny fandaminana mitovy amin' izay nisy tao amin' ny Fiangonana voalohany toy ny: apôstôly, mpaminany, mpiandry, mpampianatra, evanjelista, sns . . .

**7** Isika dia mino ny fanomezam-pahasoavana hiteny amin' ny fiteny tsy fantatra, haminany, hahazo fanambarana, hahita fahitana, hanasitrana, handika fiteny tsy fantatra, sns . . .

**8** Mino isika fa ny Baiboly dia tenin' Andriamanitra, arakaraka ny maha-tsara ny dika teny; mino ihany koa isika fa ny Bokin' i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra.

**9** Isika dia mino ny zava-drehetra izay efa nambaran' Andriamanitra, izay ambarany ankehitriny ary mino isika fa Izy dia mbola hanambara zavatra lehibe sy manan-danja maro mikasika ny fanjakan' Andriamanitra.

**10** Isika dia mino ny fanangonana ara-bakiteny an' Isiraely sy ny fame renana indray ny Foko Folo; fa i Ziona (ilay Jerosalema Vaovao) dia haorina ao amin' ny Kaontinanta Amerikana; fa i Kristy tenany mihitsy no hanjaka ety an-tany; ary hohavaozina ny tany ka handray indray ny voninahitry ny Paradisa.

**11** Isika dia mitaky ny fahafahana manompo an' Andriamanitra Tsitoha araka ny baikon' ny fieritreretana samirery ary manaiky fa manana izany zo izany ny olon-drehetra, ary aoka izy hanompo na manao ahoana na manao ahoana na aiza na aiza ary na inona na inona tiany.

**12** Isika dia mino ny fanoavana ny mpanjaka, ny filoha, ny mpanapaka ary ny mpitsara ary ny fankatoavana, ny fanajana ary ny fanohanana ny lalàna.

